

NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • NÔVAMBRA 2012

Liahona



Lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana

**Nampidinina ny Taona
Takiana Ahafahana
Mirotsaka ho Misiônera
Amin'ny Fotoana Maharitra**

**Nisy ny Fanambarana
Fanorenana Tempoly
Roa Vaovao**

**Nampahafantarina Ilay
Boky Fianarana Vaovao
ho an'ny Zatovo**



© WALTER RANE, TSY AZO ADIKA

Voky Izy Rehetra, nataon'i Walter Rane

“Ary rehefa voarain'i [Jesoa] ny mofo dimy sy hazandrano roa, dia niandrandra ny lanitra Izy ka nisaotra, dia novakiny ny mofo ka natolony ny mpianatra mba harosony eny anoloan'ny olona; ary ny hazandrano roa nozarainy tamin'ny olona rehetra.

“Ary samy nihinana koa ny olona rehetra ka voky” (Marka 6:41–42).

“Ary izay nihinana dia tokony ho dimy arivo lahy, afa-tsy ny zaza amam-behivavy” (Matio 14:21).

FIVORIANA SABOTSY MARAINA

- 4 Tongasoa eto amin' ny Fihaonambe
Filoha Thomas S. Monson
- 6 Tsapanareo Ve Izany Ankehitriny?
Loholona Quentin L. Cook
- 10 Fantatro sy lainako ary Tiako Izany.
Ann M. Dibb
- 12 Fanomezana Iray Tsy hay Lazaina avy amin' Andriamanitra
Loholona Craig C. Christensen
- 15 "Satria Velona Aho, dia ho Velona Koa lanareo"
Loholona Shayne M. Bowen
- 18 Anontanio ireo Misiônera! Afaka Manampy Anao Izy Ireo!
Loholona Russell M. Nelson
- 21 Mikasika ny Nenina sy ny Fanapahan-kevitra
Filoha Dieter F. Uchtdorf

FIVORIANA SABOTSY TOLAKANDRO

- 25 Fanohanana ireo Mpiandraikitra ato amin'ny Fiangonana
Filoha Henry B. Eyring
- 26 Lasa Ray Aman-dreny Tsongain'olom-bolo
Loholona L. Tom Perry
- 29 Mazoto Mirotsaka
Loholona M. Russell Ballard
- 32 "Tongava Aty Amiko lanareo Ry Mpianakavin'i Isiraely"
Loholona Larry Echo Hawk
- 34 Fa inona no Homen'ny Olona ho Takalon'ny Ainy?
Loholona Robert C. Gay
- 37 Fenitry ny Tempoly
Loholona Scott D. Whiting
- 39 Fitsapana ny Finoanao
Loholona Neil L. Andersen
- 43 Arovy ny Ankizy
Loholona Dallin H. Oaks

FIVORIAMBEN'NY FISORONANA

- 47 Ry rahalahy, manana asa atao isika
Loholona D. Todd Christofferson
- 51 Ho Sahy amin'ny Herim-po, sy ny Tanjaka ary ny Asa
Eveka Gary E. Stevenson
- 54 Mitandrema ny Momba Tenanareo
Loholona Anthony D. Perkins

- 57 Ny Fialiana avy amin'ny Fisoronana
Filoha Dieter F. Uchtdorf
- 60 Ampio Izy Ireo Hametraka Tanjona Tsara
Filoha Henry B. Eyring
- 68 Mijery ny Hafa Araka Izay Mety ho Ahatongavany
Filoha Thomas S. Monson

FIVORIANA ALAHADY MARAINA

- 72 Aiza no Misy ny Lay?
Filoha Henry B. Eyring
- 75 Ny Sorompanavotana
Filoha Boyd K. Packer
- 78 Mijere aloha, ary avy eo dia manompoa
Linda K. Burton
- 81 Mianatra amin'ny Fonsika
Loholona Walter F. González
- 83 Ny Didy Lehibe Voalohany
Loholona Jeffrey R. Holland
- 86 Eritrereto Ireo Fitahiana
Filoha Thomas S. Monson

FIVORIANA ALAHADY TOLAKANDRO

- 90 Ho Kristianina izay Mitovy Kokoa amin'i Kristy
Loholona Robert D. Hales
- 93 Ny Fialiana avy amin'ny Fanavotana ny Maty
Loholona Richard G. Scott
- 96 Dingana Iray Akaikikaiky Kokoa ny Mpamonjy
Russell T. Osguthorpe
- 99 Tanterahina amin'ny Finoana ny Zava-drehetra
Loholona Marcus B. Nash
- 101 Lasa Mpianatra Marina
Loholona Daniel L. Johnson
- 104 Ireo Fitahiana avy amin'ny Fanasan'ny Tompo
Loholona Don R. Clarke
- 106 Miova Fo ho an'ny Tompo
Loholona David A. Bednar
- 110 Homba Anao Hatrany Anie ny Ray
Filoha Thomas S. Monson

FIVORIAMBEN'NY FIKAMBANANA IFANAMPIANA

- 111 Moa ve Voasoratra ao Am-pontsika ny Finoana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?
Linda K. Burton
- 115 Fantaro Tsara ny Andraikitrareo
Carole M. Stephens
- 118 Tsy Manadino Anao ny Tompo
Linda S. Reeves
- 121 Ilay Mpikarakara
Filoha Henry B. Eyring
- 64 Ireo Manampahefana Ambony ato amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany
- 125 Fanoroam-pejin'ireo Tantara nandritra ny Fihaonambe
- 126 Vaovaom-piangonana
- 128 Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny Maneran-tany



Famintinana ny Fihaonamben'ny Fiangonana Fanao Isaky ny Tapa-taona faha-182

FIVORIANA SABOTSY MARAINA, 6 ÔKTÔBRA 2012, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson. Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring. Vavaka Fanombohana: Loholona Kevin R. Duncan. Vavaka Famaranana: Loholona Juan A. Uceda. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika ny amboarampeo; Clay Christiansen sy Richard Elliott, mpiten-dry ôrga: "Gloire au Dieu tout-puissant," *Cantiques*, no. 32; "Fototra mafy orina," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha-12, narindran'i Wilberg, navoakan'i Oxford; "Seigneur? Je te suivrai," *Cantiques*, no. 141; "Misaotra anao noho ny mpaminany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha-72; "Je veux suivre le plan de Dieu," *Chants pour les enfants*, 86, narindran'i Hofheins, tsy navoaka; "Mifalia," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 3, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

FIVORIANA SABOTSY TOLAKANDRO, 6 ÔKTÔBRA 2012, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson. Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf. Vavaka Fanombohana: Loholona Gerrit W. Gong. Vavaka Famaranana: Loholona Jose L. Alonso. Hira nataon'ny amboarampeo mitambatry ny zatovo avy tany Bension sy Taylorsville, Utah; Leah Tarrant, mpitarika; Linda Margetts sy Bonnie Goodliffe, mpiten-dry ôrga: "Arise, O Glorious Zion," *Hymns*, no. 407; "Zanaky ny Ray aho," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha-113, narindran'i Perry, tsy navoaka; "Ndao handroso hatrany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha-20; "Vous qui souffrez, venez," *Cantiques*, no. 64, narindran'i Huff, tsy navoaka.

FIVORIANA SABOTSY HARIVA, 6 ÔKTÔBRA 2012, FIVORIAN'NY FISORONANA

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson. Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf. Vavaka Fanombohana: Loholona Jay E. Jensen. Vavaka Famaranana: Loholona Patrick Kearon. Hira nataon'ny amboarampeon'ny Fisoronana Melkizedeka avy any Ogden, Utah; Stephen P. Schank sy Derek Furch, mpitarika; Andrew Unsworth, mpiten-dry ôrga: "Louange à Dieu," *Cantiques*, no. 37; "Aimez vos frères," *Cantiques*, no. 200, narindran'i Furch, tsy navoaka; "Vers Sion, cité promise" *Cantiques*, no. 39; "O vaillants guerriers d'Israël," *Cantiques*, no. 169 narindran'i Schank, tsy navoaka.

FIVORIANA ALAHADY MARAINA, 7 ÔKTÔBRA, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson. Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf. Vavaka Fanombohana: Loholona Marlin K. Jensen. Vavaka Famaranana: Loholona R. Edwards. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg, mpitarika; Richard Elliott sy Andrew Unsworth, mpiten-dry ôrga: "O toi vérité" *Cantiques*, no. 175; "Le jour paraît chassant la nuit," *Cantiques*, no. 1, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Does the Journey Seem Long?" *Hymns*, no. 127, narindran'i Wilberg, tsy navoaka (Shane Warby, niangaly hira irery); "Appelés à servir," *Cantiques*, no. 160; "If the Savior Stood Beside Me," CSMP nataon'i Sally DeFord, narindran'i Cardon, tsy navoaka; "If the Way Be Full of Trial, Weary Not," *Songs of Zion* (1912), no. 158, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

FIVORIANA ALAHADY TOLAKANDRO, 7 ÔKTÔBRA 2012, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson. Mpitarika: Henry B. Eyring. Vavaka Fanombohana: Loholona Octaviano Tenorio. Vavaka Famaranana: Loholona Larry W. Gibbons. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Bonnie Goodliffe sy Linda Margetts, mpiten-dry ôrga: "Du grand millénium," *Cantiques*, no. 26, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Moa nivavaka?" *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha-96, narindran'i Wilberg, navoakan'i Jackman; "Hosanna au grand Roi!" *Cantiques*, no. 34; "Homba anao hatrany anie ny Ray," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha-80, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

SABOTSY HARIVA, 29 SEPTAMBRA 2012, FIVORIAMBEN'NY FIKAMBANANA IFANAMPIANA MANERAN-TANY

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson. Mpitarika: Linda K. Burton. Vavaka Fanombohana: Maria Torres. Vavaka Famaranana: Melinda Barrow. Hira nataon'ireo rahavavy token-tena avy amin'ireo Tsatòkan'ireo Tanora Token-tena any Salt Lake Bonneville, Salt Lake Holladay sy Murray Utah; Emily Wadley, mpitarika; Linda Margetts, mpiten-dry ôrga: "Ndao handroso hatrany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha-20; hira mitambatratra "Il envoya son Fils aimé," *Chants pour les enfants*, 20, sy "Jésus Christ est mon modèle," *Chants pour les enfants*,

40 narindran'i Sally DeFord, tsy navoaka; "Endrey mahagaga ahy," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha-44; "Mila anao aho," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha-23, narindran'i Beebe, navoakan'i Larice.

FOMBA HAHAZOANA IREO LAHATENIN'NY FIHAONAMBE-N'NY FIANGONANA

Mba hahazoana ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana izay misy amin'ny fiteny maro dia midira ao amin'ny **conference.lds.org**. Misafidiana teny iray avy eo. Amin'ny ankapobeny roa volana aorian'ny Fihaonamben'ny Fiangonana, dia hita any amin'ny foibe fanaparahana ny horonam-peon'izy ireo.

HAFATRA HO AN'NY FAMANGIANA SY FAMPANARANA ISAN-TOKANTRANO


Ho an'ny hafatra ho an'ny famangiana sy ny fampianarana isan-tokantrano, dia mba misafidiana lahateny iray izay tena mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ireo izay vangiana.

EO AMIN'NY FONONY

Eo anoloana: Sary nalin'i Derek Israelsen. Ao ambadika: Sary nalin'i Leslie Nilsson.

SARY NANDRITRA NY FIHAONAMBE

Ny sary nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tao Salt Lake City dia nalin'i Craig Dimond, Welden C. Andersen, John Luke, Matthew Reier, Cody Bell, Leslie Nilsson, Weston Colton, Sarah Jensen, Derek Israelsen, Scott Davis, Kristy Jordan, Randy Collier, Lloyd Eldredge, ary i Cara Call. Ny sary tany Botswana dia nalin'i John Huntsman. Ny sary tany Brésil dia nalin'i Francisco Flávio Dias Carneiro. Ny sary tany Estonie dia nalin'i Amanda Robinson. Ny sary tany Grèce dia nalin'i David L. Mower. Ny sary tany Italie dia nalin'i Christopher Dean. Ny sary tany Mexique dia nalin'i Carlos Israel Gutierrez Robles. Ny sary tany Mozambique dia nalin'i Daniel Osborn. Ny sary tany Pologne dia nalin'i Lois Jensen. Ny sary tany Écosse dia nalin'i John J. Graham. Ny sary tany Espagne dia nalin'i Antoni García Corrius ary ny sary tany Taiwan dia nalin'i Danny Chan La.



NÖVAMBRA 2012 BOKY. 12 LAH. 4

LIAHONA 10491 654

Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

Ny Fiadidiana Voalohany: Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen

Mpanomana ny fanontana: Craig A. Cardon
Mpanorohevitra: Shayne M. Bowen, Bradley D. Foster, Christoffel Golden Jr., Anthony D. Perkins

Tale mpitantana: David T. Warner
Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana sy ny Mpikambana: Vincent A. Vaughn

Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana: Allan R. Loyborg
Mpitantana ny Fandraharahana: Garff Cannon

Mpitantana ny Fanontana: R. Val Johnson
Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana: LaRene Porter Gaunt

Mpanampy amin'ny Famoahana: Melissa Zenteno
Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana: Susan Barrett, Ryan Carr, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Mindy Raye Friedman, Hikari Loftus, Lia McClanahan, Michael R. Morris, Richard M. Romney, Paul VanDenBerghe, Julia Woodbury

Tale Mpitantana ny Hai-tao: J. Scott Knudsen
Talen'ny Hai-tao: Tadd R. Peterson
Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao: Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, C. Kimball Bott, Thomas Child, Kerry Lynn C. Herrin, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Scott M. Mooy, Brad Teare
Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo: Collette Nebeker Aune

Talen'ny Famoahana: Jane Ann Peters
Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana: Connie Bowthorpe Bridge, Howard G. Brown, Julie Burdett, Bryan W. Gygi, Kathleen Howard, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Ty Pilcher, Gayle Tate Rafferty
Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana: Jeff L. Martin

Talen'ny Fanaovana Printy: Craig K. Sedgwick
Talen'ny Fanaparihana: Evan Larsen

Tompon' andraikitra ny fandikan-teny:

Rakotondrasoa Ziva Lalavelo

Mpandika teny: Rabemalanto Lucia, Ifano Rasolondraibe, Ramamonjisoa Hanitra, Andriamahenintsoa Tatamo

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanada dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanaparihana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paraoisy na sampana misy anao.

Alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org ireo zavatra nosoratana sy fanontaniana; na alefaso an-taratasy amin'izao adiresy izao Liahona, Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA; na alefaso e-mail amin'ny: liahona@ldschurch.org.

Ny Liahona (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandy, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboano, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soedo, Tagalogy, Tahisiana, Tailandy, Tongana, Tseky ary Vietniamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2012 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny Liahona dia azo adika raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamariana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

For Readers in the United States and Canada:

November 2012 Vol. 12 No. 4. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is \$2.00 per year; Canada, \$2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send address changes to Salt Lake Distribution Center, Church Magazines, PO Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368.



LISITR'IREO MPANDAHATENY MANARAKA NY ABIDIA

Andersen, Neil L., 39
Ballard, M. Russell, 29
Bednar, David A., 106
Bowen Shayne M., 15
Burton, Linda K., 78, 111
Christensen, Craig C., 12
Christofferson, D. Todd, 47
Clarke, Don R., 104
Cook, Quentin L., 6
Dibb, Ann M., 10
Echo Hawk, Larry, 32
Eyring, Henry B., 60, 72, 121
Gay, Robert C., 34
González, Walter F., 81
Hales, Robert D., 90
Holland, Jeffrey R., 83
Johnson, Daniel L., 101
Monson, Thomas S., 4, 68, 86, 110
Nash, Marcus B., 99
Nelson, Russell M., 18
Oaks, Dallin H., 43
Osguthorpe, Russell T., 96
Packer, Boyd K., 75
Perkins, Anthony D., 54
Perry, L. Tom, 26
Reeves, Linda S., 118
Scott, Richard G., 93
Stephens, Carole M., 115
Stevenson, Gary E., 51
Uchtdorf, Dieter F., 21, 57
Whiting, Scott D., 37

FANOROAM-PEJY ARAKA NY LOHAHEVITRA

Adidy, 115
Anton'asa, 47
Apokalypsy, 60
Asa, 29
Asa Fampahavitrihana, 68
Asa Fanompoana, 12, 29, 57, 72, 78, 101, 110, 115, 121
Asa fitoriana, 4, 18
Bokin' i Môrmôna, 32
Fahadiavam-pitondrantena, 6, 39
Fahafahana misafidy, 51
Fahafatesana, 15
Fahatokiana, 83
Fahoriana, 39, 110, 115
Famerenana amin' ny laoniny, 18
Fanahy Masina, 12, 81, 99
Fanambadiana, 26, 43, 47
Fanantenana, 15
Fanasan'ny Tompo, 104
Fanasitranana, 81
Fanekepivahanana, 54
Fanetren-tena, 34, 72
Fankasitrahana, 110
Fankatoavana, 101
Fanokanana, 51
Fenitra, 37
Fianakaviana, 26, 43, 54
Fiantrana, 121
Fibebahana, 34, 75

Fifaliana, 21, 57
Fijoroana ho vavolombelona, 68, 106
Fikambanana Ifanampiana, 111, 115, 121
Finoana, 39, 72, 99, 111
Fiovam-po, 6, 54, 81, 96, 106
Fisoronana, 47, 51, 54, 57
Fitaomam-panahy, 86
Fitsanganana amin'ny maty, 15
Herimpo, 51, 68
Jesoa Kristy, 15, 18, 75, 99, 111, 118
Laharam-pahamehana, 21
Maha-kristianina, 90
Mampianatra, 18, 96
Mianatra, 10, 96
Mpanara-dia, 21, 29, 78, 83, 90, 101
Mpianakavin'i Isiraely, 32
Pôrnôgrafia, 6
Sorompanavotana, 6, 75, 104, 111
Sorona, 34
Talenta, 60
Tanora, 60
Tantaram-pianakaviana, 93
Tempoly, 4, 12, 37, 93
Tiako, 10, 78, 83, 118
Vavaka, 86
Zanaka, 15, 43



Nataon' ny Filoha Thomas S. Monson

Tongasoana eto amin' ny Fihaonambe

Enga anie isika hihaino amim-pitandremana ireo hafatra . . . , mba hahafahantsika mahatsapa ny Fanahin' ny Tompo sy mahazo ny fahalalana izay iriany ho azontsika.

Araka ny fahitako azy dia feno daholo ny seza rehetra—afa-tsy ny vitsivitsy etsy aoriana etsy. Mbola misy azo hatsaraina. Izany dia natokana ho an' ireo izay mety ho somary tara noho ny fitohanan' ny fifamoivoizana, mba hahafahan' izy ireo hahita toerana rehefa tonga.

Tena andro lehibe izao—andron' ny fihaonambe. Vao naheno amboaram-peo mahafinaritra isika teo izay nihira hira mahatalanjona. Isaky ny maheno ôrga aho na pianô dia mahatsiaro ny reniko, izay niteny hoe: “Tiako daholo ireo zavatra rehetra hiderana anao, sy ireo mari-pahaizana rehetra azonao ary ireo asa rehetra vitanao. Fa ny hany mampalahelo ahy dia ny tsy naharetanao tamin' ny pianô.” Misaotra, ry Neny! Inay anie aho naharitra tamin' izany.

Tena mahafinaritra, ry rahalahy sy anabaviko isany, ny miarahaba anareo tonga soa amin' izao Fihaonamben' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany fanao Isaky ny Tapa-taona faha-182 izao.

Hatramin' ny fotoana nihaonantsika farany enim-bolana lasa izay, dia tempoly vaovao telo no notokanana, ary tempoly iray no naverina notokanana indray. Tombontsoa lehibe ho ahy ny nitokana tamin' ny volana Mey teo ny Tempolin' i Kansas City any Missouri izay kanto dia kanto, sy nanatrika ny lanonana ara-kolontsaina izay niaraka tamin' izany. Hiresaka misimisy kokoa mikasika io lanonana io aho mandritra ny lahateniko rahampitso maraina.

Tamin' ny volana Jona, dia nitokana ilay tempoly izay efa ela no niandrasana azy tao Manaus, any Brésil ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, ary tamin' ny voalohandohan' ny volana Septambra dia namerina nitokana ny tempolin' i Buenos Aires any Argentine ny Filoha Henry B. Eyring, izay vao nasiam-panavaozana, ary izany dia tempoly iray izay tombontsoa manokana ho ahy ny nitokana azy efa saika ho 27 taona lasa izay. Vao tapa-bolana lasa izay, dia nitokana ny

Tempolin' i Brigham City izay mahate-ho tia tao amin' ilay tanàna izay nahaterahany sy nitaizana azy ny Filoha Boyd K. Packer.

Araka ny efa nolazaiko tany aloha tany dia tsy misy trano amboarin' ny Fiangonana ka manan-danja kokoa noho ny tempoly, ary dia faly isika manana tempoly 139 amperinasa maneran-tany, miampy 27 hafa efa nambara na eo an-dalampanamboarana. Feno fankasitrahana isika noho ireo trano masina ireo sy ireo fitahiana izay entin' izy ireo eo amin' ny fiainantsika.

Faly aho anio maraina manambara aminareo tempoly anankiroa fanampiny izay, ao anatin' ny volana sy taona vitsivitsy ho avy, dia haorina any amin' ireto toerana ireto: Tucson, Arizona, sy Arequira, Pérou. Homena amin' ny fotoana manaraka ny antsipiriany mikasika ireo tempoly ireo rehefa azo ny fahazoan-dalana hanangana sy fankatoavana ilaina.

Rahalahy sy ranabavy, izao aho dia hiresaka lohahevitra iray hafa—dia ny asa fitoriana.

Nandritra ny fotoana naharitraritra izay dia namela ireo zatovolahy avy amin' ny firenena vitsivitsy ny Fia-didiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo hanompo amin' ny faha-18 taonany rehefa mendrika izy ireo, sy mahavita izany ary nahavita ny fianarana tao amin' ny sekoly ambaratonga faharoa, ary naneho ny faniriany amin-kitsimpo hanompo. Lalàna nampiharina tamin' ny firenena voatondro manokana izany ary nahafahan' ny zatovolahy an' arivony nanatontosana asa fitoriana mendri-kaja sy nanatanteraka ihany koa ny fanompoam-pirenena izay notakiana taminy ary nahafahany nanohy fianarana.

Nahitana vokatry tsara ny zavatra natao tamin' ireo zatovolahy 18 taona ireo. Nanome tatitra ny filohan' ny misiônan' izy ireo fa mpankatô, mahatoky, matotra, ary manompo amin-pahombiazana izy ireo toy ireo misiônera efa zokiny miaramanompo aminy ao amin' ny misiôna misy azy. Ny fahatokian' izy ireo, sy ny fankatoavany ary ny fahamatorany no namporisika anay hanam-paniriana hampihatra izany asa fanompoana aloha kely izany ho an' ireo zatovolahy *rehetra*, na aiza na aiza firenena iaviany.

Fifaliana ho ahy ny manao fanambarana izay tonga dia manan-kery





manomboka izao hoe ireo zatovolalahy mendrika sy afaka manao asa fitoriana izay nahavita ny fianarana avy ao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa na sekoly mitovy amin'izany, na aiza na aiza toerana ipetrahan'izy ireo dia hanana safidy hirotsaka ho misiônera hanao asa fitoriana manomboka 18 taona fa tsy 19 taona intsony. Tsy milaza aho akory hoe ny zatovolalahy rehetra dia hanompo—na tokony—hanompo amin' ny taona aloha kokoa toy izany. Fa hoe azo dinihina ny hanatanterahana izany arakaraka ny toe-javatra iainan' ny tsirairay, sy ny fanapahan-kevitry ireo mpitarika ao amin' ny fisoronana.

Rehefa nandinika tamim-bavaka ny mikasika ny taona ahafahan' ny zatovolalahy hanomboka ny asa fitoriana izahay dia nandinika ihany koa ny taona mety ahafahan' ny zatovovavy

manompo. Faly aho androany manambara aminareo fa ireo zatovovavy izay afaka manao izany sy mendrika ary manana faniriana ny hanompo dia afaka hirotsaka ho misiônera hanao asa fitoriana manomboka 19 taona fa tsy 21 taona intsony.

Hamafisinay fa ny asa fitoriana dia adidin' ny fisoronana—ary entaninay ireo zatovolalahy rehetra izay mendrika, sy matanjaka ara-batana ary salama ara-tsaina mba hanaiky ny antso mba hanompo. Maro koa ireo zatovovavy izay manompo, saingy izy ireo dia tsy iharan' izany adidy eo an-tsorok' ireo zatovolalahy izany. Manome toky anefa izahay ho an' ireo rahavavy ato am-piangonana, fa mitondra anjara biriky manan-danja izy ireo eo amin' ny asa fitoriana, ary raisina an-tanan-droa ny asa fanompoana atolotr' izy ireo.

Mbola mila mpivady zokiolona fanampiny ihany isika. Raha mamela izany ny toe-javatra iainanareo, raha efa afaka misotro ronono ianareo, ary raha mamela izany ny toepahasalamanareo, dia mamporisika anareo aho mba hanolo-tena ho amin' ny asa fanompoana amin' ny fotoana feno. Samy hahazo fifaliana lehibe kokoa ireo mpivady eo am-piarahan' izy ireo manompo ireo zanaky ny Raintsika.

Ankehitriny ry rahalahiko sy anabaviko isany, enga anie isika hihaino amim-pitandremana ireo hafatra izay hatolotra mandritra ireo roa andro misesy, mba hahafahantsika mahatsapa ny Fanahin' ny Tompo sy mahazo ny fahalalana izay iriany ho azontsika. Ny mba hiainantsika izany no vavaka angatahako, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Tsapanareo Ve Izany Ankehitriny?

Mieritreritra ny sasany ato am-piangonana fa tsy afaka mamaly eny tsy am-pisalasalana an'ilay fanontanian'i Almà izy ireo. Tsy mahatsapa "fifaliana sy fanavotana [izy ireo] ankehitriny."

Ry Filoha Monson, tia, sy manaja, ary manohana anao izahay! Manentana fanahy izany fanambarana manan-tantara sy manana ny lanjany momba ny asa fitoriana izany. Tsaroako ny fientanentanana nisy tamin'ny taona 1960 rehefa nahena ho 19 taona fa tsy 20 taona ny taonan'ireo zatovolahy manompo. Tonga tany amin'ny Misiôna Britanika aho teo amin'ny faha-20 taonako. Ny misiônera voalohany 19 taona teo amin'ny misiônanay dia ny Loholona Jeffrey R. Holland, izay fanampiana mahatalanjona tokoa. Efa hadiva hananika ny 20 taona izy. Avy eo dia maromaro ireo 19 taona tonga nandritra ny taona. Misiônera nankatò sy nahatoky izy ireo ary dia nandroso ny asa. Matoky aho fa hitombo kokoa ny vokatra voajinja ankehitriny rehefa manatanteraka ny didin'ny Mpamonjy hitory ny filazantsara ireo misiônera marin-toetra sy manolo-tena.

Araka ny hevitrao dia voamana tsara kokoa noho ireo taranaka teo aloha ianareo izay ao amin'ny taranaka vao misondrotra. Mahatalanjona ny fahalalanareo ny soratra masina. Na izany aza, ny fanamby atrehin'ny olona mitovy taona aminareo eo am-piomanana hanompo dia mitovy

amin'ireo izay atrehin'ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra. Hitantsika rehetra fa tsy mitarika loatra amin'ny fiainana am-pahamarinana na zavatra ara-panahy ny kolontsaina iainana any amin'ny ankamaroan'izao tontolo izao. Nampitandrina ny olona sy nampianatra ny fibebahana ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana hatrany ampiandohan'ny tantara. Sahiran-tsaina mikasika ny tsy fahamarinana sy ny tsy fisian'ny fanoloran-tena i Almà Zanany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, ka dia niala tsy ho lohan'ny mpitsara izy, izay mpitarika ny vahoakan'i Nefia,

ary nanangona ny herim-pony rehetra ho amin'ny antsony amin'ny mahampaminany azy.¹

Milaza i Almà ao amin'ny iray amin'ireo andininy mifono hevitra lalina indrindra ao amin'ny soratra masina manao hoe: "Raha efa nandalo fiovam-po ianareo ary raha efa nahatsiaro ny hikalo ny hiran'ny fitiavana manavotra ianareo, dia hanontany aho, tsapanareo ve izany ankehitriny?"²

Nanao tatitra ireo mpitondra manerana izao tontolo izao fa raha jerena amin'ny ankapobeny, dia tsy mbola natanjaka toy ny amin'izao fotoana izao ireo mpikamban'ny Fiangonana, indrindra fa ireo tanorantsika. Saingy ny ankabeazan'izy ireo dia miresaka olana roa foana: voalohany, dia ny fanamby avy amin'ny fitomboan'ny tsy fahamarinana eto amin'izao tontolo izao, ary faharoa, dia ny tsy firaharahiana sy ny tsy fisian'ny fanolorantenan'ny mpikambana sasany. Mikatsaka torohevitra mikasika ny fomba hanampiana ireo mpikambana hanaraka ny Mpamonjy sy hahatratra fiovam-po lalina sy maharitra izy ireo.

Mbola manan-danja hatrany na dia aorian'ireo taonjato nifandimby aza ity fanontaniana ity izay manao hoe: "Tsapanareo ve izany ankehitriny?" Raha jerena ireo zavatra noraisintsika tao anatin'ity fotoampitantanana ity—ao anatin'izany ny Famerenana amin'ny Laoniny ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, ny firotsahan'ireo fanomezana ara-panahy, ary ireo fitahian'ny lanitra izay tsy azo hiadiankevitra—dia tsy mbola nisy goavana toy izany ny fanamby natrehan'i Almà.

Nanoro hevitra ny Filoha George Albert Smith³ taoriana kelin'ny



niantsoana an'i Ezra Taft Benson ho Apôstôly tamin'ny taona 1943, manao hoe: "Ny andraikitrao [. . . dia ny] . . . hampitandrina ny olona . . . amin'ny hatsaram-panahy araka izay azo atao fa ny fibebahana ihany no fanafody hanasitranana ireo aretina rehetra eto amin'ity izao tontolo izao ity."⁴ Tao anatin'ny adin'ny Ady Lehibe II isika, tamin'ny fotoana nanaovana io fanambarana io.

Mihamitombo kokoa ny fahasimban'ny fitsipi-pitondrantena ankehitriny. Hoy ny mpanoratra fanta-daza iray, vao tsy ela akory izay, hoe: "Mahafantatra avokoa ny rehetra fa manimba ny kolontsaina, ary tsy misy na iza na iza manantena ny hiovan'izany."⁵ Tsy roa aman-tany ny fanehoana antsary tsy an-kiato ny herisetra sy ny fahalotoam-pitondrantena ao anatin'ny hira, sy ny fialamboly, ary ny haino aman-jery hafa eo amin'ny kolontsaina iainantsika isan'andro. Nofaritan'ny teôlojiana Batista iray izay hajaina fattratra tamin'ny fomba mampivarahontsana izany, rehefa nilaza izy fa, "Tsy mahatohitra intsony ny faharatsiana ny hery fiarovana ara-panahin'ny sivilizasiôna iray manontolo."⁶

Tsy mahagaga raha mieritreritra ny sasany ato am-piangonana fa tsy afaka mamaly eny tsy am-pisalasalana an'ilay fanontaniana i Almà izy ireo. Tsy mahatsapa "fifaliana sy fanavotana [izy ireo] ankehitriny." Mahatsapa izy ireo fa ao anatin'ny fihehan'ny hery ara-panahy. Tezitra, sy maratra am-po, na diso fanantenana ny sasany. Raha mihatra aminao ireo famaritana ireo,⁷ dia zava-dehibe ny mandrefy hoe nahonana ianao no tsy afaka mahatsapa "fifaliana sy fanavotana ankehitriny."

Tsy voatery ho nanao fahotana na fandikan-dalàna goavana ireo olona maro izay ao anatin'ny fihehan'ny hery ara-panahy sy ny tsy fananana fanoloran-tena, saingy tsy malina kosa izy ireo teo amin'ny safidy nataony. Tsy mitandrina ireo fanekempihavanana masina araka ny tokony ho izy ny sasany. Manao ho lohalaharana ireo zavatra tsy manan-danja ny sasany. Mamelà ny fomba fijery ara-kolontsaina sy ara-pôlitika ampahalemy ny fankatoavan'izy ireo ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny sasany. Mihoboka lalina an-tsitrapo amin'ireo fahalalana hita ao amin'ny Internet izay manao filaza tafahoatra, manitatra, ary amin'ny ankamaroany,

dia mitahiry endrikendrika mikasika ireo mpitondra fahiny ato amin'ny Fiangonana ny sasany. Ary avy eo dia misintona hevi-diso avy amin'izany izay afaka manimba ny fijoroana ho vavolombelona izy ireo. Na iza na iza no nanao ireo safidy ireo, dia afaka mibebaka ary havaozina ara-panahy izy.

Ny fiombohana lalina ao amin'ny soratra masina dia ilaina amin'ny fivokisana ara-panahy.⁸ Mitaona ny fanoloran-tena sy toy ny balsama manasitrana ny ratram-po, ny hatezerana, na ny fahadisoam-panantenana ny tenin'Andriamanitra.⁹ Rehefa mihena ny fanoloran-tenantsika na inona na inona no antony, dia tafiditra ao anatin'ny vahaolana amin'izany ny fibebahana.¹⁰ Mifandray ny fanoloran-tena sy ny fibebahana.

Nanoratra mikasika izany olana izany tamin'ny fomba hentitra i C. S. Lewis, ilay mpanoratra Kristianina feno fiezahana, sy tia mampihatra. Nanambara izy fa milaza amin'ny olona ny mba hibebehany sy mampanantena famelan-keloka ho azy ireo ny Maha-Kristianina; saingy tsy midika na inona na inona amin'izy ireo ny Maha-Kristianina mandrapahafantarany sy hahatsapany fa mila famelan-keloka izy ireo. Hoy izy hoe: "Hihaino ny mpi-tsabo ianao rehefa fantatrao fa marary ny tenanao."¹¹

Nanamafy i Joseph Mpaminany fa afaka mijanona ho tsy an'ny atsy tsy an'ny aroa eo anelanelan'ny tsara sy ny ratsy ianao alohan'ny batisanao. Saingy "rehefa niditra tato amin'ny Fiangonana ianao dia nanaiky ny hanompo an'Andriamanitra. Rehefa nanao izany ianao, dia niala teo amin'ilay faritra tsy an'ny atsy tsy an'ny aroa, ary tsy afaka [mandeha] miverin-dalana intsony." Ny toroheviny dia ny tsy hahafiozantsika mihitsy ilay Mpampianatra.¹²

Namafisin'i Almà fa "ny sandrin'ny famindram-po dia mitolotra" amin'izay mibebaka amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.¹³ Tamin'izay dia nametraka fanontaniana mazava tsara sy manan-danja izy toy ny hoe: Vonona ny hihaona amin'Andriamanitra ve isika? Mitandrina ny tenantsika tsy hanan-tsiny ve isika? Mila mandinika ireo fanontaniana ireo isika. Mahery vaika sy mandresy lahatra ny traikefa manokan'i Almà tamin'ny tsy fanarahany ilay rainy mahatoky ary avy eo dia tonga tamin'ny fahatakarana

mampivarahontsana mikasika ny nilany mafy dia mafy ny famelan-keloka izy sy ny dikan'ny hoe mikalo ny hiran'ny fitiavana manavotra.

Raha toa ka goavana sy mitaky ny fiheverana an-tsaina ny zavatra izay mampihena ny fanoloran-tena na inona izany na inona, dia fanamby roa lehibe no mateti-pitranga sy mibahan-toerana. Ny haratsiam-panahy, sy ny herisetra, ary ny fanararaotana samihafa ao an-tokantrano no voalohany. Ary ny faharoa dia ny fahalotoana ara-pitondrantena sy ny fisainan-dratsy. Ireo matetika no mandeha mialoha sy fototr'ireo safidy ny tsy hanolo-tena tanteraka.

Tena zava-dehibe mihitsy ny fomba hitondrantsika ireo olona akaiky indrindra antsika. Ny herisetra, ny fanararaotana, sy ny tsy fahalalam-pomba, ary ny tsy fanajana ao an-tokantrano dia tsy azo ekena—tsy azo ekena eo amin'ny olon-dehibe, ary tsy azo ekena eo amin'ny taranaka vao misondrotra. Tsy nazoto tao am-piangonana ny raiko fa nalaza ho ohatra tsara kosa, indrindra teo amin'ny fomba fitondrany ny reniko. Matetika izy no niteny hoe: "Hotanan'Andriamanitra ho tompon'andraikitra amin'ny ranomason'ireo vadiny izay nampilatsahan'izy ireo ny lehilahy." Hamafisin'ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao" izany hevitra izany, izay mivaky toy izao hoe: "[Ireo] izay mamono ny vadiny sy ny taranany . . . dia hijoro ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra indray andro any."¹⁴ Tsy mahazo manararaotra olona hafa ara-batana, na ara-pihetseham-po, na amin'ny alalan'ny teny isika, na toy ny inona na taiza ny tontolo nanabeazana antsika, na nanararaotra antsika na tsia ireo ray aman-drenintsika.¹⁵

Izao no fotoana tena ilàna be indrindra ny fahalalam-pomba eo anivon'ny fiaraha-monina. Manomboka ao an-tokantranantsika ny fanorenana ny hatsaram-panahy sy ny fahalalam-pomba. Tsy mahagaga raha mihalatsadanja ireo fombafomba tsara fanaon'ny olona vokatry ny faharavan'ny fianakaviana. Ny fianakaviana no fototra hiorenan'ny fitiavana sy fanolokoloana ny fiainana ara-panahy. Mampivelatra tontolo iray izay afaka mampiroborobo ny fitandremana ireo fitsipika ara-pinoana ny fianakaviana. Tena "tokantrano soa [tokoa] raha ao ny fitia."¹⁶



Manimbazimba ireo fenitra nape-traky ny Mpamonjy mba ho arahana ny fahalotoana ara-pitondrantena sy ny fisainan-dratsy.¹⁷ Nampitandremana isika tany am-piandohan'ity fotoampitantanana ity fa ny fahalotoana ara-pitondrantena angamba no ho fanamby lehibe indrindra.¹⁸ Izany fitondrantena izany, raha tsy misy fibebahana, dia hiteraka fihenana ny hery ara-panahy sy tsy fanoloran-tena. Matetika ny vata fahitalavitra sy ny Internet no mampita hafatra sy sary manimba. Vao tsy ela akory izay ny Filoha Dieter F. Uchtdorf sy ny tenako no nandeha tany amin'ny tanàna tany amin'ny kirihitr'alan'i Amazonia, ary nahita antennes paraboliques eny fa na dia tamin'ireo trano bongo kely tsotra indrindra aza. Nahafaly anay ny fisian'ny fampahalalana mahafinaritra tao amin'io toerana lavitra io. Niaiky ihany koa izahay fa tsy misy toerana eto an-tany azo eritreretina fa tsy afaka ho voakasik'ireo sary mitarika filan-dratsy, sy mamofady, ary mampifoha ny filàna ara-nofo. Izany dia antony iray maha-tonga ny pôrnôgrafia ho olana goavana amin'izao androntsika izao.

Vao haingana dia nifampiresaka tamin'ny mpihazona ny Fisoronana Aharôna 15 taona iray aho, izay nandraisako hevi-baobao. Nanampy ahy hahatakatra izy hoe tena mora tokoa ho an'ny tanora amin'izao fotoan'ny Internet izao ny hahita tsy nahy ireo sary maloto ary indrindra mamofady. Nanamafy izy fa misy ihany farafahakeliny fahatsapana eo amin'ny fiarahamonina amin'ny ankapobeny fa ny

fanaovana tsinontsinona ireo fitsipika ireo dia mety hisy vokany manimba be ny fahasalamana sy ny zava-mahasoa ny tena. Notanisainy ny fifohana sigara, sy ny fampiasana zava-mahadomelina, ary ny fisetroana toaka ataon'ny tanora. Saingy nomarihiny fa tsy misy fanoherana lehibe mifanaraka amin'izany na fampitandremana lehibe akory aza avy amin'ny fiarahamonina amin'ny ankapobeny mikasika ny pôrnôgrafia na ny fahalotoana ara-pitondrantena.

Ry rahalahy sy anabaviko malala, marina ny fandinihana nataon'ity tovolahy ity. Inona no valiny? Nampianatra ny maha-zava-dehibe ny fitandremana ireo fitsipika ara-pivavahana ao an-trano ireo mpaminany sy apôstôly nandritra ny taona maro.¹⁹

Ry ray aman-dreny, tsy ampy intsony ankehitriny ny fandraisanareo anjara mavitrika amin'ireo fivoriana sy fandaharana ato am-piangonana, na dia ilaina aza izany, hanatanterahanareo ny andraikitra masina hampianatra ny zanakareo hiaina fiainana madio sy marina ary handeha amimpahamarinana eo anatrehan'ny Tompo. Noho ilay fanambaran'ny Filoha Monson tamin'ity maraina ity dia tena ilaina tokoa ny manatanteraka izany amimpahatokiana ao an-tokantrano izay toerana fialofana hanjakan'ny hatsaram-panahy, ny famelan-keloka, ny marina, ary ny fahamarinan-toetra. Tsy maintsy manana risi-po haniavana na hanara-maso ny fampiasana Internet, ny vata fahitalavitra, sy ny

sary mihetsika, ary ny hira ireo ray aman-dreny. Tsy maintsy manana risi-po hiteny hoe tsia, ireo ray aman-dreny mba hiarovana ny marina, ary mizara fijoroana ho vavolombelona matanjaka. Mila mahafantatra ireo zanakareo fa mino ny Mpamonjy ianareo, tia ny Rainareo izay any andanitra, ary manohana ireo mpitondra ato amin'ny Fiangonana. Tsy maintsy miroborobo ao an-tokantrantsika ny fahamatorana ara-panahy. Manantena aho fa tsy hisy olona hiala eto amin'ity fihaonambe ity ka tsy hahatakatra fa eo anivon'ny fianakaviana no tsy maintsy hamahàna ireo olana ara-pitondrantena. Ny eveka, ireo mpitondra ao amin'ny fisoronana sy ao amin'ny vondrona fanampiny dia mila manohana ny fianakaviana sy maka antoka fa tena ampianarina ireo fitsipika ara-panahy. Afaka manampy, indrindra fa ireo ankizy taizan'ny ray na reny monja ireo mpampianatra sy mpamangy isan-tokantrano.

Ilay zatovolahy voalazako teo dia nantony tsy tamim-pisalasalana raha toa ka fantatr'ireo Apôstôly hoe rahoviana no tokony atomboka eo amin'ny fiainana ny fampianarana sy ny fiarovana amin'ny pôrnôgrafia sy ny fisainan-dratsy. Namafisiny fa tsy aloha loatra ny fanaovana izany any amin'ny toerana sasany eny fa na dia mialohan'ny hialan'ireo tanora ao amin'ny Kilonga aza.

Ireo tanora izay efa nijery sary mamofady tany amin'ny fahazazany dia mihorohoro sao dia mety tsy ho afaka hanao ny asa fitoriana sy ireo fanekempihavanana masina intsony. Vokatry'izany, dia mety hihena be mi-hitsy ny finoan'izy ireo. Manome toky anareo aho ry tanora, fa araka izay nampianarin'i Almà, dia afaka ny ho mendrika ireo fitahian'ny lanitra rehetra ianareo amin'ny alalan'ny fibebahana.²⁰ Izany no antony nanaovan'ny Mpamonjy ny Sorompanavotany. Miresaha amin'ny ray aman-dreninareo na mpanoro hevitra iray atokisana ary resaho amin'ny evekanareo ilay olana.

Rehefa ny fahadiavam-pitondrantena no resahina, dia mino ireo olon-dehibe sasany fa ny fidirana ho mpikambana ao amin'ny tetikasa lehibe iray miahny ny maha-olona na ny fanarahana fitsipika dia manafoana ny filana ny fanarahana ny fampianaran'ny Mpamonjy. Mihevitra izy ireo fa ny fahalotoana ara-pitondrantena dia

“fahotana kely . . . [raha toa aho ka] . . . olona tsara fanahy sy tia miantra.”²¹ Hitondra fahadisoam-panantenana lehibe ho an’ny tenanao ny fisainana toy izany. Nampahafantatra ahy ny tanora sasany fa “efa lany manja” eo amin’ny fiaraha-monina amin’izao fotoana izao ny miezaka amim-pahazotoana amin’ny zavatra maro, tafiditra ao anatin’izany ny fanaovana hentitra mba hiaina mifanaraka amin’ireo fitsipika tsara.²² Aza manaiky hianjera ao anatin’izany vela-pandrika izany.

Tamin’ny batisa dia nampanan-tena isika fa hitondra eo amintsika “ny anaran’i [Jesoa] Kristy, rehefa nananan[tsika ny] *faharesen-dahatra* hanompo Azy hatramin’ny farany.”²³ Mitaky ezaka feno risi-po, sy fanoloran-tena, ary fahamarinan-toetra ny fanekempihavanana toy izany raha tiansika ny hanohy hikalo ny hiran’ny fitiavana manavotra ary mijanona ho miova fo tanteraka.

Hita taratra tamin’ny mpilalao Britanika iray teo amin’ny sehatra Ôlympika izay nanao fifaninanana nandritra ny lalao ôlympika tany Parisy, Frantsa ny taona 1924 ny ohatra ara-tantara izay mety ho ankafizin’ny rehetra mikasika ny fijanonana ho matanjaka sy tsy azo hozongozonina.

Zanaky ny misiônera Ekôsey iray izay nanompo tany Chine i Eric Liddell, sady lehilahy tena tia fivavahana. Niteraka fahatezerana teo amin’ireo mpitarika Britanika tao amin’ny lalao ôlympika izy tamin’ny fandavany hanao hazakazaka fanomanana mirefy 100 metatra amin’ny andro Alahady, eny fa na dia noterena mafy aza. Tamin’ny farany anefa dia nandresy izy tamin’ny fifaninanana hazakazaka 400 metatra. Tena mitaona fanahy tokoa ny ohatra nasehon’i Liddell tamin’ny nandavany tsy hihazakazaka amin’ny andro Alahady.

Ny sary sy tsangam-bato hanehoam-boninahitra azy dia maneho ny teny manentana fanahy avy ao amin’ny Isaia manao hoe: “Fa izay miandry an’i Jehovah dia mandroso hery kosa; Elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; handeha izy nefa tsy ho reraka.”²⁴

Ny ohatra mendri-piderana nasehon’i Liddell dia nanana hery fandresen-dahatra lehibe tamin’ny fanapahan-kevitra noraisin’ny zanakay faralahy tsy hanao fanatanjahan-tena

amin’ny andro Alahady, ary manandanja kokoa noho izany, dia ny hialany amin’ireo fitondran-tena tsy mendrika sy an’izao tontolo izao. Ilay tenin’i Isaia no nosoratany tao amin’ny boky firaketana ireo zavatra natao nandritra ny taona tao amin’ny sekoliny. Namela ohatra mahery tamin’ny finiavana sy fanoloran-tena amin’ny fitsipika i Eric Liddell.

Rehefa manaraka ny torohevitra ny Filoha Monson ireo tanorantsika amin’ny alalan’ny fiomanana hanompo hanao misiôna sy rehefa miaina ireo fitsipika nampianarin’ny Mpamonjy sy miomana hihaona amin’Andriamanitra isika rehetra,²⁵ dia mandresy amin’ny hazakazaka manan-danja hafa.²⁶ Hanana ny Fanahy Masina hitrika antsika amin’ny torohevitra ara-panahy isika. Ho an’ireo izay mbola manana olana eo amin’ny fiainany, dia tadi-dio fa tsy ho tara loatra na oviana na oviana ny hametrahany ny Sorompanavotan’ny Mpamonjy ho fototra iorenan’ny finoantsika sy ny fiainantsika.²⁷

Hoy ny tenin’i Isaia hoe: “Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy tahaka ny orampanala, na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza, dia ho tahaka ny volon’ondry fotsy.”²⁸

Mivavaka amin’ny foko aho mba hanaovan’ny tsirairay avy amintsika ny asa ilaina mba hahatsapana ny Fanahy *izao ankehitriny izao* mba *hahafahan* tsika mikalo ny hiran’ny fitiavana manavotra amin’ny fontsika manontolo. Mijoro ho vavolombelona ny amin’ny herin’ny Sorompanavotan’ny Mpamonjy aho amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Almà 4:15–18.
2. Almà 5:26.
3. Filohan’ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo i George Albert Smith tamin’izany, ary tsy Filohan’ny Fiangonana raha tsy tamin’ny 21 Mey, 1945. (Jereo ny *Deseret News 2012 Church Almanac* [2012], 98.)
4. George Albert Smith, ao amin’ny Sheri L. Dew, *Ezra Taft Benson: A Biography* (1987), 184.
5. Peggy Noonan, “The Dark Night Rises,” *Wall Street Journal*, 28–29, Jolay 2012, A17.
6. Dr. R. Albert Mohler Jr., filoha, Seminera Fianarana momba ny Fivavahana Batista ao amin’ny Faritra Atsimo, famelabelaran-kevitra natao tamin’ireo mpitondra ara-pivavahana, New York City, 5 Sept 2012.
7. Jereo ny 2 Nefia 2:27.
8. Jereo ny Jaona 5:39; Amôsa 8:11; jereo ihany koa ny James E. Faust, “A Personal Relationship with the Savior,” *Ensign*, Nôv. 1976, 58–59.
9. Jereo ny Almà 31:5.
10. Jereo ny Almà 36:23–26.
11. C. S. Lewis, *Mere Christianity* (1952), 31–32. Lehilahy nianatra Literatiora Anglisy

tao amin’ny Oniversite an’i Oxford i Lewis, ary taorian’izay dia lasa mpitarika-draharaha tamin’ny fianarana Teny Anglisy mikasika ny Moyan Age tao amin’ny Oniversite an’i Cambridge.

12. Jereo ny *Enseignements des Présidents de l’Eglise: Joseph Smith* (2007), 324; jereo ihany koa ny Apôkalypsy 3:15–16.
13. Almà 5:33.
14. “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’izao Tontolo izao,” *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
15. Jereo ny Richard G. Scott, “Removing Barriers to Happiness,” *Ensign*, Mey 1998, 85–87. Ireo fombafomba ara-kolontsaina sasany tsy maintsy arahana dia mifanohitra amin’ny fampianaran’ny Mpamonjy ary afaka mampivily lalana antsika. Fony aho tany Pasifika Atsimo, dia nahafantatra lehilahy iray izay naman’ny fiangonana nandritra ny taona maro. Nilaza izy fa tohina lalina ny fony rehefa nampianatra nandritra ny fivorian’ny fisoronana ny mpiatrika iray ao amin’ny Fiangonana nanao hoe: “Ireo tanana nampiasainao nikapohana ny zanakao teo aloha dia tokony ampiasaina hitahiana ny zanakao.” Nianatra tamin’ny misiônera izy, sy natao batisa, ary lasa mpitarika tsara.
16. “Fitia ao An-tokantrano,” *Fihirana*, lah. 88.
17. Jereo ny Almà 39.
18. Jereo ny Ezra Taft Benson, “Cleansing the Inner Vessel,” *Ensign*, Mey 1986, 4.
19. Nampahafantatra ny “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’izao Tontolo izao” ny Filoha Gordon B. Hinckley nandritra ny fivorian’ny Fikambanana Ifanampiana ny Septambra 1995. Ny Filoha Thomas S. Monson no nialy ny fanovana ny fizarana voalohany ao amin’ny *Manuel 2: Administration de l’Eglise* (2010), “La famille et l’Eglise dans le plan de Dieu.”
20. Jereo ny Almà 13:27–30; 41:11–15.
21. Ross Douthat, *Bad Religion: How We Became a Nation of Heretics* (2012), 238; jereo ihany koa ny Almà 39:5.
22. Aza avela hanelingelina ny finoanao ny kolontsaina izay feno herisetra sy fahalotoam-pitondrantena ary mitondra loza amin’ireo izay miaina ireo fitsipika nampianarin’ny Mpamonjy. Araka izay nosoratan’ny pôeta Wordsworth tamin’ny fomba voakaly hoe: “Fahano amin’ny eritreritra mendri-kaja [ny sainao], mba tsy ahafahan’ny lela mpiteny ratsy, sy ny fitsaratsarana tsy am-piheverana, ary ny fianjonanjonan’ny olona tia tena . . . hanjakazaka na oviana na oviana. . . na hanelingelina ny finoana [nao] sariaka” (“Lines Composed a Few Miles above Tintern Abbey,” ao amin’ny *The Oxford Book of English Verse*, ed. Christopher Ricks [1999], 346).
23. Môrôna 6:3; nampiana fanamafisana; jereo ihany koa ny Môsîa 18:13.
24. Isaia 40:31; jereo ny Robert L. Backman, “Day of Delight,” *New Era*, Jiona 1993, 48–49.
25. Jereo ny Almà 34:32.
26. Jereo ny 1 Korintiana 9:24–27.
27. Jereo ny Helamàna 5:12. Hoy i Wendell Holmes hoe: “Hitako fa tsy dia izay zavatra hiainantsika amin’izao fotoana izao loatra no zava-dehibe eto amin’ity tontolo ity, raha mitaha amin’ny hoe handeha ho aiza isika. Mba hahatongavana any amin’ny seranan’ny lanitra, dia tsy maintsy mandeha miaraka amin’ny rivotra ary indraindray miady aminy isika,—saingy tsy maintsy mandeha isika, ary tsy manaiky ho entin’ny rivotra, na mijanona sy mametraka ny vatofantsika” (*The Autocrat of the Breakfast-Table* [1858], 105).
28. Isaia 1:18.



Nataon'i Ann M. Dibb

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny
Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany

Fantatro sy Iainako ary Tiako Izany.

Mpanara-dia an'ilay Jesoa Kristy Mpamonjy antsika isika. Ny fiovam-po sy fahatokian-tena toy izany dia vokatry ny fanaovana ezaka tamim-pahavitrihana sy tamim-pandinihana. Zavatra an'ny tena manokana izany. Dingana tanterahana mandritra ny fiainana izany.

Manentana ny fanahiko ireo ohatra asehon'ireo mpikambana marin-toetra ao amin'ny Fiangonana ary ao anatin'izany ireo zatovo mendri-kaja. Miantehitra amim-pahatokiana amin'ny Mpamonjy ianareo. Mahatoky sy mankatò ary madio ianareo. Ireo fitahiana azonareo noho ny hatsaranareo dia tsy hoe misy fiantraikany eo amin'ny fiainanareo fotsiny fa misy fiantraikany lalina koa eo amin'ny fiainako sy ny fiainan'ireo olon-kafa maro, saingy matetika amin'ny fomba tsy fantatra.

Nilahatra mba hiantsena tao amin'ilay toeram-pivarotana kojakojan-kanina tany amin'ny toerana nisy ahy aho taona vitsy lasa izay. Nisy zatovovavy iray 15 taona teo ho eo, teo alohako. Toa feno fahatokian-tena sy fifaliana izy. Tsikaritra ilay ambonin'akanjo nanaovany ka tsy naharitra aho fa dia niresaka. Nanomboka aho nanao hoe: "Avy any amin'ny faritany hafa ianao, sa tsy izany?"

Taitra tamin'ilay fanontaniako izy ary namaly hoe: "Eny, avy any Colorado aho. Ahoana no nahafantaranao izany?"

Nohazavaiko hoe: "Noho ilay ambonin'akanjo anaovanao." Ny nahazoako an'ilay vinavina marina dia taorian'ny famakiana ilay teny teo amin'ny ambonin'akanjony hoe: "Môrmôna aho. Ary ianao?"

Notohizako hoe: "Tiako ny milaza aminao fa talanjona amin'ny fahatokian-tenanao mba hiavaka sy hanao akanjo ahitana fanambarana mifono fahasahiana toy izao aho. Mahita zavatra mampiavaka anao aho ary maniry ny mba hananan'ny zatovovavy rehetra sy ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra finoana sy fahatokian-tena toy izany." Nifanao veloma sy nisaraka izahay rehefa vita ny fiantsenanay.

Kanefa mbola nieritreritra tsara an'iny fihaonana iny aho nandritra ireo andro sy herinandro vitsivitsy taty aorian'iny fotoana nisehoan'ny zavatra kisendrasendra isan'andro iny. Nanontany tena aho hoe ahoana no nahafahan'iny zatovovavy avy any Colorado iny lasa nanana fahatokian-tena toy ireny amin'ny maha-mpikamban'Ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany azy. Tsy naharitra aho fa

nanontany tena hoe inona ary no mba fehezan-teny manan-danja azo alaina sary an-tsaina fa hofidiako mba ho sora-tana eo amin'ilay ambonin'akanjo ko izay maneho ny finoako sy ny fijoroako ho vavolombelona. Nieritreritra zavatra azo lazaina maro tao an-tsaiko aho. Farany dia nieritreritra fanambarana tena tsara iray izay ho azoko entina amim-pireharehana aho: "Môrmôna aho. Fantatro sy iainako ary tiako izany."

Te-hampifantoka ny lahateniko manodidina an'izany fanambarana feno fahasahiana sy mifono fanantenana izany aho androany.

Ny ampahany voalohan'ilay fanambarana dia mifono fahatokian-tena sy tsy misy fialan-tsiny: "Môrmôna aho." Manantena aho fa tsy hatahotra na hisalalatra velively isika ny hampahafantatra hoe: "Môrmôna aho," toy ny tsy nahatahoran'ilay zatovovavy nifanena tamiko tao amin'ny toeram-pivarotana kojakojan-kanina mba hampahafantatra an'izao tontolo izao fa mpikamban'Ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izy. Tokony hatoky tena toa ny Apôstôly Paoly isika rehefa nanambara izy hoe: "Fa tsy menatra amin'ny filazantsara aho; fa herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino izany."¹ Mpanara-dia an'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika isika amin'ny maha-mpikambana antsika. Ny fiovam-po sy fahatokian-tena toy izany dia vokatry ny fanaovana ezaka tamim-pahavitrihana sy tamim-pandinihana. Zavatra an'ny tena manokana izany. Dingana tanterahana mandritra ny fiainana izany.

Ny ampahany manarak'ilay fanambarana dia milaza hoe: "Fantatro izany." Maro dia maro eto amin'izao tontolo izao ankehitriny ireo zavatra atao sy lohahevitra ary zava-mahalana izay mifaninana isa-minitra misarika ny saintsika. Moa ve isika manana hery sy fifehezan-tena ary fanoloran-tena hifantoka lalandava amin'izay zavatra tena manan-danja eo anatrehan'ireo zavatra maro misarika ny saina ireo? Moa ve isika manam-pahalalana tsara an'ireo fahamarinan'ny filazantsara toy ny hananantsika fahalalana tsara mikasika ny fianarantsika sy ny asantsika sy ny fialambolintsika, ny fanatanjahan-tena ataontsika na ny hafatra alefantsika sy ireo teny soratantsika amin'ny alalan'ny Twitter? Moa ve isika

mitady amim-pahavitrihana ireo valim-panontanantsika amin'ny alalan'ny fivokisana amin'ny soratra masina sy ireo fampianaran'ny mpaminany? Moa ve isika mikatsaka ny fanamafisan'ny Fanahy?

Fitsipika mandrakizay ny maha-zava-dehibe ny fanovozana fahalalana. Ny Mpaminany Joseph Smith dia “tia fahalalana noho ilay hery marina ao aminy.”² Hoy izy hoe: “Tena ilaina ny fahalalana ho an'ny fiainana sy ny toetra araka an'Andriamanitra. . . . Henoy ity fanalahidy lehibe ity ry rahalahiko rehetra: Ny fahalalana no herin'Andriamanitra mitondra famonjena.”³

Manan-danja ny fahamarinana sy ny fahalalana rehetra, saingy noho ireo zavatra misarika tsy tapaka ny saina eo amin'ny fiainantsika isan'andro, dia tsy maintsy mifantoka manokana amin'ny fampitomboana ny fahalalantsika ny filazantsara isika mba hahafahantsika mahatakatra ny fomba hampiharana ny fitsipiky ny filazantsara eo amin'ny fiainantsika.⁴ Rehefa mitombo ny fahalalantsika ny filazantsara, dia hanomboka hahatsapa fahatokiana ao anatin'ilay fijoroantsika ho vavolombelona isika ary ho afaka hilaza hoe: “Fantatro izany.”

Ny manaraka dia ilay filazana hoe: “Iainako izany.” Mampianatra ny soratra masina fa tokony ho “mpankatò ny teny [fa tsy] mpihaino fotsiny ihany” isika.⁵ Miaina ny filazantsara isika ary lasa “mpankatò ny teny” amin'ny alalan'ny fampiharana ny finoana, fanka-toavana, fanompoana amim-pitiavana ny hafa ary fanarahana ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy antsika. Manao asa amim-pahasinanana isika ary manao izay fantatsika fa marina “amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zavatra rehetra ary amin'ny toerana rehetra,”⁶ na iza mijery na iza tsy mijery.

Tsy misy tonga lafatra eto amin'ity fiainantsika eto an-tany ity. Hanao fahadisoana sy hanota isika rehetra na dia ao anatin'ireo ezaka tena feno fahavitrihana ataontsika mba hiainana ny filazantsara aza. Tena toky mitondra fampaherezana ny fahafantarana fa afaka ny ho voavela sy ho voadio indray isika amin'ny alalan'ny sorompanavotan'ny Mpamonjy. Izany fizotran'ny fibebahana marina sy famelan-keloka izany dia mampatanjaka ny fijoroantsika ho vavolombelona sy ny fahavonantsika hankatò ny didin'ny Tompo



sy hanana fiainana mifanaraka amin'ireo fitsipiky ny filazantsara.

Rehefa mieritreritra an'ilay fehezan-teny hoe: “Iainako izany” aho, dia mahatsiaro an'ilay zatovovavy nihaona tamiko, izay Karigan no anarany. Nanoratra izy hoe: “Herintaona mahery kely izay no naha-mpikamban'ny Fiangonana ahy. . . . Fony aho mbola nanadihady momba ny Fiangonana, dia tonga tamiko ilay famantarana an'izany fa marina, noho ny fahatsapako fa nahita fiangonana iray izay nampianatra ny fahamaotinana sy ireo fitsipika tokony harahana ihany aho ity nony farany. Hitako tamin'ireo masoko mihitsy ny zavatra mitranga rehefa tsy miraharaha ny didy sy misafidy lalana diso ny olona. Efa ela aho no nanapa-kevitra fa hiaina fitsipika ara-pitondrantena ambony. . . . Mahatsapa ho tena voatahy aho noho ny nahitako ny fahamarinana sy nanaovana batisa ahy. Tena faly aho.”⁷

Ny fehezan-teny farany ao anatin'ilay fanambarako dia ny hoe: “Tiako izany.” Mitondra ny mpikamban'ny Fiangonana maro hihika amim-pirehetampo hoe: “Tiako ny filazantsara!” ny fananana fahalalana mikasika ny filazantsara ary ny fiainana amim-pahavitrihana ireo fitsipiky ny filazantsara eo amin'ny fiainantsika andavanandro.

Tonga izany fahatsapana izany rehefa tsapantsika ny Fanahy Masina fa mijoro ho vavolombelona amintsika hoe zanaky ny Ray any an-danitra isika ary mieritreritra antsika Izy ary eo amin'ilay lalana marina isika. Mitombo ny fitiavantsika ny filazantsara rehefa miaina ilay fitiavan'ny Raintsika any an-danitra isika sy miaina ilay fiadanana nampanantenain'ny Mpamonjy

rehefa mampiseho Aminy fa vonona ny hankatò sy hanaraka Azy isika.

Misy ireo fotoana samihafa eo amin'ny fiainantsika izay ahitantsika, na olona vao vita batisa tao amin'ny Fiangonana izany na mpikambana efa ela, fa nanjavona izany firehetam-po izany. Miseho izany indraindray rehefa misy ny fahasaratana ary tsy maintsy manana faharetana isika. Miseho izany indraindray rehefa eny an-tampon'ny fiadanam-piainana sy ny firoboroboana isika. Isaky mahatsapa izany aho dia fantatro fa mila mampifantoka indray ny ezaka ataoko any amin'ny fampitomboana ny fahalalako ny filazantsara sy ny fiainana feno kokoa ireo fitsipiky ny filazantsara eo amin'ny fiainako.

Ny fanetren-tena sy ny fanekena ny sitrapon'Andriamanitra no iray amin'ireo fitsipiky ny filazantsara tokony ho ampiharina, izay tena mahomby nefa sarotra indraindray. Tao anatin'ny vavaka nataon'i Kristy tao amin'ny Sahan'i Getsemane, dia naneho tamin'ny Ray Izy hoe: “Nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao fa ny Anao.”⁸ Tokony ho izany koa ny vavaka ataontsika. Matetika ao anatin'ireny fotoana tony sy fotoana ivavahana ireny no ahatsapantsika fa voahodidin'ny fitiavan'ny Ray any an-danitra isika ary miverina indray ireo fahatsapana fifaliana sy fitiavana.

Nanana fahafahana nihaona sy niresaka tamin-drahavavy Cammy Wilberger aho nandritra ny fivorian'ny Mpitarika ny Zatovovavy tany Eugene, Oregon. Ny tantara notantarain-drahavavy Wilberger ahy dia vavolombelon'ilay hery sy fitahiana avon'ny zatovovavy iray noho ny fahafantarany sy fiainany ary fitiavany ny filazantsara.

I Brooke zanakavavin-drahavavy Wilberger izay 19 taona dia maty tampoka taona maro lasa izay nandritra ny filan-tsasatry ny fahavaratra taorian'ny taona voalohany nianarany tany amin'ny oniversite. Nitantara Rahavavy Wilberger hoe: “Fotoana sarotra sy maloka ho an'ny fianakavianay izany. Kanefa nanome fanomezana ho anay i Brooke. Tsy tsapanay izany rehefa nihalehibe izy kanefa isaky ny taona sy ny fotoana tsirairay tao anatin'ilay fiainany izay fohy dia nomen'i Brooke fanomezana faran'izay lehibe azon'ny zanakavavy iray omeny ny ray amandreniny izahay. Zanakavavin'Andriamanitra marin-toetra i Brooke. . . . Noho izany fanomezana izany ary indrindra indrindra noho ilay herin'ny Sorompnavotana izay ahafahana manao zavatra dia nahazo tanjaka sy fampaherezana ary ilay fiadanana nampanantenain'ny Mpamonjy aho. Tsy miahiahy aho hoe aiza i Brooke amin'izao fotoana izao ary miandrindra ilay fiarahanay indray izay feno fitiavana aho.”⁹

Manana fijoroana ho vavolombelona momba ny drafitra lehiben'ny fahasambarana mandrakizay izay an'ny Ray any an-danitra aho. Fantatro fa mahafantatra antsika Izy ary tia antsika. Fantatro fa nandefa mpaminany iray ho antsika Izy, dia ny Filoha Thomas S. Monson, mba hanome famporisihana antsika sy hitarika antsika hiverina any Aminy indray. Mivavaka aho mba hiezaka isika tsirairay hanana fahafahana hanambara amim-pahatokiantena hoe: “Môrmôna aho. Fantatro sy iainako ary tiako izany.” Izany no ambarako amim-panetrentena amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

Fanamarihana : *Ho an'ny fandalinana fanampiny dia manoro hevitra ny mba hamakiana ny Alma 32 aho ary ny lahatenin'ny Loholona Dallin H. Oaks “The Challenge to Become” (Liahona, Jan. 2001, 40–43).*

FANAMARIHANA

1. Romana 1:16.
2. George Q. Cannon, ao amin'ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 261.
3. *Teachings: Joseph Smith*, 265; jereo koa ny Martha Jane Knowlton Coray, notebook, Church History Library, Salt Lake City.
4. Jereo ny knowledge value experience number 1, *Young Women Personal Progress* (booklet, 2009), 38.
5. Jakoba 1:22.
6. Môsîà 18:9.
7. Taratasin'olona manokana.
8. Lioka 22:42.
9. Taratasin'olona manokana.



Nataon' ny Loholona Craig C. Christensen
Ao amin' ny Fiadidian' ny Fitopololahy

Fanomezana Iray Tsy hay Lazaina avy amin' Andriamanitra

Miara-miasa am-piraisankina tanteraka amin' ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ny Fanahy Masina, ka manatanteraka anjara asa manan-danja maro ary andraikitra maro miavaka tsara.

Tamin' ny taona 1994, dia nasain' ny Filoha Howard W. Hunter ny mpikambana rehetra tato amin' ny Fiangonana mba “hametraka ny tempoly . . . ho toy ny tandindona lehibe maneho ny maha-mpikambana [antsika].”¹ Taty aoriana kely tamin' io taona io ihany, dia vita tanteraka ny fananganana ny Tempolin' i Bountiful, Utah. Toy ny ankamaroan' ny olona, dia mba tsindrin-daona ihany koa izahay ny hitondra ny fianakaviana kelinay hanatrika ny varavarana misokatra mialohan' ny fanokanana. Niasa mafy izahay mba hanomana ireo zanakay hiditra ao amin' ny tempoly, ary nivavaka mafy mba hananan' izy ireo traikefa ara-panahy ka mba hahatonga ny tempoly hanana toerana manandanja eo amin' ny fiainan' izy ireo.

Rehefa namakivaky ilay tempoly tamim-panajana izahay, dia talanjona ny tenako nankafy ny rafitra mahafinaritra, ny hakanton' ny fanamboarana vita, ny hazavana mitaratra avy eo amin' ireo varavarankely mitomandavana, ary ireo sary hosodoko maro mitaona fanahy. Tena lafatra marina

ny lafiny rehetra tamin' ity trano masina ity.

Rehefa niroso tao amin' ny efitra selestialy izahay dia tonga saina tampoka aho fa namikitra ny tongotro i Ben, zanakay faralahy izay enin-taona. Toa ohatran' ny vahobahotra izy—ary angamba mety sahiran-tsaina kely mihitsy aza.

“Fa inona no mahazo anao anaka?” Hoy aho nibitsibitsika.

“Dada a!” hoy izy namaly, “fa inona no mitranga ato? Tsy mbola nahatsapa zavatra toy izao mihitsy aho hatrizay.”

Noho ny fahafantarako fa izany angamba no fotoana voalohany nahatsapan' io zanakay lahy kely io ny fitarihan' ny Fanahy Masina tamin' ny fomba mahery vaika toy izany, dia nandohalika tamin' ny tany teo anilany aho. Raha nivezivezy nanodidina anay ireo mpitsidika hafa, izahay sy Ben kosa dia nandany minitra maro niarahana nianatra mikasika ny Fanahy Masina. Talanjona aho tamin' ny nahafahanay nifampiresaka tamin' ny fomba tsotra mikasika ny fahatsapana masina nananany. Rehefa

nifampiresaka izahay, dia lasa nazava fa ny tena nitondra fitaomam-panahy ho an' i Ben dia tsy ny zavatra izay *hitany* fa ny zavatra izay *tsapany*— tsy ny hatsarana azo tsapain-tanana nanodidina anay fa ilay feo tony sy malefakin' ny Fanahin' Andriamanitra izay tsapany tao am-pony. Nozaraiko taminy ny zavatra nianarako avy tamin' ny zavatra niainako manokana, toy izany ohatra ny namohazan' ny fitalan-jonany amin' ny maha-zaza azy indray ilay fahatsapana fankasitrahana lalina tao amiko noho io fanomezana tsy hay lazaina avy amin' Andriamanitra io— dia ny fanomezan' ny Fanahy Masina.²


Iza moa ny Fanahy Masina?

Ny Fanahy Masina no mpikambana fahatelo mandrafitra ny hoe Andriamanitra, ary araka izany, toa an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy, dia mahafantatra ny eritreritsika sy ny fanirian' ny fontsika Izy.³ Tia antsika ny Fanahy Masina ary tiany ho faly isika. Koa satria fantany ireo fanamby izay ho atrehantsika, dia afaka mitari-dalana sy mampianatra antsika izay zavatra rehetra tsy maintsy ataontsika mba hiverenana hiara-hiaina indray amin' ny Ray any An-danitra Izy.⁴

Ny Fanahy Masina dia tsy mitovy amin' ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy izay manana vatana nofo sy taolana feno voninahitra, fa olona fanahy izay mifandray amin' ny fanahintsika amin' ny alalan' ny fahatsapana sy ny fitaomana.⁵ Amin' ny maha-fanahy Azy dia manana ilay andraikitra miavaka dia ny ho fitaovana izay ahafahana mandray fanambarana ho an' ny tena manokana Izy. Ao amin' ny soratra masina dia matetika Izy no antsoina hoe Fanahy Masina, na ny Fanahin' ny Tompo, na ny Fanahy Masin' ny Fampanantenana na koa hoe ny Fanahy fotsiny.⁶

Inona no Asa Nanirahana ny Fanahy Masina?

Miara-miasa amim-piraisan-kina tanteraka amin' ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ny Fanahy Masina, izay manatanteraka anjara asa manan-danja sy andraikitra maro miavaka tsara. Ny tanjona voalohan' ny Fanahy Masina dia ny mijoro ho vavolombelona mikasika an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany,⁷ sy ny mampianatra antsika ny fahamarinan' ny zava-drehetra.⁸ Ny



tenivavolombelona azo antoka avy amin' ny Fanahy Masina dia mitondra fahazoana antoka mihoatra lavitra noho ny tenivavolombelona iray avy amin' izay mety ho loharano hafa. Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra fa “ny Fanahin' Andriamanitra miresaka amin' ny fanahin' olombelona dia manana hery ampitana fahamarinana izay hitondra vokatra sy fahatakarana lehibe kokoa noho ny fahamarinana izay mety ho ampitain' ny fifampiresahana mivantana eny fa na dia amin' ny olon' ny lanitra aza.”⁹

Ny Fanahy Masina koa dia antsoina hoe ny Mpampionona.¹⁰ Mandritra ny fotoan' ny fahasahiranan-tsaina, na ny hakiviana, na koa hoe mila mahafantatra fotsiny isika hoe eo akaiky eo Andriamanitra, dia afaka mankahery ny fanahintsika, sy manome fanantenana antsika ary mampianatra antsika “ireo zavatra mandry fehizay momba ny fanjakana,”¹¹ ny Fanahy Masina ka manampy antsika hahatsapa “ny fiadan' Andriamanitra izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra.”¹²

Taona maro lasa izay raha tafavory hanao fiaraha-misakafo ny

fianakaviambe nisy anay tamin' ny fotoam-pialantsasatra, dia nanomboka niara-nilalao tamin' ireo zafikeliny maromaro ny raiko. Tampoka teo sady tsy nisy fambara, dia nitambotsotra izy ary dia vetivety teo dia nodimandry. Mety ho nampivarahontsana izany trangan-javatra tsy nampoizina izany, indrindra ho an' ireo zafikeliny, izay mety ho nametraka fanontaniana maro saro-baliana. Kanefa rehefa nangoninay nanodidina anay ireo zanakay, ary rehefa nivavaka sy namaky ny tenin' ireo mpaminany ao amin' ny Bokin' i Môrmôna izay mikasika ny tanjon' ny fiainana izahay, dia nampionona anay tsirairay avy ny Fanahy Masina. Tonga nazava tsara tao am-ponay ireo valim-panontaniana izay notadiavinay, tamin' ny fomba maro izay sarotra faritana amin' ny alalan' ny teny. Nahatsapa fiadanana izay tena mihoatra noho ny fahalala *nay* izahay tamin' io andro io, ary azo antoka, sy tsy azo lavina, ary marina ny tenivavolombelon' ny Fanahy Masina tamin' izay.

Mpampianatra sy mpanambara ny Fanahy Masina.¹³ Rehefa mandalina sy mandinika ary mivavaka mikasika ireo fahamarinan' ny filazantsara isika, dia manazava ny saintsika sy mampahiratra ny fahatakarantsika ny Fanahy Masina.¹⁴ Noho Izy dia voasoratra tsy azo fafana ao amin' ny fanahintsika ny fahamarinana ary afaka manao izay hitrangan' ny fiovana mahery vaika ao am-pontsika Izy. Rehefa mizara ireo fahamarinana ireo amin' ny fianakaviansika sy amin' ny mpikamban' ny Fiangonana ary amin' ireo namana sy ireo mpiray vadirindrina eo amin' ny fiaraha-monina misy antsika isika, dia lasa mpampianatra azy ireo koa ny Fanahy Masina, satria mitondra ny hafatry ny filazantsara “hankany am-pon' ny zanak' olombelona” Izy.¹⁵

Manainga antsika hanolo-tanana ny hafa amin' ny alalan' ny asa fanompoana ny Fanahy Masina. Ho ahy ny ohatra mendrika hotsaroana indrindra mikasika ny fihainoana ny bitsiky ny Fanahy Masina eo amin' ny fanompoana ny hafa dia avy amin' ny fiainan' ny Filoha Thomas S. Monson sy ny asa fanompoany, izay niteny hoe: “Eo amin' ny fanatanterahantsika ny andraikitsika dia nianatra aho fa rehefa mihaino fitaomam-panahy mangina iray isika ary manao asa mifanaraka amin' izany tsy misy hatak' andro, dia



hitantana antsika amin' ny zavatra ataontsika ny Ray any An-danitra ary hotahiana ny fianantsika sy ny fiainan' ny hafa. Tsy mahafantatra zavatra iainana mamy kokoa na fahatsapana sarobidy kokoa aho noho ny hoe manaraka fitaomam-panahy iray ary avy eo mahita fa tamin' ny alalanao no namalian' ny Tompo ny vavaka nataon' ny olona iray hafa.”¹⁶

Zavatra niseho iray mampihetsi-po fotsiny no ho zaraiko. Fony eveka ny Filoha Monson, dia nahare izy fa niditra hôpitaly ny mpikambana iray tao amin' ny paroasiny, dia i Mary Watson. Raha nandeha namangy azy izy dia nahita fa niaraka tamin' ny marary maro hafa tao anaty efitrano lehibe iray io rahavavy io. Raha nanatona ny Rahavavy Watson izy dia nahatsikaritra fa nanarona faingana ny lohany ilay marary teo amin' ny fandriana nifanila tamin' ny an-dRahavavy Watson.

Rehefa avy namangy an-dRahavavy Watson ny Filoha Monson sy nanome azy tsodranon' ny fisoronana, dia nandray tanana sy nanao veloma azy izy ary niomana ny handeha. Avy eo dia nisy zavatra tsotra nefa nahatalanjona nitranga. Izaio dia ireo teny izay nitan-taran' ny Filoha Monson an' io zavatra niainany io no indramiko:

“Tsy afaka niala teo anilany aho. Toy ireny hoe nisy tanana tsy hita maso ireny [n]ipetraka teo an-tsoroko, ary dia tsapako tato anatin' ny fanahiko tato fa nandre ireto teny ireto aho: ‘Mandehana eo amin’ ilay fandriana manaraka izay nisy ramatoa kely nanarona ny lohany tamin’ ny ianao niditra iny.’ Dia nataoko izany. . . .

“Nanatona ny sisim-pandrian’ ilay marary hafa aho, nokapokapohako

tsimoramora ny sorony ary nampidiniko tamim-pitandremana tsara ilay lambam-pandriana izay nanarona ny tavany. Oay! Mpikambana ao amin’ ny paroasiko koa kay izy io. Tsy nahalala aho hoe hay narary tao amin’ io hôpitaly io koa izy. I Kathleen McKee no anarany. Rehefa nifanojo ny masonay, dia nihoraka izy tao anatin’ ny ranomaso, nanao hoe, ‘Eveka a! Tamin’ ianao niditra io varavarana io dia nahatsapa aho hoe hijery ahy sy hanome tsodrano ho ahy no nahatongavanao, ho valin’ ny vavaka nataoko. Faly aho tato anatiko hoe fantatrao fa aty aho, kanjo nony nijanona teo amin’ ilay fandriana iray hafa ianao dia difotry ny alahelo ny foko ary fantatro fa tsy ny hijery ahy no nahatongavanao.’

“Hoy aho tamin-[dRahavavy] McKee hoe: ‘Tsy mampaninona ny tsy nahafantarako hoe taty ianao. Zava-dehibe kosa nefa ny hoe fantatry ny Raintsika any An-danitra izany ary fantany koa hoe nivavaka mangina ianao mba hahazo tsodranon’ ny fisoronana. Izy no nanainga ahy hanatona anao na dia niafina aza ianao.’”¹⁷

Ahoana no Fomba Hiresahan’ ny Fanahy Masina Amintsika?

Samy manana traikefa miaraka amin’ ny Fanahy Masina avy isika rehetra, na dia mety tsy fantatsika foana aza izy ireny. Rehefa misy eritreritra notaomin’ ny Fanahy tonga ao an-tsaintsika dia fantatsika fa marina izy ireny amin’ ny alalan’ ny fahatsapana ara-panahy izay miditra ao am-pontsika. Ny Filoha Boyd K. Packer dia nampianatra hoe: “Ny Fanahy Masina dia miteny amin’ ny feo izay *tsapa[nao]* mihoatra noho ny hoe *re[nao]*. . . . Raha miresaka

mikasika ny hoe ‘fihainoana’ ny bitsiky ny Fanahy isika, dia mazàna ny fitaomana ara-panahy dia faritana amin’ ny fitenenana hoe ‘Nahazo *fahatsapana* aho . . .’.”¹⁸ Amin’ ny alalan’ ireny fahatsapana masina avy amin’ ny Fanahy Masina ireny no ahalalantsika izay tian’ Andriamanitra ho ataontsika, fa izany, araka ny voalaza ao amin’ ny soratra masina, “no fanahin’ ny fanambarana.”¹⁹

Inona no dikan’ ny hoe Mandray ny Fanomezana ny Fanahy Masina?

Raha nampianatra an’ i Ben zanakay lahy enintaona aho dia nieritreritra fa manan-danja ny manazava aminy ny mampiavaka ny zavatra izay tsapany, izay ny fitaoman’ ny Fanahy Masina, sy ny Fanomezana ny Fanahy Masina, izay horaisiny aorian’ ny batisa. Alohan’ ny batisa, izay rehetra mikatsaka ny fahamarinana amin-kitsimpo dia afaka mahatsapa ny fitaoman’ ny Fanahy Masina ombieny ombieny. Saingy ny fahafahana mahazo ny fiarahan’ ny Fanahy Masina aminao mandrakariva sy ny *fahafenoan’* ireo fitahiana rehetra miaraka amin’ izany dia tsy azon’ ny olona afa-tsy ireo mpikambana mendrika vita batisa izay mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina amin’ ny alalan’ ny fametrahantanana ataon’ ireo izay mihazona ny fahefan’ ny fisoronan’ Andriamanitra.

Amin’ ny alalan’ ny Fanomezana ny Fanahy Masina no ahazoantsika fahafaha-manao sy fanomezam-pahasoavan’ ny Fanahy fanampiny, fanambarana sy fiarovana bebe kokoa, fitarihana sy tari-dalana azo antoka ary ireo fitahian’ ny fanamasinana sy ny fisandratana ao amin’ ny fanjakana selestialy izay efa nampanantenaina. Ireo fitahiana rehetra ireo dia omena noho ny fanirantsika manokana handray azy ireo ary tonga rehefa ataontsika mifanaraka amin’ ny sitrapon’ Andriamanitra ny fiainantsika sy rehefa mikatsaka ny Fitarihany lalandava isika.

Rehefa mamerina mieritreritra ny zavatra niarahako niaina tamin’ i Ben tao amin’ ny Tempolin’ i Bountiful, Utah aho, dia manana fahatsapana maro mahafinaritra. Ny zavatra iray tadidiko mazava tsara dia hoe nisy zaza-kely iray teo akaikiko izay namantatra ny fahatsapana mahery vaika tao ampony raha mbola teo am-pifantohana tamin’ ny halehiben’ny zavatra izay hitako aho. Tamin’ ny alalan’ ny

fampahatsiahivana kely no nanasana ahy tsy hoe hiato kely sy handohalika fotsiny, fa hihaino ihany koa ny antson' ny Mpamonjy mba ho tonga toy ny zazakely—manetry tena sy malemy paika ary vonona hihaino ilay feon' ny Fanahy izay tony sy malefaka.

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin' ny maha tena misy ny Fanahy Masina sy ny iraka masina nanirahana Azy ary amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina no ahafantarantsika ny fahamarinan' ny zavatra rehetra. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fanomezana ny Fanahy Masina no fanomezana sarobidy sy tsy hay lazaina avy amin' ny Ray any an-danitra ho an' ireo rehetra izay manatona ny Zanany lahy, sy atao batisa amin' ny Anarany, ary mandray ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny fandraisana azy ho mpikambana ao amin' ny Fiangonany. Momba ireo fahamarinana masina ireo no ijoroako ho vavolombelona manokana amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Howard W. Hunter, ao amin' ny Jay M. Todd, "President Howard W. Hunter: Fourteenth President of the Church"; *Ensign*, Jolay 1994, 5; jereo ihany koa ny Howard W. Hunter, "The Great Symbol of Our Membership," *Tambuli*, Nôv. 1994, 3.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:26.
3. Jereo ny Almà 12:7; 18:16–18; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:15–16.
4. Jereo ny 2 Nefia 32:5.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22.
6. Jereo ny Lioka 4:1, 18; 11:13; Jaona 1:33; Efesiana 1:13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:3.
7. Jereo ny 2 Nefia 31:18; 3 Nefia 28:11; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:27.
8. Jereo ny Môrônia 10:5.
9. Joseph Fielding Smith, *Doctrines du Salut*, nanganon' i Bruce R. McConkie, 3 vols. (1954–56), 1:47–48.
10. Jereo ny Jaona 14:26; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:19.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 36:2.
12. Filipiana 4:7.
13. Jereo ny Lioka 12:12; 1 Korintiana 2:13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:13–22; *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 132–33.
14. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:13.
15. 2 Nefia 33:1.
16. Thomas S. Monson, "Peace, Be Still," *Liahona*, Nôv. 2002, 55.
17. Jereo ny Thomas S. Monson, "Christ at Bethesda's Pool," *Ensign*, Nôv. 1996, 18–19.
18. Boyd K. Packer, "Personal Revelation: The Gift, the Test, and the Promise," *Liahona*, Jona 1997, 10.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:3; jereo ihany koa ny andininy faha-2.



Nataon'ny Loholona Shayne M. Bowen

Avy ao amin'ny Fitopololahy

"Satria Velona Aho, dia ho Velona Koa Ianareo"

Noho Izy, ilay Jesoa Kristy Mpamonjy antsika, dia ho atelin'ny fifaliana feno ireo fahatsapana alahelo sy fanirery ary hakiviana indray andro any.

Nahita fianakaviana ahitana olona fito izaho sy ny mpiara-mitory tamiko tao amin'ilay paroasy iray fony izahay misiônera tanora tany Chili. Niangona niaraka tamin'ireo zanany ilay renim-pianakaviana isan-kerinandro. Nihevitra izahay fa mpikamban'ny Fiangonana efa ela izy ireo. Herinandro maromaro taty aoriana dia fantatray fa mbola tsy vita batisa izy ireo.

Tonga dia niresaka tamin'ilay fianakaviana izahay ary nanontany raha toa ka afaka mandeha any an-tranon'izy ireo sy mampianatra azy ireo. Tsy liana tamin'ilay hoe hianatra momba ny filazantsara ilay raim-pianakaviana saingy tsy nanakana ny hampianarana ny fianakaviany izy.

Nivoatra haingana dia haingana rahavavy Ramirez tao anatin'ireo lesona. Tsy andriny izay hahafantarana ireo fotopampianarana rehetra nampianarinay. Indray hariva raha niresaka momba ny fanaovana batisa ny zaza izahay dia nampianatra fa tsy manantsiny ny ankizy kely ary tsy mila atao batisa. Nasainay izy mba hamaky ao amin'ny bokin'i Môrônia:

"Indro lazaiko aminareo fa izao no zavatra hampianarinareo—ny fibebahana sy ny batisa ho an'ireo izay ampamoahina sy mahavita manao fahotana; eny ampianaro ny ray aman-dreny fa tsy maintsy sy atao batisa ary manetry ny tenany toy ny ankizy madininy izy, ary dia hovonjena avokoa izy miaraka amin'ny ankizy madininy.

"Ary tsy mila fibebahana na batisa ny ankizy madininy. Indro, ny batisa dia ho an'ny fibebahana, ho fanatanterahana ny didy, ho famelana ny fahotana.

"Fa velona ao amin'i Kristy ny ankizy madinika, na dia hatry ny fanorenana izao tontolo izao aza; raha tsy izany dia Andriamanitra miangatra Andriamanitra, ary koa Andriamanitra miovaova sy mizaha tavan'olona; satria firifiry akory ny ankizy madinika efa nodimandry tsisy batisa!"¹

Nanomboka nitomany Rahavavy Ramirez taorian'ny namakiany izany soratra masina izany. Nikorontantsaina izaho sy ilay mpiara-mitory tamiko. Nanontany aho hoe: "Ry Rahavavy Ramirez, nisy zavatra

nolazainay izay nanafintohina anao ve?”

Hoy izy hoe: “Tsia ry Elder, tsy nisy zavatra tsy nety nataonao akory. Nanan-janaka lahy kely aho enin-taona lasa izay. Maty talohan’ny nahafahanay nanao batisa azy izy. Nolazain’ily momperanay fa hitoetra any amin’ny limby mandrakizay izy satria tsy vita batisa. Nahatsapa fanaintainana sy fahamelohana nandritra ny enin-taona aho. Rehefa avy namaky ity sora-tra masina ity aho dia nahafantatra tamin’ny alalan’ny Fanahy Masina fa marina izany. Nahatsapa vesatra iray nesorina tamiko aho ary ranomasom-pifaliana izao miseho izao.”

Nahatsiaro ny fampianaran’ny Mpaminany Joseph Smith aho izay nampianatra izany fotopampianarana mankahery izany: “Maka olona maro ny Tompo, na dia ny zazakely aza, mba hahafahan’izy ireo manalavitra ny fitsiriritan’ny olombelona, ny fahoriana sy ny faharatsian’ity izao tontolo izao ankehitriny ity. Madio sy maha-te-ho tia loatra izy ireo raha hampianina eto an-tany. Noho izany rehefa dinihina tsara, dia manana antony hifaliana isika satria navotana tamin’ny ratsy izy ireo ary ho azontsika indray izy ireo atsy ho atsy.”²

Rehefa niaina alahelo sy fanaintainana nila tsy ho zaka nandritra ny enin-taona izy dia nitondra fiadanana tena mamy ho an’ity vehivavy nikorontan-tsaina ity ilay fotopampianarana marina izay nambaran’ny Ray any an-danitra tamin’ny alalan’ny mpanaminany velona iray. Tsy ilaina intsony ny milaza fa dia natao batisa Rahavavy Ramirez sy ireo zanany izay valo taona no ho miakatra.

Tsaroako ny nanoratako tamin’ny fianakaviako mikasika ny fankasitrahana izay tsapako tao am-poko



noho ny fahalalana an’izany sy ireo fahamarinana tsotra sy sarobidy tena maro mikasika ny filazantsaran’i Jesoa Kristy naverina tamin’ny laoniny. Tsy noeritretiko velively hisy fiantraikany amiko izany fahamarinana tsara sy mahafinaritra izany taona maro taty aoriana ary niseho ho toy ny balsaman’i Gileadako izany.

Te-hiresaka amin’ireo izay namoy zanaka aho ary nametraka fanontaniana hoe: “Nahoana no izaho?” na mety niahiahy mikasika ny finoanao an’ily Ray any an-danitra be fitiavana mihitsy aza ianao. Mivavaka aho mba ho afaka hitondra fanantenana sy fiadanana ary fahatakarana an-tsaina misimisy amin’ny alalan’ny herin’ny Fanahy Masina. Faniriako ny ho fitaovana mba hamerina amin’ny laoniny ny finoana an’ily Ray any an-danitra be fitiavana izay mahafantatra ny zavatra rehetra sy manome lalana ny handalovantsika fitsapana mba hahafahantsika mahafantatra sy mitia Azy ary mahatakatra fa tsy manana na inona na inona isika raha tsy misy Azy.

Ny 4 Febroary 1990, dia teraka ilay zanakay lahy fahatelo ary zanakay fahenina. Nomenay anarana hoe Tyson izy. Zazalahy kely nahafatifaty izy ary noraisin’ny fianakaviana tamin’ny fo sy sandry feno fitiavana. Tena reharehan’ny rahalahiny sy ny anabaviny izy. Nihevitra izahay rehetra fa izy no zazalahy kely tena tonga lafatra teraka hatramin’izay.

Nitelina tsaoaka kely izay hitany teo amin’ny karipetra i Tyson fony izy valo volana. Nihitsoka tao amin’ny tendan’i Tyson izany ary tsy afaka niaina izy. Nentin’ily zokiny lahy niakatra tany amin’ny efitra ambony i Tyson ary nitroatroatra niantsoantso izy hoe: “Tsy miaina ilay zaza. Tsy miaina ilay zaza.” Nanomboka nampihatra ny fameloman’aina taminy izahay ary niantso ny laharan-tariby 911.

Tonga ireo mpanampy mpitsabo ary nitondra haingana an’i Tyson tany amin’ny hopitaly. Nanohy nivavaka mafy tamin’ny fo izahay tao amin’ny efitrano fiandrasana ka nitalaho tamin’Andriamanitra ny mba hisian’ny fahagagana. Fotoana izay toa tena ela dia ela taty aoriana dia tonga tao amin’ily efitrano ny dokotera ary nilaza hoe: “Miala tsiny aminareo fa tsy misy zavatra hafa azonay atao intsony. Ataovy izay fantatrareo fa tokony hatao

na dia mitaky fotoana maharitra aza izany.” Dia lasa izy.

Rehefa niditra ny efitrano nandriana’i Tyson izahay dia hitanay teo ilay loharanom-pifaliana kelinay. Toy ireny nisy hazavana selestialy namirapiratra ireny nanodidina ilay vatany kely. Tena namirapiratra sy nadio izy.

Toy ireny hoe nitsahatra ireny ny fiainanay tamin’izay fotoana izay. Ahoana no ahafahanay miverina any amin’ireo zanakay hafa ary manao izay hanazavana fa tsy hody intsony i Tyson?

Hiresaka amin’ny alalan’ny fanehoako ny hevitra manokana aho raha hitantara ny ambin’ny zava-niseho. Niaraka niaina izany fitsapana izany izaho sy ilay vadiko izay toy ny anjely, saingy tsy ampy ny fahaizako maneho ny zavatra tsapan’ny reny iray ka tsy hanandrana hanao izany akory aza aho.

Tsy vita ny mamaritra akory zavatra mifangaroharo tsapako tamin’izay fotoana izay teo amin’ny fiainako. Nahatsapa ho toy ireny hoe tao anatin’ny nofy ratsy ireny aho ny ankamaroan’ny fotoana, ka dia hifoha tsy ho ela ary hisava ilay nofy tena ratsy. Tsy natory aho nandritra ny alina maro. Matetika aho nivezivezy nitety ny efitrano mba haka antoka fa tsy maninona ireo zanakay hafa.

Nokorontanin’ny fahatsapana fahamelohana ny fanahiko. Nahatsapa ho tena meloka aho. Nahatsapa ho maloto aho. Izaho no rainy. Tokony nanao zavatra bebe kokoa aho mba hiarovana azy. Inay aho mba afaka nanao an’izao na izao. Indraindray na dia amin’izao fotoana izao aza, izay 22 taona aty aoriana dia manomboka miditra ao am-poko ireo fahatsapana ireo ary mila manaisotra haingana azy ireo aho satria mety tena hanimba izany.

Iray volana taorian’ny nahafatesan’i Tyson dia nanao tafa sy dinika tamin’ny Loholona Dean L. Larsen aho. Nanokana fotoana hihainoana ahy izy ary ho feno fankasitrahana foana noho ny toroheviny sy ny fitiavany aho. Hoy izy hoe: “Mihevitra aho fa tsy tian’ny Tompo ny hanasazianao ny tenanao noho ny fahafatesan’ily zanakao lahy kely.” Nahatsapa ny fitiavan’ily Raiko any an-danitra aho tamin’ny alalan’ny iray tamin’ireo mpanompony.

Kanefa nitohy niverimberina tao antsaiko ireo eritreritra mampikorontan-tsaina ka dia nanomboka nahatsapa hatezerana aho. “Tsy rariny izao!

Ahoana no ahafahan'Andriamani-
tra manao izao amiko? Nahoana no
izaho? Inona no nataoko ka nihatra
tamiko izao?" Lasa nahatsapa hateze-
rana tamin'ireo olona izay niezaka ny
nampahery ahy aza aho. Tsaroako ireo
namako nilaza tamiko hoe: "Fantatro
ny zavatra tsapanao." Dia nieritreritra
aho hoe: "Tsy azonareo an-tsaina mi-
hitsy ny zavatra tsapako. Avelao aho."
Vetivety aho dia nahita fa mety tena
manimba koa ny fangorahana ny tena.
Menatra ny tenako aho noho ny fana-
nako eritreritra ratsy mikasika an'ireo
namana akaiky izay niezaka fotsiny
mba hanampy ahy.

Rehefa tsapako fa mitady han-
drendrika ahy ny fahamelohana, ny
hatezerana sy ny fangorahana ny tena
dia nivavaka aho mba hiova ny foko.
Nomen'ny Tompo fo vaovao aho
tamin'ny alalan'ny zavatra niainana
manokana izay masina, ary na dia
mbola irery sy nanaintaina aza izany
dia niova ny fomba fijeriko. Nampaha-
fantarina aho fa tsy voaroba akory fa
misy fitahiana lehibe miandry ahy raha
toa ka maneho fahatokiana aho.

Nanomboka niova ny fiainako
ary afaka nijery ny hoavy tamim-
panantenana aho fa tsy nitodika nijery
ny lasa tamim-pahakiviana. Mijoro
ho vavolombelona aho fa tsy izao
fiainana izao no farany. Tena misy
ny tontolon'ny fanahy. Marina ireo
fampianaran'ny mpaminany mikasika
ny fiainana aorian'ny fahafatesana. Ity
fiainana ity dia dingana andalovana
ihany ao anatin'ilay diantsika miverina
any amin'ny Raintsika any an-danitra.

Nitoetra ho ampahany tena manan-
danja ao amin'ny fianakavianay i
Tyson. Nandritra ny taona maro dia na-
hafinaritra ny nahita ny famindram-po
sy ny hatsaram-panahin'ny Ray any
an-danitra be fitiavana izay nanome
fahafahana ny fianakavianay hahatsapa
amin'ny fomba tena azo tsapain-tanana
ny fitarihan'i Tyson. Mijoro ho vavo-
lombelona aho fa manify ilay voaly.
Tsy mifarana ilay fahatsapana fahato-
kiana sy fitiavana ary firaisan-kinan'ny
fianakavianana rehefa mifindra any ami-
n'ilay faritra ilany ireo olon-tiantsika.
Vao mainka mitombo aza ireo fahatsa-
pana ireo.

Indraindray hanontany ny olona
hoe: "Hafiriana vao hadinonao tante-
raka izany?" Raha ny marina dia tsy
ho hadinonao tanteraka velively izany



raha tsy rehefa tafaraka indray ami-
n'ireo olon-tianao izay efa lasa ianao.
Tsy hahazo fifaliana feno aho raha
tsy rehefa tafaraka indray izahany any
amin'ny marainan'ny Fitsanganana
amin'ny maty Voalohany.

"Fa ny olona dia fanahy. Ireo singa
dia mandrakizay, ka ny fanahy sy ny
singa mifamatotra tsy azo sarahina dia
mandray ny fahafenoan'ny fifaliana;

"Fa rehefa misaraka kosa izany, dia
tsy afaka ny handray ny fahafenoan'ny
fifaliana ny olona."³

Eo am-piandrasana an'izany dia
nampianatra ny Mpamonjy fa tokony
hanohy amim-pahatokiana isika.⁴

Nianatra aho fa ny fanaintainana
izay mangidy sy mila tsy ho zaka dia
afaka ho lasa zavatra tsara rehefa mi-
todika any amin'ny Ray any an-danitra
ianao ary mitalaho mba hahazo ny
fankaherezany izay tonga avy amin'ny
drafiny, ny Zanany Lahy, Jesoa Kristy
sy ilay Mpampionona, dia ny Fanahy
Masina.

Tena fitahiana lehibe teo amin'ny
fiainanay izany. Tsy ho zava-doza ve
raha toa tsy nahatsapa alahelo lehibe
izahay rehefa namoy zanaka iray? Feno
fankasitrahana ny Raiko any an-danitra
aho noho ny famelany anay hitia lalina
sy hitia mandrakizay. Feno fankasi-
trahana aho noho ny fianakavianana
mandrakizay. Feno fankasitrahana aho
noho ny nanambarany indray tamin'ny
alalan'ireo mpaminaniny velona ilay
drafitra lehiben'ny fanavotana.

Tsarovy ilay fahatsapana ao am-
ponao rehefa manatrika ny fandev-
nenana ny olon-tianao iray ianao ka
mandao ilay fasana sy mitodika mijery
ilay vatam-paty irery—manontany tena
raha ho vaky ny fonao.

Mijoro ho vavolombelona aho fa
noho Izy, ilay Jesoa Kristy Mpamonjy
antsika, dia ho atelin'ny fifaliana feno
ireo fahatsapana alahelo sy fanirery ary
hakiviana indray andro any. Mijoro ho
vavolombelona aho fa afaka miantehi-
tra Aminy isika ary nilaza Izy hoe:

"Tsy hamela anareo ho kamboty
Aho; hankatỳ aminareo aho.

"Vetivety foana dia tsy hahita Ahy
intsony izao tontolo izao, fa hianareo
no hahita ahy; satria velona Aho dia ho
velona koa ianareo."⁵

Mijoro ho vavolombelona mikasika
ny voalaza ao amin'ny *Torio ny Fila-
zantsarako*, aho hoe: "rehefa miantehi-
hitra amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa
Kristy isika dia afaka manampy antsika
hahazaka ny fitsapana sy ny aretina ary
ny fanaintainana mianjady amintsika
Izy. Afaka ny ho feno fifaliana sy fiada-
nana ary fiononana isika. Izay zavatra
tsy ara-drariny rehetra eo amin'ny fai-
nana dia azo ahitsy amin'ny alalan'ny
Sorompanavotan'i Jesoa Kristy."⁶

Mijoro ho vavolombelona aho fa
amin'ilay maraina lehibe sy maza-
van'ny Fitsanganana amin'ny maty
Voalohany, dia hivoaka ny fasana
araka ny nampanantenain'ny Tompo
tenany mihitsy ireo olon-tianao sy ny
ahy ary hahazo fifaliana feno isika. Sa-
tria Izy velona dia ho velona koa isika
sy izy ireo. Amin'ny anaran'i Jesoa
Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Môrônia 8:10–12.
2. *Enseignement des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 176.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:33–34.
4. Jereo ny Jaona 16:33.
5. Jaona 14:18–19.
6. *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny asa fanompoan'ny misiônara* (2004), 52.



Nataon' ny Loholona Russell M. Nelson
Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

Anontanio ireo Misiônera! Afaka Manampy Anao Izy Ireo!

Ireo misiônera rehetra, na antitra na tanora, dia manompo miaraka amin' ny fianantenana iray ihany, dia ny hanaovana izay hahatsara kokoa ny fiainan' olon-kafa.

Ry rahalahiko sy anabaviko ary namako malala, manolotra ny fitiavanay sy ny fiarahabana anareo tsirairay izahay. Tena faly izahay tamin' ny fanambarana nataon' ny Filoha Thomas S. Monson tamin' ity maraina ity, izay manitsy ny taona farafahakeliny hanaovana asa fitoriana ho 18 taona ho an' ny zatovolahy ary ho 19 taona ho an' ny zatovovavy. Maro kokoa amin' ireo tanorantsika no ho afaka hankafy ny fitahiana avy amin' ny misiôna noho izany fanitsiana izany.

Nanambara ny Filoha Monson roa taona lasa izay ary nantitranterina indray tamin' ity maraina ity “fa ny zatovolahy rehetra izay mendrika sy afaka dia tokony hiomana amin' ny asa fitoriana ny filazantsara. Andraikitra ao amin' ny fisoronana ny asa fitoriana ny filazantsara—andraikitra izay antenain' ny Tompo fa ho ataontsika, isika izay efa nomena be tokoa.”¹ Nazavainy indray fa safidy izay raisina an-tanan-droa ny misiôna, ho an' ireo rahavavy tanora,

fa tsy adidy. Ary mbola nanasa mpivady maro kokoa izy mba hanompo koa.

Zava-dehibe ny fiomanana hanao asa fitoriana. Ny asa fitoriana filazantsara dia asa atao an-tsitrapo hanompoana an' Andriamanitra sy ny zanak' olombelona. Amin' ny alalan' ny vola natokan' ireo misiônera manokana no hanohanan' izy ireo an' io tombontsoa manokana io. Afaka manampy ihany koa ireo ray aman-dreny, sy ireo fianakaviany, sy ireo namana ary ireo izay manolotra fanomezana ho ao amin' ny Kitapom-bola Foibe ho an' ny Asa Fitoriana. Ireo misiônera rehetra, na antitra na tanora, dia manompo miaraka amin' ny fianantenana iray ihany, dia ny hanaovana izay hahatsara kokoa ny fiainan' olon-kafa izany.

Ny fanapahan-kevitra hanao asa fitoriana dia hamaritra ny hoavy arapanahin' ilay misiônera, sy izay ho vadiny, ary ireo taranany maro hifandimby. Ny faniriana ny hanompo dia tonga ho azy noho ny fiovam-pon' ny

olona iray sy ny fahamendrehany ary ny fiomanany.

Ao anivon' ireo olona marobe izay manatrika ity fihaonambe ity maneran-tany dia betsaka aminareo no tsy mpi-kamban' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ary tsy mahafantatra firy momba anay sy ireo misiôneranay. Tonga eto ianareo, na mijery, na mihaino, satria te-hahafantatra misimisy kokoa mikasika ireo Mômôna sy izay ampianarin' ireo misiôneranay. Rehefa mahafantatra misimisy kokoa momba anay ianareo dia hahita fa maro ireo soatoavina izay iraisantsika. Mamporisika anareo izahay mba hitazona izay tsara sy marina rehetra efa anananareo, ary avy eo hijery raha toa ka misy azonay anampiana. Mila fanampiana isika indraindray eto amin' ity izao tontolo izao izay feno fanamby ity. Ampahany tena ilaina amin' izany fanampiana izany ny fivavahana sy ny fahamarinana mandrakizay ary ireo misiôneranay.

Ireo misiôneranay mbola tanora dia nampiato kely ny fianarany, ny anton' asany, ny fiarahany amin' ny olon-tiany, ary izay rehetra fanaon' ny tanora amin' ny sokajin-taona misy azy ireo eo amin' ny fiainana. Ampian-drasan' izy ireo mandritra ny 18 na 24 volana aloha izany rehetra izany, noho ny fanirian' izy ireo lalina ny hanompo ny Tompo.² Ary ny sasany amin' ireo misiôneranay dia manompo rehefa nahazoazo taona kokoa teo amin' ny fiainana. Fantatro fa voatahy ny fianakavian' izy ireny. Ao amin' ny fianakavianay manokana dia valo amin' izao fotoana izao no misiônera amin' ny fotoana feno—zanakay vavy telo, miaraka amin' ny vadin' izy ireo, zafikely vavy iray ary zafikely lahy iray.

Mety manontany tena ny sasany aminareo mikasika ny anarana hoe *Mômôna*. Anaram-bositra izany aminay. Tsy izany no tena anaranay, na dia Mômôna aza no mazàna ahafantarana anay. Io teny io dia avy amin' ny boky mirakitra soratra masina iray izay antsoina hoe Bokin' i Mômôna.

Ny tena anaran' ny Fiangonana dia hoe Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Io ilay Fiangonan' i Jesoa Kristy tany am-piandohana izay naverina naorina indray. Fony i Jesoa Kristy niaina tety an-tany dia nanorina ny Fiangonany Izy. Niantso Apôstôly Izy,

sy Fitopololaha ary mpitarika hafa izay nomeny fahefana hiasa amin' ny Anarany.³ Taorian' ny nahafatesan' i Jesoa Kristy sy ireo Apôstôlany dia novain' ny olona ireo ôrdônansy sy ny fotopampianarana. Very tamin' izany ilay Fiangonana tany am-boalohany sy ny fisoronana. Taorian' ny Vanimpotoan' ny Haizina, dia namerina ny Fiangonany indray i Jesoa Kristy, teo ambanin' ny fitarihan' ny Ray any Andanitra. Ankehitriny dia velona indray izany, naverina tamin' ny laoniny, ary miasa eo ambanin' ny fitarihany masina.⁴

Manaraka an' i Jesoa Kristy Tompo izahay ary mampianatra momba Azy. Fantatray fa taorian' ny nandreseny ny nahafatesana tamim-boninahitra, dia imbetsaka no niseho tamin' ireo mpianany ny Tompo efa nitsangana tamin' ny maty. Niara-nisakafo tamin' izy ireo Izy. Niara-nandeha tamin' izy ireo Izy. Talohan' ny Fiakarany farany dia naniraka azy ireo Izy hoe “mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin' ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.”⁵ Nanaraka an' io torolalana io ireo Apôstôly. Niantso olona hafa koa izy ireo mba hanampy azy ireo hanatanteraka ny baikon' ny Tompo.

Ankehitriny dia io iraka io ihany no omena ireo misiôneran' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, eo ambanin' ny fitarihan' ireo apôstôly sy mpaminany amin' izao andro izao. Manompo any amin' ny firenena maherin' ny 150 ireo misiônera ireo. Amin' ny maha-solontenan' i Jesoa Kristy Tompo azy ireo dia miezaka manatanteraka ilay baiko masina izy ireo—izay navaozin' ny Tompo izy tenany mihitsy amin' izao androntsika izao—dia ny hitondra ny fahafenoan' ny filazantsara mankany ivelany ary ny hitahy ny fiainan' ny olona na aiza na aiza misy azy.⁶

Ireo misiônera 20 taona latsaka na 20 taona mahery kely dia tsy manana traikefa arak' izao tontolo izao. Saingy manana fanomezam-pahasoavana maro izy ireo—toy ny herin' ny Fanahy Masina, ny fitiavan' Andriamanitra ary fijoroana vavolombelona mikasika ny fahamarinana—izay mahatonga azy ireo ho masoivoho matanjaky ny Tompo. Mizara ny vaovao mahafalin' ny filazantsara izy



Milan, Italie

ireo, izay hitondra fifaliana marina sy fahasambarana maharitra mandrakizay ho an' ireo rehetra izay mihaino ny hafatra entin' izy ireo. Ary matetika dia manatanteraka izany any amin' ny firenena vaovao sy amin' ny alalan' ny fiteny vaovao izy ireo.

Miezaka manaraka an' i Jesoa Kristy ireo misiônera, na amin' ny teny na amin' ny asa. I Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany⁷ no torian' izy ireo. Mampianatra momba ny Fame-renana amin' ny laoniny ara-bakiteny ilay Fiangonan' i Kristy fahiny izy ireo, izay notanterahana tamin' ny alalan' ilay mpaminany voalohan' ny Tompo amin' izao andro farany izao, dia i Joseph Smith.

Mety efa avy nihaona tamin' ireo misiôneranay ianao tany aloha tany, na koa aza tsy niraharaha azy ireny. Antenaiko fa tsy hatahotra azy ireny ianao fa hianatra avy amin' izy ireny. Afaka ho tonga loharano nirahin' ny lanitra ho anao izy ireny.

Izany no nitranga tamin' i Jerry, lehilahy prôtestanta iray eo amin' ny 65 taona eo ho eo, izay monina any Mesa, Arizona. Mpitandrina Batista ny rain' i Jerry; ary mpitandrina Metôdistan' ny reniny. Indray andro dia nozarain' i Pricilla tamin' i Jerry, izay namany akaiky, ny fahoriana izay niainany noho ny nahafatesan' ny zanany teo am-piterahana sy noho ny fisarahampanambadiana izay nangidy tokoa taorian' kelin' io. Nanan-janaka efatra i Pricilla, telo vavy sy iray lahy, ary nitolona mafy amin' ny maha-reny tokan-tena azy. Raha namoaka izay

tao am-pony tamin' i Jerry izy, dia niaiky fa nieritritra ny hamono tena. Nierzaka i Jerry, tamin' ny hery rehetra sy ny fitiavana rehetra nananany, ny hanampy azy hahatakatra fa nanandanja ny fiainany. Nasain' i Jerry ho any am-piangonany izy, saingy nanazava i Pricilla fa efa nadabony ny momba an' Andriamanitra.

Tsy hitan' i Jerry izay hatao. Taty aoriana, raha teo am-panondrahana ireo zavamaniry tao an-jaridainany izy dia nivavaka tamin' Andriamanitra ity lehilahin' ny finoana ity mba hahazo fitarihana. Raha nivavaka iny izy dia naheno feo tao an-tsainy nanao hoe: “Sakano ireo tovolahy mitaingina bisikileta ireo.” Somary sanganehana i Jerry ary nanontany tena hoe inona no dikan' izany. Raha nandinika mikasika izany bitsika izany indrindra izy dia nitraka nijery tany amin' ny arabe ary nahita tovolahy roa manao akanjo fotsy sy karavato mitaingina bisikileta toa mankany aminy. Taitra indrindra izy tamin' izany “fifandrifian-javatra” izany, ary nitazana azy ireo nandalo teo anoloany. Kanjo noho ny tonga saina izy fa nila nanao zavatra teo anatrehan' izao tranganjavatra izao, dia nihiaka mafy hoe: “E! ianareo ireny, mijanôna kely aloha! Mila miresaka aminareo aho!”

Nijanona ireo tovolahy, somary taitra nefa toa faly ny endriny. Raha nanatona izy ireo dia tazan' i Jerry hoe nanao mari-pamantarana teny amin' ny tratra, izay nahafantarany fa misiôneran' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany izy ireo. Nandinika azy ireo i Jerry ary

niteny hoe “Mety ohatry ny hafahafa izao, fa teo am-pivavahana aho teo dia nisy niteny tamiko hoe ‘sakano ireo tovolahy mitaingina bisikileta.’ Nitraka aho nijery tany amin’ ny arabe dia indreto ianareo no tazako. Afaka manampy ahy ve ianareo?”

Nitsiky ireo misiônera ary nilaza ny iray tamin’ izy ireo hoe “Eny, tena afaka manampy tokoa.”

Nazavain’ i Jerry ny antony naha-sahiran-tsaina azy momba an’ i Pricilla. Tsy ela akory dia nihaona tamin’ i Pricilla sy ireo zanany ary i Jerry ireo misiônera. Noresahin’ izy ireo ny mikasika ny tanjon’ ny fiainana sy ny drafitra mandrakizay an’ Andriamanitra ho azy ireo. Nitombo ny finoan’ i Jerry sy i Pricilla ary ireo zanak’ i Priscilla, tamin’ ny alalan’ ny vavaka amin-kitsimpo sy ny fandalinan’ izy ireo ny Bokin’ i Môrmôna ary ny fifaneraserana feno fitiavana tamin’ ireo mpikamban’ ny Fiangonana. Vao mainka nihamafy orina ny finoan’ i Jerry an’ i Jesoa Kristy izay efa natanjaka teo. Ireo ahiahin’ i Pricilla sy ny eritreritra ny hamono tena kosa dia nivadika ho fanantennana sy fahasambarana. Natao batisa izy ireo ary lasa mpikamban’ ny Fiangonan’ i Kristy naverina tamin’ ny laoniny.⁸

Eny, afaka manampy amin’ ny fomba maro ireo misiônera. Ohatra, mety te-hahafantatra misimisy kokoa momba ireo razambenareo ny sasany aminareo. Mety fantatrao ny anaran’ ny ray aman-dreninao sy ny an’ ny raibe sy renibenao izay miisa efatra, saingy ahoana ny amin’ ny ray aman-drenin’ ireo raibe sy renibenao izay miisa valo? Fantatrao ve ny anarany? Te-hahafantatra misimisy kokoa momba azy ireo ve ianao? Anontanio ireo misiônera! Afaka manampy anao izy ireo!⁹ Mora amin’ izy ireo ny mijery ireo rakitsoratra maro dia maro

mikasika ny tantaram-pianakaviana izay an’ Ny Fiangonan’ i Jesoa Kristy ho an’ ny Olomasin’ ny Andro Farany.

Mpikambana ny sasany aminareo saingy tsy mandray anjara mavitrika amin’ izao fotoana izao. Tia ny Tompo ianareo ary matetika ianareo no mieri-treritra ny hiverina ho mavitrika ao amin’ ny Fiangonany. Saingy tsy hainareo ny fomba hanombohana izany. Atoroko hevitra ianareo hoe anontanio ireo misiônera!¹⁰ Afaka manampy anareo izy ireny! Afaka manampy koa izy ireo amin’ ny alalan’ ny fampianarana ireo olona izay tianareo. Izahay sy ny misiônera dia tia anareo ary maniry ny hitondra fifaliana sy ny fahazavan’ ny filazantsara indray eo amin’ ny fiainanareo.

Ny sasany aminareo dia mety te-hahafantatra fomba ialana amin’ ny zavatra iray mampiankin-doha na fomba hahatonga anao ho lava andro sy ho salama kokoa. Anontanio ireo misiônera! Afaka manampy anao izy ireo! Ireo fikarohana nataon’ ny olona tsy miankina dia nahitana fa ireo mpikamban’ Ny Fiangonan’ i Jesoa Kristy ho an’ ny Olomasin’ ny Andro Farany raha atambatra, dia vondron’ olona salama kokoa. Ny taham-pahafatesana eo amin’ izy ireo dia anisan’ ny ambany indrindra ary ny halavan’ ny androm-piainan’ izy ireo dia lava kokoa noho izay notaterina hatramin’ izao teo anivon’ izay mety ho vondrona hafa voafaritry tsara ka nanaovana fikarohana nandritra ny fepotoana maharitra taty Etazonia.¹¹

Ny sasany aminareo dia mety mahatsapa hoe feno zavatra mahasahirana ny fiainana ary hazakaza-dava, kanefa ao anatin’ ny fonao lalina ao ianao dia mahatsapa zavatra banga sy mampalahelo, ary tsy misy lalina ho arahana na tanjona ho tratrarina. Anontanio ireo

misiônera! Afaka manampy anao izy ireo! Afaka manampy anao izy hianatra misimisy kokoa mikasika ny tena tanjon’ ny fiainana—inona no antony nahatongavanao eto an-tany ary ho aiza ianao aorian’ ny fahafatesana. Azonao ianarana ny fomba ahafahan’ ny filazantsaran’ i Jesoa Kristy naverina tamin’ ny laoniny hitahy ny fiainanao amin’ ny fomba mihoatra noho izay azonao eritreretina amin’ izao fotoana izao.

Raha manana olana ianao mikasika ny fianakaviana, dia anontanio ireo misiônera! Afaka manampy anao izy ireo! Ny fanamafisana orina ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia faran’ izay manan-danja indrindra ho an’ ireo Olomasin’ ny Andro Farany. Afaka ny ho tafaraka mandrakizay ny fianakaviana. Angataho ny misiônera hampianatra anao ny fomba ahafahan’ izany ho tanteraka ho an’ ny fianakaviana.

Afaka manampy anao koa ireo misiônera mikasika ny fanirianao hanana fahalalana bebe kokoa. Ny fanahin’ ny olombelona dia mangetaheta fahalalana mafy. Na fahamarinana izay hita avy amin’ ny toeram-pikarohana ara-tsiansa izany na avy amin’ ny fanambarana avy amin’ Andriamanitra, dia tadiavintsika! Ny faharanitan-tsaina tokoa no voninahitr’ Andriamanitra.¹²

Ny fitomboana amin’ ny fahalalana dia ahitana ny fahalalana ara-panahy sy ny ara-nofo ihany koa. Antitranterinay ny lanjan’ ny fahatakarana ny sora-tramasa. Nisy fanadihadiana nataon’ ny tsy miankina vao haingana izay nahitana fa ireo Olomasin’ ny Andro Farany no manam-pahalalana indrindra mikasika ny finoana Kristianina sy ny Baiboly.¹³ Raha te-hahatakatra bebe kokoa ny Baiboly ianao, sy te-hahatakatra bebe kokoa ny Bokin’ i Môrmôna ary te-hahazo fahatakarana mivelatra kokoa ny amin’ ny mahampirahalany ny zanak’ olombelona sy ny amin’ ny maha-ray an’ Andriamanitra, dia anontanio ireo misiônera! Afaka manampy anao izy ireo!

Maro aminareo no manana fanirianana lalina ny hanampy ny olona sahirana. Satria manaraka an’ i Jesoa Kristy izahay dia teren’ izany fanirianana tsy hay tohaina izany ihany koa ireo Olomasin’ ny Andro Farany.¹⁴ Na iza na iza dia afaka mitambatra aminay hanampy ireo sahirana sy hanolotra fanamaivanana ho an’ ireo traboina noho ireo loza na aiza na aiza



maneran-tany. Raha te-handray anjara ianao, dia anontanio ireo misiõnera! Afaka manampy anao izy ireo!

Ary raha toa ianao ka te-hahafantatra misimisy kokoa mikasika ny fiainana aorian' ny fahafatesana, mikasika ny lanitra, mikasika ny drafitr' Andriamanitra ho anao; raha toa ianao ka te-hahafantatra misimisy kokoa mikasika an' i Jesoa Kristy Tompo, sy ny Sorompanavotana nataony, ary ny Famerenana ny Fiangonany amin' ny laoniny araka izay nanorenany azy tany am-boalohany, dia anontanio ireo misiõnera! Afaka manampy anao izy ireo!

Fantatro fa velona Andriamanitra. I Jesoa no Kristy. Naverina tamin' ny laoniny ny Fiangonany. Mivavaka amin-kery aho mba hitahian' Andriamanitra anareo tsirairay sy ireo misiõneranay tsirairay avy. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, "Tafahaona Indray Isika Iza," *Liahona*, Nôv. 2010, 5–6.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:3.
3. Jereo ny Matio 10:1; Lioka 6:13; 10:1; Efesiana 4:11–12.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:30.
5. Matio 28:19.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:8; 84:62; 112:28.
7. Jereo ny 1 Korintiana 2:2; 2 Nefia 25–26.
8. Taratasy manokana avy amin' i W. Tracy Watson, filoha teo aloha an' ny Misionan' i Mesa Arizona.
9. Isaky ny nanambara ilay fanasana aho hoe: "anontanio ireo misiõnera," dia azonao atao koa ny manontany namana iray izay mpikambana ato amin' ny Fiangonana raha mila fanampiana.
10. Ho faly hanampy koa ireo havana sy namana mavotrika ary ireo mpitarika ato amin' ny Fiangonana.
11. Jereo ny James E. Enstrom sy Lester Breslow, "Lifestyle and Reduced Mortality among Active California Mormons, 1980–2004," *Preventative Medicine*, vol. 46 (2008), 135.
12. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:36.
13. Jereo ny *U.S. Religious Knowledge Survey* (Sehatra Ifandraisana mikasika ny Fiainana Ara-pivavahana sy Ara-piaraha-monina), 28 Sept. 2010), 7.
14. Jereo ny Ram Cnaan, Van Evans, ary Daniel W. Curtis, *Called to Serve: The Prosocial Behavior of Active Latter-day Saints*, (Sekolin' ny Pôlitika sy Fomba fiasa ara-Tsôsialy ao amin' ny Oniversiten' i Pennsylvania, 2012); "Mormon Volunteerism Highlighted in New Study" (16 Mar. 2012), <http://www.mormonnewsroom.org/article/mormon-volunteerism-report; Mormons in America; Certain in Their Beliefs but Uncertain of Their Place in Society> (Sehatra Ifandraisana mikasika ny Fiainana Ara-pivavahana sy Ara-piaraha-monina, 12 Jan. 2012), 43; Robert D. Putnam sy David E. Campbell, *American Grace: How Religion Divides and Unites Us* (2010), 444–54.



Nataon' ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

Mikasika ny Nenina sy ny Fanapahan-kevitra

Arakaraky ny hanokanantsika tena bebe kokoa amin' ny fikatsahana ny fahamasinana sy ny fahasambarana no hampihena ny tranga izay mitondra antsika amin' ny lalana mankany amin' ny nenina.

Mikasika ny Nenina

Ry Filoha Monson, tianay ianao. Misaotra anao noho ireo fanambarana nentanin-panahy sy manan-tantara mikasika ny fanorenana tempoly vaovao sy ny asa fitoriana. Azoko antoka fa noho ireo zavatra ireo dia fitahiana lehibe maro no ho tonga amintsika sy amin' ireo taranaka fara aman-dimby marobe ho avy.

Ry rahalahy sy anabaviko malala isany, ry namako malala isany! Mety maty daholo isika rehetra. Manantena aho fa tsy manaitra na iza na iza amin-tsika izany.

Tsy misy amintsika haharitra ela loatra eto an-tany. Manana taona sarobidy maromaro hiainana isika, ary ny isany, raha oharina amin' ny mandrakizay, dia zara raha mitovy amin' ny indray mipi-maso.

Ary avy eo dia lasa isika. Ny fanahintsika dia "entina mody any amin' ilay Andriamanitra izay nanome aina azy."¹ Avela ao am-pasana ny vatantsika ary ilaozantsika ireo zavatr' ity izao tontolo izao ity raha miroso mankany amin' ny dingana manaraky ny fiainantsika isika.

Rehefa mbola kely isika dia toa ireny hoe hiaina mandrakizay ireny. Heve-rintsika fa misy famatsiana masoandro

miposaka tsy misy fetra miandry ao am-badiky ny fara-vodilanitra ao, ary hoe toy ny lalana iray tsy misy fahatapahana izay mitohy tsy misy fetra eo anoloantsika ny ho avy.

Saingy arakaraky ny hitomboan' ny taonantsika no mampirona bebe kokoa antsika hitodika any aoriana ary ho talanjona fa tena fohy tokoa ilay lalana. Manontany tena isika hoe tamin' ny fomba ahoana no nahafahan' ireo taona ireo ho lasa faingana aok' izany. Ary dia manomboka mieritreritra momba ireo safidy izay nataontsika sy ny zavatra izay vitantsika isika. Mandritra izany dia tsaroantsika ireo fotoana mamy maro izay nanome fahafaham-po ho an' ny fanahintsika sy fifaliana ho an' ny fonsika. Kanefa dia tsaroantsika ihany koa ireo nenina—ireo zavatra izay iriantsika mba ho azo iverenana ary ovaina.

Hoy ny mpanampy mpitsabo iray izay mikarakara ireo marary izay eo amin' ny dingana faran' ny aretany, hoe matetika izy no nametraka fanontaniana tsotra iray tamin' ireo marary raha eo am-piomanana ny handao ity fiainana ity izy ireo.

"Misy zavatra hanenenanao ve?" izay no anontaniany.²



Rehefa antomotra toy izany ilay andro faran' ny fiainana an-tany dia matematika mazava kokoa ny saina ary mahazo hevi-baovao na fomba fijery vaovao. Ka raha anontaniana mikasika ireo nenina ananany ireo olona ireo dia sokafan' izy ireo ny fony. Nandinika mikasika izay zavatra ho novainy izy ireo raha mba afaka niverina tany amin' ny lasa.

Rehefa nandinika izay nolazain' izy ireo aho dia taitra hoe hatraiza no ahafahan' ireo fitsipika fototry ny filazan-tsaran' i Jesoa Kristy miantraika amin' ny fizotran' ny fiainantsika mankany amin' ny tsara, raha mba hampiharintsika izy ireny.

Tsy misy zava-miafina raha ny amin' ireo fitsipiky ny filazantsara. Efa nandalina azy ireny tao amin' ny soratra masina isika, efa nifanakalo hevitra momba azy ireny tao amin' ny Sekoly Alahady isika, ary efa im-betsaka isika no nahare azy ireny nandritra ireo fivoriam-piangonana. Ireo fitsipika sy soatoavina avy amin' Andriamanitra ireo dia mahitsy sy mazava; tsara, sy lalina ary mahery vaika; ary tena azo antoka fa afaka manampy antsika hisoroka ny hisian' ny nenina amin' ny ho avy.

Inay Anie Aho Nandany Fotoana Misimisy Kokoa Niaraka Tamin' ireo Olona Izay Tiako

Angamba ny nenina izay tena iraisan' ny rehetra indrindra nambaran' ireo marary eo am-bavahoanan' ny fahafatesana dia ny hoe nirian' izy ireo raha mba nandany fotoana misimisy kokoa niarahana tamin' ireo olona izay tiany izy ireo.

Ireo lehilahy manokana dia nivoento soa izao alahelo iraisan' ny rehetra izao: “nanenenan' [izy ireo] mafy tokoa ny nandaniany fotoana betsaka loatra tamin' ny anton' asan' izy ireo.”³

Maro no tsy nanana fahafahana akory hanana fahatsiarovana mamy izay azo avy amin' ny fandanianana fotoana iarahana amin' ny fianakavianana sy ny namana. Tsy nahavita nanorina fifandraisana lalina tamin' ireo olona izay nanan-danja indrindra taminy izy ireo.

Tsy marina ve fa matematika isika no be atao tokoa? Ary mampalahelo ny milaza fa tena raisintsika ho voninahitra mihitsy aza izany hoe be atao izany, toy ireny hoe ny maha-be atao dia tanjona tsara ho tratrarina na mariky ny fananana fiainana ambonimbony kokoa.

Sa tsy izany?

Mieritreritra an' ilay Tompontsika sy ohatra tonga lafatra ho antsika aho, dia i Jesoa Kristy, sy ny fiainany fohy teo anivon' ireo vahoakan' i Galilia sy Jerosalema. Niezaka aho ny haka sary an-tsaina Azy hoe mikoropadropaka mamonjy fivoriana maro na koa hoe manenjika asa maro amin' ny fotoana iray mba hamitana ny listitr' ireo zavatra tsy maintsy atao.

Fa tsy afaka nahita ny toy izany aho.

Ny hitako kosa dia ilay Zanakalahin' Andriamanitra be fangorahana sy mikarakara, izay miaina ny fianany isan' andro miaraka amin' ny tanjona tsara. Rehefa nifandray tamin' ireo nanodidina Azy Izy dia nahatsiaro ho manan-danja sy tiana izy ireo. Fantany ny lanja tsy misy fetra nananan' ireo izay nihaona Taminy. Nitahy azy ireo Izy, ary nanompo azy ireo. Nampiorina azy ireo Izy, ary nanasitrana azy ireo. Nanome azy ireo ilay fanomezana sarobidy Izy, dia ny Fotoana nananany.

Amin' izao androntsika izao dia mora ny mody milaza fa mandany fotoana miaraka amin' ny hafa. Manindry bokotra indray mandeha amin' ny totonin' ny solosaina ianao dia afaka “mifandray” amin' ny “namana” an'arivony, tsy

voatery hoe mihaona mivantana na dia amin' ny iray amin' izy ireo aza. Ny teknôlôjia dia mety ho tonga zavatra tsara dia tsara, ary tena mahaso indrindra izany rehefa tsy afaka ny ho eo anilan' ireo olona tiantsika isika. Izahay mivady dia miaina lavitr' ireo olona sarobidy ao amin' ny fianakavianany; ary fantatray tsara hoe ohatry ny ahoana izany. Kanefa mihevitra aho fa tsy mivoatra mankany amin' ny tsara isika, na ny isam-batan' olona izany na amin' ny maha-fiaraha-monina antsika, raha ohatra ka amin' ny alalan' ny fampidirana sary mampihomemy amin' ny internet, na ny fampitana amin' ny hafa ireo e-mail izay voaraintsika ka mahafinaritra nefa tsy dia misy dikany loatra, na ny fampidirana azy amin' ny tranonkala vaovao eo amin' ny Internet, no fomba ifandraisantsika amin' ireo fianakavianana na ireo namana rehefa mampiasa ny Internet. Mino aho fa misy toe-javatra azo anekena ny fanaovana zavatra toy izany, kanefa manao ahoana ny faharetan' ny fotoana ekentsika ho laniana amin' izany? Raha tsy vitantsika ny manome izay tsara indrindra avy amintsika sy fotoana manokana ho an' ireo izay tena manan-danja amintsika dia hane-nantsika izany indray andro any.

Aoka isika hanapa-kevitra ny hankamamy ireo izay tiantsika amin' ny alalan' ny fiarahana amin' izy ireo sy ny fandanianana fotoana manan-danja miaraka amin' izy ireo, ny fanaovana zavatra miaraka, ary ny famolavolana fahatsiarovana ankamamiana.

Inay Anie Aho Niaina Araka Izay Tokony ho Vitako

Nenina iray hafa izay nambaran' ny olona koa ny tsy nahalasa azy ireo ho tahaka ilay olona izay tsapany fa azony sy tokony ho nahatongavan' izy ireo. Rehefa manao jeritodika ny fiainany izy ireo dia tonga saina fa tsy nahavita mihitsy niaina araka izay azon' izy ireo natao, ary maro loatra ireo zavatra tsy vita izay tavela.

Eto aho dia tsy miresaka mikasika ny fihanihana ireo zanatohatry ny fahombiazana eo amin' ny anton' asantsika samihafa. Io fivoarana io, na lehibe manao ahoana aza ny mety handraisana azy eto amin' ity tany ity, dia tsy manan-danja raha oharina amin' ny dingana iray atao ao anatin' ilay dia lehibe mandrakizay izay mian-dry antsika.

Fa ny tiako resahana kosa dia ny hoe lasa ilay olona izay nantenain' Andriamanitra, ilay Raintsika any an-danitra, fa ahahatongavantsika isika.

Tonga eto amin' ity tany ity isika, araka ny voalazan' ilay mpanao tononkalo hoe “mitarika rahomboninahitra”⁴ avy any amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana.

Hitan' ny Raintsika any An-danitra ny tena hery ao anatintsika. Mahafantatra zavatra mikasika antsika, izay tsy fantatsika akory Izy. Mitarika antsika Izy mandritra ny androm-piainantsika mba hahatratrarantsika ny tanjon' ny nahariana antsika, mba hananantsika fiainana tsara, ary mba hiverenantsika eo anatrehany.

Koa nahoana izany isika no manokana ampahany betsaka toy izany amin' ny fotoanantsika sy ny herintsika ho an' ireo zavatra izay mandalo sy tsy misy dikany firy ary izay endrika ivelany fotsiny toy izany? Moa ve isika minia tsy mahita ny fahadalana ao amin' ny fikatsahana hanatanteraka na hahazo zavatra izay maivan-danja sy mandalo?

Tsy ho fahendrena kokoa ho antsika ve ny “mihar[ny] harena ho [antsika] any an-danitra, izay tsy misy kalalao na harafesina manimba, sady tsy misy mpangalatra manamitrano na mangalatra”⁵

Ahoana no fomba hanaovantsika izany? Amin' ny alalan' ny fanarahana ny ohatra nasehon' ny Mpamonjy, sy amin' ny fampiharana ireo Fampianarany eo amin' ny fiainantsika isan'andro ary amin' ny tena fitiavana an' Andriamanitra sy ny mpiara-belona amintsika.

Tsy ho afaka hanao izany mihitsy isika raha toa ka malaina ny hiroso amin' ny maha-mpanara-dia, sady mihahasahan-taina ny amin' izay mety ho fotoana lanintsika amin' izany, ary mitaraina noho ireo zavatra tokony hataontsika.

Raha mikasika ny fiainana ny filazantsara, dia tsy tokony ho toa an' ilay zazalahy izay nanatsoboka ny rantsan-tongony tao anaty rano isika, ary avy eo dia milaza fa avy nilomano. Amin' ny maha zanalahy sy zanakavavin' ny Ray any an-danitra antsika dia mahavita mihoatra lavitra noho izany isika. Tsy ampy ny eritreritra ny hanao zavatra tsara amin' izany. Tsy maintsy *manao* isika. Ary mbola manan-danja kokoa noho izany aza ny

tsy maintsy *hahatongavantsika* ho ilay olona izay tian' ny Ray any an-danitra hahatongavantsika.

Tsara ny milaza ny fijoroantsika ho vavolombelona, fa mbola tsara kokoa ny manao ohatra velon' ny filazantsara naverina tamin' ny laoniny. Tsara ny faniriana ho tonga mahatoky kokoa amin' ireo fanekempihavanana nataontsika; raha ny marina ny hoe mahatoky amin' ny fanekempihavavana masina dia—ahitana ny fiainana ampahamarinana, ny fandoavana marina tokoa ny fahafolonkarentsika sy ny fanatitra, ny fitandremana ny Tenin' ny Fahendrena, ary ny fanompoana marina tokoa ireo izay sahirana. Tsara ny manao filazana hoe hanokana fotoana misimisy kokoa ho an' ny vavaky ny mpianakavy sy ny fandalinana ny sotrara masina, ary ny fiaraha-mientana mahasoataoan' ny mpianakavy; fa ny fanaovana marina tokoa ireo zavatra rehetra ireo no hitondra ny fitahian' ny lanitra eo amin' ny fiainantsika.

Fikatsahana ny fahamasinana sy ny fahasambarana ny maha-mpanara-dia. Izany no lalana mankany amin' ilay tsara indrindra sy fahasambarana be indrindra ao amintsika.

Koa aoka isika ho tapa-kevitra ny hanara-dia ny mpamonjy ary hiezaka amim-pahazotoana ho lasa ilay olona izay natao hahatongavantsika. Aoka isika hihaino sy hankato ireo bitsiky ny Fanahy Masina. Rehefa manao izany isika dia ho ambaran' ny Ray any an-danitra amintsika ireo zavatra izay mbola tsy fantatsika momba ny tenantsika. Ho asehony amintsika ny lalana ary hanampy antsika Izy mba hahitan-tsika ireo talentantsika miafina sy tsy azontsika an-tsaina akory angamba.

Arakaraky ny hanokanantsika tena bebe kokoa amin' ny fikatsahana ny fahamasinana sy ny fahasambarana no hampihena ny tranga izay mitondra antsika amin' ny lalana mankany amin' ny nenina. Arakaraky ny hianteherantsika bebe kokoa amin' ny fahasovan' ny Mpamonjy no hahatsapantsika bebe kokoa fa eo amin' ilay lalana izay antenain' ny Raintsika any An-danitra ho arahintsika no misy antsika.

Inay Anie Aho Nanao Izay Ahasambatra Ahy Kokoa

Ny nenina iray hafa nananan' ireo izay nahafantatra hoe efa ho faty dia mety somary manaitra ihany. Nirian'

izy ireo raha mba namela ny tenany ho sambatra kokoa izy ireo.

Matetika tokoa isika no voafandriky ny fiheverana diso hoe misy zavatra efa akaiky ho takatsika izay hitondra fahasambarana ho antsika: fiainam-pianakaviana tsaratsara kokoa, toe-bola tsaratsara kokoa, na ny fitsaharan' ny fizahan-toetra iray miendrika fanamby.

Arakaraky ny hitomboan' ny taonantsika no hanaovantsika jery todika matetika kokoa ary ahatsapantsika bebe kokoa fa ny toe-javatra ivelany dia tsy tena manan-danja ary tsy tena mamaritra ny fahasambarantsika.

Isika no manan-danja. *Isika* no mamaritra ny fahasambarantsika.

Izaho sy ianao no tena tompon' andraikitra farany amin' ny fahasambaran' ny tenantsika.

Izaho sy Harriet vadiko dia tia mitaingina ny bisikiletanay. Mahafinaritra ny mandeha mivoaka sy mankafy ny hakanton' ny zavaboahary. Misy lalana sasantsasany izay tianay handehanana, saingy tsy dia miraharaha loatra izahay hoe hatraiza no halehanay na hoe firy ny hafainganam-pandehanay raha ampitahaina amin' ireo mpitaingina bisikileta hafa.

Kanefa, indraindray aho dia mihevitra hoe tokony hahay mifaninana kokoa izahay. Mieritreritra aza aho fa afaka nanana fotoana nahafinaritra kokoa tamin' ny hafainganam-pandeha ambonimbony kokoa izahay raha toa ka nanao ezaka mafimafy kely kokoa. Ary indraindray aza aho dia mahavita manao ilay hadisoana hoe manambara izany hevitra izany amin' ilay vadiko izay tena mahafinaritra.

Ny fomba famaliny rehefa misy sokevitro mitovy karazana amin' izany dia tena maneho hatsaram-panahy sy tena mazava ary tena mivantana hatrany. Mitsiky izy dia miteny hoe: “Dieter ô, tsy fifaninanana hazakazaka am-bisikileta ity, fa fitsangantsanganana. Mahaiza mankafy ny fotoana.”

Tena marina ny voalazany!

Indraindray isika eo amin' ny fiainana dia lasa mifantoka loatra amin' ny famitana zavatra iray ka tsy mahavita mahita fifaliana mandritra ny dia. Tsy hoe mandeha mitaingina bisikileta miaraka amin' ny vadiko aho satria maika hamita izany. Mandeha aho satria mamy sy mahafinaritra izany hoe miaraka aminy izany.

Moa ve tsy miendrika fahadalana izany hoe tsy mankafy ireo zavatra iainana izay mamy sy mahasambatra izany satria isika miandrindra foana ny fotoana izay hiafaran' izy ireny?

Moa ve isika miandry fotsiny ilay naoty farany hihena tsimoramora rehefa mihaino hira tsara fa tsy mamela ny tenantsika mba tena hankafy marina? Tsia! Henointsika sy ankafizintsika ny fiovaovan' ny feon-kira, ny hafainganany, ary ny firindranany manomboka any amin' ny voalohany ka hatrany amin' ny faran' ilay sangan' asa.

Moa ve isika tsy mieritreritra afa-tsy ilay hoe “amena” na ny fiasarany rehefa mivavaka? Mazava ho azy fa tsia. Mivavaka isika mba ho akaiky ny Raintsika any an-danitra, sy handray ny Fanahiny ary hahatsapa ny Fitiavany.

Tsy tokony hiandry hoe hahatratra fetra iray any amin' ny ho avy isika vao hifaly, ka avy eo dia hahita hoe hay efa azo nankafizina ny fahasambarana—tao anatin' izay fotoana rehetra izay! Tsy hoe rehefa manao jery todika ny lasa ihany vao tokony hankafizina ny fiainana. “Ity no andro nataon' i Jehovah . . . ,” hoy ny voasoratr' ilay mpanao salamo. “Hifaly sy ho ravoravo amin' izao isika.”⁶

Ry rahalahy sy anabavy, na inona na inona toe-javatra iainantsika, na inona na inona olana sy fizahan-toetra lalovantsika, dia misy zavatra ho ankafizina sy ankamamiana hatrany ao anatin' ny andro tsirairay. Ao anatin' ny andro tsirairay dia misy zavatra izay afaka mitondra fankasitrahana sy fifaliana raha toa ka mba hitantsika sy hankafizintsika izany.

Angamba tsy tokony hijery loatra amin' ny masontsika isika ary hijery bebe kokoa amin' ny fontantsika. Tiako ilay teny hoe: “Tsy mahita mazava tsara ianao raha tsy amin' ny fo. Tsy hitan' ny maso ny zavatra rehetra manan-danja.”⁷

Nodidiana isika “hanati-tsaotra amin-java-drehetra.”⁸ Koa tsy tsara kokoa ve izany ny mijery amin' ny masontsika sy ny fontantsika na dia ireo zava-madinika izay azo ntsika hanehoana fankasitrahana aza, toy izay mifantoka amin' ny lafy ratsin' izay toe-javatra misy antsika ankehitriny?

Nampanantena ny Tompo hoe “Izay mandray ny zava-drehetra amin' ny fankasitrahana dia hatao

be voninahitra; ary ny zavatra ny tany dia hanampy ho azy, avo zato heny.”⁹

Ry rahalahy sy anabavy isany, noho ireo fitahiana marobe avy amin' ny Raintsika any an-danitra, noho ilay drafitry ny famonjeny izay fanehoampitiavana be, noho ireo fahamarinana masina izay ao amin' ny filazantsara naverina tamin' ny laoniny, ary noho ireo zavatoa maro amin' ny ity fiainana an-tany ity, “moa tsy manana antony hifaliana va isika?”¹⁰

Koa aoka isika hanapa-kevitra ny ho faly, na manao ahoana na manao ahoana toe-javatra iainantsika.

Ny amin' ireo Fanapahan-kevitra ho Raisina

Indray andro any isika dia hanao ilay dingana tsy azo ihodivirana ary hiampita avy amin' ity tontolo mety maty ity ho any amin' ilay toetra manaraka. Indray andro any isika dia hanao anisan'ny ny fiainantsika ary hanontany tena raha toa ka afaka nanao tsaratsara kokoa, na nandray fanapahan-kevitra tsara kokoa, na nampiasa tamim-pahendrena kokoa ny fotoantsika.

Mba hialana amin' ireo nenina izay an' isan' ny lalina indrindra eo amin' ny fiainana dia ho fahendrena ny mandray fanapahan-kevitra sasantsasany izao anio izao. Koa aoka isika:

- Hanapa-kevitra ny handany fotoana bebe kokoa hiarahana amin' ireo izay tiantsika.
- Hanapa-kevitra ny hiezaka amimpahamatorana kokoa ny ho tonga ho ilay olona izay tian' Andriamanitra hahatongavantsika.
- Hanapa-kevitra ny hahita fifaliana, na inona na inona toe-javatra iainantsika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny ankamaroan' ireo nenina lalina indrindra amin' ny ampitso dia azo sorohana amin' ny alalan' ny fanarahana ny Mpamonjy amin' izao fotoana izao. Raha nanota isika na nanao hadisoana—raha nanao safidy izay hanenenantsika ankehitriny—dia eo ilay fanomezana sarobidy izay ahafahana mamela ny helotsika, dia ny Sorompanavotan' i Kristy. Tsy afaka miverina isika ka hanova ny lasa, kanefa dia afaka mibebaka. Afaka mafa ny alahelontsika izay ateraky ny

nenina¹¹ ny Mpamonjy, ary manala ny vesatry ny fahotantsika.¹² Ny Sorompanavotan' no ahafahantsika mamela ny lasa ho any aoriana ary handroso miaraka amin' ny tanana madio, sy ny fo madio,¹³ ary ny fanapahan-kevitra ny hanao tsara kokoa ary indrindra indrindra ho tonga tsara kokoa.

Eny, mandalo vetivety ity fiainana ity; toa mihamanjavona haingana ireo androntsika; ary indraindray toa mam-pitahotra ny fahafatesana. Na dia izany aza dia mbola hanohy hiaina ihany ny fanahintsika ary indray andro any dia hitambatra amin' ny vatantsika izay efa nitsangana mba hahazoana voninahitra tsy mety maty. Mijoro ho vavolombelona amin-kafanam-po aho fa noho ilay Kristy feno famindrampo dia hiverina hiaina indray isika rehetra, ary ho mandrakizay. Noho ny Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, indray andro any isika dia tena hahatakatra sy hifaly marina noho ireo teny hoe “ny fanindronan' ny fahafatesana dia efa voatelina ao amin' i Kristy.”¹⁴

Ny lalana mankany amin' ny fahanterahan' ilay anjarantsika izay masina amin' ny maha zanaka lahy sy zanaka-vavin' Andriamanitra antsika dia lalana maharitra mandrakizay. Ry rahalahy sy anabaviko ary namana malala isany, tsy maintsy manomboka mandeha amin' io lalana maharitra mandrakizay io isika *anio*; tsy azontsika lanilaniana na dia ny andro iray monja aza. Mivavaka aho ny mba tsy hiandrasantsika hoe efa akaiky ho faty isika vao tena hianatra ny hiaina. Amin' ny anarana masin' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Almà 40:11.
2. Jereo ny Susie Steiner, “Top Five Regrets of the Dying,” *Guardian*, 1 Feb. 2012, www.guardian.co.uk/lifeandstyle/2012/feb/01/top-five-regrets-of-the-dying.
3. Bronnie Ware, ao amin' ny Steiner, “Top Five Regrets of the Dying.”
4. “Ode: Intimations of Immortality from Recollections of Early Childhood,” *The Complete Poetical Works of William Wordsworth* (1924), 359.
5. Matio 6:20.
6. Salamo 118:24.
7. Antoine de Saint-Exupéry, *Le Petit Prince*, nadikan' i Richard Howard (2000), 63.
8. Môsîà 26:39; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:7.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:19.
10. Almà 26:35.
11. Jereo ny Apôkalypso 7:17.
12. Jereo ny Matio 11:28–30.
13. Jereo ny Salamo 24:4.
14. Môsîà 16:8; jereo ihany koa ny 1 Korintiana 15:54.



Atolotry ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

Fanohanana ireo Mpiandraikitra ato amin' ny Fiangonana

Angatahina isika hanohana an' i Thomas Spencer Monson ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara, ary Filohan' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany; i Henry Bennion Eyring ho Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany; ary i Dieter Friedrich Uchtdorf ho Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidiana Voalohany.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia aoka haneho izany.

Angatahina isika hanohana an' i Boyd Kenneth Packer ho Filohan' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, ary hanohana an' ireto manaraka ireto ho mpikambana ao amin' izany kôlejy izany: Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, ary i Neil L. Andersen.

Ireo izay manohana dia iangaviana haneho izany.

Raha misy manohitra dia afaka maneho izany koa.

Angatahina isika hanohana ireo mpanolotsaina ao amin' ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Izay rehetra manohana dia iangaviana haneho izany.

Raha misy manohitra, aoka haneho tahaka izany ihany koa.

Ny Loholona Jay E. Jensen dia nisaorana tamin' ny naha-mpikambana azy tao amin' ny Fiadidian' ireo Kôlejin' ny Fitopololahy.

Ireo izay afaka hiaraka aminay haneho fankasitrahana azy, dia afaka maneho izany.

Angatahina isika hanohana ny Loholona Craig C. Christensen ho mpikambana ao amin' ny Fiadidian' ireo Kôlejin' ny Fitopololahy.

Izay rehetra manohana dia iangaviana haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana sy hanehoana fankasitrahana an' ny Loholona Marlin K. Jensen noho ny asa fanompoana tsara indrindra vitany tamin' ny naha-Mpahay Tantara sy Mpirakitra An-tsoratra an' ny Fiangonana azy.

Izay rehetra manohana dia iangaviana haneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana ny Loholona Steven E. Snow ho Mpahay Tantara sy Mpirakitra An-tsoratra an' ny Fiangonana.

Izay rehetra manohana dia iangaviana haneho izany.

Izay rehetra manohitra.

Aroso amintsika ny hisaorana ny Loholona isany Keith K. Hilbig, Jay E. Jensen, Marlin K. Jensen, ary Octaviano Tenorio tamin' ny naha-mpikambana azy tao amin' ny Kôlejy Voalohan' ny Fitopololahy ary harendry azy ireo ho Manampahefana Ambony misotro ronono.

Aroso amintsika ny hisaorana ny Loholona isany Keith R. Edwards sy Larry W. Gibbons tamin' ny naha-mpikambana azy tao amin' ny Kôlejy Faharoan' ny Fitopololahy.

Ireo izay te-hiaraka haneho fankasitrahana an' ireo Rahalahy ireo noho ny asa fanompoana tsara dia tsara vitany dia iangaviana haneho izany.

Angatahina isika hanohana an' ireo Manampahefana Ambony hafa, sy ireo Fitopololahin' ny Vondrom-paritra ary ireo fiadidian' ireo vondrona fanampiny araka izay misy ankehitriny.

Ireo izay manohana dia iangaviana haneho izany.

Raha misy manohitra dia afaka maneho izany.

Misaotra, ry rahalahy sy anabavy isany, noho ny fanohanana-areo, ny finoanareo, ny fanoloran-tenanareo ary noho ny vavakareo. ■





Nataon'ny Loholona L. Tom Perry

Avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Lasa Ray Aman-dreny Tsongoin'olom-bolo

Maro ireo fomba ahafahan'ireo ray aman-dreny tsongoin'olom-bolo mahazo ny fanampiana sy ny fanohanana ilainy mba hampianarana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy an'ireo zanany.

Tojo fotoan-dehibe iray miavaka aho tamin'ity fahavaratra ity—Nankalaza ny faha-90 taonako aho. Rehefa tojo karazam-potoan-dehibe miavaka ianao eo amin'ny fiainanao dia manampy sy ahazoana torolalana ny mandinika an'ireo zava-niseho sy ny zavatra niainana taloha. Ianareo tanora izay mihaino na hamaky ity lahateny ity dia mety tsy dia taitra loatra mikasika izany hoe 90 taona niainana izany, saingy hatrizay nahaterahako izay dia azo raisina ho toy ny fahatontosan-javatra lehibe ny niainana ela toy izany. Feno fankasitrahana ny Ray any an-danitra aho noho ny nanaovany ahy ho lava andro iainana.

Betsaka ireo zavatra niova nandritra izay fotoana niainako izay. Hitako ny fivoaran'ny sehatry ny indostria sy ny fifandraisana. Ny fanamboarana fiara be dia be sy ny telefaonina ary ny fiaramanidina no zava-baovao lehibe noforonina tamin'ny fahatanorako. Saika miova isan'andro ankehitriny ny fomba ahitantsika sy ampitantsika ary ampiasantsika ny fifandraisana. Amin'izao taonako izao dia mitolagaga amin'ny fiovana haingana miseho eto amin'ilay izao tontolo izao izay iainantsika aho. Maro amin'ireo famoronana ankehitriny no manaitaitra ny saina

noho ny fananan'izy ireo fahafahana manatsara kokoa ny fiainantsika.

Eo anatrehan'ireo fiovana haingana miseho eto amin'izao tontolo izao ireo dia mivavaka sy miasa mafy isika mba hanaovana izay hampaharitra ireo soatoavin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ny sasany amin'izy ireo dia efa tandindonin-doza ho very. Any amin'ny faratampon'ny lisitr'ireo soatoavina ireo ny fahamasinan'ny fanambadiana sy ny tena maha-zava-dehibe ny fianakaviana, ary noho izany, dia io no zavatra voalohany kendren'ilay fahavalo. Miteraka tokantrano ahitana filaminana sy fiarovana izy ireo izay toerana ahafahan'ny zanaky ny Ray any an-danitra be fitiavana tsirairay mahazo fitarihana amin'ny tsara ary mandray ireo soatoavina mandrakizay.

Rehefa nanomana ny fankalazana ity 90 taona niainako ity ny fianakaviako dia nanomboka nanampy ahy hahatsiaro sy hankasitraka ireo zavatra niainako nandritra izay fiainako lava dia lava izay. Ny zanaky ny iray tampo amiko ohatra, dia nanangona sy nizara tamiko ireo taratasy maro izay nosoratako ho an'ny ray aman-dreniko 70 taona lasa latsaka kely izay tany amin'ny tobin'ny tafika an-dranomasina tany amin'ny nosy

Saipan any Pasifika nandritra ny Ady Lehibe II.

Nanaitra ny saiko manokana ny iray tamin'ireo taratasy ireo. Taratasy iray izay nosoratako ho an'ny reniko mba hosokafany sy hovakiany tamin'ny Fetin'ny Reny ny taona 1945 izany. Te-hizara aminareo ny sombiny amin'izany aho ary manantena fa ho hitanareo ny antony hanehoako fankasitrahana mandrakizay an'ilay raiko sy reniko be fitiavana noho ireo lesona nianarako avy amin'ny fampianaran'izy ireo tao an-tokantrano. Ny ray aman-dreniko no ohatra tena tsara hitako amin'izany ray aman-dreny tsongoin'olom-bolo izany, izay nametraka ny fanambadiany sy ny fitaizany araka ny tokony ho izy ny zanany ho laharam-pahamehany ambony indrindra.

Nanomboka tamin'izao ilay taratasy ho an'ny Fetin'ny Reny tamin'ny taona 1945 izay nosoratako:

“Ry Neny Malala,

“Tsy mba nanam-bintana aho nandritra izay efa taona lasa izay fa dia nankalaza ny Fetin'ny Reny lavitra anao. Naniry ny hiaraka aminao aho isan-taona tao anatin'izay ary naniry ny hiteny fotsiny fa tiako ianao ary tena mieritreritra anao mafy aho, saingy tsy azo tanterahana indray izany ka dia tsy maintsy manao izay zavatra tena tsara manaraka aho ary mandefa izay ao antsaiko amin'ny alalan'ny taratasy.

“Tamin'ity taona ity dia tsapako bebe kokoa noho ny tamin'ireo taona hafa fotsiny ny nanampian'ny fananana reny mahafinaritra ahy. Voalohany dia malahelo ireo zavatra madinika mahazatra ataonao ho ahy aho. Tsy mba niahiahy velively ny tsy hahita lobaka sy ba kiraro madio izany aho isaky ny mifoha maraina avy eo am-pandriana. Manokatra ny vatasa-rihana no hany ataoko ary dia hitako ao izy ireo. Fantatro foana isaky ny fotoam-pisakafoanana fa hahita zavatra tiako izay namboarina tamin'ny fomba tena tsara azo eritreretina aho. Amin'ny alina dia fantatro foana fa afaka ny hahita lambam-pandriana madio eo amin'ny fandriako aho ary bodofotsy ampy tsara mba tena hahazoako aina. Tena nahafinaritra ny niaina tao an-trano.”

Rehefa namaky ireo andinin-tsoratra roa voalohany tao amin'ny taratasy ireo aho dia taitra fa tena mampihetsi-po be izy ireo. Angamba

ny fipetrahaiko tao anatin'ny lay sy ny fatoriana tao ambanin'ny lamba aro-moka teo amin'ny fandriana lamba azo ahorona no nahatonga ahy hiverina hieritritra ilay fonenako tena miavaka.

Toy izao ny tohin'ilay taratasy nosoratako ho an'ny reniko:

“Saingy lalina dia lalina ny zavatra tsapako momba anao noho ny ohatra nasehonao tamiko. Nahafinaritra ny fiainantsika tao anatin'ny fianakavian-tsika hany ka te-hanaraka ny ohatra nasehonao izahay ary hanohy hiaina ilay fifaliana izay tsapanay nandritra ny fahatanoranay. Nahita fotoana foana hitondrana anay tany amin'ny canyon ianao, ary afaka niantehitra taminao izahay mba hanao izay azo atao mba hihanahana tendrombohitra sy hiarahana milalao baolina miaraka aminay. Tsy mba nandeha nanao fialan-tsasatra irery mihitsy ianao sy i Dada. Niaraka taminareo foana ny fianakaviana.

Ankehitriny noho izaho lavitra ny fonenako dia tiako foana ny miresaka ny fotoana niainako tao an-trano satria tena nahafinaritra izany. Tsy afaka ny hanao tsinontsinona ireo fampianarana aho ankehitriny satria mety hahatonga ny hafa hieritritra anao ho tsy nahay nitaiza ahy izay zavatra ataoko amin'izany. Fanambly lehibe ho ahy eo amin'ny fiainana ny ho mendrika ny antsoina hoe zanakalahin'i Nora Sonne Perry. Tena ireharehako izany anarana izany ary manantena aho fa ho mendrika an'izany foana.

“Manantena aho fa ho afaka hiaraka aminao amin'ny herintaona mba hampiseho anao ny zavatra mahafinaritra efa nalamiko fa ho aseho anao amin'ny Fetin'ny Reny nandritra izay efa-taona lasa izay.

“Enga anie ny Tompo hitahy anao noho ireo zavatra tsara rehetra natao-nao ho an'ity izao tontolo izao mihotakotaka ity.

“Amim-pitiavana, Tom”¹

Rehefa namerina namaky ilay taratasy aho, dia nieritritra koa momba ny kolontsain'ny fianakaviana, ny paroasy sy ny tsatoka ary ny fiarahamonina izay nitaizana ahy.

Ny kolontsaina dia ny fomba fiainan'ny olona. Tsy misy afa-tsy iray ihany ny kolontsain'ny filazantsara, izay vondron'ireo soatoavina sy ireo zavatra andrasana ary ireo fomba fanao anankiray izay iraisan'ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonan'i



Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Izany kolontsain'ny filazantsara na fomba fiainana izany dia avy amin'ny drafitry ny famonjena sy ny didin'Andriamanitra ary ny fampianaran'ny mpaminany velona. Miseho eo amin'ny fomba fikolokoloantsika ny fianakavian-tsika izany sy ny fomba entintsika miaina ny fiainantsika manokana.

Ny torolalana voalohany nomena an'i Adama mikasika ny andraikiny eto an-tany dia hita ao amin'ny Genesisy 2:24: “Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny; ary dia ho nofo iray ihany ireo.”

Ny firosoan'ny lehilahy sy vehivavy hivady ara-dalana dia tsy hoe fiomanana amin'ny fananana taranaka ho avy handova ny tany fotsiny fa mitondra fifaliana sy fahafaham-po faran'izay lehibe hita eto amin'ity fiainana ity izany. Tena marina izany rehefa ambaran'ny herin'ny fisoronana fa haharitra eto an-tany sy mandrakizay ilay fanambadiana. Manana fiarovana izay tsy hita any amin'ny toerana hafa ny zanaka teraka ao anatin'ny fanambadiana toy izany.

Lasa miha manan-danja ireo lesona nampiaran'ny ray aman-dreny tsongoin'olom-bolo any an-tokantrano ao anatin'ity izao tontolo izao ankehitriny ity, izay tena ihanahan'ny

fitarihan'ny fahavalo. Araka ny fantatsika dia mikasa ny hanimba sy handrava ilay tena fototra iorenan'ny fiaraha-monina izy—ny fianakaviana. Amin'ny alalan'ny fomba miafina izay feno hakingana sy fitandremana no hanafihany ny fanoloran-tena hifantoka amin'ny fiainam-pianakaviana manerana an'izao tontolo izao sy hanozongozonany ny kolontsaina sy ny fanekempihavanan'ireo Olomasin'ny Andro Farany mahatoky. Tsy maintsy manapa-kevitra ny ray aman-dreny fa ny fampianarana ao an-tokantrano no andraikitra faran'izay masina sy manandanja indrindra. Na dia eo aza ireo rafitra hafa toy ny fiangonana sy ny sekoly mba hanampy ny ray aman-dreny “[hanazatra] ny ankizy amin'izay lalana tokony halehany” (Ohabolana 22:6), dia mitoetra eo amin'ny ray aman-dreny tanteraka izany andraikitra izany amin'ny farany. Ireo ray aman-dreny tsongoin'olom-bolo no nampianandritana ny fikarakarana sy ny fampivelarana ny zanaky ny Ray any an-danitra araka ny drafitry ny fahasambarana.

Ao anatin'ilay andraikitsika lehibe amin'ny maha-ray aman-dreny dia maro ireo fomba ahafahan'ireo ray aman-dreny tsongoin'olom-bolo mahazo ny fanampiana sy ny fanohanana ilainy mba hampianarana ny filazan-tsaran'i Jesoa Kristy an'ireo zanany. Mamelà ahy ianareo hanolotra zavatra

dimy izay azon'ny ray aman-dreny atao mba hamoronana kolontsaim-pianakaviana mafy orina kokoa:

Voalohany, afaka mivavaky mafy ny ray aman-dreny ary mangataka amin'ny Raintsika any an-danitra mba hanampy azy ireo hitia sy hahatakatra ary hitarika ny zanany izay nalefany teo amin'izy ireo.


Faharoa, afaka manao vavaky ny mpianakavy, fandalinan'ny mpianakavy ny soratra masina ary takarivan'ny mpianakavy izy ireo sy miaraka misafako matetika araka izay vita, ka mampiasa ny sakafo hariva ho fotoam-pifandraisana sy fampianarana an'ireo soatoavina.

Fahatelo, afaka mahazo tombontsoa tanteraka amin'ny tambajotrampanohanana ny Fiangonana ny ray aman-dreny ka mifandray amin'ny mpampianatra an'ireo zanany ao amin'ny kilonga sy ireo mpitarika ny zatovo ary ireo fiadidiana ao amin'ny kilasy sy ny kôlejy. Afaka manome fahatakarana manan-danja ny zavatra manokana sy miavaka ilain'ny ankizy iray ireo ray aman-dreny amin'ny alalan'ny fifandraisana amin'ireo izay voantso sy natokana mba hiaraka hiasa amin'ny zanany.

Fahafatra, ny ray aman-dreny dia afaka mizara ny fijoroany ho vavolombelona amin'ny zanany sy mampanolotena azy ireo mba hitandrina ny didin'Andriamanitra ary mampanantena an'ireo fitahiana izay nampanantenain'ny Ray any an-danitra an'ireo zanany mahatoky.

Fahadimy, afaka mandrindra ny fianakaviansika isika amin'ny alalan'ny fifotorana amin'ny lalàna sy zavatra andrasana mazava sy tsotra, sy amin'ny fomba fanaon'ny fianakaviana izay mahaso ary amin'ny "lafiny ara-bolan'ny fianakaviana" izay ahitana ny fanaovan'ny ankizy raharaha ao an-trano ary afaka mahazo vola kely izy ireo mba hahafahan'izy ireo mianatra mandrindra sy mitahiry vola ary mandoa fahafolonkarena amin'izay vola azony.

Miara-miasa amin'ny kolontsain'ny Fiangonana ireo torohevitra entina hamoronana *kolontsaim-pianakaviana* mafy orina kokoa ireo. Ilay kolontsaim-pianakaviansika natao mafy orina no ho fiarovana ho an'ny zanatsika amin'ny "zana-tsipika mirehitry ny fahavalo" (1 Nefia 15:24) izay miraikitra amin'ny kolontsain'ny namany



mitovy taona aminy, ny kolontsain'ny fialamboly sy fitadiavana laza, ny kolontsain'ny findramam-bola sy ny zo hahazo zavatra izay tadiavina ary ny kolontsain'ny internet sy fampitam-baovao izay eo anatrehan'izy ireo tsy tapaka. Hanampy ny zanatsika mba "hiaina ao anatin'izao tontolo izao" fa tsy ho lasa "naman'izao tontolo izao" (Jaona 15:19) ny kolontsaim-pianakaviana mafy orina.

Nampianatra ny Filoha Joseph Fielding Smith hoe: "Adidin'ny ray aman-dreny ny mpianatra ny zanany an'ireo fitsipiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy mitondra famonjena ireo mba hahafantaran'izy ireo ny antony tokony hanaovana batisa azy ireo ary mba hananan'izy ireo faniriana ao am-pony hanohy hitandrina ny didin'Andriamanitra aorian'ny batisany, mba hahafahan'izy ireo miverina eo anatrehan'ny. Moa ve ianareo ry rahalahiko sy anabaviko mahafinaritra te hofehezina amin'ny fianakavianareo eo anatrehanareo? Ary ho an'ny zanakareo, moa ve tianareo ny hofehezina amin'ny rainareo sy ny reniny eo anatrehanareo . . . ? Raha izany dia tsy maintsy manomboka mpianatra dieny any am-piandohana ianareo. Tsy maintsy mpianatra amin'ny alalan'ny ohatra ary koa amin'ny alalan'ny fitsipika ianareo."²

Milaza ny ao anatin'ny fanambarana ho an'ny fianakaviana hoe:

"Ny mpivady dia manana andraikitra feno voninahitra mba hifankatia sy hifampikarakara ary hanao toy

izany koa amin'ny zanany. "Lova avy amin'i Jehovah ny zanaka maro" (Salamo 127:3). Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny ny hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amimpahamarinana, ny hanome izay filàna ara-batana sy ara-panahin'izy ireo, ary ny hampianatra azy mba hifankatia sy hifanombo, sy hitandrina ny didin'Andriamanitra ary ho olom-pirenena vanona na aiza na aiza hitoerany. . . .

". . . Araka ny draftir'Andriamanitra, ny ray no tokony hitarika ny fianakaviany amim-pitiavana sy amimpahamarinana ary tompon'andraikitra amin'ny fanomezana izay ilaina eo amin'ny fiainana sy ny fiarovana ny fianakaviany. Ny reny dia tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny fitaizana ny zanany. Manoloana izany andraikitra masina izany, ny ray sy ny reny dia tsy maintsy mifanampy amin'ny mahampiar- miasa mitovy lenta azy ireo."³

Mino aho fa ilay anjara asan'ny reny izay mifantoka amin'ny fikolokoloana sy fampianarana ny taranaka manaraka dia efa draftir'Andriamanitra. Saingy mahafinaritra ny mahita ny mpivady izay tena niara-niasa tokoa ka nampitambatra ny hery mitarika ananan'izy ireo sy nifampiresaka tsara mikasika ny zanany sy tamin'ny zanany.

Miseho amin'ny fomba tampoka sy feno fahasahiana kokoa noho ny hatramin'izay ny fanafihana mafy ataon'ny ratsy an'ireo zanatsika. Manampy sosona fiarovana iray hafa ny zanatsika ny fanorenana kolontsaim-pianakaviana mafy orina, ka miaro azy ireo amin'ireo fitarihan'izao tontolo izao.

Andriamanitra anie hitahy anareo ry ray aman-dreny tsongoin'olom-bolo ao Ziona. Nampiantraiketiny anareo ny fikarakarana an'ireo zanany mandrakizay. Amin'ny maha-ray aman-dreny antsika dia miara-miasa isika ary miaraka amin'Andriamanitra mihitsy aza mba hanatanteraka ny asany sy ny voninahiny eo anivon'ny zanany. Andraikitsika masina ny manao izay tsara indrindra vitantsika. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Taratasy ho an'ny Fetin'ny Reny avy amin'i L. Tom Perry ho an'ny reniny, nalefa avy tany Saipan, tamin'ny 3 Mey 1945.
2. Joseph Fielding Smith, ao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1948, 153.
3. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona*, Nôv. 2010, 129.



Nataon'ny Loholona M. Russell Ballard
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Mazoto Mirotsaka

Tanteraka ireo zavatra lehibe ary mihamaivana ireo enta-mavesatra noho ireo ezaka ataon'ny olona maro "hazoto hirotsaka amin'ny tanjona tsara."

Ry Loholona Perry, araka ny eritre-ritro dia ianao mihitsy no olona 90 taona tanora indrindra manerana ny Fiangonana iray manontolo. Hitanareo angamba ny nitsambikinany niala ny sezany teo.

Ry rahalahy sy anabaviko malala, isak'izay mankafy voatabia masaka ampotony na mihinana paiso be ranony vao notangosana teo amin'ny hazo aho, dia miverina any amin'ny 60 taona lasa izay nananan'ny raiko saham-paiso kely tany Holladay, Utah ny eritreritro. Nanisy toho-tantely tao izy mba handraka vovom-bony amin'ireo felam-paiso izay ho lasa paiso lehibe sady matsiro.

Tian'ny raiko ireo renitanteliny mahafinaritra ary nahavariana azy ny fomba niarahan'ny an'arivony tamin'izy ireo niasa ka namadika ny mamin'ny voninkazo voahangona avy amin'ireo felam-paisony ho lasa tantely mamy toa lokom-bolamena—izay iray amin'ireo sakafo ahazoana tombontsoa indrindra eo anivon'ny natiora. Raha ny marina dia milaza amintsika ireo manam-pahaizana manokana momba ny sakafo ara-pahasalamana fa ny tantely dia iray amin'ireo sakafo ahitana ny zava-drehetra—ny prôteina, ireo otrikaina, ireo mineraly, ary ny rano—izay ilaina mba hivelomana.

Niezaka hatrany ny raiko nampan-drainy anjara ahy tamin'ny asa nataony tamin'ireo toho-tanteliny, saingy tena

nahafaly ahy ny namela azy hikarakara ireo renitanteliny. Na izany aza anefa, nanomboka tamin'izany fotoana izany, dia nianatra bebe kokoa mikasika ireo toho-tantely izay voalamina tamin'ny fomba tena raitra ny tenako—izay misy andian-tantely any ho any amin'ny 60.000 any.

Mavitrika dia mavitrika tokoa ireo renitantely mandraraka vovom-bony, sy manangona ny mamin'ny voninkazo, ary mampody ny mamin'ny voninkazo ho ranon-tantely. Izany asa izany no anton-draharaha mahafinaritra izy ireo izay nataon'Ilay Mpahary antsika ho raiki-tampisaka ao aminy.

Voatombantombana fa mba hamokarana ranon-tantely 0,45 kg fotsiny, dia tsy maintsy miara-mitety voninkazo antapitrisany maro ny reninantely 20.000 ka hatramin'ny 60.000 ao amin'ny tohotra antonony iray, ary manao dia mitovy amin'ny fihodinana ny tany in-droa. Ao anatin'ny fotoana fohy hiainany izay mandritra ny herinandro vitsivitsy ka hatramin'ny efa-bolana, ny fandraisana anjaran'ny reninantely iray amin'ny famokarana tantely ao amin'ny tohotra misy azy dia tsy mihoatra ny 42 mililitatra.

Eny fa na dia toa tsy manan-danja aza izany raha ampitahaina amin'ny fitambaran'izy manontolo, dia tena ilaina amin'ny fiainana ao anatin'ny tohotra ny ranon-tantely 42 mililitatra vokarin'ny reninantely tsirairay avy. Miantehitra amin'izy samy izy ireo reninantely. Ny asa izay mety ho nandreraka raha ataon'ny reninantely vitsivitsy dia manjary maivana kokoa satria samy manao ny anjarany amimpahatokiana avokoa ireo reninantely.

Tandindona manan-danja teo amin'ny tantaran'ny Fiangonantsika mandrakariva ny toho-tantely. Mianatra isika ao amin'ny Bokin'i Môrmôna fa nitondra reninantely niaraka tamin'izy ireo ny Jaredita (jereo ny Etera 2:3) rehefa nandeha tao amin'ny faritr'i Amerika izy ireo an'arivon-taonany maro izay. Nisafidy ny toho-tantely i Brigham Young mba ho tandindona hankaherezana sy hitaomana ny fiaraha-miasa amim-pahavitrihana nilaina teo anivon'ireo mpamaky lay mba hanova ilay tany hay nangadihady sy tsy nisy nilana azy manodidina ny



Farihy Masira Lehibe ho tonga ho ilay lemaka mahavokatra izay ananantsika ankehitriny. Isika no nahazo tombontsoa tamin'ny fiarahan'izy ireo nijery ny hoavy sy ny asa tamim-pahazotoana nataon'izy ireo.

Samy ahitana sarin'ny toho-tantely avokoa na ny ao anatiny na ny ivelan'ny maro amin'ireo tempolintsika. Ity lampihazo hijoroako eto ity dia vita tamin'ny hazo avy amin'ny hazo noix izay naniry tao amin'ny tokontany ambadiky ny tranon'ny Filoha Gordon B. Hinckley ary voahaingo tamin'ny sarin'ny toho-tantely voasokitra teo aminy.

Ireo sary rehetra ireo dia mijoro ho vavolombelona ny amin'ny zavatra iray: Tanteraka ireo zavatra lehibe ary mihamaivana ireo entamavesatra noho ireo ezaka ataon'ny olona maro “hazoto hirotsaka amin'ny tanjona tsara” (F&F 58:27). Alaivo sary an-tsaina ny zavatra mety ho vitan'ireo Olomasin'ny Andro Farany antapitrisany eto amin'izao tontolo izao raha miasa toy ny toho-tantely isika amin'ireo fanoloran-tenantsika izay mifantoka sy miorina amin'ny fampianaran'ny Tompo Jesoa Kristy.

Nampianatra ny Mpamonjy fa ny didy voalohany sady lehibe indrindra dia hoe:

“Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra. . . .

“Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao.

“Izany didy roa izany no ihantonan'ny lalàna rehetra sy ny mpaminany” (Matio 22:37, 39–40).

Tsotra ny tenin'ny Mpamonjy, nefa mampientana ny fo sy tena manandanja lalina ny hevitra ambaran'izy ireo. Tokony hitia an'Andriamanitra sy hitia ary hikarakara ireo namantsika tahaka ny tenantsika isika. Alaivo sary an-tsaina ny zavatra tsara azontsika atao eto amin'izao tontolo izao raha toa ka mivondrona, miray hina ho toy ny mpanara-dia an'i Kristy isika rehetra, mazoto sy misasatra manome izay ilain'ny hafa ary manompo ireo manodidina antsika—ireo fianakavian-tsika, ireo namantsika, ireo mpifanobobidirindrina amintsika, ary ireo mpiara-belona amintsika.

Araka izay voalaza ao amin'ny Epistilin'i Jakoba hoe ny asa

fanompoana no tena famaritana ny fivavahana madio sady tsy misy loto (jereo ny Jakoba 1:27).

Mamaky mikasika ny asa fanompoana atolotr'ireo mpikamban'ny Fiangonana maneran-tany isika indrindra fa ireo asa fanompoana hiarovana ny maha-olona izay atao amin'ny fotoan'ny andro sarotra—ny dorotanety, sy ny tondra-drano, sy ny rivo-mahery, ary ny rambon-danitra mahery vaika. Ny fandraisana andraikitra amin'ireo ankamehana ireo izay tena ilaina sy tena ankasitrahana dia tokony hotohizana ho toy ny fomba hifampitondrana ny enta-mavesatra. Ary manao ahoana kosa ny eo amin'ny fiainantsika andavanandro? Inona no mety ho vokatra ny fitambaran'ireo asa kely, feno fangorahana nataontsika isan'andro noho ny fitiavana Kristiana avy amin'ny fo omentsika ny hafa? Eny an-dalana eny dia hanana fiantraikany hanova ireo zanaky ny Raintsika any an-danitra amin'ny alalan'ny fanaparitahana ny fitiavany amin'izy ireo amin'ny alalantsika izany. Ity tontolontsika misavorovoro ity dia mila izany fitiavan'i Kristy izany amin'izao fotoana izao mihoatra noho ny tamin'ny fotoana hafa rehetra, ary mbola hila izany bebe kokoa amin'ireo taona hoavy.

Mety ho toy ny hoe kely no fijerin'izy ireo ireo asa fanompoana tsotra fanaony isan'andro, saingy rehefa jerena miaraka izy rehetra dia lasa ho ilay ranon-tantely 42 mililitatra izay fandraisana anjaran'ny renintantely iray ao amin'ny tohotra. Misy hery ao amin'ny fitiavantsika an'Andriamanitra sy ireo zanany, ary rehefa azo tsapain-tanana amin'ny alalan'ireo asa natao tamin'ny hamoram-po Kristianina izany fitiavana izany, dia hanome mamy sy hamelona izao tontolo izao amin'ilay mamin'ny voninkazon'ny finoana, sy ny fanantennana, ary ny fiantrana.

Inona no tokony hataontsika mba ho tonga tahaka ireo renintantely nanolo-tena ary hahatonga izany fanoloran-tena izany ho isan'ny toetrantsika? Maro amintsika no maneho fankatoavana amin'ny fanatrehana ireo fivoriana ao amin'ny Fiangonantsika. Miasa mafy isika manao ny antson-tsika, indrindra isan' Alahady. Tena mendri-piderana izany. Saingy moa ve ny saintsika sy ny fontsika dia mazoto mirotsaka amin'ny fanaovana zavatra tsara mandritra ireo andro sisa rehetra

ao anatin'ny herinandro? Moa ve isika manao fotsiny ny adidintsika tsy amin'ny fo, sa moa ve isika tena miova fo ho an'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy? Ahoana no hikolokoloantsika ilay voa kelin'ny finoana izay nampitomboantsika tao an-tsaina sy hambolentsika izany lalina ao amin'ny tany lonaky ny fanahintsika? Ahoana no ahahatongavan'ilay fiovam-po mahery vaika ho ao amintsika izay lazain'i Almà fa ilaina mba hahafahantsika mahazo fahasambarana sy fiadanana mandrakizay? (jereo ny Almà 5:12–21).

Tsarovy, ny ranon-tantely dia ahitana ireo zava-drehetra ilaina mba hijanonana ho velona amin'izao fiainana eto an-tany izao. Ary ny fotopampianarana sy ny filazantsaran'i Kristy no hany lalina ahazoana ny fiainana mandrakizay. Rehefa mihoatra lavitra noho izay eritrerintsika sy mangady lalina izay ao am-pontsika ihany ny fijoroantsika ho vavolombelona vao ho lasa toy ny an'ny Mpamonjy ny fahazoantsika hitia sy hanompo. Amin'izay fotoana izay, ary amin'izay ihany isika vao ho tonga mpianatr'i Kristy niova fo lalina ary nahazo hery tamin'ny alalan'ny Fanahy mba hikasika ny fon'ireo mpiara-belona amintsika.

Rehefa tsy mipetraka amin'ny zavatra eto amin'ity izao tontolo izao ity intsony ny fontsika, dia tsy hiandrindra ny voninahitry ny olona intsony isika na hikatsaka fotsiny ihany ny hanandratra avo izay mampirehareha antsika (jereo ny F&F 121:35–37). Aleontsika manana ireo toetra tahaka ny an'i Kristy izay nampianarin'i Jesoa:

- Tsara fanahy sy mora fanahy ary mahari-po isika (jereo ny F&F 121:41).
- Malemy fanahy tsy misy fihatsarambelatsihy na fitaka isika (jereo ny F&F 121:42).
- Mahatsapa fiantrana ho an'ny olondrehetra isika (jereo ny F&F 121:45).
- Feno hatsaram-panahy mandrakariva ny eritrerintsika (jereo ny F&F 121:45).
- Tsy manana fironana hanao ratsy intsony isika (jereo ny Mòsià 5:2).
- Miaraka amintsika mandrakariva ny Fanahy Masina, ary ny fotopampianaran'ny fisoronana dia hitsika ao amin'ny fanahintsika toy ny ando avy any an-danitra (jereo ny F&F 121:45–46).

Ankehitriny ry rahalahy sy rahavavy, dia tsy mamporisika anareo hazoto be loatra na hafana fo be loatra amin'ny fivavahana aho. Tsy izany velively! Manome sosokevitra fotsiny aho ny mba hanaovantsika ilay dingana ilaina amin'ny fiovam-pontsika tanteraka ho an'ny filazantsaran'i Kryty amin'ny alalan'ny fampidirantsika lalina ao am-pontsika sy ny fanahintsika ny fotopampianarany mba hanaovantsika asa sy hiainantsika hatrany—ary amin'ny fahamarinan-toetra—izay lazaintsika fa hinoantsika.

Manamora ny fiainantsika izany fahamarinan-toetra izany ary mampitombo ny fahatsapantsika ny Fanahy sy ireo zavatra ilain'ny hafa. Mitondra fifaliana eo amin'ny fiainantsika sy fiadanana eo amin'ny fanahintsika izany—ilay karazam-pifaliana sy fiadanana izay tonga amintsika rehefa mibebaka amin'ny fahotantsika sy manaraka ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fitandremana ny didiny isika.

Ahoana no fomba ahatongavan'izany fiovana izany eo amintsika? Ahoana no ambolentsika izany fitiavan'i Kristy izany ao am-pontsika? Misy fampiharana tsotra iray fanao isan'andro izay afaka manova zavatra ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra, tafiditra ao anatin'izany ianareo ry kilonga lahy sy vavy, ry

zatovolahy sy zatovovavy, ry tanora tokan-tena, ary ianareo ray sy reny.

Izany fampiharana tsotra izany dia: ny hangatahanao amin'ny Ray any an-danitra amin'ny vavaka ataonao isa-maraina isan'andro ny hitarika anao hamantatra fotoana iray hahafahanao hanompo ny iray amin'ireo zanany sarobidy. Ary avy eo dia mandehana amin'ny fonao feno fitoana sy fitiavana mandritra ny andro hitady olona azo ampiana. Mifantoha mandrakariva, tahaka ireo renintantely mifantoka amin'ireo voninkazo izay hanangonana vovom-bony sy mamim-boninkazo. Raha manao izany ianao, dia hitombo ny fahatsapanao ara-panahy, ary hahita fotoana hahafahana manompo izay noheverinao fa tsy vitanareo mihitsy teo aloha ianao.

Nampianatra ny Filoha Thomas S. Monson fa amin'ny ankamaroan'ny fotoana dia mamaly ny vavaky ny olona iray hafa amin'ny alalantsika Andriamanitra—amin'ny alalantsika sy ianao—amin'ny alalan'ny teny sy ny zavatra feno hatsaram-panahy ataontsika—, amin'ny alalan'ny asa fanompoana tsotra sy ny fitiavantsika.

Ary niteny ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: “Mahita antsika Andriamanitra, ary mikarakara antsika izy. Saingy matetika avy amin'ny alalan'ny olona iray hafa no hanomezany izay ilaintsika. Noho izany dia tena ilaina

ny hifanompoantsika” (*Enseignements des Présidents de L'Église: Spencer W. Kimball* [2006], 82)

Fantatro fa raha manao izany ianareo—any an-trano, any ampianarana, any am-piasana, ary any am-piangonana—dia hitarika anareo ny Fanahy, ary ho afaka ny hamantatra ireo izay mila asa fanompoana iray manokana ianareo izay tsy azon'iza n'iza atao afa-tsy ianareo. Hotaomin'ny fanahy sy hazoto fatratra hanampy amin'ny fandresen-dahatra izao tontolo izao amin'ny fitiavana madion'i Kristy sy ny filazantsarany ianareo.

Ary tadidio, fa raha ampitombointsika avy an'aliny eny na antapitrisany ny ezaka ataontsika amin'ny ezaka ombam-bavaka ny hizara ny fitiavan'Andriamanitra ho an'ireo zanany amin'ny alalan'ny asa fanompoana Kristiana, tahaka ilay ranon-tantely 42 millitatra novatsian'ireo renintantely kely ho an'ny tohotra, dia hisy vokany tsara hitombo haingana izay hitondra ny hazavan'i Kristy eo amin'ity tontolo izay mihamazina ity. Rehefa miray hina isika, dia hitondra fitiavana sy fangorahana eo anivon'ny fianakaviansika ary amin'ireo izay manirery, ireo mahantra, ireo maratra ara-panahy sy arapihetseham-po, ary ireo zanaky ny Ray any an-danitra izay mikatsaka ny fahamarinana sy ny fiadanana.

Izany no vavaka ataoko amimpanetren-tena, ry rahalahy sy anabavy, dia ny mba hangatahantsika amin'ny vavaka ataontsika isan'andro ny hahazo fanentanam-panahy hitady olona iray izay afaka hanaovantsika asa fanompoana manan-danja, ao anatin'izay ny fanompoana mba hizara ireo fahamarinan'ny filazantsara sy ireo fijoroantsika ho vavolombelona. Rehefa mifarana ny tontolo andro, dia enga anie isika ka ho afaka ny hilaza hoe “eny” amin'ny fanontaniana manao hoe: “Have I done any good in the world today, have I helped anyone in need?” (“Nanao soa teto amin'izao tontolo izao ve aho androany, moa nanampy olona nila fanampiana ve aho?”) (*Hymns*, no. 223).

Asan'Andriamanitra ity. Enga anie isika mba ho mahatoky amin'izany tahaka ireo renintantely kely izay nanolo-tena tamin'ny azy ireo, mivavaka amim-panetren-tena aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



Mexico City, Mexique



Nataon'ny Loholona Larry Echo Hawk

Avy ao amin'ny Fitopololahy

“Tongava Aty Amiko Ianareo Ry Mpianakavin'i Isiraely”

Ho lasa fitaovana hanatanterahana ireo fampanantenana lehibe ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika rehefa manatona an'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika, ary manadio ny fontsika.

Nilatsaka an-tsitrabo hanao fanompoam-pirenena tao amin'ny tafika an-dranomasin'i Etazonia aho nandritra ny ady tany Vietnam. Fotoana fohy taorian'ny nahatongavako tany Quantico, Virginie mba handraisana fanofanana fototra dia indro aho nanao jery atrika teo anoloan'ny fandriako tao anatin'ny lakazerina niaraka tamin'ireo miaramila 54 voaray ho ao amin'ny Tafika An-dranomasina. Ny fotoana voalohany nihaonako tamin'ilay mpanofana ahy, izay miaramila menavazana zatra ady, dia tamin'izy nandaka ny varavaran'ilay lakazerina mba hanokafana izany, ary niditra izy sady nivazavaza nampiasa teny ratsy vary raraka.

Taorian'izany fampahafantarana nampitahotra izany, dia natombony avy tany amin'ny faritra ilany amin'ilay lakazerina ny fifanatrehana tamin'ireo miaramila izay voaray, niaraka tamin'ny fametrahana fanontaniana maromaro. Tsy nisy an-kanavaka fa dia nahitan'ilay mpanofana soa aman-tsara zavatra hanalana baraka ny tsirairay tamin'ireo miaramila voaray niaraka

tamin'ny vazavaza sy fiteny mirefarefa amin'ny tany. Nasainy namaly mafy tao anatin'ny filaharana tao araka ny nandidiany azy ny miaramila tantsambo tsirairay hoe: “Eny” na “Tsia, ry Sergent Mpampianatra.” Tsy hitako tsara izay zavatra nataony satria nodidiana izahay hanao jery atrika ka mijery mahitsy eny aloha ny masonay. Rehefa tonga ny anjarako dia azoko lazaina fa naka ny kitapoko izy ary navoakany tao aoriako teo ambonin'ny kidoroko ny zavatra rehetra tao anatin'ny. Nosavainy ny entako ary dia niverina nanatrika ahy. Niomana tamin'ny vava izay ho ataony aho. Teny an-tanany ny Bokin'i Môrmônako. Efa niandry aho hoe hivazavaza amiko izy saingy nanatona ahy akaiky izy ary nibitsibitsika hoe: “Môrmôna angaha ianao?”

Nihiakiaka araka ny baiako aho hoe: “Eny ry Sergent Mpampianatra!”

Dia efa niandry zava-doza indray aho. Saingy, nijanona kely izy ary nampiakatra ilay tanany nitazona ilay Bokin'i Môrmônako, dia nilaza tamin'ny feo tena tony hoe: “Moa ve mino ity boky ity ianao?”

Nihiaka mafy indray aho hoe: “Eny ry Sergent Mpampianatra!”

Natoky aho tamin'izay fotoana izay fa hitabataba hamoaka teny manorisory mikasika ny Môrmôna sy ny Bokin'i Môrmôna izy, kanefa dia nijoro tamim-pahanginana teo fotsiny izy. Fotoana kely taorian'izay dia niverina teo amin'ny fandriako izy ary nape-trany tsara ilay Bokin'i Môrmônako. Avy eo izy dia nandalo teo amiko fa tsy nijanona ary nanohy nanala baraka sy nanome alahelo an'ireo miaramila voaray rehetra ambiny tamin'ny fampiasana fiteny mirefarefa amin'ny tany.

Matetika aho no nanontany tena hoe nahoana no notsimbinin'io sergent tao amin'ny Tafika An-dranomasina io aho tamin'io andro io. Saingy feno fankasitrahana aho fa afaka niteny tsy am-pihambahambana hoe, “Eny, mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany aho” ary “Eny, fantatro fa marina ny Bokin'i Môrmôna.” Fanomezana sarobidy nomena ahy tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina izany niaraka tamin'ny fanampian'ny misiônera roa sy mpanoro hevitra iray tao amin'ny kôlejin'ny mpisorona.

Fony aho 14 taona, dia nisy misiônera roa, i Lee Pearson sy i Boyd Camphuysen, nampianatra ny fianakaviako ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny, ary natao batisa aho. Roa taona taty aoriana dia nampanaovan'ilay mpanoro hevitra tao amin'ny kôlejin'ny mpisorona nisy ahy fanamby aho mba hamaky ny Bokin'i Môrmôna. Nekeko ilay fanamby ary namaky pejy 10 farafahakeliny isaky ny alina aho mandrapahavitako izany.

Novakiako tao amin'ny pejindohateny fa “nosoratana ho an'ny Lamanita sisa tavela tamin'ny mpianakavin'i Isiraely ary koa ho an'ny Jiosy sy ny Jentilisa” izany. Voalaza ao amin'ny teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa Momba an'i Jesoa Kristy” fa ny Lamanita no anisan' “ireo razambe niavian'ny Indianina any Amerika.” Rehefa namaky ny Bokin'i Môrmôna aho dia toa mikasika ireo razambeko Indianina any Amerika izany no fahatsapako azy. Mitantara ny tantaran'ny vahoaka iray, izay taty aoriana nantsoina hoe Lamanita ny ampahany tamin'izany, izay niala avy tao Jerosalema ary nifindra ho any amin'ny “tany nampanantenaina” (1 Nefia 2:20)



manodidina ny taona 600 talohan'i J.K. Tantaran'ny fifandraisan'Andriamanitra tamin'ny mponina fahiny nipetraka tany amin'ny faritra iray tany amin'ny kaontinanta Amerikana izany. Tafiditra ao anatin'izany ny tantaran'ny asa fanompoana nataon'i Jesoa Kristy teo anivon'izy ireo taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty. Misy andinin-tsoratra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay ahafahana milaza fa rehefa nandeha ny fotoana dia niparitaka nanerana ny kaontinanta Amerikana izy ireo ary tany amin'ireo nosy teo amin'ireo ranomasina nanakaiky teo (jereo ny Almà 63:9–10). Nilaza mialoha ny mpaminanin'izy ireo fa Jentilisa maro dia maro no ho avy eo amin'ilay tany nampanantenaina amin'ny farany ary hirotsaka amin'ny Lamanita ny hatezeran'Andriamanitra ka hparitaka sy hofaizina ary hanakaiky ny ho fongana izy ireo (jereo ny 1 Nefia 13:10–14).

Teraka tany amin'ny manodidina ny taona 1850 tany amin'ny toerana izay antsoina hoe Nebraska ankehitriny i Echo Hawk, rain'ny dadabeko izay Indianina Pawnee. Rehefa feno 19 taona izy dia noterena ny vahoaka Pawnee mba hamoy ny tanindrazany izay mirefy 9 tapitrisa hekitara mahery mba hipetrahan'ireo mpanjanaka. Nalefa nandeha an-jatony kilaometatra nankany atsimo hatrany amin'ny toerana kely iray voatokana tany amin'ny Faritanin'ny Indianina Oklahoma ny vahoaka Pawnee tamin'ny 1874. Raha 12.000 no isan'ny vahoaka Pawnee tany am-piaingana, dia nihena ho lasa

latsaky ny 700 izy ireo rehefa tonga tany Oklahoma. Naparitaka sy nofaizina ary nanakaiky ny fandranganana ny Pawnee, toy ireo foko hafa.

Manana hafatra manokana ho an'ny taranaky ny Lamanita izay sisa tavela tamin'ny mpianakavin'i Isiraely ny Bokin'i Môrmôna. Nambaran'i Nefia izany hafatra izany tamin'izy nandika ny fahitana azon'ny rainy mikasika izao andro farany izao: “Ary amin'izay andro izay ny sisa tavela amin'ny taranatsika dia hahalala fa anisan'ny mpianakavin'i Isiraely izy, ary izy dia vahoakan'ny fanekempihavanan'ny Tompo; ary amin'izay dia ho fantany sady ho tonga amin'ny fahalalana ny razany izy ary koa amin'ny fahalalana ny filazantsaran'ny Mpanavotra azy, izay nampianarin'ny razany; koa ho tonga amin'ny fahalalana ny Mpanavotra azy izy sy amin'ny fahalalana ny antsipiriany marina amin'ny fotopampianarany ka hahafantarany ny fomba hanatonana Azy mba ho voavonjy.” (1 Nefia 15:14).

Rakitsoratra tena masina ny Bokin'i Môrmôna. Ahitana ny fahafenoan'ny filazantsara mandrakizay izany. Nanoratra ny Mpaminany Joseph Smith fa “ny Bokin'i Môrmôna no boky marina indrindra amin'ny boky rehetra eto antany sy vato ifaharan'ny fivavahantsika, ary hanatona bebe kokoa an'Andriamanitra ny olona amin'ny fanarahana ny fepetra ao anatiny toy izay ny ao anatin'ny boky hafa” (*Enseignement des Présidents de l'Église: Joseph Smith* [2007], 64). Raha izany dia manana

hafatra ho an'ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao izany izy ity.

Nifantoka tamin'ny fampanantenan'i Môrônia ity aho fony tovolahy 17 taona izay vao sambany namaky ny Bokin'i Môrmôna: “Ary rehefa handray ireto zavatra ireto ianareo, dia ta hamporisika anareo aho ny mba hanontanianareo an'Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin'ny anaran'i Kristy, raha tsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany amin-kitsimpo ianareo, omban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy, dia haneho ny fahamarinan'izany aminareo Izy amin'ny herin'ny Fanahy Masina.” (Môrônia 10:4).

Rehefa nandohalika aho hivavaka, dia nahazo fijoroana ho vavolombelona ara-panahy mahery vaika fa marina ny Bokin'i Môrmôna. Nanampy ahy nandamina ny fiainako izany fijoroana ho vavolombelona izany.

Manentana ny olona rehetra aho mba hamaky ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa Momba an'i Jesoa Kristy.

Mangataka manokana an'ireo sisa tavela amin'ny mpianakavin'i Isiraely aho, ireo taranaky ny olona avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, na aiza na aiza misy anareo, mba hamaky sy hamerina hamaky ny Bokin'i Môrmôna. Fantaro ireo fampanantenana hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Araho ireo fampianarana sy ohatra nasehon'i Jesoa Kristy. Manaova fanekempihavanana amin'ny Tompo ary tandremo izany. Katsaho sy araho ny fitarihan'ny Fanahy Masina.

Hofaranako amin'ny alalan'ny teny nolazain'i Amalekia ny teniko, izay mpaminany iray hafa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna: “Ary ankehitriny, ry rahalahy malalako, dia mba tiako ny hanatonanareo an'i Kristy, dia ny Iray Masin'ny Isiraely ary handraisanareo amin'ny anjara famonjeny sy ny herin'ny fanavotany. Eny, manatôna Azy ary atolory ho toy ny fanatitra ho Azy ny fanahinareo manontolo, ary tohizo ny fifadianareo hanina sy ny fivavahanareo, ary mahareta hatramin'ny farany; ary raha velona koa ny Tompo dia hovanjena ianareo.” (Ômnia 1:26)

Ho lasa fitaovana hanatanterahana ireo fampanantenana lehibe ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika rehefa manatona an'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika, ary manadio ny fontsika. Momba izany no ijoroako ho vavolombelona, amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon' ny Loholona Robert C. Gay
Ao amin' ny Fitopololahy

Fa inona no homen' ny olona ho takalon' ny ainy?

Tokony [hafointsika] ny fahotantsika rehetra na bitika na goavana, mba hahazoana ny fiainana mandrakizay izay valisoa avy amin' ny Ray

Nametraka izao fanontaniana manaraka izao tamin' ireo Mpianany ny Mpamonjy indray andro manao hoe: “Fa inona no homen' ny olona ho takalon' ny ainy?”¹

Io no fanontaniana iray izay nampianarin' ny raiko ahy mba hodinihiko am-pitandremana taona maro lasa izay. Rehefa nihalehibe aho dia nampandraiketin' ireo ray aman-dreniko asa fanao andavanandro tao an-trano, ary nanome vola kely ahy izy ireo ho tambin' izany asa izany. Matetika aho no mampiasa io vola io, izay 50 cents mahery kely isan-kerinandro, hijerena sarimihetsika. Tamin' izany andro izany ny vidin' ny tapakila fijerena sarimihetsika ho an' ny ankizy 11 taona dia nitentina teo amin' ny 25 cents eo ho eo. 25 cents ny ambiny tavela ho ahy hividiana vatomamy, izay 5 cents ny anankiray. Sarimihetsika miaraka amin' ny vatomamy dimy! Tsy nisy zavatra tsara mihoatra noho izany mety ho azo tamin' ilay vola.

Nizotra tsara ny zava-drehetra hatramin' ny faha-12 taonako. Teo am-pilahaarana aho indray tolakandro

no nahatsikaritra fa ny vidin' ny tapakila ho an' ny 12 taona dia 35 cents, ary midika izany hoe mihena roa ny vatomamy ho azoko. Koa satria tsy mbola vonona tsara aho ny hanao izany fahafoizan-tena izany, dia hoy aho tamin' ny tenako, “Mitovy amin' ny endrikao tamin' ny herinandro ihany ny endrikao izao.” Koa dia nandroso aho ary nangataka tapakila 25 cents. Tsy niahiahy akory na dia kely aza ilay mpandray vola. Ary dia vatomamy dimy toy ny mahazatra no novidiako fa tsy telo fotsiny.

Faly loatra tamin' ny zavatra vitako aho, ka nony avy teo dia nody faingana ho any an-trano mba hilaza amin' ny dadako izany tombony goavana azoko izany. Raha nilaza taminy ny antsipiriany aho, dia tsy niteny na inona na inona izy. Rehefa tapitra ny teniko, dia nijery ahy fotsiny izy ary niteny hoe: “Anaka, dia hatakalonao vola 5 cents ve ny fanahinao?” Nampanenina ilay foko izay vao 12 taona ireo teny izay nataony ireo. Ary lasa lesona izay tsy adinoko mihitsy izany hatramin' izao.

Taona maro taty aoriana dia izaho indray no nametraka an' io fanontaniana io ihany tamin' ny mpihazona Fisoronana Melkizedeka iray izay somary nalainaina. Lehilahy nahafinaritra izy io, izay tena tia ny fianakaviany. Saingy tsy nandeha tany am-piangonana izy efa ho taona maro izay. Nanan-janaka lahy iray manan-talenta izy, izay mpilalao fanatanjahan-tena tao anaty ekipa iray matihanina mitetitety faritra ary manao fanazaran-tena sy milalao amin' ny andro Alahady. Io ekipa io dia efa nandresy im-betsaka tamin' ny fiadiana ho tompon-daka avo lenta. Rehefa nihaona izahay dia nampahatsiahiviko azy fa amin' ny maha-mpihazona fisoronana azy dia nampanantenaina izy fa raha milofo amin' ny fianianany sy ny fanekempihavanany dia handray “izay rehetra ananan' ny Rain[tsika].”² Avy eo dia nanontaniako izy hoe: “Moa ve ny fiadiana ho tompon-daka nasionaly dia mahaleo ny zava-drehetra ananan' ny Ray?” Namaly moramora izy hoe: “Azoko ny tianao hambara” ary avy eo dia namandrika fotoana hihaonana tamin' ny evekany izy.

Ankehitriny dia toa mora tokoa ny ho voasarika ho tafiditra lalina amin' ireo zavatra araka izao tontolo izao izay lazaina amintsika fa tsara—na dia eo aza ireo faniriana tsara ananantsika. Izao tontolo izao dia manery antsika “[hibanjina] ny any ivelan' ny tanjona.”³ Nisy olona iray nanontany ahy vao tsy ela akory hoe: “Mampaninona moa izay misotro indray mandeha fotsiny?” Moa ve hitanao fa fanontanian' ny fahavalo izany? I Kaina dia nanontany hoe: “Iza moa ny Tompo no tokony hahafantatra azy aho?”⁴ ary avy eo dia namery ny fanahiny izy. Rehefa manamarin-tena isika noho ny fahavitana fahotana madinika dia mandresy i Satana. Fizokiana sy lova no natakalo ronono iray tavoahangy,⁵ na anarana diso tsipelina,⁶ na voanemba masaka.⁷

Rehefa dinihantsika ireo fifanaka-lozana kely na lehibe izay maha-voan' ny fakam-panahy antsika eo amin' ny fiainantsika, ny azontsika atao dia na manamarin-tena amin' ny zavatra ataontsika, toa an' i Kaina, na mikatsaka ny hanao ny sitrapon' Andriamanitra. Ny fanontaniana tokony hoeritretintsika dia tsy hoe moa ve isika manao zavatra izay ilaina ahitsy, satria efa manao zavatra ohatr' izany foana. Fa ny fanontaniana dia ny hoe

moa ve isika “hihemotra” sa “hamita” ny asa izay takian’ ny Tompo mba hataontsika?⁸

Tian’ ny Tompo ny fahamarinantsika nefa angatahiny amintsika kosa ny hibebaka sy hankatò tsy an-kiato. Ao amin’ ny Baiboly no ahitantsika fa tovolahy iray mpanankarena sy mpi-tandrina ny didy no nandohalika teo anoloan’ ny Mpamonjy ary nanontany Azy izay tokony hataony mba hananany ny fiainana mandrakizay. Nihodina tamin’ alahelo izy raha niteny ny Mpamonjy nanao hoe: “Diso zavatra iray loha ianao: . . . amidio izay rehetra anananao.”⁹

Kanefa dia lehilahy iray hafa mpanankarena ihany koa saingy olon’ izao tontolo izao, dia ny lehiben’ ny mpanjaka Lamanita, rain’ i Lamônia, no nametraka fanontaniana mitovy amin’ izany mikasika ny fiainana mandrakizay nanao hoe: “Inona no ataoko mba ho azo aterak’ Andriamanitra aho, rehefa ongotana hiala ato an-tratrako izao faharatsiam-panahy izao ka handraisako ny Fanahiny[?] . . . Hahoiko ny fanjakako mba hahazoako mandray izany fifaliana lehibe izany.”¹⁰

Tsaroanao ve ny valiny nomen’ ny Tompo ny mpanjaka tamin’ ny alalan’ i Aharôna Mpanompony? “Raha mibebaka amin’ ny fahotanao rehetra ianao, ary miankohoka eo anoloan’ Andriamanitra sy miantso ny anarany amim-pinoana sady mino fa ianao dia handray, amin’ izany dia handray ny fanantenana izay irinao ianao.”¹¹

Rehefa nahatakatra ireo teny mitaky fahafoizan-tena ireo ny mpanjaka dia nanetry ny tenany ary nandohalika sy nivavaka nanao hoe: “Andriamanitra ô, . . . hahoiko ny fahotako rehetra hahafantarako anao.”¹²

Izao no takalo izay angatahin’ ny Mpamonjy amintsika: tokony hahafoy ny fahotantsika rehetra isika na bitika na goavana, mba hahazoana ny fiainana mandrakizay izay valisoa avy amin’ ny Ray. Tokony hadinointsika ireo tantara filan-tsiny, ireo fanazavana, ireo tetik’ ady fiarovantena, ireo fanemorana, ireo endrika ivelany, sy ny fireharehan’ ny tena manokana, ary ny fitsaratsarana ny hafa any an-tsaina, ary ny fanaovana ireo zavatra amin’ ny fomba itiavantsika azy. Tokony mampihataka ny tenantsika amin’ ny fomban’ izao tontolo izao isika ka mandray ny



endrik’ Andriamanitra eo amin’ ny tarehintsika.¹³

Ry rahalahy sy anabavy isany, tokony ho tsaroantsika fa io zavatra nampantraiketina io dia mihoatra noho ny tsy fanaovana zavatra ratsy fotsiny. Koa satria miasa mafy ny fahavalontsika, dia tokony hiasa ihany koa isika fa tsy hitoetra ao amin’ ny “toetry ny fahadontoana.”¹⁴ Ny dikan’ ny hoe fandraisana ny endrik’ Andriamanitra dia hoe fifanomboan’ ny tsirairay. Misy ireo fahotana noho ny zavatra tsy mety ataontsika, ary misy koa ireo fahotana noho ny zavatra izay tsy ataontsika kanefa tokony hataontsika, ary tokony samy hialantsika ireo roa ireo.

Nandritra ny naha-filohan’ ny misiôna ahy tany Afrika, dia nampianarina an’ io fahamarinana lehibe io foana aho. Teny an-dàlana hamonjy fivoriana aho no nahita zazalahy iray manirery izay nidradradradra nitomany tery an-tsisin-dàlana. Nisy teny avy tao anatiko niteny hoe: “Mijanôna ary ampio io zazalahy io.” Haingana tahaka ny nandrenesako io feo io ihany koa ary tsy nisy iray segondra no nitadiavako filan-tsiny tao an-tsaiko hoe: “Tsy afaka mijanona ianao. Ho tara ianao. Ianao no manam-pahefana mpiahy ka tsy tokony ho tara.”

Rehefa tonga tany amin’ ny trano fivoriana aho dia naheno ilay feo teo ihany izay niteny indray hoe: “Mandehana manampy ilay zazalahy.” Ka dia nomeko ny mpikambana iray tato amin’ ny Fiangonana antsoina hoe Afasi ny

fanalahidin’ ny fiarako ary niangaviako izy mba hitondra ilay zazalahy ho aty amiko. Afaka 20 minitra taty aoriana dia nahare kapoka kely teo an-tsoroko aho. Efa tao ivelany ilay zazalahy kely.

Teo ho eo amin’ ny 10 taona teo izy. Fantatray teo fa efa maty ny rainy, ary ny reniny dia tany am-ponja. Tany amin’ ireo faritra mahantra any Accra no nipetraka izy, tao amin’ ny mpikarakara iray izay nanome sakafo sy toerana hatoriana ho azy. Mba hahafahany mahazo izany dia nila nivaroetra trondro maina teny an-dalàna izy. Kanefa taorian’ io andro niantsoantsoana mpividy io, dia nisava ny paosiny izy ary nahita fa nisy loaka izany. Very avokoa ny vola rehetra azony. Fantatray sy i Afasiavy hatrany fa raha toa ka niverina nody tsy nitondra vola izy, dia ho lazaina fa mpandainga, ary mety ho nokapohina mihitsy aza, ary avy eo dia horoahina ho eny amin’ ny arabe. Tao anatin’ io fotoana nahahe-niky ny tahotra sy tebiteby azy io no nahitako azy voalohany. Nampitoniana ny tahotra izay nananany, nomenay vola izy mba hanoloana ireo vola izay very ary nentinay niverina hody any amin’ ilay mpikarakara azy izy.

Rehefa teny an-dalana hody aho ny harivan’ iny, dia tonga saina noho ny fahamarinana roa lehibe. Ny voalohany dia nahafantatra aho, mihoatra noho ny teo aloha fa mahatsiaro antsika tsirairay Andriamanitra ary tsy mba handao antsika na oviana na oviana; ary ny faharoa dia nahafantatra aho hoe tokony



azy amin' ny alalan' ireo mpaminany nofinidiny. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Matio 16:26.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:38.
3. Jakôba 4:14 ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.
4. Mosesy 5:16.
5. Ny ronono iray tavoahangy sy ny erotra (izay matavy tsara) no fototry ny disadisa teo amin' ny vadin' i Thomas B. Marsh sy Ramatoa Harris, izay nifanaiky fa hifanambatra vokatra mba hanaovana frômazy. Rehefa hitan' i Ramatoa Harris fa Ramatoa Marsh dia tsy nanao ny ero-dronono tao anatin' ny ronono fa nitazona izany ho azy samirery, dia nimenomenona izy ary dia niady ireo vehivavy ireo. Nakarin' i Thomas Marsh tany amin' ny eveka ny raharaha, ary ny eveka dia niandany tamin-dramatoa Harris. Rehefa niainga avy tany amin' ny eveka izany ilay raharaha dia nandalo tany amin' ny filan-kevitra avo, ary teo amin' ny Fiadidiana Voalohany, ireo rehetra ireo dia samy niombon-kevitra ny amin' ny fahadisaoan-dramatoa Marsh. Nahatonga fifandrafiana teo amin' i Thomas Marsh sy ireo Rahalahy izany. Fotoana fohy taorian' izany dia nijoro ho vavolombelona teo anatrehan' ny mpitsara tao Missouri i Thomas Marsh fa ireo Môrmôna dia manohitra ny fanjakan' i Missouri. (Jereo ny Geroge A. Smith, "Discourses," *Deseret News*, 16 Apr. 1856, 44.)
6. Rehefa nanolotra antso an' i Simonds Ryder ny Mpaminany Joseph Smith mba hanao asa fanompoana dia nahita i Ryder fa ny anarany dia voasoratra hoe "Rider" tao amin' ny fanambarana voarakitra. Tafintohina izy, ary izany no nitarika azy tamin' ny apôstazia, ary taty aoriana dia lasa nitarika azy handray anjara tamin' ny fanosorana tara sy volon' akoho tamin' ny mpaminany. Tsy nahafantatra i Ryder fa i Joseph Smith mazàna dia manonona ireo fanambarana amin' ireo mpitan-tsoratra ary tsy nanana anjara tamin' ny tsiipelina. (Jereo ny Milton V. Backman Jr., *The Heavens Resound: A History of the Latter-day Saints in Ohio, 1830–1838* [1983], 93–94; Donald Q. Cannon sy Lyndon W. Cook, eds., *Far West Record: Minutes of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 1830–1844* [1983], 286.)
7. Ao amin' ny Genesisy toko faha-25, no hianarantsika fa Esao dia nivarotra ny fizokiany tamin' i Jakôba mba hahazoana "mofy sy voanemba masaka" (andininy faha 34).
8. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:18–19.
9. Jereo ny Marka 10:21–22.
10. Almà 22:15.
11. Almà 22:16.
12. Almà 22:18.
13. Jereo ny Almà 5:14–19.
14. Almà 60:7.
15. Marka 1:18.
16. Matio 18:11.
17. Jakôba 1:8 ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:27.
19. Jereo ny Lioka 15:11–32.
20. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:15–16.
21. Neal A. Maxwell, *Deposition of a Disciple* (1976), 88.
22. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:38.

hihaino lalandava ny feon' ny Fanahy ao anatintsika isika ary mandeha "avy hatrany"¹⁵ na aiza na aiza hitarihan' izany antsika, na dia eo aza ny tahotsika na ny zavatra hafa mety hanakana.

Indray andro ireo mpianatra dia nanontany ny Mpamonjy ny amin' izay lehibe indrindra ao amin' ny fanjakan' ny lanitra. Noteneniny izy ireo mba hiova, sy hanetry tena, ary hankatò tahaka ny zazakely. Avy eo dia hoy Izy: "Ny Zanak' Olona dia tonga mba hamonjy [izay] very."¹⁶ Tamin' io fehezanteny iray io fotsiny no namaritany ny asa nanirahana antsika. Isika dia mila manavotra—ireo izay very, sy ireo izay heverina ho farany indrindra, ary ireo izay heverina ho kely indrindra. Tsy ampy ny miala amin' ny ratsy fotsiny; tsy maintsy "miaritra ny hazofijaliany"¹⁷ ary "hazoto hirotsaka,"¹⁸ hanampy ireo hafa amin' ny fiovam-po. Tokony hotsenaintsika amim-pangorahana sy am-pitiavana ilay zanaka adala,¹⁹ tokony hovaliantsika ny tomanin' ireo kamboty sy ny ratran' ireo izay ao anatin' ny haizina sy ny fahakiviana.²⁰ ary ny antson' ireo fianakaviana mila vonjy. "Tsy ilain' i Satana ho lasa toa an' i Kaina sy Jodasy avokoa ny olon-drehetra. . . ." hoy ny Loholona Neal A. Maxwell. "Ampy azy ny manafo izay ahatonga . . . ireo olona mahavita azy mba hihevitra ny tenany ho sady tsy ho an' ny atsy no tsy an' ny aroa."²¹

Taorian' ny fihaonamben' ny tsatòka iray vao haingana dia nisy zatovolalahy iray nanatona ahy ary nanontany hoe:

"Moa tia ahy ve Andriamanitra?" Enga anie ny fiainantsika feno fanompoana haneho fa tsy manadino na iza na iza Andriamanitra.

Ho an' ilay fanontaniana hoe: "Inona no homen' ny olona ho takalon' ny ainy?" dia tian' i Satana isika mba hivarotra ny fiainantsika ho takalon' ny vatomamy sy ny fiadiana ho tompon-daka eto amin' ity izao tontolo izao ity. Miantso antsika nefa ny Mpamonjy, ary tsy manolotra valisoa araka izao tontolo izao, mba hanakalozantsika ny fahotantsika, sy mba hakantsika eo amintsika ny Endriny, ary mba hanampiantsika ireo izay azontsika taomina mba hanao toy izany ihany koa. Avy amin' izany no ahafahantsika mahazo izay rehetra ananan' Andriamanitra, dia izay nolazaina tamintsika fa mihoatra noho ny rakitsoan' ny tany.²² Azonao sary an-tsaina ve izany?

Tamin' ny diako vao tsy ela tany Nicaragua, dia nahatsikaritra takelaka iray aho tao amin' ny trano iray tsototra izay an' ny fianakaviana iray novangianay. Toy izao no voasoratra tamin' izany, "Ny fijoroako ho vavolombelona no fananana sarobidy indrindra anakako." Mitovy hevitra amin' izany koa aho. Ny fijoroako ho vavolombelona no harenan' ny fanahiko, ary amin' ny fahamarinana avy ao am-poko no hametrahako aminareo ny fijoroako ho vavolombelona fa ity fiangonana ity no Fiangonana marina izay an' Andriamanitra, ary ny Mpamonjy antsika no mijoro eo amin' ny lohany sy mitarika



Nataon' ny Loholona Scott D. Whiting

Ao amin' ny Fitopololahy

Fenitry ny Tempoly

Ireo fenitra avo dia avo arahin' ity Fiangonana ity mikasika ny fanorenana tempoly dia ohatra, ary tena tandindona mihitsy aza, ho an' ny fomba tokony hitondrantsika ny fiainantsika manokana.

Raha nitsidika ny Tempoly tsara tarehin' i Brigham City Utah aho vao tsy ela izay, dia nahatsiaro ny zavatra iray izay niainako raha niandraikitra ny fandrindrana ny varavarana misokatra sy ny famerenana ny fanokanana ary ny lanonana arakolotsaina tany amin' ilay Tempoly manan-tantaran' i Laie Hawaii.

Volana vitsivitsy mialohan' ny fahavitan' ilay asa fanarenana goavana dia nasaina aho hiaraka hitsidika an' ilay tempoly niaraka tamin' ny Loholona William R. Walker, Tale Mpanatanteraka ao amin' ny Departemantan' ny Tempoly, sy ireo mpiara-miasa aminy ao amin' ny Departemantan' ny Tempoly. Ankoatr' izay dia nanatrika teo koa ny mpikambana samihafa tao amin' ilay orinasa mpanao ny asa fanarenana. Anisan' ny tanjona tamin' ilay fitsidihana ny hijery ny fivoaran' ny asa vita sy ny hatsarany. Tamin' ny fotoana nanaovana io fitsidihana io dia teo amin' ny 85 isan-jato teo ny fahavitan' ny asa.

Rehefa niroso nitety ny tao anatin' ny Tempoly izahay dia nandinika sy nihaino ny Loholona Walker sy ireo mpiara-miasa taminy aho teo ampandinihan' izy ireo ny asa sy teo ampiresahan' izy ireo tamin' ilay tompon' andraikitr' ilay orinasa. Nisy fotoana nahatazanako lehilahy iray nisafo ireo rindrina tamin' ny tanana isaky ny

nifindra efitra izahay. Fotoana fohy aorian' ny fanaovany izany dia ampifampikasohany ny rantsantanany ary dia miteny amin' ilay tompon' andraikitr' ilay orinasa izy hoe: “Mahatsapa marokoroko aho eto amin' ity rindrina ity. Tsy mifanaraka amin' ny fenitry ny tempoly ny marokoroko. Mila mamerina mandalotra io rindrina io ianareo mba hampalama azy tsara.” Noraisin' ilay tompon' andraikitra an-tsoratra tsara ny fanamarihana tsirairay.

Rehefa nanatona ny faritra iray tao amin' ilay tempoly izahay, faritra izay tsy ho hitan' ny mason' ny olona firy, dia najanon' iny olona iny ihany izahay ary nosarihany ny sainay hifantoka amin' ny varavarankely iray tsara tarehy vao napetaka, izay vita amin' ny fitaratra misy firaka. Teo amin' ny 60 santimetatra teo ny sakan' ilay varavarankely ary teo amin' ny iray metatra sy valopolo teo ny halavany, ary nahitana nisy endrika jeometrika kely vita tamin' ny fitaratra miloko teo aminy. Nanondro efajoro kely iray mirefy 5 santimetatra izy, izay fitaratra miloko anisan' ny endrika tsotra, ary dia nilaza hoe “Mitongilana ity efajoro ity.” Nojereko ilay efajoro ary amiko dia nahitsy tsara ny nametahana azy. Kanefa rehefa nandinika akaikikaiky kokoa aho sady nampiasa fitaovana handrefesana dia nahita fa nisy tsy

nety, ary tena nitongilana teo amin' ny 3 milimetatra teo io efajoro kely io. Nomena torolalana avy teo ilay tompon' andraikitra fa ilaina ny manolo io varavarankely io satria tsy manaraka ny fenitry ny tempoly.

Miaiky aho fa nanaitra ahy ny ilana ny fanoloana varavarankely iray manontolo noho ny tsy fetezana kely izay zara fa tsikaritra. Azo antoka fa tsy hisy na iza na iza hahafantatra na hahatsikaritra an' io varavarankely io noho izy teo amin' ny faritra iray ao amin' ny tempoly izay tsy dia hitan' ny olona loatra.

Raha nandeha fiara nody avy tany amin' ny tempoly aho tamin' io andro io dia nandinika ny zavatra izay niararako avy tamin' io zavatra niainako io—na, ny marimarina kokoa, ny zavatra izay noheveriko fa nianarako. Efa herinandro maromaro taty aoriana, raha nasaina nitsidika ilay tempoly izay efa vita aho, vao lasa nazava kokoa ny fahatakarako ny zavatra niainako tamin' ilay fitsidihana teo aloha.

Rehefa niditra ilay Tempolin' i Laie Hawaii izay vao navaozina tanteraka aho dia talanjona noho ny hatsarany sy ny kalitaon' ny zava-bita. Takatra-reo tsara ny fahalianako hahita ireo rindrina izay nisy “marokoroko” sy ilay varavarankely izay nisy “tsy nety.” Naverin' ilay orinasa nolalorina ho malama tsara ve ireo rindrina? Moa ve tena nosoloina tokoa ilay varavarankely? Rehefa nanatona ireo rindrina izay nisy narokoroko aho dia taitra raha nahita fa nisy temotra tsara tarehy izao fanandrakotra ireo rindrina rehetra. Ny tonga tato an-tsaiko voalohany dia hoe “Izao izany no fomba namahan' ilay orinasa an' ilay olana hoe misy marokoroko—norakofany ilay izy.” Saingy tsy izay, nampahafantarina ahy fa efa tao anatin' ny drafitra hatrany am-piandohana ny hoe handrakofana temotra an' ireo rindrina ireo. Nanontany tena aho hoe fa nahoana no dia noraisina ho zavadehibe ny marokoroko kely izay zara fa tsapa raha toa ka efa tsy maintsy ho rakofana temotra ihany izany. Avy teo dia tsy andriko izay hanatonana an' ilay faritra nisy an' ilay varavarankely nisy tsy fetezana ary taitra aho raha nahita zavamaniry tao anaty tavimbo-ninkazo avo hatreny amin' ny tampon' ny efitrano, izay napetraka teo anoloan' ilay varavarankely mihitsy.



Nieritreritra indray aho hoe: “Izao izany no fomba namahan’ ilay orinasa ilay olana tamin’ ilay efajoro kely nitongilana—nafeniny ilay izy.” Rehefa nanatona kokoa aho dia nakisako ireo ravin’ ilay zavamaniry ary nitsiky aho raha nahita fa tena nosoloina tokoa ilay varavarankely. Ankehitriny dia nipetaka tsara ary nahitsy tsara teo amin’ ilay rafitra manontolo ilay efajoro kely izay nitongilana teo aloha teo. Nam-pahafantarina ahy fa efa tao anatin’ ny drafitra hatrany am-boalohany ny hisian’ ny zavamaniry iray eo anoloan’ io varavarankely io.

Fa nahoana no nilana asa fanampiny na fanoloana mihitsy aza ny marokoro kely sy ny varavarankely iray izay misy tailana kely kanefa tsy hisy tanan’ olona na mason’ olona hahita na hahatsapa izany akory. Nahoana ny mpanatanteraka asa iray no notakiana hanaraka fenitra avo lenta toy izany?

Rehefa nivoaka ny tempoly aho sady lasa saina, dia nahita ny valiny notadiaviko raha nitraka nijery ny endrika ivelany izay nasiam-panavaozana ary nahita ireto teny ireto, “Fahamasinana ho an’ ny Tompo, ny Tranon’ ny Tompo.”

Tena araka io voalaza io mihitsy ireo tempolin’ ity Fianganana ity. Ireny trano masina ireny dia naorina mba ho ampiasaintsika, ary ao anatin’ ny rindrin’ izy ireny no hanatanterahana ôrdônansy masina sy mitondra famonjena. Fa tsy tokony hisy fisalasalana raha ny mikasika ny hoe tranon’ iza

marina moa io trano io. Ny fitakiant-sika fenitra mazava tsara mikasika ny fanorenana trano hatrany amin’ ny pitsopitsony kely indrindra dia tsy hoe hanehoantsika fotsiny ny fitiavantsika sy ny fanajantsika an’ i Jesoa Kristy Tompo, fa hanaporofointsika amin’ ny mpitazana rehetra ihany koa fa hajaintsika sy deraintsika koa Izy izay tompon’ ilay trano.

Ao amin’ ilay fanambarana nomena an’ i Joseph Smith mikasika ny tokony hanorenana tempoly ao Nauvoo dia nanome torolalana ny Tompo hoe:

“Avia ianareo, miaraka amin’ ny volamenanareo rehetra sy ny volafotsinareo, ary ny vatosoanareo sy ny rakitry ny ela rehetra anareo; ary miaraka amin’ ireo rehetra izay manana fahalalana momba ny rakitry ny ela, . . . ary mitondra . . . ny hazo sarobidy rehetra eto an-tany;

“. . . Ary manorena trano ho an’ ny anarako mba hitoeran’ ny Avo Indrindra.”¹

Izany dia manaraka lamina iray izay napetrak’ i Solomona Mpanjaka ao amin’ ny Testamenta Taloha raha nanorina tempoly ho an’ ny Tompo izy ka tsy nampiasa afa-tsy izay akora sy taozavatra faran’ izay tsara indrindra.² Amin’ izao andro izao dia manohy manaraka izany lamina izany isika, miaraka amin’ ny fitandremana araka izay mety, rehefa manorina ireo tempolin’ ny Fianganana.

Nianatra aho fa na dia mety tsy hisy mason’ olombelona sy tãnan’

olombelona hahita na hahatsapa mihitsy aza ny tsy fetezana kely iray, dia fantatry ny Tompo hoe hatraiza ny habetsaky ny ezaka nataontsika sy ny hoe nanao izay tsara indrindra azontsika natao ve isika sa tsia. Marina koa izany raha mikasika ny ezaka ataon’ ny tenantsika manokana hananana fiainana mendrika ireo fitahiana entin’ ny tempoly. Nanoro hevitra ny Tompo hoe:

“Ary raha toa ka manorina trano ho Ahy amin’ ny anaran’ ny Tompo ny oloko ary tsy mamela zavatra tsy madio hiditra izany mba tsy haloto izany, dia hitoetra amin’ izany ny voninahitro;

“Eny, hanatrika ao Aho satria hiditra ao Aho, ary ny madio am-po rehetra izay hiditra ao dia hahita an’ Andriamanitra.

“Fa raha maloto izany, dia tsy hiditra ao Aho ary tsy ho ao ny voninahitro; fa tsy hiditra ao amin’ ny tempoly tsy madio Aho.”³

Toy ilay mpanorina trano, rehefa mahafantatra zavatra izay tsy mifanaraka amin’ ny fampianaran’ ny Tompo isika eo amin’ ny fiainantsika manokana, rehefa latsa-danja noho izay tratry ny herintsika ny ezaka vitan-tsika, dia tokony hanao faingana izay hanitsiana izay zavatra tsy mety rehetra isika, ka miaiky fa tsy afaka manafina ny fahotantsika amin’ ny Tompo isika. Mila mahatsiaro isika fa “rehefa miezaka ny hanafina ny fahotantsika isika, . . . dia indro, misintona ny lanitra; [ary] malahelo ny Fanahin’ ny Tompo.”⁴

Nianatra koa aho fa ireo fenitra avo dia avo arahin' ity Fiangonana ity mikasika ny fanorenana tempoly dia ohatra, ary tena tandindona mihitsy aza, ho an' ny fomba tokony hitondrantsika ny fiainantsika manokana.

Azontsika ampiharina amin' ny tenantsika manokana ireo fampianaran' ny Apôstôly Paoly izay nomena ho an' ny Fiangonana fahiny raha nilaza izy hoe:

“Tsy fantatrarao va fa tempolin' Andriamanitra hianareo, ary ny Fanahin' Andriamanitra mitoetra ao anatinareo?

“Raha misy manimba ny tempolin' Andriamanitra, dia mba hosimban' Andriamanitra kosa izy; fa masina ny tempolin' Andriamanitra, dia hianareo izany.”⁵

Isika tsirairay avy dia vita avy amin' ny akora faran' izay tsara indrindra, ary dia isika izao no vokatry ny asa-tanan' Andriamanitra izay mahatalanjona. Saingy rehefa mandingana ny taona maha-tompon' andraikitra isika ary miditra eo amin' ny sehatra hiadian' ny fahotana sy ny fakam-panahy, dia lasa mety mila fanavaozana sy asa fanarenana ny tempolintsika manokana. Angamba mety misy rindrina marokoroko ao anatintsika ao izay tokony ho lalorina, na varavarankely ao amin' ny fanahintsika izay tokony ho soloina mba hahafahantsika mitoetra amin' ny toerana masina. Soa ihany fa ny fenitry ny tempoly izay takiana mba ho arahintsika dia tsy ny fahatanterahana, na dia mikatsaka ny hahatratra izany aza isika, fa ny hitandremantsika kosa izay didy sy ny hiezahantsika araka izay tratrantsika ny hiaina toy ny mpianatr' i Jesoa Kristy. Ny vavaka ataoko dia ny hiezahantsika rehetra hanana fiainana mendrika ireo fitahiana entin' ny tempoly, amin' ny alalan' ny fanaovana izay tsara indrindra vitantsika, sy ny fanaovana izay fanatsarana rehetra ilaina ary ny fanesorana izay tsy mety sy tsy fahatanterahana mba hahafahan' ny Fanahin' Andriamanitra hitoetra mandrakariva ao amintsika. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 124:26–27.
2. Jereo ny 1 Mpanjaka 6–7.
3. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 97:15–17.
4. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 121:37.
5. 1 Korintiana 3:16–17; jereo koa ny andininy faha-19.



Nataon' ny Loholona Neil L. Andersen

Ao amin' ny Kôlejiny ny Apôstôly Roambinifilo

Fitsapana ny Finoanao

Toy ilay afo midedadeda izay manova ny vy ho tsy, rehefa mitoetra ho mahatoky isika mandritra ny fizahan-toetra ny finoantsika, dia misy fandiovana ara-panahy mitranga ary dia mitombo ny herintsika ara-panahy.

Folo taona lasa izay raha nipetraka tany Sao Paulo, Brésil, izaho sy i Kathy vadiko, dia ny Filoha David Marriott no filohan' ny Misionan' i Interlagos tao Sao Paulo, Brésil. Nipetraka teo akaikinay izy sy i Neill vadiny ary ireo zanakalahiny dia i Will sy i Wesley ary i Trace. Nandao ny fonenany izy ireo, sy ny asa fihariany ary ny maro tamin' ireo fianakaviany, satria nanaiky ny antso avy tany amin' ny mpaminany dia ny hanompo hanao asa fitoriana.

Indray tolakandro dia niantso ahy ny Filoha Marriott. Voahosin' ny kamiô i Georgia zanakavavin' izy ireo izay sarobidy sy marina, 21 taona ary efa tao amin' ny kilasy ambony tamin' ny fianarana fitendrena lokanga, tao amin' ny Oniversiten' i Indiana, raha iny izy nitaingina bisikileta iny ka nandeha nody avy namonjy fivoriampiangonana. Raha ny tatitra voalohany dia hoe tsy dia naninona i Georgia. Ora vitsivitsy taty aoriana anefa dia niharatsy be ny toe-pahasalamany.

Nanomboka nifady hanina sy nivavaka ho an' i Georgia ireo tapaka sy namana mba hisian' ny fahagagana. Nandeha fiara manidina avy tany Brésil ny reniny ny alin' iny. Rehefa tonga teo amin' ny seranam-piaramanidina izy dia notsenain' ireo zanany vavy sy ny zanany lahy hafa. Namihina azy izy ireo ary nanazava tao anatin' ny ranomaso

fa teo anilan' i Georgia izy mianadahy tamin' ny fotoana nialany aina.

Nandinika ny fianakaviana Marriott aho tamin' ny fotoana niainan' izy ireo io fahoriana io sy nandritra ireo volana sy taona taorian' izany. Nitomany izy ireo, nivavaka, niresaka momba an' i Georgia izy ireo ary nahatsapa fahoriana sy alahelo lalina saingy tsy nihozongozona ny finoany. Tamin' ny fivoriana aninkeheo maraina dia nahare mikasika ny finoana mitovy amin' izany isika teo amin' ny fiainana mahafinaritra izay an' ny fianakaviana Bowen sy Wilberger.¹

Ny fanomezam-pahasoavan' ny finoana dia fanaftiana ara-panahy tsy hay vidiam-bola. “Ary izao no fiainana mandrakizay,” hoy i Jesoa nivavaka, “dia ny mahafantatra Anao, Izy Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao.”²

Andriamanitra Raintsika sy i Jesoa Kristy Zananilahy izay Mpamonjy sy Mpanavotra antsika no ivon' ny finoantsika. Izany dia tohanan' ny fahalalantsika fa naverina tamin' ny laoniny teto ambonin' ny tany ny filazantsara, fa tenin' Andriamanitra ny Bokin' i Môrmôna, ary misy mpaminany sy apôstôly amin' izao andro izao miha-zona ny fanalahidin' ny fisoronana. Ankamamiansika ny finoantsika, miezaka isika hanamafy orina ny finoantsika,



mivavaka mba hanana finoana lehibe kokoa, ary manao izay rehetra tran-tran' ny herintsika mba hiarovana ny finoantsika.

Ny Apôstôly Petera dia namaritra zavatra iray izay nantsoiny hoe “fizahan-toetra ny finoanareo.”³ Efa niaina izany izy. Tsarovy ny tenin' i Jesoa manao hoe:

“Ry Simona, . . . Satana efa nilofo nitady anareo hokorohiny toy ny vary.

“Nefa Izaho nangataka ho anao, mba tsy ho levona ny finoanao.”⁴

Nankahery ireo namany hafa i Petera taty aoriana hoe: “Aza gaga,” hoy izy, “noho ny fizahan-toetra mahamay izay mahazo anareo.”⁵

Ireny fizahan-toetra mahamay ireny dia natao hahatonga anareo ho mafy orina kokoa, saingy izy ireny dia afaka mampihena na mandrava mihitsy aza ny fitokianareo amin' ilay Zanak'Andriamanitra ary mampihena ny fahavononanareo hitandrina ny fampanantenana nomenareo Azy. Miafina ireny fizahan-toetra ireny matetika, ka mahatonga azy ho saro-pantarina. Mamaka ao amin' ireo fahalementsika, sy ao amin' izay mora asiana ao amin-tsika, ary ao amin' izay maha-mora tohina antsika izy ireny, na ao amin' ireo zavatra izay manan-danja indrindra amintsika. Ny fitsapana iray izay tena misy kanefa azo atrehina tsara dia mety ho fizahan-toetra mahamay ho an' ny olona iray hafa.

Ahoana no ahafahanareo “[m]iorina mafy [. . .] sady tsy miova”⁶ rehefa mandalo fizahan-toetra ny finoana ianareo? Miroboka ao anatin' ireo zavatra izay tena nanampy anareo hanorina ny fototry ny finoanareo ianareo: mampihatra finoana an' i Kristy, mivavaka, mandalina ny soratra masina, mibebaka, mitandrana ny didy, ary manompo ny hafa.

Rehefa miatrika ny fizahan-toetra ny finoana ianareo—na inona na inona ataonareo, dia tsy hanalavitra

ny Fiangonana ianareo! Ny fihatahanareo amin' ny fanjakan' Andriamanitra mandritra ny fizahan-toetra ny finoana dia toy ny mandao ilay toerana azo antoka misy tafo mahatanty rivozo rehefa injay iny tazana iny ilay rivozoza manatona.

Hoy ny Apôstôly Paoly hoe: “Koa dia tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony ianareo, fa tompo-tany, mpiray fanjakana amin' ny olona masina sady ankehonon' Andriamanitra.”⁷ Miaro ny finoana ananantsika isika rehefa eo anivon' ny toerana masina, dia ny Fiangonana. Miara-miangona amin' ireo izay mpino isika mba hivavaka sy hikatsaka valiny amin' ireo vakava ataontsika. Midera an-kira isika, mizara fijoroana ho vavolombelona momba ny Mpamonjy, mifanompo ary mahatsapa ny Fanahin' ny Tompo. Mandray ny fanasan' ny Tompo isika, sy mandray ireo fitahiana avy amin' ny fisoronana ary manatrika ireo fivoriana any amin' ny tempoly. Nanambara ny Tompo hoe: “Miharihary ao amin' ny ordônans[y] . . . ny herin' ny toetra araka an' Andriamanitra.”⁸ Rehefa miatrika fisedrana ny finoana ianareo—dia mitoetra eo amin' ny toerana azo antoka ao amin' ny ankehonon' Andriamanitra. Misy toerana ho anao foana ao. Tsy misy fizahan-toetra lehibe loatra ka hoe tsy ho vitantsika ny mandresy izany miaraka.⁹

Nilaza ny Filoha Thomas S. Monson hoe: “[Nihen-danja haingana dia haingana] ny fironan' ny teo-tsaina ara-pahadiovam-pitondrantena eto anivon' ny fiaraha-monina. Ireo toetra . . . izay tsy azo nekeny sy maneho tsy fahadiovam-pitondrantena ankehitriny dia . . . raisin' ny . . . maro ho toy ny azo ekena.”¹⁰

Maro ireo tanora tokan-tena ato am-piangonana izay efa tonga taona efa elaela ihany. Na dia tsy mitovy amin' izay noeritretin' izy ireo aza ny fiainany amin' izao fotoana izao dia

mitandrana ny lalàn' ny fahadiovam-pitondran-tena izy ireo.¹¹ Izany dia mety ho fizahan-toetra ho an' ny finoany. Ambarako eto ny fanajako lalina sy ny fiderako an' ireo mpianatr' i Kristy ireo.

“Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin' ny fananahana.”¹² Tao amin' ny Testamenta Vaovao dia nampiakarin' ny Mpamonjy ho ambony kokoa ny fenitry ny fahadiovam-pitondran-tena ho arahin' ireo izay mpanara-dia Azy raha nanambara izy hoe “Izay rehetra mijery vehivavy hila azy . . . dia efa nijangajanga taminy tam-pony sahad.”¹³ Nampianatra antsika Izy mba tsy hanameloka ny hafa, kanefa dia tsy nataotra ny hiteny mivantana Izy manao hoe: “Mandehana,” hoy Izy, “dia aza manota intsony.”¹⁴

Ny fianakavianay dia manana namana iray izay. Mety mahafantatra olona toa azy io ianao, na mety ho toa azy io koa ianao. Mahatoky hatrany izy, manompo amin' ny fomba tena mihaja ato am-piangonana, derain' ny olona eo amin' ny lafiny arak' asa, ary tian' ireo fianakaviany tokoa, ary na dia nieritretitra ny hanambady sy ny hanan-janaka azy izy dia mbola vehivavy tokan-tena. “Efa nandray fanapahan-kevitra aho,” hoy izy, “ny hametraka . . . ny fitokiako amin' ny Jesoa Kristy. Ny fandehanana matetika any amin' ny tempoly dia manampy ahy hifantoka kokoa amin' ny mandrakizay. Mampahatsiahy ahy izany fa tsy irery aho na oviaha ny oviana. Manam-pinoana aho . . . fa tsy misy . . . fitahiana ho esorina . . . raha toa aho . . . ka mitoetra ho mahatoky amin' ireo fanekempihavanana nataoko, anisan' izany ny lalàn' ny fahadiovam-pitondran-tena.”¹⁵

Misy namana lehilahy iray hafa nanao asa-fitoriana amin' ny fotoana feno tena niavaka, ary nandranto fianarana entitra dia entitra taorian' izany. Nanantena ny hanana tokantrano izy. Ny fizahan-toetran' ny finoany dia izao: ny fahatsapana ho voasarika amin' ny lehilahy toa azy. Vao tsy ela izy no nanoratra taty amiko nanao hoe: “Nampanantenaina ahy tao amin' ny tso-dranon' ny patriarika fa indray andro any aho dia hanana ny fianakaviako manokana. Tsy fantatro raha amin' ity fiainana ity na amin' ilay

fiainana manaraka no hitrangan' izany. Fa ny zavatra fantatro dia hoe tsy te-hanao na inona na inona izay mety hampidi-doza ireo fitahiana izay nampantenain' Andriamanitra ahy sy an' ireo taranako ho avy aho. . . . Fanamby ny fiainana ny [lalàn' ny fahadiovam-pitondran-tena], fa moa ve tsy ny hiatrika fanamby no antony nahatongavantsika tety an-tany sy ny haneho amin' Andriamanitra ny fitiavantsika sy ny fanajantsika Azy amin' ny alalan' ny fitandremana ireo didiny? Sambatra aho manana fahasalamana tsara, manana ny filazantsara, manana fianakaviana tia ahy, sy namana mahatoky maro. Feno fankasitrahana aho noho ireo fitahiana maro izay ananako.”¹⁶

Manohitra izao tontolo izao manao hoe: “Ahoana no hahafahanareo mitakry zavatra betsaka toy izany?” Mamaly ny Tompo hoe:

“Fa ny fihevitra tsy fihevitrareo ary ny lalanareo kosa tsy mba lalako. . . .

“Fa tahaka ny hahavon' ny lanitra noho ny tany no hahavon' ny lalako noho ny lalanareo, sy ny fihevitra noho ny fihevitrareo.”¹⁷

Ireo namanay anankiroa mpanaradia an' i Kristy voalazako teo ireo sy ny olona an' alin-kisa mitovy aminy, dia nahatsapa ny fampanatenana nataon' ny Mpamonjy hoe: “Fiadanana no avakalo ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen' izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo.”¹⁸

Inty koa misy fizahan-toetra iray. Nisy hatrany ny olom-bitsy izay te-hanosopotaka ny Fiangonana sy handrava ny finoana. Mampiasa ny Internet izy ireo amin' izao andro izao.

Ny fampahalalana sasany mikasika ny Fiangonana, na dia mandresy lahatra tahaka ny inona aza, dia tsy marina tsotra izao. Tsaroako fa tamin' ny 1985 dia nisy mpiara-miasa tamiko niditra tao amin' ny birao fiasako tany Floride. Nisy lahatsoratra iray tao amin' ny gazetiboly *Time* teny aminy izay nitondra ny lohateny hoe “Challenging Mormonism's Roots” (na hoe: Mampametra-panontanianana ny tantaran' ny nihandohan' ny fivavahana môrmôna.) Io lahatsoratra io dia miresaka momba ny taratasy iray izay hita vao tsy ela akory tamin' izany, izay voalaza fa nosoratan' i Martin Harris hono, ary toa hoe nifanohitra tamin' ny fitantaran' i Joseph Smith mikasika ny

nahitana an' ireo takela-bolamenan' ny Bokin' i Môrmôna hono.¹⁹

Nanontany ahy ilay mpiara-miasa tamiko hoe haharava ny Fiangonana Môrmôna ve ity vaovao farany ity. Ilay lahatsoratra dia nilaza mikasika ny lehilahy iray izay nilaza fa hiala ny Fiangonana noho io taratasy io. Taty aoriana dia maro hafa no voatatitra fa niala tamin' ny Fiangonana.²⁰ Azoko antoka fa fizahan-toetra ho an' ny finoan' izy ireo izany.

Volana vitsivitsy taty aoriana, dia hitan' ireo manam-pahaizana (ary niaiky ilay tompon' antoka) fa sandoka tantarakaka ilay taratasy. Tsaroako ny nanantenako tokoa fa hiverina ireo izay niala tamin' ny Fiangonana noho io fitaka io.

Misy olona vitsivitsy izay mametra-panontanianana ny amin' ny finoan' izy ireo rehefa mahita fanambarana iray nataon' ny mpitarika iray tato amin' ny Fiangonana am-polon-taonany maro lasa izay, izay toa tsy mifanaraka amin' ny fotopampianarantsika. Misy fitsipika iray manan-danja izay mitantana ny fotopampianaran' ny Fiangonana. Ampianarin' ireo mpikambana 15 ao amin' ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejiny ny Apôstôly Roambinifolo izany fotopampianarana izany. Tsy miafina ao anatin' ny andalan-tsoratra iray saro-takarina ao anaty lahateny



iray izany. Ampianarina imbetsaka ary ampianarin' ny olona maro ny fitsipika marina. Tsy sarotra hita ny fotopampianarantsika.


Olona marin-toetra kanefa tsy tonga lafatra ireo mpitarika ato amin' ny Fiangonana. Tsarovy ny tenin' i Môrônia: “Aza manameloka ahy noho ny tsy fahatanterahako, na ny raiko. . . . fa aleo kosa manati-tsaotra an' Andriamanitra fa Izy no efa naneho taminareo ny tsy fahatanterahanay mba hahazoanareo mianatra ny ho hendry kokoa noho izahay.”²¹

Hoy i Joseph Smith hoe: “Tsy nilaza taminareo mihitsy aho hoe tanteraka aho; saingy tsy nisy hadisoana mihitsy tao amin' ireo fanambarana izay nampianariko.”²² Ny fahagagana avy amin' ny tanan' Andriamanitra eo amin' ny tantaran' ny Fiangonana' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany sy izay tanjona hiafarany dia tsy ho takatra raha tsy amin' ny alalan' ny fikatsahana ara-panahy ihany. Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson hoe “Ny olona tsirairay amin' ny farany dia tsy maintsy hiatrika ny rindrin' ny finoana, ary eo izy no . . . tsy maintsy maneho ny safidiny.”²³ Aza taitra rehefa hitranga aminao izany!

Raha jerena ifotony dia tena hizahan-toetra tokoa ireo fizahan-toetra. Mety hisy fanaintainana, fikorontanan-tsaina, alina tsy ahitan-tory, ary ondana kotsan-dranomaso. Saingy tsy tokony hiteraka fahafatesana ara-panahy ireo fizahan-toetra antsika. Tsy tokony hanala antsika amin' ireo fanekempihavanana nataontsika na hanala antsika tsy ho ao amin' ny ankohonan' Andriamanitra izy ireo.

“Tsarovy . . . fa eo amin' ny vatolampin' ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo; ka rehefa handefa ny rivo maheriny ny devoly, eny, ny zana-tsipikany ao amin' ny tadio, eny, rehefa hamely anareo ny havandrany rehetra sy ny tafiotra maheriny, dia tsy hanan-kery aminareo izany mba hisintona anareo hidina any amin' ny hantsan' ny fahoriana sy ny loza tsisy farany, noho ilay vatolampy izay iorenanareo eo amboniny, izay fototra azo antoka, dia fototra izay tsy ahafahan' ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy.”²⁴

Toy ilay afo midedadeda izay manova ny vy ho lasa tsy, rehefa mitoe-tra ho mahatoky isika mandritra ny



Ny amin' izany no ijoroako ho vavolombelona, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Shayne M. Bowen, "Because I Live, Ye Shall Live Also," sy ny Ann M. Dibb, "I Know It. I Live It. I Love It," tamin' ny fivoriana Sabotsy maraina tamin' ny fihaonamben' ny Fianganana Oktôbra 2012.
2. Jaona 17:3.
3. 1 Petera 1:7.
4. Lioka 22:31–32.
5. 1 Petera 4:12; nampiana fanamafisana.
6. Almà 1:25.
7. Efesiana 2:19.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20.
9. Jereo ny Mosià 18:8.
10. Thomas S. Monson, "Mitsangàna amin' ny Toerana Masina," *Liahona*, Nôv. 2011, 82).
11. Jereo ny Ezra Taft Benson, "The Law of Chastity," *New Era*, Jan. 1988, 4–7; "The Law of Chastity" ao amin' ny *Brigham Young University 1987–88 Speeches* (1988), 1–5, speeches.byu.edu; jereo ihany koa ny *Fitsipiky ny Filazantsara* (2009), 224–32.
12. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' izao tontolo izao," *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
13. Matio 5:28.
14. John 8:11.
15. Taratasy avy amin' olona manokana, 2012.
16. Taratasy avy amin' olona manokana, 2012.
17. Isaia 55:8–9.
18. Jaona 14:27.
19. Jereo ny Richard N. Ostling, "Challenging Mormonism's Roots," *Time*, 20 Mey 1985, 44.
20. Jereo ny Gordon B. Hinckley, "Lord, Increase Our Faith," *Ensign*, Nôv. 1987, 52.
21. Môrmôna 9:31.
22. *Enseignement des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 522.
23. Ezra Taft Benson, "The Book of Mormon Is the Word of God," *Tambuli*, Mey 1988, 6.
24. Helamàna 5:12.
25. D. Todd Christofferson, "Give Us This Day Our Daily Bread," (Takariva amorom-patan' ny Church Educational System, 9 Jan. 2011), lds.org/broadcasts.
26. 1 Petera 1:7; jereo koa ny 1 Petera 4:13.
27. Etera 12:6.
28. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:9; Hoy ny Filoha George Q. Cannon hoe: "Na sarotra toy ny inona aza ilay fizahan-toetra, na hatraiza na hatraiza ny halalin' ny fijaliana, na manao ahoana na manao ahoana ny halehiben' ny fahoriana, dia tsy handao antsika velively [Andriamanitra]. Tsy mbola nanao an' izany Izy, ary tsy hanao mihitsy. Tsy afaka manao izany Izy. Tsy izany no toetrany. Olona tsy miovaova Izy; tsy miova omaly, tsy miova anio, ary mbola ho toy izany Izy mandritra ireo taona mandrakizay izay ho avy. Nahita an' io Andriamanitra io isika. Nataontsika namantsika Izy, tamin' ny alalan' ny fankatoavana ny Filazantsarany; ary hitoetra eo anilantsika Izy. Mety handalo ao amin' ny memy mirehitra afo isika; mety hiampita rano lalina; fa tsy ho may isika na koa ho difotra. Hivoaka avy ao amin' ireny fizahan-toetra rehetra ireny isika, tsara kokoa sy madio kokoa, raha toa fotsiny isika ka mitandrina ny Didiny" ("Remarks," *Deseret Evening News*, Mar. 7, 1891, 4); jereo koa ny Jeffrey R. Holland, "Come unto Me," *Ensign*, Apr. 1998, 16–23.

fizahan-toetra ny finoan *tsika*, dia misy fandiovana ara-panahy mitranga ary dia mitombo ny herin-tsika ara-panahy.

Nohazavain'ny Loholona D. Todd Christofferson ny zavatra nianarany avy tamin' ny fizahan-toetra iray niainan' ny tenany manokana: "Na dia nijaly aza aho tamin' izany, rehefa manao jeritodika aho ankehitriny dia feno fan-kasitrahana fa tsy nisy vahaolana hain-gana ho an' ilay olana izay nananako. Ny nahavoatery ahy hitodika tamin' Andriamanitra hikatsaka fanampiana saika isan'andro nandritra ny taona maromaro no tena nampianatra ahy ny fomba hivavahana sy ny hahazoana valim-bavaka ary nampianatra ahy tamin' ny fomba tena azo tsapain-tanana mba hanam-pinoana an' Andriamanitra. Lasa nahafantatra ny Mpamonjy ahy sy ny Raiko any An-danitra aho tamin' ny lafiny iray ary tamin' ny fomba lalina kokoa izay tsy ho tanteraka raha tsy nisy an' io, na izay mety ho nitaky fandania fotoana lava be kokoa vao ho tanteraka. . . . Nianatra nitoky tamin' ny Tompo amin' ny foko manontolo aho. Nianatra niara-nandeha Taminy isan' andro isan' andro."²⁵

Nofaritan' i Petera ireo zavatra iainana ireo hoe "tsara lavitra noho ny volamena."²⁶ I Môrônia dia nanampy hoe fijoroana ho vavolombelona

no azo aorian' ny "fizahan-toetra ny finoanareo."²⁷

Tany am-piandohana aho dia niresaka momba ny fianakaviana Marriott. Tamin' ny herinandro lasa izaho sy i Kathy vadiko dia niaraka tamin' izy ireo teo amin' ny fasana nilevenan' i Georgia. Folo taona izay no lasana. Niresaka momba ny fitiavana sy ireo fahatsiarovana nananany momba an' i Georgia ny fianakaviany sy ireo namany. Nisy balaonina fotsy maromaro nabontsana tamin' ny heliômba hankalazana ny fiainany. Tao anatin' ny ranomaso no niresahan' ny renin' i Georgia tamin' ny fomba feno fitiavana mikasika ny finoana sy ny fahatakarana lehibe kokoa izay azony, ary ny rain' i Georgia dia nilaza tamiko moramora mikasika ilay "fijoroana ho vavolombelona" nampanantenaina ka efa tonga taminy.

Tonga miaraka amin' ny finoana ny fizahan-toetra ny finoana, izay miteraka finoana bebe kokoa. Ny teny manome toky mampionona nataon' ny Tompo tamin' ny Mpaminany Joseph Smith ihany no fampanantennana izay ataony aminareo ao amin' ny fizahan-toetra anareo, manao hoe: "Koa hazòny ny lalanao . . . , aza matahotra . . . , fa homba anao mandrakizay mandrakizay Andriamanitra."²⁸



Nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Arovy ny Ankizy

Tsy tokony hisy hahavita hanohitra ny fiangaviana mba hiraizantsika hina hampitombo ny firaharahantsika izay mahasoana ny zanatsika sy ny hoavin'ireo zanatsika— dia ny taranaka vao misondrotra.

Afaka mahatadidy ny fahatsapana nananantsika avokoa isika rehetra rehefa misy zaza mikiakiaka sy manainga tanana manakatra antsika satria mila fanampiana. Omen'ny Ray any an-danitra be fitiavana antsika ireo fahatsapana ireo mba hitaomana antsika hanampy ireo zanany. Aoka ianareo mba hahatsiaro indray ireo fahatsapana ireo eto am-piresahako mikasika ny andraikitsika hiaro sy hanao asa soa ho an'ireo zanaka.

Miteny avy amin'ny fomba fijery araka ny filazantsaran'i Jesoa Kristy aho, ka tafiditra ao anatin'izany ny drafitry ny famonjeny. Izany no antsoko. Ireo mpitondra eo an-toerana ao amin'ny Fiangonana dia manana andraikitra hisahana faritra iray, toy ny paroasy na tsatôka, fa ny Apôstôly kosa dia tompon'andraikitra hijoro ho vavolombelona amin'izao tontolo izao. Zanak'Andriamanitra avokoa ny ankizy rehetra any amin'ny firenena tsirairay, sy ny volon-koditra tsirairay ary ny finoana tsirairay.

Na dia tsy miresaka pôlitika na pôlitikam-panjakana aza aho, toy ireo mpitondra fiangonana hafa dia tsy afaka miresaka mikasika izay mahasoana ny ankizy aho raha tsy miresaka ihany koa mikasika ireo safidy ataon'ny olom-pirenena, sy ireo tompon'andraiki-panjakana, ary ireo

mpiasa ao amin'ireo fikambanana tsy miankina. Eo ambanin'ny fitarihan'ny Mpamonjy avokoa isika rehetra mba hifankatia sy hifampikarakara, ary indrindra hanao izany ho an'ireo malemy sy tsy misy mpiaro.

Tena malemy tokoa ny ankizy. Kely hery na tsy manana mihitsy izy ireo mba hiarovany ny tenany na ho angoniny ho azy ary kely ny hery fandresen-dahatra ananany eo amin'ny zavatra maro izay tena ilain'izy ireo amin'izay mahasoana azy. Mila ny hafa hiteny ho azy ireo ny ankizy, ary mila olona mandray fanapahan-kevitra izay mametraka ny mahasoana azy ireo ho any alohan'ireo zavatra mahaliana ireo olon-dehibe izay feno fitiavan-tena.

I.

Isika rehetra manerana izao tontolo izao dia tohina noho ny amin'ireo ankizy an-tapitrisany izay iharan'ireo heloka bevava sy fitiavan-tena mamohatra ataon'ireo olon-dehibe.

Any amin'ny firenena miady sasany, dia angalarina mba ho lasa miaramila ao amin'ny andian-tafika mpikomy ireo ankizy.

Voatombantomban'ny tatitra iray avy amin'ny Firenena Mikambana fa ankizy manakaiky ny roa tapitrisa no simban'ny fivarotan-tena sy ny pôrnôgrafia isan-taona.¹

Raha jerena amin'ny fomba fijery araka ny drafitry ny famonjena, dia iray amin'ireo fanararaotana loza be indrindra atao amin'ny ankizy ny fanakanana azy tsy ho teraka. Hironan'ny olona maneran-tany izany. Tao anatin'ny 25 taona dia ny tahan'ny fahaterahana teo amin'ny firenena teto Etazonia no ambany indrindra,² ary ny tahan'ny fahaterahana any amin'ny ankamaroan'ny firenena Eorôpeana sy Aziana dia nijanona ho ambanin'ny fetran'ny fanoloana fotsiny ny isan'izay maty nandritra ny taona maro. Tsy olana ara-pivavahana fotsiny ihany izany. Koa satria mihena ny isan'ireo taranaka vao misondrotra, dia mihalefy ary farany dia hanjavona tanteraka ireo kolontsaina eny fa na dia ireo firenena aza.

Antony iray mahatonga ny tahan'ny fahaterahana hihena ny fanalan-jaza. Voatombantombana fa mihoatra ny 40 tapitrisa isan-taona ny fanalan-jaza manerana izao tontolo izao.³ Maro ireo lalàna izay manome alalana na mampandroso ny fanalan-jaza, saingy faharatsiana lehibe izany ho antsika. Fanararaotana hafa atao amin'ny ankizy izay mitranga mandritra ny fitondrana vohoka ny fahasimban'ny zaza ao an-kibo izay ateraky ny tsy fahampian'ny sakafo mahavelona hanin'ny reniny sy ny fihinanana fanafody.

Toy ny fanesoana mampalahelo ihany ny hoe maro be ireo zaza vonoina na simbaina alohan'ny hahaterahany nefa maro be ireo mpivady tsy mety mahazo zaza no mitady zanaka hatsangana.

Ny fanararaotana ny zaza na ny tsy firaharahiana ny ankizy izay mitranga aorian'ny fahaterahana dia hita miharihary kokoa. Zaza efa ho valo tapitrisa no maty alohan'ny faha-dimy taonany manerana izao tontolo izao, ary ny ankabeazany dia avy amin'ny aretina izay sady azo sitranina no azo sorohina.⁴ Ary ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fahasalmana dia nitatitra fa iray amin'ny ankizy efatra no tsy mitombo ara-tsaina sy ara-batana araka ny tokony ho izy, noho ny tsy fahampian-tsakafo.⁵ Noho ny fipetrahanay sy fandehanany any amin'ny toerana maro samihafa manerana izao tontolo izao, dia mahita betsaka amin'izany izahay mpitondra ato amin'ny Fiangonana. Nanao tatitra mikasika ireo zaza miaina ao anatin'ny toe-javatra

“mihoatra noho izay azontsika eritreretina” ny fiadidian’ny Kilonga manerantany. Hoy ny reny iray tany Philippines hoe: “Indraindray izahay dia tsy manana vola ampy hividianana sakafo, saingy tsy maninona izany satria manome ahy fahafahana hampianatra ireo zanako momba ny finoana. Mifamory izahay ary mivavaka mba hahazo fampiononana, ary mahita ny Tompo mitahy anay ireo ankizy.”⁶ Tao Afrika Atsimo, dia nifanena tamin’ny zazavavy kely iray izay nanirery sy nalahelo ny mpiasa ao amin’ny sekoly ambaratonga voalohany iray. Rehefa namaly tamin’ny feo malefaka ireo fanontaniana feno fitiavana ilay zazavavy, dia nilaza fa tsy nanana reny sy ray ary renibe izy—fa raibe ihany no mikarakara azy.⁷ Hitovizan’ny olona maro ny zavatra mampalahelo toy izany eo amin’ny kaontinanta iray izay ahitana mpitaiza maro matin’ny SIDA.

Simba noho ny tsy firaharahiana ireo zazakely sy ireo tanora eny fa na dia any amin’ireo firenena manankarena aza. Ireo zaza mihalehibe ao anatin’ny fahantrana dia tsy voakarakara tsara ara-pahasalamana ary tsy manana fahafahana ampy mba hianatra. Izy ireo ihany koa dia miaina ao anatin’ny tontolo feno loza eo amin’ny ilay manodidina azy izay azo tsapain-tanana sy ilay manodidina azy ara-kolontsaina ary avy amin’ny tsy firaharahian’ireo ray aman-dreniny ihany koa. Vao haingana ny Loholona Jeffrey R. Holland no nizara ny zavatra niainan’ny pôlisy Olomasin’ny Andro Farany iray. Nandritra ny fanadihadiana iray nataony, dia nahita ankizy kely dimy nifampisisika ary niezakana natory tsy nisy lafika natoriana teo amin’ny tany maloto tao amin’ny trano iray izy raha toa kosa ka mbola nisotro sy nanao fety tao amin’izany trano izany niaraka tamin’ny olona hafa ny renin’izy ireo. Tsy nisy sakafo hanamaivanana ny hanoanan’izy ireo tao amin’ny ilay efitrano. Rehefa avy nampatory ireo ankizy teo amin’ny fandriana vonjimaika iray ilay pôlisy, dia nandohalika sy nivavaka mba tsy ho azon-doza izy ireo. Rehefa nandeha namonjy ny varavarana izy, dia nanaraka azy ny iray tamin’izy ireo, izay enin-taona teo ho eo, nandray ny tanany, ary dia niangavy azy hoe: “Afaka manangana ahy ve ianao azafady?”⁸

Tsaroantsika ny fampianaran’ny Mpamonjy antsika rehefa naka ankizy

iray ho eo anoloan’ireo mpanara-dia Azy Izy sady niteny hoe:

“Ary na zovy na zovy no handray zazakely anankiray aza tahaka itony noho ny anarako, dia mandray Ahy.

“Fa na zovy na zovy no hanafintohina na dia iray aza amin’ireny madinika mino Ahy ireny, dia tsara lavitra ho azy raha anantonana vato lehibe fikosoham-bary ny vozony, ka alentika any amin’ny ranomasina lalina izy” (Matio 18:5–6).

Rehefa heverintsika ireo loza izay tokony hiarovana ireo ankizy, dia tokony hampidirintsika ao ahany koa ny fanararaotana ara-tsaina. Ireo ray aman-dreny na mpitaiza hafa na mpampianatra na ny olona mitovy amin’izany izay manivaiva, sy mampahory, na manala baraka ny ankizy na ny tanora dia afaka mampitondra fijaliana maharitra kokoa noho ny fanararaotana ara-batana. Ny fanaovana izay hahatsapan’ny ankizy iray ho tena tsy manan-danja, tsy tiana, na tsy ilaina dia afaka mampitondra fahoriana goavana sy maharitra amin’ny toe-pony sy ny fivoarany.⁹ Ireo tanora izay miady amin’ny toe-javatra tsy mahazatra toy ny fifanintonan’ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy dia tena malemy dia malemy tokoa ary mila olona tia sy mahatakatra izany—fa tsy fampahoriana na fanilihana.¹⁰

Amin’ny alalan’ny fanampian’ny Tompo, dia afaka mibebaka sy miova isika ary ho tia sy hanampy kokoa ireo ankizy—ny zanatsika sy ireo manodidina antsika.

II.

Misy ohatra vitsivitsy amin’ny fampitahorana ara-batana sy ara-pihetseham-po atao amin’ny ankizy izay mitovy lanja amin’ireo fampitahorana miseho avy amin’ny fifandraisany amin’ireo ray

aman-dreniny na ny mpitaiza azy ireo. Ny Filoha Thomas S. Monson dia niresaka mikasika ilay antsoiny hoe ny “zavatra maharikoriko atao” amin’ny fanararaotana ny ankizy, izay nandratrana na nanimban’ny ray na reny ankizy iray, na ara-batana na ara-panahy.¹¹ Feno alahelo aho raha tsy maintsy nandalina ireo porofo mahatsiravina mikasika ny tranga toy izany nandritra ny fotoana niasako tao amin’ny Fitarana Ambony tao Utah.

Tena manan-danja tokoa amin’ny fahasambaran’ny ankizy ny hoe vita fanambadiana ara-dalàna ireo ray aman-dreniny na tsia, ny toetoetra sy ny faharetan’ny fanambadiana, ary amin’ny ankapobeny, ny kolontsaina sy ny zavatra andrasana avy amin’ny fanambadiana ary ny fomba fanolokoloana ny ankizy any amin’ny toerana ipetrahan’izy ireo. Nanazava ny manam-pahaizana roa mikasika ny fianakaviana hoe: “Tao anatin’ny tantara hatrizay, ny fanambadiana dia rafitra natao voalohany indrindra mba hananana zanaka sy hanabeazana ny zanaka. Nitondra ilay fifamatorana ara-kolontsaina izay mikatsaka ny hampifandray ny ray amin’ireo zanany amin’ny alalan’ny famatorana azy amin’ny renin’ireo zanany izany. Kanefa tato ho ato dia nanjary tsy nomena lanja lehibe toy izany intsony ireo ankizy.”¹²

Ny mpampianatra lalàna iray tao Harvard dia namariparitra ireo lalàna manan-kery ankehitriny sy ny fihe-tsika manoloana ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana: “Ny tantaran’ny Amerikana [ankehitryny] mikasika ny fanambadiana, araka izay ambaran’ny lalàna sy hita ao anatin’ny literatiora malaza maro, dia mitovitovy amin’izao: ny fanambadiana dia fifandraisana izay misy mba hanomezana



fahafaham-po ireo mpivady voalohany indrindra. Raha mitsahatra amin'izany asa izany ny fanambadiana, dia tsy misy tokony homena tsiny ary afaka mampitsahatra izany araka ny sitrapony ireo mpivady. . . . Zara raha hita ao amin'ilay tantara ny ankizy; toy ny mpandray anjara tsy dia manan-danja loatra izy ireo ka tsy ilaina ny mampiditra azy ao anatin'izany."¹³

Nampianatra ireo mpitondra antsika ato amin'ny Fiangonana fa ny fiheverana "ny fanambadiana ho toy ny fifanarahana ihany izay azo atao rehefa mahafinaritra . . . ary hatsahatra raha vao misy fahasarotana iray mipoitra . . . dia faharatsiana izay mendrika fanamelohana henjana," indrindra fa rehefa hoe "natao mba hijaly ireo ankizy."¹⁴ Ary ny fisaraham-panambadiana dia misy fiantraikany amin'ny zanaka. Mihoatra ny antsasak'ireo fisaraham-panambadiana tao anatin'ireo taona vitsivitsy tato ho ato no mpivady tsy nanana afa-tsy zanaka vitsy.¹⁵

Maro ireo ankizy izay mety ho nahazo fitahiana ny mba hahazo ny fitaizan'ny rainy sy ny reniny miaraka raha toa ka mba nanaraka ilay fampianarana nentanim-panahy ao amin'ny fanambarana ho an'ny fianakaviana ireo ray aman-dreny izay manao hoe: "Ny Mpivady dia manana andraikitra feno voninahitra mba hifankatia sy hifampikarakara ary hanao toy izany koa amin'ny zanany. . . . Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny ny hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana, ny hanome izay filàna ara-batana sy ara-panahin'izy ireo, ary ny hampianatra azy mba hifankatia sy hifanompo."¹⁶ Ny fomba fampianarana tsara indrindra ny zanaka dia amin'ny alalan'ny ohatra asehon'ireo ray aman-dreniny. Tsy azo ihodivirana ny hampianaran'ireo ray aman-dreny misara-panambadiana lesona ratsy ho an'ireo zanany.

Marina tokoa fa indraindray dia ilaina ny fisaraham-panambadiana mba ho soa ho an'ireo zanaka, saingy vitsy dia vitsy ny toe-javatra toy izany.¹⁷ Amin'ny ankabeazan'ireo adin'ny mpivady dia tokony hanome lanja misimisy kokoa izay mahaso ny zanany ireo ray aman-dreny miady. Afaka manao izany izy ireo amin'ny alalan'ny fanampian'ny Tompo. Ny zanaka dia mila ny hery ara-pihetseham-po sy hery manokana



avy amin'ny fitaizan'ny ray sy ny reny miaraka izay miray hina amin'ny fanambadian'izy ireo sy ny tanjon'izy ireo. Amin'ny maha-taizan'ny vehivavy mananotena ny tenako, dia fantatro avy amin'ny zavatra niainako fa tsy ho afaka hotanterahina foana izany, saingy izany no tsara indrindra tokony hokatsahina raha azo atao.

Ny zanaka no voa voalohany amin'ireo lalàna ankehitriny izay manome alalana ny antsoina hoe "fisaraham-panambadiana tsy hananan-tsiny." Araka ny fomba fijerin'ireo zanaka, dia mora loatra ny fisaraham-panambadiana. Raha haravona ireo fikarohana mikasika ny fiarahamonina natao nandritra ny folo taona, dia namintina an'izao ny manampahaizana tena mitandrina iray: "ny rafitry ny fianakaviana izay mitondra ny vokatra tsara indrindra ho an'ny zanaka, raha atao ny salan'isa, dia ireo ray aman-dreny roa niteraka azy ireo ary tsy nisara-panambadiana."¹⁸ Nilaza ny mpanoratra iray ao amin'ny *New York Times* hoe "ny zava-misy izay tena mahavariana dia ny hoe na dia nihen-danja aza ny fanambadiana nentin-drazana eto Etazonia . . . dia nitombo ny porofo amin'ny fanomezan'ilay rafitra lanja an'izay mahaso ny zanaka."¹⁹ Izany zava-misy izany dia tokony hanome fitarihana manan-danja ireo ray aman-dreny ary tokony hampiasain'izy ireo amin'ny fanapahan-kevitra raisiny mikasika ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana. Ilaintsika ihany koa ireo mpanao pôlitika, sy mpanao lalàna, ary tompon'andraikitra ambonay mba hijery misimisy kokoa izay

tsara indrindra ho an'ny ankizy eo anatrehan'ny fitadiavana tombontsoa miharo fitiavan-tenan'ireo mpifidy sy ireo olona izay tsy miaro afa-tsy ny tombontsoan'ny lehibe.

Manimba ny zanaka ihany koa ny fanambadiana izay tsy mety tantaraka. Misy ihany koa ireo toe-javatra vitsivitsy mikasika izay mahaso ireo taranaka vao misondrotra no mbola manahiran-tsaina kokoa noho ilay tati-trano noresahina teo, dia izao hoe ny 41 isan-jaton'ny zaza teraka teto Etazonia no nateraky ny vehivavy tsy manambady.²⁰ Miatrika fanamby goavana ireo reny tsy manambady, ary hita mazava tsara fa betsaka ny zavatra tsy azon'ireo zanany raha ampitahaina amin'ireo zanaka notaizain'ny ray aman-dreny vita fanambadiana.²¹

Ny ankamaroan'ireo ankizy naterak'ireo reny tsy manambady—58 isan-jato—dia teraka avy amin'ny olon-droa manao tokantranomaso.²² Na inona na inona no lazaintsika mikasika ny tokantranomason'ireo olon-droa miaraka ireo dia maneho ny fanadihadiana fa matiantoka kokoa ny zanak'izy ireo raha mitaha amin'ny hafa.²³ Manan-danja ho an'ny ankizy ny zavatra mikasika ny fahamafisan'orin'ny fanambadiana.

Tokony hanaiky ny fatiantoka tahaka izany eo amin'ireo zaza taitaitain'ireo olon-droa miaraka izay lahy samy lahy na vavy samy vavy ihany koa isika. Ny literatiora mikasika ny fandalinana ny fiarahamonina dia azo resahina sy azo hanaovana ady hevitra pôlitika mikasika ny fiantraikan'izany maharitra eo amin'ny ankizy indrindra indrindra, satria araka ny nolazain'ny



mpanoratra iray ao amin'ny *New York Times* dia, “fanandramana eo amin'ny firaha-monina ny fanambadiana eo amin'ny lahy samy lahy sy vavy samy vavy, ary toa ny ankabeazan'ireo fanandramana rehetra dia ho elaela vao ho takatra ny vokatr'izany.”²⁴

III.

Niteny ho an'ny ankizy aho—ny ankizy rehetra na aiza na aiza. Mety handa ny sasany amin'ireo ohatra ireo ny olona sasany, saingy tsy tokony hisy hahavita hanohitra ny fiangaviana mba hiraizantsika hina hampitombo ny firaharahantsika izay mahaso sy ny hoavin'ireo zanatsika—dia ny taranaka vao misondrotra.

Miresaka mikasika ireo zanak'Andriamanitra isika, ary amin'ny alalan'ny fanampiany izay mahery tokoa, dia afaka hanampy bebe kokoa azy ireo isika. Ao anatin'ity fiangaviana ity, dia tsy ny Olomasin'ny Andro Farany ihany no hiresahako, fa ny olona avy amin'ny finoana hafa rehetra koa sy ireo olona hafa izay manana rafitry ny soatoavina izay mahatonga azy ireo hampanefitra ny zavatra ilainy manokana amin'ny an'ny hafa indrindra ho an'izay mahaso an'ireo ankizy.²⁵

Ireo olona tia mivavaka ihany koa dia mahalala ireo fampianaran'ny Mpamonjy ao amin'ny Testamenta Vaovao fa ireo ankizy madinika izay madio no ohatra lehibe indrindra ho antsika amin'ny fanetren-tena sy ny fanekena handray fampianarana.

“Lazaiko aminareo marina tokoa: raha tsy miova hianareo ka ho tonga tahaka ny zazakely, dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy ianareo.

“Koa na zovy na zovy no hanetry tena tahaka ity zazakely ity, dia izy no ho lehibe indrindra amin'ny fanjakan'ny lanitra” (Matio 18:3–4).

Hitantsika ao amin'ny Bokin'i Môrônôna Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty nampianatra ny Nefita fa tsy maintsy mibebaka izy ireo ary atao batisa “ary tonga tahaka ny ankizy madinika” fa raha tsy izany dia tsy afaka ny handova ny fanjakan'Andriamanitra izy ireo (3 Nefia 11:38; jereo ihany koa ny Môrona 8:10).

Mivavaka aho mba hanetry tena tahaka ny ankizy madinika isika ary hanome tanana mba hiaro ireo ankizy madinitsika, satria izy ireo no hoavintsika sy hoavin'ny Fiangonantsika, ary ny firenentsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny UNICEF, *The State of the World's Children 2005: Childhood under Threat* (2004), 26.
2. Jereo ny Haya El Nasser, “National Birthrate Lowest in 25 Years,” *USA Today*, 26 Jolay 2012, A1.
3. Jereo ny Gilda Sedgh, and others, “Induced Abortion: Incidence and Trends Worldwide from 1995 to 2008,” *The Lancet*, vol. 379, no. 9816 (18 Feb 2012), 625–32.
4. Jereo ny UNICEF, “Young Child Survival and Development,” <http://www.unicef.org/childsurvival/index.html>.
5. Jereo ny Organisation Mondiale de la Santé, *World Health Statistics 2012* (2012), 109, 118.

6. Tatitra nataon'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany, 13 Sept 2012.
7. Tatitra nataon'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany.
8. Jereo ny Jeffrey R. Holland, “Israël, ton Dieu l'appelle,” (Fotoambavaky ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiagonana, 9 Sept. 2012), lds.org/broadcasts; jereo ihany koa ny R. Scott Lloyd, “Zion Not Only Where, but How We Live Hoy ny Loholona Holland,” *Deseret News*, 10 Sept. 2012, B2.
9. Jereo ny Kim Painter, “Parents Can Inflict Deep Emotional Harm,” *USA Today*, 30 Jolay 2012, B8; Rachel Lowry, “Mental Abuse as Injurious as Other Forms of Child Abuse, Study Shows,” *Deseret News*, 5 Aog. 2012, A3.
10. Jereo ny “End the Abuses,” *Deseret News*, 12 Jiona 2012, A10.
11. Thomas S. Monson, “A Little Child Shall Lead Them,” *Liahona*, Jiona 2002, 2
12. W. Bradford Wilcox sy Elizabeth Marquardt, eds., *The State of Our Unions: Marriage in America* (2011), 82.
13. Mary Ann Glendon, *Abortion and Divorce in Western Law: American Failures, European Challenges* (1987), 108.
14. David O. McKay, “Structure of the Home Threatened by Irresponsibility and Divorce,” *Improvement Era*, Jiona 1969, 5.
15. Jereo ny Diana B. Elliott and Tavia Simmons, “Marital Events of Americans: 2009,” *American Community Survey Reports*, Aog. 2011.
16. “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Iza,” *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
17. Jereo ny Dallin H. Oaks, “Divorce,” *Liahona*, Mey 2007, 71.
18. Charles Murray, *Coming Apart: The State of White America, 1960–2010* (2012), 158.
19. Ross Douthat, “Gay Parents and the Marriage Debate,” *New York Times*, 11 Jiona 2012, <http://douthat.blogs.nytimes.com/2012/06/11/gay-parents-and-the-marriage-debate>.
20. Jereo ny Joyce A. Martin and others, “Births: Final Data for 2010,” *National Vital Statistics Reports*, vol. 61, no. 1 (Aog. 2012), 10.
21. Jereo ny William J. Doherty and others, *Why Marriage Matters: Twenty-One Conclusions from the Social Sciences* (2002); W. Bradford Wilcox and others, *Why Marriage Matters: Thirty Conclusions from the Social Sciences*, 3rd ed. (2011).
22. Jereo ny Martin, “Births: Final Data for 2010,” 10–11.
23. Jereo ny Wilcox, *Why Marriage Matters*.
24. Ross Douthat, “Gay Parents and the Marriage Debate.” Ny fanadihadiana farany sy lalina indrindra dia nahafahana nahita fatiantoka lehibe izay notaterin'ireo tanora mihoatra ny 18 taona izay manana ray aman-dreny nanana fifandraisana tamin'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy talohan'ny faha-18 taonan'izy ireo (jereo ny Mark Regnerus, “How Different Are the Adult Children of Parents Who Have Same-Sex Relationships? Findings from the New Family Structures Study,” *Social Science Research*, vol. 41 [2012], 752–70).
25. Ny Olomasin'ny Andro Farany dia tena manolo-tena manokana amin'ny maha-ray aman-dreny noho ny maha-iray amin'ireo tanjona manan-danja indrindra izany eo amin'ny fiainana (jereo ny Pew Research Center's Forum on Religion and Public Life, *Mormons in America: Certain in Their Beliefs, Uncertain of Their Place in Society*, 12 Jan. 2012, 10, 16, 51).



Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Ry rahalahy, manana asa atao isika

Amin'ny maha-lehilahy mpihazona ny fisoronana antsika dia manana anjara toerana manan-danja isika eo amin'ny fiaraha-monina, sy ao an-tokantrano ary ato am-piangonana.

Ry rahalahy isany, maro ireo zavatra voalaza sy nosoratana tao anatin'ny taona vitsivitsy izay mikasika ireo fanamby atrehin'ireo lehilahy sy tovolahy. Ohatra amin'ny lohatenin'ireo boky ireo, ny hoe: *Why There Are No Good Men Left, The Demise of Guys, The End of Men, Why Boys Fail*, ary ny *Manning Up*. (Nahoana no Tsy misy Lehilahy Tsara Toetra Intsony, Ny Fiafaran'ny Lehilahy, Nahoana no tsy Mahomby ny Tovolahy ary ny Mandray Andraikitra). Ny mahagaga dia nosoratan'ny vehivavy ny ankamaroan'izy ireny. Na izany aza, misy lohahevitra itoviana eo amin'ireo fanadihadiana ireo izay milaza fa mandray hevitsintona mampifamahofaho sy manalabaraka ireo lehilahy sy tovolahy any amin'ny toerana maro ankehitriny momba ny anjara andraikiny sy ny hasiny eo amin'ny fiaraha-monina.

Nofaritan'ilay mpanoratra ny boky hoe *Manning Up* (Mandray Andraikitra) araka ity fomba ity izany: "Toa lasa lalàn'ny sivilizasiôna maneran-tany ny filazana fa raha toa ka ny fanatrarana ny fahamatorana ara-batana fotsiny dia maha-lasa ny tovovavy ho tonga vehivavy lehibe, ny tovolahy kosa

dia tsy maintsy mandalo fanadinana. Mila mampiseho herimpo izy ireo, sy tanjaka ara-batana, na fifehezana ireo fahaiza-manao ilaina. Ny tanjona dia ny hanaporofaony fa manana ny fahaiza-manao izy ireo hiarovana ny vehivavy sy ny ankizy, ary izany hatrany no andraikitra ara-tsôsialy voalohany hazoniny. Ankehitriny kosa anefa, vokatry ny fahazoan'ny vehivavy laka eo amin'ny fihariana ara-toe-karena, dia toa afaka misafidy ireo lehilahy na ho vady sy ray mpamelona na tsia, ary ireo toetra nilain'ny lehilahy mba hanatontosana ny anjara andraikiny,— toy ny herimpo, ny fiatrehana ny zava-misy tsy ampitarainana, ny hafanampo, ny fahatokiana—dia efa lany andro ary somary mahamenatra kely mihitsy aza."¹

Ao anatin'izany ezaka fampandrainsana anjara ny vehivavy izany, izay deraintsika tokoa, dia misy ireo izay manizakiza ny lehilahy sy ny anjara entiny. Toa raisin'izy ireo ho toy ny fifaninana eo amin'ny lehilahy sy vehivavy ny fiainana—ka hoe mila manjakazaka amin'ny iray ilay iray hafa, ary hoe ankehitriny dia anjaran'ny vehivavy indray izao. Misy

ireo manolo-kevitra fa ny anton'asa no zava-dehibe indrindra ary ny hoe hanambady sy hanan-janaka sa tsia dia tokony ho safidy, koa raha izany, inona no ilana ny lehilahy?² Amin'ireny sari-mihetsika maro any Hollywood ireny, ireo fampisehoana amin'ny fahitalavitra sy cable, ary eny hatreny amin'ny dokam-barotra aza dia izakizanina ho tsy mahavita azy, na tsy matotra na variana amin'ny zava-mahaliana ny tenany manokana ireo lehilahy. Misy vokany manimba entin'izany kolontsaina manakana ny lehilahy tsy hitana ny andraikiny izany.

Eto Etazonia, ohatra, dia voalaza fa: "Mahomby kokoa ny tovovavy mihoatra noho ireo tovolahy amin'izao fotoana izao amin'ny dingana rehetra eo amin'ny fianarana, manomboka any amin'ny sekoly fanabeazana fototra ka hatrany amin'ny ambaratonga ambony. Ohatra, ao amin'ny taona fahavalo, dia 20 isan-jaton'ireo tovolahy ihany no mahafehy ny fanoratana ary 24 isanjato ihany no mahafehy ny vakiteny. Ny naotin'ireo tovolahy tamin'ny bakalaorea ohatra, tamin'ny 2011, no naoty ratsy indrindra tato anatin'ny 40 taona. Araka ny voalazan'ny Foibe Nasiônaly misahana ny Antontan'isa Ara-pianarana, dia manatombo 30 isanjato ny tahan'ny mety hijanonan'ny tovolahy tsy hianatra intsony raha oharina amin'ireo vehivavy, rehefa eny amin'ny ambaratonga famaranana sy eny amin'ny oniversite. . . . Voavinavina fa amin'ny 2016 dia vehivavy no hahazo ny 60 isanjaton'ny licence, ny 63 isanjaton'ny maîtrise ary ny 54 isanjaton'ny doctorat. Tovolahy ny roa ampahatelon'ireo mpianatra ao amin'ny fandaharam-pianarana manokana ho an'ireo mila fampisondrotana fari-pahalalana."³

Ataon'ireo lehilahy sy tanora zazalahy sasantsasany ho fialan-tsiny mba hialana amin'ny andraikitra sy tsy ho tena matotra na oviana na oviana ireo hevitsintona ratsy avy amin'ny fiaraha-monina. Tao amin'ny fanamarihana iray izay matetika loatra toa famaritana mitombina dia nilaza toy izao ny mpampianatra iray ao amin'ny oniversite: "Tonga ao am-pianarana miaraka amin'ny kasikety mivadika fanaovana baseball ny lehilahy ary ireo fialan-tsiny [marivo tototra] manao hoe: 'Nirarahany rano ny enti-modiko.' Ireo vehivavy kosa, etsy andaniny



dia mitandrina tsara ny fandaharam-potoany isan'andro ary mikatsaka ireo fanalalanan'olona mba ho tafiditra amin'ny sekoly fianarana lalàna.”⁴ Naneho ny heviny izay somary maneso ihany ny vehivavy iray mpamakafaka sarimihetsika fa “ny azontsika hianteharana amin'ny lehilahy, raha tsara vintana isika ary raha misafidy ny hanana namana hiara-dia isika, dia izay ihany—namana hiara-dia. Olona iray izay mijanona eo amin'ny zorony misy azy tahaka ny hanajany ny zorony misy ny tenanao.”⁵

Ry rahalahy, tsy tokony ho izany no lazaina momba antsika. Amin'ny maha-lehilahy mpihazona ny fisoronana antsika dia manana anjara toerana manan-danja isika eo amin'ny fiarahamonina, sy ao an-tokantrano ary ato am-piangonana. Kanefa mila tonga lehilahy azon'ireo vehivavy hatokisana isika, azon'ireo zanaka hatokisana ary azon'Andriamanitra hatokisana. Tsy afaka isika ny hamela ny hisian'ireo zatovolahy sy lehilahy tsy mandray andraikitra ato amin'ny Fiangonana sy fanjakan'Andriamanitra amin'izao andro farany izao. Tsy afaka isika ny hamela ny hisian' ireo zatovolahy izay tsy manana fifehezan-tena ary miaina araka izay mahafinaritra ny sainy fotsiny. Tsy afaka isika ny hamela ny hisian'ireo tanora lehilahy izay tsy mba manana tanjona eo amin'ny fiainana, izay tsy mandray am-pahamatorana ny fiarenana fianakaviana sy ny fandraisan'anjara feno eto amin'ity izao tontolo izao ity. Tsy afaka isika ny

hamela ny hisian'ireo vady sy raim-pianakaviana tsy mahavita manolotra fitarihana ara-panahy ao an-tokantrano. Tsy afaka isika ny hamela ny hisian'ireo mpampiasa ny Fisoronana Masina, araka ny Lamin' ny Zanak' Andriamanitra, izay mandanindany foana ny heriny amin'ny pôrnôgrafia na mandany ny androm-piainany eo amin'ny Internet (amin'ny fiteny maneso dia hoe *manao ny fanaon* 'izao tontolo izao fa tsy *ao amin* 'izao tontolo izao).

Ry rahalahy, manana asa atao isika.

Ry zatovolahy, mila mianatra tsara ianareo any am-pianarana ary manohy ny fianarana aorian'ny ambaratonga famaranana. Mety te-hanohy ny fianarana any amin'ny univerte ny sasany aminareo ary hiasa amin'ny sehatra fandraharahana, fambolena sy fiompiana, fitantanana ny raharahampanjakana na asa matihanina hafa. Hamiratra amin'ny zava-kanto, ny mozika na ny fampianarana ny sasany. Ny hafa dia hisafidy ny ho miaramila na hianatra asa ara-barotra. Nandritra ny taona maro dia maromaro ireo mpiasa nampanaoviko asa fanitarana sy asa fanamboarana tao an-tranoko ary nahavariana ahy ny zotom-po sy fahaiza-manao nasehon'ireo lehilahy ireo. Na inona na inona zavatra safidianareo dia zava-dehibe ny hahazoanareo fahaizana mba hahafahanareo mamelona fianakaviana sy mandray anjara hanasoa ny fiaraha-monina sy ny firenena misy anareo.

Vao tsy ela aho no nahita horantsary iray maneho ny tontolo

andron'ny zatovolahy 14 taona iray any Inde, antsoina hoe Amar. Mifoha maraina be izy ary manao asa roa, aloha sy aorian'ny fianarany, enina andro sy tapany ao anatin'ny herinandro. Mitana ampahany manan-danja eo amin'ny fidiram-bolan'ny fianakaviany ny karamany. Mamonjy ny tokantrano ny haingana izy amin'ilay bisikiletany efa tonta aorian'ny asany faharoa ary mbola mahita fotoana hanaovana enti-mody alohan'ny hisitrihana ao am-pandriany manao ladin'an-tany misisika eo anelanelan'ireo mpiray tampo aminy efa matory, eo amin'ny iraka ambin'ny folo ora alina eo ho eo. Na dia tsy mbola nihaona taminy aza aho dia deraiko ny fikirizany sy ny herimpony. Manao izay tsara indrindra vitany izy amin'ireo loharanom-pitaovana sy fahafahana voafetra izay ananany, ary fitahiana ho an'ny fianakaviany tokoa ny fananana azy.

Ianareo ry lehilahy lehibe—ray, tanora mpitovo, mpitarika, mpampianatra isan-tokantrano—aoka ho maodely mendrika ianareo ary ampio ireo tovolahy taranaka vao misondrotra ho tonga lehilahy lehibe. Ampianaro azy ireo ny fahaiza-miara-monina sy fahaiza-manao hafa: ahoana no fomba fifampiresahana, ahoana no fomba hifankafantarana na hifandraisana amin'ny hafa, ahoana no fomba firesahana sy fahatakarana an-tsaina ireo vehivavy sy tovovavy, ahoana no fomba hanompoana, ahoana no hahafahana manao zavatra tsy tapaka ary mifaly amin'ny fialam-boly, ahoana no fomba hialana voly kanefa tsy hiankin-doha amin'izany, ary ahoana no fomba hanitsiana ireo hadisoana ary hanaovana safidy tsara kokoa.

Koa ho anareo rehetra izay mihaino, na aiza no toerana mety handrenesana ity hafatra ity, dia ambarako ny zavatra izay nolazain'i Jehovah tamin'i Josoa, hoe: “Mahereza sy mahatanjaha” (Josoa 1:6). Maneho herimpo ary mio-mana tsara araka izay tratranareo, na inona na inona toe-javatra iainanareo. Mivonona ho vady sy ray tsara. Mivonona mba ho olom-pirenena vanona sy mamokatra. Mivonona hanompo ny Tompo, izay tompon'ny fisoronana hazoninareo. Na aiza na aiza misy anareo dia miahay anareo ny Rairanareo any An-danitra. Tsy irery ianareo. Manana ny fisoronana sy ny fanomezana ny Fanahy Masina ianareo.

Amin'ireo toerana maro izay ilana anareo dia iray amin'ireo izay tena manan-danja indrindra ny ao amin'ny kôlejin'ny fisoronana misy anareo. Ilaintsika ny kôlejy izay manome famokiana ara-panahy ny Alahady ary koa manompo. Mila mpitarika ao amin'ny kôlejy izay mifantoka amin'ny fanaovana ny asan'ny Tompo isika, ary amin'ny fanohanana ireo mpikambana ao amin'ny kôlejy sy ny fianakavian'izy ireo.

Ndeha hojerentsika ny momba ny asa fitoriana. Ry zatovolahy, aza matoritory. Tsy afaka ny hiandry anareo ho 17 na 18 taona ianareo vao ho matotra amin'ny fanomanana. Afaka manampy ireo olona ao aminy ireo kôlejy ao amin'ny Fisoronana Aharôna mba hahatakatra ny fianianana sy fanekempihavanan'ny fisoronana ary hiomana ho tendrena ho loholona. Afaka manampy azy ireo hahatakatra sy hiomana ho amin'ny ôrdônansin'ny tempoly ireo kôlejy ireo; ary afaka manampy azy ireo ho vonona hanao asa fitoriana amim-pahombiazana. Afaka manampy ireo ray aman-dreny ireo kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana mba hanomana misiônera izay mahafantatra ny Bokin'i Môrmôna ary hanompo eny amin'ny saha amim-panoloran-tena feno. Ary ireo kôlejy ireo ihany, ao amin'ny sampana sy paroasy tsirairay, dia afaka mandrindra fiaraha-miasa mahomby amin'ireo mpitory amin'ny fotoana maharitra izay manompo eo amin'ny toerana misy azy ireo.

Misy asa iray mifandray amin'izany izay ny fisoronana no tena miantso-roka azy dia ny antson'ny Mpamonjy, izay naverin'ny Filoha Thomas S. Monson, ny mba hamonjena ireo izay niala tamin'ny filazantsara na manana lolompo noho ny antony maro samihafa. Efa nahita fahombiazana mahatalanjona tamin'izany ezaka izany isika, ary isan'izany ny asa tena tsara izay nataon'ny zatovolahy. Kôlejy iray tao amin'ny Fisoronana Aharôna tao amin'ny Paroasin'i Rio Grande (miteny Espaniôla), any Albuquerque, Nouveau Mexique, no niara-nanao filankevitra mikasika izay olona azon'izy ireo entina miverina ato am-piangonana ary avy eo niara-nandeha namangy azy ireny tsirairay. Hoy ny iray: "Rehefa tonga teo anoloam-baravarako izy ireo dia nahatsapa ho manan-danja aho," ary

ny iray nilaza hoe: "Faly aho fa misy olona maniry marina ny handehanako any am-piangonana. Mampitsiry ny faniriako handeha any am-piangonana izany amin'izao." Rehefa nanasa zatovolahy iray hiverina ireo mpikambana ao amin'ny kôlejy dia nangataka azy koa ireo mba hiaraka amin'izy ireo amin'ny fitsidihana manaraka, ary dia tonga izy. Tsy vitan'ny hoe nanasa azy hanatrika any am-piangonana amin'ny herinandro manaraka fotsiny izy ireo fa avy hatrany dia nampandray anjara azy ao amin'ny kôlejy.

Ny fanaovana tantaram-pianakaviana sy ny asa atao any amin'ny tempoly dia asa iray hafa hiantsorohan'ny fisoronana izay miendrika fanamby kanefa mahaliana. Ho tonga ato ho ato ny taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany izay manolotra antso nohavaozina sy fomba fijery ampahany manan-danja amin'ny asa izay ataontsika ity.

Vondron'ny mpirahalaha mifanohana ihany koa ny kôlejintsika. Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley indray mandeha hoe: "Ho andro mahatalanjona ry rahalahy—ho andro hahaton-tosa ny tanjon'ny Tompo—ny andro izay hahatongavan'ireo kôlejin'ny fisoronantsika ho fomba iray hampahatanjahana ny lehilahy tsirairay ao aminy, ka ny lehilahy tsirairay ho afaka hiteny hoe: 'Mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny fisoronana iray ao amin'ny Fianganon'ny Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany aho. Vonona aho ny hanampy ireo rahalahiko amin'ny zava-drehetra ilainy, tahaka ny fahafantarako fa izy ireo koa dia vonona hanampy ahy amin'ny zavatra ilaiko. . . . Raha miara-miasa izahay dia afaka ny ho vonona, tsy amin-kenatra sy tsy amin-tahotra, hanohitra izay rehetra rivotry ny fizahan-toetra mety hifofofofa, na ara-toe-karena izany, na ara-piarahamonina na ara-panahy.'"6

Tsy voatery ho mety araka izay nanomanantsika azy daholo ny zava-drehetra, na dia miezaka tahaka ny inona aza isika, ary "rivotry ny fizahan-toetra" iray izay mety hitranga eo amin'ny fiainan'ny lehilahy iray ny tsy fananan'asa. Voalaza ao amin'ny bokikely iray fahiny momba ny fifanampiana ato am-piangonana ny hoe: "Fotoana fiahiana manokana ho an'ny Fianganana tokoa ny fotoana

tsy hananan'ny lehilahy iray asa satria, amin'ny tsy fananan'ny fahafahana hiasa, dia handalo fitsapana izy—amin'ny fiainany am-pahamarinana—toa izay nolalovan'i Joba. Rehefa mihalava ny faharetan'ny fizahan-toetra ka mitombo ny andro ary lasa herinandro maromaro sy volana maromaro ary mety ho taona maromaro mihitsy aza, dia hihalalina ny fijaliana. . . . Tsy afaka ny hanantena hamonjy lehilahy iray amin'ny andro Alahady ny Fianganana raha toa ka tsy manao na inona na inona mandritra ny herinandro eo am-pitazanany izany fitsapana mafy mianjady amin'io lehilahy io izany."7

Tamin'ny Aprily 2009, dia nozarain'i Richard C. Edgley izay mpanolotsaina teo aloha tao amin'ny Episkôpa Mpiahy ny tantaran'ny kôlejy iray fakan-tahaka izay nanao hetsika mba hanampiana ny mpikambana iray tao aminy izay very asa:

"Ny orin'asa mpikarakara fiarakodia Phil ao Centerville, Utah, dia vavolombelon'ny zava-bitan'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana sy kôlejy iray. Mpikambana tao amin'ny kôlejin'ny loholona i Phil ary niasa tao amin'ny toerana fanamboarana fiara iray teo an-toerana. Nampalahelo fa nisedra olana ara-toe-bola ilay fiasan'i Phil ka tsy maintsy nanajanona azy tamin'ny asany. Vala-ketraka tamin'izany fisehoan-javatra izany izy.

"Rehefa nandre ny fahaverezan'ny asan'i Phil ny evekany, Leon Olson, sy ny fiadidian'ny kôlejin'ny loholona dia nandinika izay fomba azo hanampiana azy hiatrika ny fiainany. Izy rahateo moa rahalahy namana ao amin'ny kôlejy ary mila fanampiana. Nisintona hevitra izy ireo fa manana ny fahaizamanao hitantanana ny orin'asany manokana i Phil. Nanolotra trano efa tranainy iray ny mpikambana iray tao amin'ny kôlejy izay azo amboarina ho lasa toerana fanamboarana fiara. Ny mpikambana sasany tao amin'ny kôlejy dia afaka nanangona fitaovana sy izay ilaina ao amin'ilay toeram-piasana vaovao. Ny ankamaroan'ny mpikambana tsirairay tao amin'ny kôlejy dia afaka nanampy nanadio ilay trano efa tranainy.

"Nozarain'izy ireo tamin'i Phil ny hevitr'izy ireo ary avy eo dia nentina teo anoloan'ny mpikambana tao amin'ny kôlejy. Voadio ilay trano ary nohatsarina. Voangona ny fitaovana

ary voalamina sy voarindra amin'ny toerany. Ilay orin'asa mpikarakara fiarakodia Phil dia tena fahombiazana ary taty aoriana dia nifindra tamin'ny toerana tsaratsara kokoa sy naharitra—ny antony dia satria nanampy azy tao anatin'ny fotoan-tsarotra ireo rahalahiny tao amin'ny kôlejy.”⁸

Mazava ho azy, araka ny naverimberin'ireo mpaminany nandritra ny taona maro hoe: “Ny asan'ny Tompo manandanja indrindra izay mety ho atao-nao dia izay ho atao-nao ao anatin'ny rindrin'ny tokantranonao.”⁹ Manana asa atao be tokoa isika mba hanamafisana ny fanambadiana eo amin'ny fiarahamonina iainantsika izay tsy mitsahatra manamaina ny lanjan'izany sy ny tanjon'izany. Manana asa atao be tokoa isika amin'ny fampianarana ny zanatsika “hivavaka sy ny handeha araka ny hitsiny eo anoloan' ny Tompo” (F&F 68:28). Ny andraikitsika dia tsy mifankaiza loatra amin'ny fanampiana ny zanatsika hiaina ny fiovam-po mahery vaika na fiovam-po ao amin'ny Tompo izay voalaza mazava tsara ao amin'ny Bokin'i Môrmôna (jereo ny Môsià 5:1–12; Almà 26). Azon'ireo kôlejy ao amin'ny fisoronana, miaraka amin'ny Fikambanana Ifanampiana, ampiana ireo ray aman-dreny sy ny fanambadiana ary ireo kôlejy hanolotra ireo fitahian'ny fisoronana ho an'ireo fianakaviana tarihin'ny reny tokan-tena.

Eny ry rahalahy, manana asa ho atao isika. Misaotra noho ireo fahafoizan-tena sy zava-tsoa izay ataonareo. Tohizo hatrany izany ary ny Tompo hanampy anareo. Mety hisy fotoana tsy dia hainareo loatra izay ho atao na ho lazaina—fa tohizo fotsiny izany. Atombohy ny asa ary ny Tompo no hampisy “varavarana mahomby . . . hovohana ho [anareo]” (F&F 118:3). Atombohy ny firesahana dia mampanantena Izy fa “tsy hangaihay eo anoloan' ny olona ianareo; Fa homena anareo amin' izany ora izany indrindra, eny, amin' izany fotoana izany indrindra izay holazainareo” (F&F 100:5–6). Amin'ny endrika maro dia mitombina ny hoe olon-tsotra sy tsy tanteraka isika, kanefa manana ilay Mpampianatra tonga lafatra isika izay nanao ny Sorompanavotana lavorary, ary efa niandrindra ny Faha-soavany sy ny Fisoronany isika. Raha mibebaka sy manadio ny fanahintsika isika dia nampanantenaina fa ho

ampianarina sy omena hery avy any an-danitra (jereo ny F&F 43:16).

Mikatsaka ireo lehilahy, lehilahy izay mampivoatra ny fahaiza-manaony sy ny talentany, lehilahy izay vonona ny hiasa sy hanolotra fahafoizan-tena, hanampy ny hafa hahazo fahasambarana sy famonjena ny Fiangonana sy izao tontolo izao ary ny vehivavy. Miantso izy ireo hoe: “Rise up, O men of God!”¹⁰ (Mitsangana ry Lehilahin'Andriamanitra) Manampy antsika hanao izany Andriamanitra. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Kay S. Hymowitz, *Manning Up: How the Rise of Women Has Turned Men into Boys* (2011), 16.
2. “Rehefa manontany ny tanora ianao ankehitriny amin'ny zavatra hahatonga azy ireo ho olon-dehibe dia saika tsy misy milaza momba ny fanambadiana izy ireo. Betsaka lavitra izy ireo no zavatra misy ifandraisany amin'ny asa ny tonga ao an-tsainy—fahavitana fianarana, fahaleovan-tena ara-bola, asa amin'ny fotoana feno—ho marika fa nahita fahombiazana izy ireo. Asa, lalankasa fivelomana, fizakan-tena: ireo no zavatra voalohany maha-olona ankehitriny” (Hymowitz, *Manning Up*, 45). Mihamahery vaika ny fanerana ireo vehivavy hanaiky izany foto-pisainana manohitra ny fanambadiana izany. Nanoratra ny mpanao famakafakana ao amin'ny *Times* of London hoe: “Tsy nisy olona, na tao amin'ny fianakaviako na ny mpampianatra, izay nilaza hoe: ‘Eny e! Mety ho te-ho tonga vady na reny koa ianareo etsy ankilan'izany.’ Tapa-kevitra tokoa izy ny amin'ny tokony hanarahantsika fomba iray vaovao, mira lenta, sy maoerina hany ka ilay tanjona manan-tantaran'ireo vehivavy nandritra ny taranaka maro nifandimby—ny hanambady sy hananjakana—dia niniaina nesorina tsy ho eo amin'ny vinavinan'ny hoavinay” (Eleanor Mills, “Learning to Be Left on the Shelf,” *Sunday Times*, Apr. 18, 2010, www.thetimes.co.uk; in Hymowitz, *Manning Up*, 72). Nisy mpanoratra iray eo amin'ny faha-40 taonany namaky ireo valinteny sasantsasany ho an'ny lahatoratra iray nosoratany izay mikasika ny fanenenany noho ny tsy nanambadiany: “Tena manafintohina ahy ny fianteheranao amin'ny filana ny lehilahy,” “Mba manana hambo!” “Hampidininao amin'ny toerana

tsy dia manan-danja ny fifandraisana samy mifampiankindoha,” ary hoe “Raha tonga toa anao ny zanako vavy ka mila lehilahy tahaka ny filanao izany dia ho fantatro fa tsy nahay nitaiza azy aho” (Lori Gottlieb, *Marry Him: The Case for Settling for Mr. Good Enough* [2010], 55).

- Ny vaovao tsara dia maro ireo olona, isan'izany ireo tanora manambady sy tsy mbola manambady manam-pahalalana, no tsy mino ny hafatra manohitra ny fanambadiana sy ny fianakaviana. “Araka ny fandalinana nataon'ny mpahay toe-karena iray ao amin'ny Oniversite an'i Pennsylvania, eto Etazonia tamin'ny 2008, dia 86 isan-jaton'ireo vehivavy fotsy fihodirana nandia fianarana ambaratonga ambony no manambady rehefa feno 40 taona, raha toa ka 88 isan-jato ho an'ireo manana mari-pahaizana ambany kokoa noho izay. Mitovitovy amin'izany koa ny isan-jaton'ireo lehilahy fotsy fihodirana nandia fianarana ambony: 84 isan-jato amin'izy ireo dia manambady eo amin'ny faha-40 taonany tamin'ny 2008. Ny foto-kevitra iaraha-maika, izay tsy avy amin'ny fanadihadiana, etsy ankilany dia maneho fa tsy mahatsara ny vehivavy ny fanambadiana. Kanefa toa tsy mino loatra izany ireo vehivavy fotsy fihodirana nandia fianarana ambony. Mitovy amin'ireo vondrona hafa izy ireo izay mino fa ‘faly kokoa mihoatra ireo olona tsy manambady ny olona manambady.’ . . . Ny ampahany maro an'isa—70 isan-jato—an'ireo mpianatra ao amin'ny taona voalohany eny amin'ny oniversite dia mieritreritra fa ‘zava-dehibe’ na ‘tena manan-danja’ ho an'ny hoavin'izy ireo ny fananganana fianakaviana” (Hymowitz, *Manning Up*, 173–74).
3. Philip G. Zimbardo and Nikita Duncan, *The Demise of Guys: Why Boys Are Struggling and What We Can Do about It* (2012), e-book; jereo ny toko “Behind the Headlines.”
 4. Barbara Dafoe Whitehead, *Why There Are No Good Men Left: The Romantic Plight of the New Single Woman* (2003), 67.
 5. Amanda Dickson, “‘Hunger Games’ Main Character a Heroine for Our Day,” *Deseret News*, 2 Apr. 2012, www.deseretnews.com.
 6. Gordon B. Hinckley, “Welfare Responsibilities of the Priesthood Quorums,” *Ensign*, Nôv. 1977, 86.
 7. *Helping Others to Help Themselves: The Story of the Mormon Church Welfare Program* (1945), 4.
 8. Richard C. Edgley, “Antso ho Anao Ity,” *Liahona*, Mey 2009, 54.
 9. *Enseignement des Présidents de l'Église: Harold B. Lee* (2000), 134.
 10. “Rise Up, O Men of God,” *Hymns*, no. 323.





Nataon' ny Eveka Gary E. Stevenson
Eveka Mpiahy

Ho Sahy amin' ny Herim-po, sy ny Tanjaka ary ny Asa

Meteza ho mendrika tahaka ireo zatovo miaramila roa arivo izay nanana fahasahiana tamin-kerim-po amin' ny maha-mpihazona fisoronana mendrika anao.

Anio hariva aho dia mahatsiaro ho manana tombontsoa manokana afaka miresaka, amin' ny maha-eveka ahy, amin' ireo zatovolaha, izay mpihazona ny Fisoronana Aharôna, ary tafavory manerana izao tontolo izao mba hihaino ity fivoriamben' ny fisoronana ity. Zaraiko aminareo ny tantara avy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna izay miresaka an' i Helamàna sy ireo zatovo miaramilany roa arivo. Manome fanazavana antsika mikasika ny toetran' ireo zatovolaha taloha ireo ity soratra masina ity—ary manome aingam-panahy ho anareo zatovolaha amin' izao andro farany izao. Tene-niko anareo ilay soratra masina tiako indrindra manao hoe: “Ary lehilahy tanora avokoa izy ireo, sy sahy fatratra tokoa raha ny herim-po ary koa ny tanjaka sy ny asa, nefa indro tsy izany ihany—Lehilahy marina tamin' ny fotoan-drehetra izy ireo.”¹ Herim-po, tanjaka, asa, ary fahamarinana—tena toetra mendri-piderana izany!

Tiako ny hifantoka amin' ilay toetra voalohany izay mamaritra azy ireo ho: “sahy [amin' ny] herim-po.” Amiko,

izany dia mamaritra ny fahazotoan' ireo zatovolaha ireo mba hanao ny marina amin-kerim-po, na tahaka ny famaritana izay nolazain' i Almà hoe: “hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra . . . sy amin' ny toerana rehetra.”² Ireo zatovo miaramila 2.000 dia nanana fotoana betsaka nanehoana ny herim-pon' izy ireo. Ianareo tsirairay ihany koa eo amin' ny fiainanareo dia hanana fotoana manan-danja izay mitaky herim-po. Ny namako iray antsoina hoe John, dia nizara tamiko ny iray tamin' ireo fotoana teo amin' ny fiainany ireo.

Taona maro lasa izay dia voaray tao amin' ny Oniversite malaza iray tao Japana izy. Tafiditra tamin' ny fandaharan' asa ho an' ny mpianatra iraisam-pirenena izy miaraka amin' ny mpianatra sangany maro hafa manerana izao tontolo izao. Ny sasany dia nisoratra anarana miaraka amin' ny fanantenana mba handalina ny fahalalana mikasika ny kolontsaina sy ny fiteny, ary ny hafa kosa dia mahita izany ho toy ny zavatra manampy azy

ireo amin' ny asa sy ny anton' asa any aoriana any ao Japana, kanefa samy nandao ny tokantrano nisy azy avy izy rehetra mba hianatra any amin' ny firenena izay vahiny aminy.

Fotoana fohy taorian' ny nahaton-gavan' i John dia niparitaka nanerana ireo mpianatra vahiny rehetra ny filazana mikasika ny fety izay hitranga ao amin' ny terrasse tao amin' ny fonenan' olon-tsotra iray. Tamin' io alina io i John sy ny namany anankiroa dia nandeha tany amin' ilay toerana voalaza.

Rehefa nihazo ny ascenseur mitondra miakatra mankany amin' ny rihana ambony indrindra amin' ilay trano i John sy ny namany, dia nizotra nihazo ilay tohatra tokana sy tery izay mitondra mankany amin' io terrasse io, ary nanomboka nifampiresaka tamin' ireo hafa. Nanomboka niova ny rivotra niainana rehefa nandroso ho alina. Tsy nampahazo aina an' i John intsony ny fitomboan' ny tabataba, sy ny hamafin' ny hira, ny fiakaran' ny alikaola tao. Tampoka teo dia nisy olona nanomboka nandamina ireo mpianatra mba hanao faribolana lehibe, ary io olona io dia eo andala-pizaràna rongony ho fohana. Nikentrona be i John ary nampilaza faingana ireo namany anankiroa fa tokony handeha amin' izay izy ireo.

Toy ny efa maneso mihitsy ny iray tamin' ireo namany namaly hoe: “John a! Mora be ny ialana amin' ity—hijoro eo amin' ny faribolana fotsiny isika, ary rehefa tonga ny anjarantsika, dia omentsika avy hatrany ilay manaraka izany fa tsy hofohantsika akory. Fa raha mandeha isika dia mahatonga henatra ho antsika eo imason' ny olondrehetra izany.” Toa mora amin' i John izany, kanefa toa tsy marina. Nahafantatra i John fa tokony hanambara izay tiany hatao izy ary hanao izany avy hatrany. Fotoana vitsy monja no nanangonany ny herim-pony ary nitenenany tamin' ireo namany fa afaka manao araka izay tiany izy ireo fa izy kosa handeha. Ny iray tamin' ny namany dia nanapa-kevitra ny hijanona ary niditra tanatin' ny faribolana, ary ilay iray hafa dia nanaraka tsy fidiny an' i John hidina ny tohatra mba hiditra ao amin' ny ascenseur. Akory ny hagagan' i John fa vantany vao nisokatra ny varavaran' ny ascenseur, dia indreo nisy pôlisy manam-boninahitra nivoaka avy tao, ary nihazakazaka nihazo ny tohatra mankany amin' ny terrasse. Niditra


tao anatin' ny ascenseur i John sy ilay namany ary dia lasa.

Rehefa tonga tao amin' ny faratampon' ny tohatra ireo pôlisy, dia samy nanipy haingana ilay zava-mahadomelina tsy ara-dalàna ho any ivelany ireo mpianatra mba tsy ho tratra. Rehefa avy nandrindrana ny lalana mankany amin' ny tohatra anefa ireo manam-boninahitra dia nampilahatra izay rehetra teo amin' ilay terrasse ary niangavy ireo mpianatra tsirairay mba hanatsotra ny tãnan' izy ireo anankiroa. Nandeha nanaraka ny filaharana ireo manam-boninahitra ary nofononin' izy ireo tsara ny ankihibe sy ny fanondron' ireo mpianatra. Ireo rehetra izay avy nikasika tamin' ilay rongony, na nifoka izy ireo na tsia, dia voampanga, ary nisy fiantraikany goavana izany. Saika ny mpianatra rehetra tsy nisy ankanavaka izay tafajanona tao amin' ny terrasse no voaroaka tao amin' ny oniversiten' izy ireo avy, ary ireo izay voampanga fa nahavita heloka be vava dia noroahina hiala an' i Japana. Nanjavona tao anatin' ny fotoana fohy ireo nofinofy teo amin' ny fandratona fianarana, ireo taona maro niomanana, ary ny fahafahana hiasa any Japana amin' ny ho avy.

Ankehitriny dia mamelà ahy hiresaka aminareo ny zava-nitranga tamin' ireo mpinamana telo ireo. Ilay namana izay nijanona tao amin' ilay terrasse dia voaroaka tao amin' ny Oniversite tany Japana, kanefa izy dia niady mafy mba ho voaray tao, ary notakiana taminy ny hodiany. Ilay namana izay niala tamin' ilay fety ny alin' iny niaraka tamin' i John dia nahavita ny fianarany tao Japana, ary nanohy fianarana ka nahazo diploma tany amin' ny oniversite roa tsara indrindra tany Etazonia. Ny asany dia nahatonga azy hiverina tany Azia, ary tany izy no nahita fifaliana tamin' ny fahombiazana sesehena teo amin' ny asany. Mbola velom-pankasitrahana izy hatramin' izao noho ny ohatra feno herim-po nasehon' i John. Raha ny amin' i John, dia tsy tambo isaina ny vokatr' izany teo amin' ny fiainany. Ny fotoana niainany tany Japana tamin' iny taona iny no nitondra azy tamin' ny tokantrano sambatra, narahan-jazalahy roa. Tena tonga mpandraharaha nahomby tokoa izy, ary taty aoriana dia lasa mpampianatra tao amin' ny Oniversite iray tany Japana. Eritrereto hoe nanao ahoana ny fahasamihafana teo amin' ny fiainany raha toa izy ka tsy nanana

herim-po handao ilay fety tamin' iny alina manan-danja tany Japana iny.³

Ry zatovolahy, tahaka an' i John dia hisy ny fotoana izay tsy maintsy hanehoanareo ny herim-po marina anananareo, eo imason' ireo namanareo, mety ho mahamenatra sy mahasorena ny ho fiantraikan' izany. Ankoatra izany, amin' izao tontolo misy anareo izay hanjakan' ny teknôlôjia izao dia hisy koa ny ady hifanaovana amin' ilay fahavalo eo amin' ny sahan' ady mangina sy manirery eo anoloan' ny efijery. Ny teknôlôjia ankoatra ny tombontsoa entiny dia mitondra ihany koa olana izay tsy mbola niainan' ireo taranaka talohanareo. Ny fanadihadiana iray natao vao haingana teto amin' ny firenena no nahitana fa tsy any an-tsekoly fotsiny ihany no mampivarahontsana ny fakam-panahy mahazo ny zatovo ankehitriny fa any amin' ny toerana fanaovana internet ihany koa. Izany koa no nahitana fa ireo tanora izay nijery sary maneho fisotroana toaka sy fampiasana zava-mahadomelina tao amin' ireny tambazotra sôsialy eo amin' ny internet ireny dia avo telo na efatra heny ny mety hahatonga azy ireny hirona amin' ny toaka sy ny zava-mahadomelina ihany koa. Raha nanao fanamarihana mikasika io fanadihadiana io ny mpitantsoratra iray tao amin' ny kabinetra tao amin' ny governemanta Amerikana teo aloha dia nilaza hoe: “Io fanadihadiana tamin' ity taona ity io dia nampiseho karazana fanerena mahery vaika amin' ny fomba vaovao avy amin' ny fiaraha-monina—dia ny fanerena ataon' ny manodidina amin' ny alalan' ny teknôlôjia. Ny fanerena ataon' ny manodidina amin' ny alalan' ny teknôlôjia dia mihoatra lavitra noho ireo naman' ny ankizy iray sy ireo ankizy izay mifanerasera aminy. Manafika hatrany an-tokantrano sy ny efitrano fandrian' ilay zaza izany amin' ny alalan' ny Internet.”⁴ Ny fanehoana herim-po amim-pahamarinana dia matetika ho saro-takarina toy ny hoe hanao click sa tsia. Ampianarina ireo misiônera ao amin' ny *Torio ny Filazantsarako* ny hoe: “Fomba lehibe handrefesana ny hatsaran-toetranao ny zavatra safidianao ho eritretina sy ho atao rehefa irery ianao ary miritreritra fa tsy misy mahita.”⁵ Mahereza! Mahatanjaha! “Mitsangàna amin' ny toerana masina ianareo ary aoka tsy hoesorina.”⁶



Ry zatovolahy, mampanantena aho fa hanome hery anao ny Tompo. “Fa tsy nomen’ Andriamanitra fanahy osa isika fa fanahy mahery.”⁷ Hamaly soa anao Izy amin’ ny herim-po sy ny fitondran-tena tsara ataonao—amin’ ny alalan’ ny fahasambarana sy fifaliana. Ny herim-po lehibe toy izany no ateraky ny finoanao an’ i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany, sy ny vavaka nataonao, ary ny fankatoavanao ireo didy.

Hoy ny Filoha N. Eldon Tanner hoe: “Ny zatovolahy iray any amin’ ny sehatry ny sekoly dia afaka mitondra fiantraikany mahery vaika ho amin’ ny tsara. Ny zatovolahy iray izay ao amin’ ny ekipa mpanao baolina kitra, na any amin’ ny oniversite, na eo anivon’ ny mpiara-miasa aminy dia afaka manao soa sesehana amin’ ny alalan’ ny fiainany ny filazantsara, sy ny fanajany ny fisoronany, ary ny fijoroany hiaro ny marina. Matetika ianao no hahita fitsikerana betsaka sy fandraboribiana eny na dia avy amin’ ireo izay mino ny zavatra inoanao aza, na dia mety hanaja anao aza izy ireo noho ny fanaovanao ny tsara. Kanefa tsarovy fa na ny Mpamonjy aza dia nampijaliana, noharatsiana, nalaim-baraka ary nohomboana tamin’ ny hazo fijaliana nony farany satria tsy nety nohozon-gozonina tamin’ ny finoany. Efa mba nieritritra izay mety ho nitranga ve ianao raha toa ka nihanalemy izy ka niteny hoe: ‘O! Inona moa no ilàna izao e?’ ary tsy nanohy ny asany? Moa ve isika te-ho mpiala an-daharana, sa te-ho mpanompo feno fahasahiana na dia misy aza ny fanoherana maro sy ny faharatsiana eo amin’ izao tontolo izao? Handeha isika hanana herim-po hanao zavatra sy mba ho voaisa ho toy ny mpanara-dia marina sy feno fanoloran-tena an’ i Kristy.”⁸

Manasa anao aho, meteza ho mendrika tahaka ireo zatovo miaramila roa arivo izay nanana fahasahiana tamin-kerim-po amin’ ny maha-mpihazona fisoronana mendrika anao. Tsarovy fa ny zavatra izay ataonao, ny toerana izay halehanao, ary ny zavatra izay jerena no hamaritra ny maha-ianao anao. Te-ho tonga olona ohatry ny ahoana ianao? Meteza ho diakona mendrika, ho mpampianatra mendrika, ary ho mpisorona mendrika. Mame-traha tanjona mba ho mendrika ny hiditra ao amin’ ny tempoly amin’ izao fotoana izao, ary mba ho mendrika



ny handray ny ôrdônansy manaraka amin’ ny taona mahamety izany, ary ny handray ny Fisoronana Melkizedeka any amin’ ny farany. Izany no lalan’ ny fahamarinana izay manasa ny fanampian’ Andriamanitra. Hoy ny Tompo hoe: “Koa miharihary ao amin’ ny ôrdônansiny ny herin’ ny toetra araka an’ Andriamanitra.”⁹

Hitarika anao eny an-dalana eny ireo ray aman-dreny, sy ireo mpitarika ao amin’ ny fisoronana ary ireo laharam-pahamehana araka ny faminiana hita ao amin’ ny bokikely *Devoir Envers Dieu* (Ny Adidinao amin’ Andriamanitra) sy *Jeunes Soyez Forts* (Ry Tanora Mahereza).

Vao tsy ela akory izay ny Filoha Thomas S. Monson no nanoro hevitra hoe:

“Mba handraisana [fanapahan-kevitra] amim-pahendrena, dia ilaina ny herim-po—ny herim-po hiteny hoe tsia, ny herim-po hiteny hoe eny. . . .

“Manao antso avo aminareo aho mba handray fanapahan-kevitra . . . izao [ankehitryny] izao mba tsy hihataka amin’ ny lalana izay mitarika mankany amin’ ny tanjontsika: dia ny fiainana mandrakizay miaraka amin’ ny Raintsika any An-danitra.”¹⁰

Tahaka ny naneken’ ireo zatovo miaramila roa arivo ny antson’ i Helamàna izay mpitarika azy ireo mba hiady sy ny nandrindran’ izy ireo ny herim-po feno fasahiana nananan’

izy ireo, no ahafahanao manao toy izany amin’ ny fanarahana ny mpaninany mpitarika anao, dia ny Filoha Thomas S. Monson.

Ry zatovolahiko mpihazona ny Fisoronana Aharôna, eto ampamaranana dia manolotra anareo ny fijoroako ho vavolombelona aho ny amin’ Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy, ary ny tenin’ i Joseph Smith manao hoe: “Ry rahalahy! Tsy hitoza ao amin’ ity tanjona lehibe tokoa ity va isika? Andeha handroso fa tsy hihemotra. Mahereza ry rahalahy, dia mandrosoa, mandrosoa mankamin’ ny fandresena!”¹¹ Amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Almà 53:20.
2. Môsià 18:9.
3. Tantara manokana izay nolazaina tamin’ ny mpanoratra.
4. Joseph A. Califano, Jr., mpanorina sy filohan’ ny Ivotoerana Nasionaly mikasika ny Fiankinandoha sy ny Fampiasana Zava-mahadomelina ao amin’ ny Oniversiten’ i Columbia, tao amin’ ny vaovao navoaka mikasika ilay fikarohana, *casacolumbia.org*.
5. *Torio Ny Filazantsarako: Boky Torolalana ho an’ ny Asa Misiônera* (2004), 143.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87:8.
7. 2 Timoty 1:7.
8. N. Eldon Tanner, “For They Loved the Praise of Men More Than the Praise of God,” *Ensign*, Nôv. 1975, 74–75.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20.
10. Thomas S. Monson, “Ireo F telon’ ny Safidy,” *Liahona*, Nôv. 2010, 67–70.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:22.



Nataon' ny Loholona Anthony D. Perkins
Ao amin' ny Fitopololahy

Mitandrema ny Momba Tenanareo

[M]ijanonàna eo amin' ny lalan' ny fivoarana ao amin' ny fisoronana amin' ny alalan' ny fanamafisanareo orina ny fiovam-ponareo sy ny fampatanjahana ny fianakavianareo. . . . Ialao ireo zava-mandoza amin' ny fampandriana sofina amin' ireo famantarana ara-panahy milaza hoe "Tandremo" izay napetrak' Andriamanitra sy ireo mpaminany eny amin' ny lalantsika.

Fony aho zatovolahy dia manao dia amin' ny fiarakodia mamakivaky ny Tendrombohitra Montagnes Rocheuses eto Amerika izahay mba hitsidika ny raibe sy renibenay. Manomboka amin' ny lohasaha misy alan-drambiazina vahiny ny lalana, avy eo mihanika amin' ny havoana somary misolampy rakotra hazo-kesika, ary farany mipoitra amin' ny kirihitry ny hazo peuplier sy sahalava eny an-tampon-tendrombohitra izay azo hitazanana araka izay lavitra indrindra takatry ny maso.

Tsy azo antoka loatra anefa ity lalana mahafinaritra ity. Amin' ny sisin' ny ilan-tendrombohitra mikisilasila no namakiana ny ampahany betsaka amin' ilay lalana. Mba hiarovana ireo mpandalo dia nasian' ireo mpanorina lalana arofanina amin' ny sisin-dalana sy takela-by famantarana izay mivaky hoe: "Tandremo: Misy Vato Milatsaka." Maro ny antony hanasiana ireo fampitandremana ireo. Miparitaka eny amin' ny sisin' ny renirano ery ambany lavitra amin' ny lalana ireo vato sy bolongam-bato. Tsindraindray dia afaka mahita fiara potika ery ambanin'

ny hantsana izahay, mampiseho ny loza nahazo ireo mpamily tsy nanaraka ny fampitandremana.

Fianianana sy Fanekepivahanan' ny Fisoronana

Ry rahalahy, ianareo tsirairay avy dia efa niditra, na hiditra ato ho ato, amin' ny fianianana sy fanekepivahanana izay an' ny fisoronana Melkizedeka.¹ Ahitana dia mitodika mankany an-danitra ao anatin' izany fanekepivahanana izany izay miantomboka amin' ny fandraisana ny fisoronana ambanimbany kokoa sy ny fisoronana ambonimbony kokoa, avy eo mandroso amin' ny alalan' ny filofosana amin' ny antsontsika, ary mihanika hatrany mankany amin' ireo fitahiana lehibe indrindra avy amin' Andriamanitra mandrapahazoantsika "izay rehetra ananan' ny Ra[y]."²

Nametraka takela-pamantarana maneho fampitandremana ho amin' ny diantsika ilay mpahary feno fahendrena namorona izany lalana selestialy izany. Mitahiry ity fampitandremana mitaky fandinihan-tena ity ny fianianana sy fanekepivahanan'

ny fisoronana manao hoe: "Ary omeko anareo ankehitriny ny didy mba hitandremanareo ny momba ny tenananareo."³

Nahoana no asain' Andriamanitra mitandrana isika? Fantany fa tena misy⁴ i Satana izay mikatsaka ny hisintona antsika hidina any amin' ny hantsan' ny fahoriana.⁵ Fantatr' Andriamanitra ihany koa fa miafina ao anatin' ny mpihazona ny fisoronana ny maha-"olona araka ny nofo"⁶ azy izay "mora manalavitra"⁷ Azy. Noho izany no hanasan' ireo mpaminany antsika "[hanary] ny toetra taloha"⁸ ary "hitafy an' i Kristy"⁹ amin' ny alalan' ny finoana, ny fibebahana, ireo ôrdônansin' ny famonjena ary ny fiainana isanandro ny filazantsara.

Fialana amin' ireo Zava-mandoza

Eo am-pihanihana ilay lalan' ny fisoronana dia mety voasakana ny fivoarana ara-panahin' ny tovolahy na lehilahy iray raha toa ka tsy mahavita mitandrana. Moa ve efa nanaitra sy nahavaky fo anao ny fahalavoana tsy nampoizina nahazo ny zatovolahy iray tena niavaka, na ny misiônera iray vao tafaverina, na ny mpitarika iray manan-kaja ao amin' ny fisoronana, na ny olona iray izay tianao ao amin' ny fianakaviana?

Ohatra iray mampalahelo maneho ny fandanindaniam-poana ny herin' ny fisoronana ny tantaran' i Davida ao amin' ny Testamenta Taloha. Na dia naharesy an' i Goliata aza izy tamin' ny fahatanorany ary niaina tamimpahamarinana nandritra ny taona am-polony maro¹⁰ dia mbola nalemy ara-panahy ihany ity mpaminany sady mpanjaka ity. Tamin' ilay fotoana manahirana indrindra raha teny an-tampon' ny lapa izy ka nahatazana an' i Batseba tsara tarehy nandro, dia tsy nisy mpiambina ny eritreritra ara-pitondrantena teo akaiky teo nampitandrana hoe: "Tandremo ry Davida, tsy mety izao ataonao izao!" Ny tsy fanarahany ny fitandremana ny momba ny tenany¹¹ ary ny tsy nanarahany ny bitsiky ny Fanahy¹² no nitarika tamin' ny fahaverezan' ny fianakaviany mandrakizay.¹³

Ry rahalahy, raha i Davida matanjaka iny aza tafahodina hiala teo amin' ny lalana mankany amin' ny fisandratana, dia ahoana no fomba ataontsika mba tsy hiafara toy izany?

Manampy antsika hitoetra amin' ny lalana mankany an-danitra ny fitsipika roa izay toa arofanina roa sosona dia

ny fiovam-po lalina an' ny tena manokana sy ny fifandraisana mafy orina eo amin' ny fianakaviana.

Noho ny fahafantarana' i Satana ireo zavatra ireo dia mametraka sakana izy eo amin' ny lalan' ny fivoarantsika ao amin' ny fisoronana izay mandrava ny fiovam-po sy mamotika ny fianakaviansika. Soa ihany fa nametraka famantarana hoe "Tandremo" eny amin' ny lalana i Jesoa Kristy sy ireo mpaminaniny. Mampitandrina antsika hatrany izy ireo amin' ny ambo-po izay mandrava ny fiovam-po¹⁴ sy ireo fahotana toy ny fahatezerana, sy ny tsy fahononam-po ary ny filana ara-nofy izay mamotika fianakaviana.

Tany aloha efa elabe tany dia nanoro hevitra i Mosesy hoe: "Mitandrema fandrao hadinonao Jehovah."¹⁵ Eto amin' izao tontolo izao izay mihazakaza-dava sy tototry ny filamboly tafahoatra dia mbola mailaka ny olona "hanadino ny Tompo, . . . hanao heloka sy ny hotarihin' ilay ratsy."¹⁶

Fanamafisana Orina ny Fiovam-po sy ny Fianakaviana

Mba hijanonantsika amin' ny lalan' ny fivoarantsika ao amin' ny fisoronana eo anivon' ireo vato milatsaka mampidi-doza toy ny fakam-panahy, dia ampahatsiahiviko antsika ny fitsipika fototra enina izay manamafy orina ny fiovam-po sy ny fianakaviana.

Voalohany, manokatra ny varavarana ahafahana mahazo fanampiana avy any an-danitra "[handresena] an' i Satana"¹⁷ hatrany ny vavaka. Nandray ny vavaka ho toy ny fihetsika atao hanoherana ny fakam-panahy hatrany i Jesoa isaky ny mampitandrina ireo mpihazona ny fisoronana mba "hitandrina, fa i Satana dia maniry ny hikorokoro [anareo]."¹⁸ Nampianatra ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Raha misy amintsika no tsy dia taitra loatra tamin' ny fanarahana ilay torohevitra hoe mivavaka lalandava, tsy misy fotoana tsara kokoa azo hanombohana izany mihoatra noho izao ankehitriny izao. . . . Tsy misy velively lehilahy mitsangana amin'ny toerana avo kokoa mihoatra noho ny lehilahy iray mandohalika."¹⁹

Faharoa, mampifandray antsika amin' Andriamanitra ny fandalinana ireo soratra masina fahiny sy maoderina. Nampitandrina ireo mpikamban' ny Fiangonana ny Tompo mba "[hitandrina] ny fomba hiheverany [ireo

mpaminany] . . . fandrao hoheveriny ho zava-maivana izany ka hoentina amin' izany ho eo ambany fanamelohana izy, ary ho solafaka sy hianjera."²⁰ Mba hisorohana ity fanamelohana ampahibemaso ity dia tokony hiezaka amim-pahazotoana isika hamaky ny soratra masina, ary koa ireo gazetibokin' ny Fiangonana sy ny tranonkala izay hanampy antsika "handray torohevitra amin' ny fomba mitokana sy ho an' ny tena manokana avy amin' ireo mpaminany nofinidin' [ny Tompo]."²¹

Fahatelo, manomana antsika handray "ny Fanahy Masina ho mpitari-dalana [antsika]"²² ny fandraisana anjara amim-pahamendrehana amin' ireo ôrdônansy. Rehefa nampitandrina ny Mpamonjy hoe: "mitandrema fandrao voafitaka ianareo," dia nampanantena Izy fa tsy ho voafitaka isika raha toa ka "[mika-tsaka] . . . fatratra tokoa ny fanomezampahasovana tsara indrindra" an' ny Fanahy.²³ Mahatonga ireo mpikambana ho mendrika ny "hanana mandrakariva ny Fanahiny miaraka aminy"²⁴ ny fandraisana amim-pahamendrehana ny fanasan' ny Tompo isan-kerinandro. Afaka mahazo "ny fahafenoan' ny Fanahy Masina"²⁵ isika amin' ny alalan' ny fitsaohana any amin' ny tempoly.

Fahefatra, fitsipika iorenan' ny fiovam-pon'ny tena manokana sy ny fifandraisan' ny mpianakavy ny fanehoana fitiavana amin-kitsimpo. Nanome torolalana i Benjamina Mpanjaka hoe: "Mitandrema fandrao hitranga eo anivonareo ny fifandirana."²⁶ Aza adino velivefy fa i Satana no "rain' ny fifandirana"²⁷ ary mikatsaka izay ahatonga ny mpianakavy "hiady [sy] hifanjihitra."²⁸ Ry rahalahy, raha toa isika maneho fanararaotana ara-pihetseham-po, na amin' ny fiteny, na ara-batana, na amin' iza na amin' iza ao amin' ny fianakaviansika, na mampiasa hery amin' ny olona iray dia hamery ny herin' ny fisoronana ao amintsika isika.²⁹ Misafidiana ny hifehy ny fahatezerana. Tokony handre fitahiana avy amin' ny vavantsika ireo olona ao amin' ny fianakaviana fa tsy ozona. Tsy tokony hitaona ny hafa isika raha tsy amin' ny alalan' ny fandresen-dahatra, ny fahari-po, ny hatsaram-panahy, ny hamoram-po, ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy, ny halemem-panahy ary ny fiantrana.³⁰

Fahadimy, ampahany manandanja ao amin' ny finoana sy ny

firaingan-kinan' ny fianakaviana ny fanajana ny lalàn' ny fahafalonkarena. Nanoro hevitra i Jesoa hoe: "Mitandrema, . . . mba tsy ho azon' ny fieremana."³¹ satria ampiasain' i Satana hanakanana ireo fianakaviana amin' ny lalana selestialy ny tsy fahononam-po sy ny fikatsahana harena. Voafehy ny fieremana rehefa manao lamina amin' ny fidiram-bolantsika isika, mandoa fahafalonkarena marina sy fanatitra amin' ny fifadian-kanina amim-palalahan-tanana, manao teti-bola amin' ireo zavatra ilaina andaniana vola, miala amin' ny fitrosana tsy ilaina, manao tahiry hiatrehana ireo zavatra ilaina amin' ny hoavy ary manana fizakan-tena ara-batana. Ny fampanantenan' Andriamanitra ho antsika dia hoe: "Katsaho aloha ny fanjakan' [Andriamanitra] sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany."³²

Fahenina, manome fahatokian-tena ahafahana mijoro "eo anatrehan' Andriamanitra" miaraka amin' ny Fanahy Masina ho "namana lalandava"³³ ny fiainana feno ny lalàn' ny fahadiovam-pitondrantena. Manandrana mandrava ny fahadiovana sy ny fanambadiana i Satana amin' ny alalan' ireo fahavetavetana marobe. Rehefa nampitandrina ireo mpijangajanga mba "hitandrina ary hibebaka faingana tokoa" ny Tompo dia sady nahafaoka ilay fanaovana firaisana ara-nofy ivelan' ny fanambadiana sy ireo eritreritra maloto izay mitarika amin' izany ny famaritana nomeny.³⁴ Niresaka matetika sy tamin' ny fomba mazava momba ny fihanaky ny pôrnôgrafia ireo mpaminany sy apôstôly amin' izao andro izao. Nampianatra ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: "[Ny pôrnôgrafia] dia toy ny rivo-doza mahatsiravina, mandrava ny olona sy ny fianakaviana, mandrava tanteraka izay madio sy tsara fahiny. . . . Tonga ny fotoana ho an' ny tsirairay amintsika izay tafalatsaka tanteraka, hivoahana mba hanalavirana ny fahotana."³⁵ Raha toa ianao ka alaim-panahy handika ny lalàn' ny fahadiovam-pitondratena na amin' ny endriny ahoana na amin' ny endriny ahoana, dia araho ny ohatra nasehon' i Josefa tany Egipta, izay "nandositra . . . ka nivoaka teny ala-trano."³⁶

Manampy ireo mpihazona ny fisoronana ireto fitsipika fototra miisa enina ireto mba hizorana soa aman-tsara amin' ny lalana mankany an-danitra eo anelanelan' ireo arofanina ara-panahy

dia ny fiovam-pon' ny tena manokana sy ny fifandraisan' ny mpianakavy. Ry zatovolahy, hanomana anareo ho amin' ny fanekempihavanan' ny tempoly, sy ny asa fitoriana amin' ny fotoana maharitra, ary ny fanambadiana mandrakizay ny fankatoavana ireo fitsipika ireo. Ry vady sy ray, hahafahanareo hiahy ny tokantranoreo amim-pahamarinana, sy ho mpiatrika ara-panahy ny fianakavianareo, miaraka amin' ny vadinareo ho mpiara-dia mira lenta³⁷ ny fiainana ireo fitsipika ireo. Dia iray heniky ny fifaliana ny lalan' ny fivoarana ao amin' ny fisoronana.

Fijanonana amin' ilay lalan' ny fivoarana ao amin' ny Fisoronana

Raha hiverenako ireo zava-nitranga fony aho zatovolahy dia tsaroako ny fotoana iray nandehananay namakivaky ny Tendrombohitra Montagnes Rocheuses. Taorian' ny nandalovanay ny takela-pamantarana hoe "Tandremo: Misy Vato Milatsaka," dia nahatsikaritra vato kilonjy sy vato kely maro nilatsaka teo amin' ny lalana nanoloana anay ny raiko. Nalefany moramora avy hatrany ny fiara ka efa saika tafajanona mihitsy; tamin' izay indrindra no nianjera tsy lavitra anay ny bolongam-bato toy ny haben' ny baolina basket. Niandry ny fijanonan' ny filatsahan' ireo vato ny raiko vao nanohy ny dia. Ny fifantohan' ny raiko tsy tapaka sy ny fandraisany fanapahan-kevitra avy hatrany no nanome antoka ny hahatratraran' ny fianakavianay soa aman-tsara ny toerana tianay haleha.

Ry rahalahy, mikatsaka ny "hamongorana ny fanahin' ny olona"³⁸ i Satana. Raha toa ka mikorisa manakaiky ny sisin' ny loza mitatao ara-panahy ny fanahinao dia mijanona avy hatrany mba tsy hianjerana any, ary avilio hihazo ny lalana indray ny famindranao.³⁹ Raha toa ianao mahatsapa fa nianjera sy potika eny amin' ny farany ambanin' ilay hantsana ny fanahinareo fa tsy mitetra eny ambony eny amin' ny lalan' ny fivoarana ao amin' ny fisoronana noho ianareo nanao tsinontsinona ireo famantarana hoe "Tandremo" ary nanota, dia mijoro ho vavolombelona aho fa azo sintonina ianareo ary averina indray amin' ilay lalana mankany an-danitra nomanin' Andriamanitra, amin' ny alalan' ny fibebahana amin-kitsimpo sy ny herin' ny sorompanavo-tan' i Jesoa Kristy.⁴⁰

Nampianatra i Jesoa hoe: "Mitandrema hianareo . . . [amin']ny fihatsarambelatsihy."⁴¹ Raha toa ianao ka tsy mendrika ny hampiasa ny fisoronana dia meteza hihaona amin' ny evekanao, izay afaka hanampy anao hibe-baka. Mahereza fa na dia nilaza aza ny Mpamonjy hoe: "Mitandrema, . . . ary fadio ny fahotana,"⁴² dia nampanantena ihany koa Izy hoe: "Izaho Tompo dia tsy hitana fahotana aminareo. . . . Zory ny lalanareo ary aza manota intsony."⁴³

Manasa ny zatovolahy sy ny lehilahy tsirairay aho mba hijanona eo amin' ny lalan' ny fivoarana ao amin' ny fisoronana amin' ny alalan' ny fanamafisanareo orina ny fiovam-ponareo sy ny fampahatanjahana ny fianakavianareo. Manamafy orina ny fiovam-po ny vavaka, sy ny soratra masina ary ireo ôrdônansy. Mampahatanjaka ny fianakavianana ny fitiavana, ny fandoavana fahafolonkarena ary ny fahadiovam-pitondrantena. Lalao ireo zava-mandoza amin' ny fampan-driana sofina amin' ireo famantarana ara-panahy milaza hoe: "Tandremo" izay napetrak' Andriamanitra sy ireo mpaminany eny amin' ny lalantsika. Miezaha hanaraka ny ohatra tonga lafatr' i Jesoa Kristy, izay "nalaim-panahy [. . .] saingy tsy nilefitra tamin' ireny."⁴⁴

Mampanantena aho fa raha mitandrina ny fanekempihavanan' ny fisoronana ny lehilahy amin' ny alalan' ny "[fitandremany] ny momba ny tenan' izy ireo,"⁴⁵ dia hanana antoka isika sy ny fianakaviansika fa hahatratra soa aman-tsara sy amim-pifaliana ny tanjontsika amin' ny fisondratana eny amin' ny fanjakana selestialy. Mijoro ho vavolombelona momba izany aho amin' ny anarana masin' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33–44.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:38.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:43.
4. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:16; jereo koa ny Mosesy 1:12–22.
5. Jereo ny Helamàna 5:12; jereo koa ny 2 Nefia 1:13; Helamàna 7:16.
6. Mòsià 3:19; jereo koa ny 1 Korintiana 2:14.
7. "Come, Thou Fount of Every Blessing," *Hymns* (1948), no. 70.
8. Jereo ny Kolosiana 3:8–10; jereo koa ny Efesiana 4:22–24.
9. Galatiana 3:27; jereo koa ny Romana 13:14.
10. Jereo ny 1 Samoela 13:14; 17:45–47.
11. Jereo ny 2 Samoela 11:1–17.
12. "Tsy hahavita fahadisoana goavana ianareo raha tsy efa nampitandreman' ilay bitsiky ny Fanahy Masina mialoha" (Boyd K. Packer,

- "Torohevitra ho an' ireo Tanora," *Liahona*, Nôv. 2011, 18).
13. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:39; jereo koa ny Torolalana ho an' ny Soratra masina, "Davida."
 14. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 23:1; 25:14; 38:39; jereo koa ny Ezra Taft Benson, "Beware of Pride," *Ensign*, Mey 1989, 4–7.
 15. Deoteronomia 6:12; jereo koa ny Deoteronomia 8:11–19.
 16. Almà 46:8.
 17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:5.
 18. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52:12–15; jereo koa ny Lioka 22:31–32; Almà 37:15–17; 3 Nefia 18:18–19.
 19. Thomas S. Monson, "Manatona Azy amin' ny Alalan' ny Vavaka sy ny Finoana," *Liahona*, Mar. 2009, 4.
 20. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:5; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 41:1, 12.
 21. Gordon B. Hinckley, "Faith: The Essence of True Religion," *Ensign*, Nôv. 1981, 5.
 22. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:57.
 23. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:8; jereo koa ny Efesiana 4:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52:14–16; Kolosiana 2:8.
 24. Mòrônia 4:3; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77; jereo koa ny 3 Nefia 18:1–11.
 25. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:15.
 26. Mòsià 2:32.
 27. Jereo ny 3 Nefia 11:29–30.
 28. Mòsià 4:14.
 29. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36–37; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:61–63.
 30. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:41–45.
 31. Lioka 12:15; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:39.
 32. Matio 6:33; jereo koa ny 3 Nefia 13:33.
 33. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:45–46; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67:11; Moses 1:11.
 34. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:14–16; jereo koa ny Matio 5:27–28; 3 Nefia 12:27–30.
 35. Gordon B. Hinckley, "A Tragic Evil among Us," *Liahona*, Nov. 2004, 59, 62; jereo koa ny Dallin H. Oaks, "Pörnôgrafia," *Liahona*, Mey 2005, 87–90; Jeffrey R. Holland, "Aza Manome Toerana Intsony ho an' ny Fahavalon' ny Fanahiko," *Liahona*, Mey 2010, 44–46.
 36. Genesisy 39:12.
 37. Jereo ny *Boky Torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 2.3.
 38. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:27; jereo koa ny 1 Petera 5:8.
 39. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:9–10; 1 Korintiana 10:12–13; 2 Petera 3:17.
 40. Jereo ny Almà 13:27–29; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:21.
 41. Lioka 12:1; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:6–9.
 42. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:2.
 43. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:1, 7.
 44. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:22; jereo koa ny Hebreo 2:17–18; 4:14–16.
 45. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:43; jereo koa ny Deoteronomia 4:9; Mòsià 4:29–30.



Nataon' ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

Ny Fifaliana avy amin' ny Fisoronana

Ndeha isika handray sy hahatakatra ny fahagagana sy tombontsoa avy amin' ny fisoronana. Ndeha isika hanaiky sy hitia ireo andraikitra izay hangatahina ho tanterahantsika.

Ny Fifaliana avy amin' ny Fisidinana

Nanapa-kevitra izaho sy ny kapi-teny roa mpanamory fiaramanidina, taona maro lasa izay, hanatanteraka ny nofinofinay fony zazalahy kely dia ny hamerina ny fiaramanidina simba efa antitra iray amin' ny laoniny. Niara-nividy fiaramanidina Piper Cub tranainy iray, nivoaka tamin' ny taona 1938 izahay, ary nanomboka niasa mba hamerenana izany tamin' ny endriny tany am-piandohana. Asa miaro fitiavana ilay vinankasa. Nanana lanjany manokana ho ahy izany satria tamin' ny fiaramanidina tahaka an' io no nianarako nanamory fiaramanidina fony aho zatovolahy.

Naorina voalohany ity fiaramanidina ity 35 taona monja taorian' ny nanaovan' i Wright mirahalaha ilay sidina manan-daza voalohany. Mampahatsiaro ahy ho antitra be na ny mieritritra an' izany fotsiny aza.

Tsy nisy famelomana mandeha amin' ny herinaratra ilay fitaovana ary rehefa mamelona ny maotera avy eny amin' ny toeran' ny mpanamory ianao dia misy olon-kafa ety ambany miha-zona ilay "hélice" ary manodina izany mafy araka izay vitany mandrapihodin' ilay maotera amin' ny herin' ny tenany ihany. Fotoana mampiantanentana

sy mitaky fahasahiana foana isaky ny famelomana ilay fitaovana.

Rehefa mahazo haavo indray ilay Piper Cub dia hita taratra mazava fa tsy natao ho haingam-pandeha izany. Raha ny marina dia toa ireny tsy mihetsika ireny izany raha sendra ny tafio-drivotra manohitra ny lalan-kizorany. Tsaroako ny fisidinana niarahako tamin' ny zanako lahy kely, Guido, avy eny ambonin' ny autobahn tany Alemama ary azoko antoka fa nisongona any mora foana ireo fiarakodia tety ambany!

Kanefa tena tiako izany fiaramanidina kely izany! Izany no fomba tsara indrindra hiainana ny zavamahatalanjona sy ny hatsaran' izany hoe misidina izany. Afaka mandre, sy mahatsapa, sy manimbolo, sy manandran' ary mahita ny hoe ahoana izany misidina izany ianao. Nambaran-dry Wright mirahalaha araka izao izany: "Tsy misy [na inona na inona] azo oharina amin' ny fifalian' ireo mpanamory fiaramanidina rehefa entin' ny rivotra amin' ireo elatra fotsy lehibe izy ireo."¹

Tetsy andanin' izany kosa dia nanana tombontsoa aho nitaingina fiaramanidina mpiady F-18 raitra iray niaraka tamin' ireo ekipa mpanao fam-pisehoana sidina Blue Angels malaza eran-tany, avy ao amin' ny Tafika an'

habakabak' i Etazonia. Izany rehetra izany dia toy ireny hoe mitaingina fiaramanidina manaraka avy ety ambony ny fizotran' ny fahatsiarovana ireny satria saika ho 50 taona katroka amin' ity andro ity no nahavitako ny fiofanana mba ho tonga mpanamory an' ady ao amin' ny tafika an' habakabaka.

Mazava ho azy fa samihafa tanteraka amin' ny fisidinana amin' ilay Piper Cub ny zavatra niainana tamin' ilay F-18. Nampiseho ahy ny hakanton' ny fisidinana amin' ny fomba haingam-pandeha kokoa izany. Tahaka ny fampiharana ny lalàn' ny haitohidrivotra amin' ny fomba tonga lafatra kokoa izany. Na izany aza, nampahatsiahy ahy teo no ho eo koa ny fisidinana niaraka tamin' ireo Blue Angels fa natao ho an' ny tanora ny manamory fiaramanidina mpiady. Izao indray no voalazan-dry Wright mirahalaha: "Fa hafa noho ny zavatra hafa rehetra kosa, ny zavatra tsapa [amin' ny fisidinana] dia fahatsapana fiadana tonga lafatra, miaro fientanentana izay faran' ny mampihenjana ny hozaketsika tsirairay."² Ankoatr' izany, maneho fomba iray hafa tanteraka amin' ny fananana "anjely" manodidina anao sy manohana anao ny fisidinana miaraka amin' ireo Blue Angels.

Raha manontany ahy ianareo hoe iza amin' ireo fisidinana roa nataoko ireo no tiako kokoa dia tsy azoko antoka hoe afaka miteny aho. Raha ny endriny ivelany dia samy hafa be izy ireo, raha izay fotsiny no ambara. Amin' ny endriny hafa kosa anefa dia misy itoviana tokoa izy ireo.

Samy nahatsapako ny fientanentana, sy ny hatsarana ary ny fifaliana entin' izany hoe misidina izany na ny Piper Cub na ny F-18. Takatro avy tamin' ny fisidinako azy roroa ny tian' ny mpahaitononkalo lazaina rehefa nanoratra izy hoe: "[misitaka] manalavitra ny fifandraisana mankahalan' ny Tany ary [misidina] ny habakabaka amin' ireo ela-bolafotsin' ny fihomehezana."³

Fisoronana Mitovy Na aiza Na aiza

Ankehitriny, mety hanontany tena ianareo hoe inona no ifandraisan' ireo traikefam-pisidinana samihafa be roa ireo amin' ny fivoriantika androany na amin' ny fisoronana izay hazonintsika na amin' ny asa fanompoan' ny fisoronana izay tiantsika rehetra?

Ry rahalahy, moa tsy marina ve fa samy hafa be daholo ny zavatra iainan'



ny tenantsika manokana eo amin' ny asa fanompoana ato amin' ny fisoronana? Afaka miteny isika hoe misidina amin' ny fiaramanidina F-18 ny sasany aminareo, raha toa ka misidina amin' ireo Piper Cubs kosa ny hafa. Mipe-traka amin' ny paroasy sy tsatòka ny sasany aminareo izay ahitana mpihazona ny fisoronana mazoto avokoa ny antso tsirairay, manomboka amin' ny mpanampin' ny lehiben' ny vondron' ny mpisorona avo ka hatrany amin' ny mpitantisoratra ao amin' ny kôlejin' ny diakona. Tombontsoa ho anareo ny handray anjara ao amin' ny fikambanana iray ao amin' ny paroasy izay misy olona ampy hanompo.

Ny hafa kosa dia miaina any amin' ny faritr' izao tontolo izao izay tsy ahitana afa-tsy mpikamban' ny Fiangonana sy mpihazona ny fisoronana vitsy dia vitsy. Mety hahatsapa ho irery ianareo sy itambesaran' ny entamavesatra amin' ireo zava-drehetra ilaina atao. Ho anareo dia mety hitaky fandraisan' anjara mivantana be tokoa avy aminareo ny fampandehanana ilay milina mpampandeha ny asa fanompoana ao amin' ny fisoronana. Indraindray aza dia toa tsy mandroso mihitsy ny fahitana ny sampana na paroasinareo.

Na izany aza, na inona na inona andraikitra hazoninareo na toe-javatra iainanareo dia fantatsika fa misy fifaliana miavaka azo avy amin' ny asa fanompoana feno fanoloran-tena ao amin' ny fisoronana.

Tiako foana ny misidina amin' ny fiaramanidina, na izany amin' ny Piper Cub, na amin' ny F-18, na amin' ny fiaramanidina hafa. Rehefa misidina amin' ny Piper Cub aho dia tsy mitaraina amin' ny tsy fahampian' ny hafainganam-pandeha. Rehefa amin' ny F-18 aho dia tsy mikintokintoka na dia mampahafantatra ahy amin' ny fomba tsy misy indra-fo ny fahamari-nan' ny fahanterako aza ny vokatr' ireo fihetsika mihodinkodina.

Marina tokoa fa misy zavatra tsy tanteraka hatrany amin' ny toe-javatra rehetra. Eny, mora tokoa ny mahita zavatra hitarainana hatrany.

Kanefa ry rahalahy, mpihazona ny Fisoronana Masina isika, araka ny Lamin' ny Zanakalahin' Andriamanitra! Samy nametrahan-tanana teo ambony lohantsika isika tsirairay ary nandray ny fisoronan' Andriamanitra. Samy nomena fahefana isika sy andraikitra hiasa amin' ny Anarany ho mpanompony eto an-tany. Na amin' ny paroasy lehibe isika na sampana kely dia samy nantsoina mba hanompo, sy hitahy ary hanao zavatra amin' ny fomba rehetra mba ho an' izay mahasoana ny olon-drehetra sy ny zava-drehetra nampandraiketina antsika. Moa ve misy zavatra mandrisika mihoatra izany?

Ndeha isika hahatakatra, sy hankasitraka ary hahatsapa ny fifaliana avy amin' ny asa fanompoana ao amin' ny fisoronana.

Ny Fifaliana avy amin' ny Fisoronana

Nitarika ny lalan-kizoran' ny fiainako manontolo ny fitiavako misidina amin' ny fiaramanidina. Kanefa na dia mamelombelon' aina sy mahafinaitra tahaka ny ahoana aza ny traikefa niainako tamin' ny naha-mpanamory ahy dia mbola lalindalina kokoa, sy nitondra fifaliana kokoa ary latsa-paka lavitra kokoa ny zavatra niainako amin' ny maha-mpikambana ahy amin' ity Fiangonana ity. Rehefa nirotsaka tamin' ny asa fanompoana tato mpiangonana aho dia nahatsapa ny hery tsitohan' Andriamanitra sy ny halehiben' ny famindram-pony.

Nikasika ny habakabaka aho tamin' izaho nanamory. Nahatsapa ny fitiavana sy fiahian' ny lanitra aho amin' ny maha-mpikamban' ny Fiangonana ahy.

Tsindraindray aho dia manimaina izany hoe mipetraka ao amin' ny toeran' ny mpanamory izany. Kanefa mahasolo izany mora foana ny fanompoana miaraka amin' ireo rahalahy sy rahavavy eto am-piangonana. Tsy ho atakaloko na inona na inona eto amin' izao tontolo izao ny fahafahako mahatsapa ny fiadanana sy fifaliana mahatalanjona izay azo avy amin' ny maha-mpandray anjara kely ao amin' ity foto-kevitra sy asa lehibe ity.

Ankehitriny dia tafavory eto isika amin' ny maha-vondrona lehibe mpihazona ny fisoronana antsika. Fifaliana sy tombontsoa masina ho antsika ny manompo ny Tompo sy ny mpiara-belona amintsika, ny manolo-tena araka izay tsara indrindra vitantsika amin' ilay asa mendri-kaja fanampiana ny hafa sy fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra.

Fantatsika sy takatsika fa ny fisoronana dia ilay hery sy fahefana mandrakizain' Andriamanitra. Mora amintsika ny manao tsianjery izany famaritana izany avy amin' ny fitadidiantsika. Na izany aza anefa, moa ve tena takatsika ny lanjan' izay lazaintsika? Averiko indray: *ny fisoronana dia ilay hery sy fahefana mandrakizain' Andriamanitra.*

Saintsaino izany. Tamin' ny alalan' ny fisoronana no naharian' Andriamanitra sy hitantanany ny lanitra sy ny tany.

Amin' ny alalan' izany hery izany no anavotany sy anandratany ireo Zanany, mba hahatanteraka “ny tsy fahafatesana sy fiainana mandrakizain' ny olona.”⁴

Ny fisoronana, araka ny nanazavan' ny Mpaminany Joseph Smith azy, no “fomba izay nanombohan' ilay Tsitoha nampahafantatra ny Voninahiny nandritra ny . . . fahariana ity tany ity, ary amin' ny alalan' izany no nanohizany nanehoany ny Tenany tamin' ny zanak' olombelona amin' izao fotoana izao, ary amin' ny alalan' izany no hampahafantarany ny Tanjony hatrany amin' ny fiafaran' ny zavatra rehetra.”⁵

Nomen' ilay Raintsika heni-kery any an-danitra antsika—olona mety maty izay, araka ny famaritana, misy tsiny ny tsy tanteraka—ny fahefan' ny fisoronana. Nomeny antsika ilay fahefana

hiasa amin' ny Anarany ho an' ny famonjena ny Zanany. Amin' ny alalan' io fahefana lehibe io no ahazoantsika lalana hitory ny filazantsara, hanatan-teraka ireo ôrdônansin' ny famonjena, hanampy amin' ny fananganana ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany ary hitahy sy hanompo ny fianakavian-tsika sy ny mpiara-belona amintsika.

Natao ho an' ny Rehetra

Ity no fisoronana masina izay hazonintsika.

Tsy azo vidiana na didiana ny fisoronana na izay mety asa mifandraika amin' izany. Tsy azo taomina, resena lahatra, na terena noho ny toerana tanana, na noho ny harena na ny fahefana ananana ny fampiasana ny fisoronana. Hery ara-panahy izay miasa araka ny lalàn' ny lanitra izy io. Avy amin' ilay Raintsika rehetra any andanitra lehibe izany. Ny heriny dia tsy azo fehezina na ampiasaina raha tsy araka ireo fitsipiky ny fahamarinana,⁶ fa tsy amin' ny fitiavan-tena.

I Kristy no loharanon' ny tena fahefana sy herin' ny fisoronana marina eto an-tany.⁷ Asany ity, izay hanantsika tombontsoa ny fahafahana hanampy amin' izany. “Ary tsy misy afaka manampy amin' ity asa ity, raha tsy manetry tena izy ary feno fitiavana, manana finoana, fanantenana ary fiantrana, mahonon-tena amin' ny zavadrehetra na inona na inona hankinina hotandremany.”⁸

Tsy miasa mba hikatsaka ny tombontsoan' ny tenantsika manokana isika fa mikatsaka ny hanompo sy hanampy ireo hafa. Tsy mampiasa hery isika rehefa mitarika fa kosa “fandresen-dahatra, . . . fahari-po, . . . hatsaram-panahy sy

. . . hamoram-po, ary . . . fitiavana tsy mihatsaravelatsihy.”⁹

Afaka mahazo ny fisoronan' Andriamanitra Tsitoha ireo lehilahy mendrika na aiza na aiza no misy azy ireo—na manao ahoana ny firazanany, na tsotra manao ahoana ny toe-javatra hiainany, na any amin' ny faritra akaiky indrindra na lavitra indrindra amin' izao tontolo izao. Tsy ilàna vola aman-karena ny fahazoana izany. Raha holazaiko amin' ny teniko ny voalazan' i Isaia mpaminany fahiny, dia hoe: *ianareo rehetra* izay mangetaheta, mankanesa amin' ny rano! Ary ianareo izay tsy manam-bola, avia, mividia, ka homàna!¹⁰

Ary noho ilay Sorompanavotana mandrakizay sy tsy takatry ny saina nataon' i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika, dia afaka mahazo ny fisoronan' Andriamanitra eny fa na dia ireo izay nanao hadisoana na tsy mendrika teo aloha aza. Afaka “mitsang[ana] ary mamirapi[ratra]”¹¹ ianareo amin' ny alalan' ireo dingan' ny fibebahana izay manadio sy mandrendrika ara-panahy. Noho ilay fitiavana tsy manam-petra sy mamela heloky ny Mpamonjy sy Mpanavotra antsika dia afaka mampiandrandra ny masonareo ianareo, tonga madio sy mendrika, ary lasa zanakalahin' Andriamanitra miaina ampahamarinana sy mendri-kaja—mpihazona mendrika an' ilay fisoronana masina indrindra an' Andriamanitra Tsitoha.

Ny Fahagagana sy Tombontsoa avy amin' ny Fisoronana

Mahatsapa alahelo ho an' ireo izay tsy mahatakatra sy tsy mankasitraka ny fahagagana sy tombontsoa avy amin' ny fisoronana aho. Toy ireny

mpandeha amin' ny faramanidina izay mandany ny fotoany mimenomenona noho ny haben' ny fonosam-boanjo ireny izy ireo nefa eo am-pisidinana mamakivaky ny habakabaka, any lavitra ambonin' ny rahona—zavatra izay nirian' ireo mpanjaka fahiny sy tian' izy ireo iainana indray mandeha monja na dia handaniany ny fananany rehetra aza!

Ry rahalahy, fitahiana ho antsika ny manana anjara amim-panetren-tena amin' ity fahefana sy hery lehiben' ny fisoronana ity. Ndeha atopintsika ny masontsika ary hijery, sy hamantatra ary hanaiky ity fahafaha-manao zavatra tsara ity araka ny tena maha-izy azy.

Afaka hiaina ny tena dika marin' ity fanambarana ity isika, dia hoe: “Fa Izaho handeha eo alohanareo. Ho eo ankavananareo sy eo ankavianareo Aho, ary ho ao am-ponareo ny Fanahiko, ary hanodidina anareo ny anjehiko mba hanohana anareo”¹² amin' ny alalan' ny asa fanompoana marina, feno fitiavana ary fanoloran-tena ato amin' ny fisoronana.

Ndeha isika handray sy hahatakatra ny fahagagana sy tombontsoa avy amin' ny fisoronana. Ndeha isika hanaiky sy hitia ireo andraikitra izay hangatahina ho tanterahantsika—ao amin' ny tokantranontsika sy any amin' ny vondrona misy antsika ao amin' ny Fianganana, na manao ahoana na manao ahoana no mety habe na hakelin' izany. Ndeha isika hampitombo tsy tapaka ny fahamarinan-toetra, sy ny fanoloran-tena ary ny asa fanompoana ato amin' ny fisoronana. Ndeha isika hikaroka ilay fifaliana avy amin' ny fanaovana asa fanompoana ato amin' ny fisoronana!

Ny fomba tsara indrindra ahafahantsika manao izany dia amin' ny alalan' ny fampiharana ny fitsipiky ny fahalalana, sy ny fankatoavana ary ny finoana.

Voalohany, midika izany fa mila mahafantatra sy miaina ny fotopampianaran' ny fisoronana hita ao amin' ny teny nambaran' Andriamanitra isika. Zava-dehibe ny hahatakarantsika ny fanekempihavanana izay ifotoran' ny fitantanana ny fisoronana.¹³

Manaraka, aoka isika hanampahendrena sy hiasa tsy tapaka sy amim-boninahitra avy amin' ity fahalalana azo ity. Hiaina fifaliana amin' ny asa fanompoana ato amin'

Sobral, Brésil



ny fisoronana isika rehefa mankato ny lalàn' Andriamanitra, sy mifehy ny saintsika sy ny vatantsika, ary mam-pifanaraka ny asa ataotsika amin' ny fiainana am-pahamarinana fakan-tahaka nampianarin' ireo mpaminany.

Ary farany, aoka isika hampiorim-paka ny finoantsika an' i Jesoa Kristy Tompontosika. Ndeha isika handray ny anarany eo amintsika ary hanolo-tena isan' andro mba hanaraka indray ilay lalan' ny maha-mpianatra. Aoka ny asantsika no hahatonga lafatra ny finoantsika.¹⁴ Amin' ny maha-mpianany antsika dia afaka ny ho tonga lafatra tsikelikely isika amin' ny alalan' ny fanompoana ny fianakaviana, sy ny mpiara-belona ary an' Andriamanitra.

Mahazo fampanantenana isika ny handray fahalalana mahatalanjona, sy fiadanana ary fanomezam-pahasoavan' ny fanahy rehefa manompo ao amin' ny fisoronana amin' ny fontsika, sy ny herintsika, sy ny saintsika ary ny tanjatsika rehetra. Rehefa manaja ny fisoronana masina isika dia manaja antsika koa Andriamanitra ary "[h]ijoro tsisy tsiny eo [anoloany isika] amin' ny andro farany."¹⁵

Ny vavaka ataoko dia ny mba hanantsika maso hahita sy sofina handre ary fo hahalala ny fahagagana sy fifaliana avy amin' ny fisoronana izay an' Andriamanitra lehibe sy tsitoha, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Wilbur Wright, ao amin' ny James Tobin, *To Conquer the Air: The Wright Brothers and the Great Race for Flight* (2003), 238.
2. Wright brothers, ao amin' ny Tobin, *To Conquer the Air*, 397.
3. John Gillespie Magee Jr., "High Flight," ao amin' ny edis. Diane Ravitch, *The American Reader: Words That Moved a Nation* (1990), 486.
4. Mosesy 1:39.
5. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 108–9.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36.
7. Jereo ny Hebreo 5:4–10; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:3.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 12:8.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:41.
10. Jereo ny Isaia 55:1.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:5.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88.
13. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33–44; 121:34–46.
14. Jereo ny Jakoba 2:22 ao amin' ny Testamenta Vaovao
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:2.



Nataon' ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

Ampio Izy Ireo Hametraka Tanjona Tsara

Ireo izay tarihanao, raha mitari-dalana azy ireo ianao, dia ho afaka hahita sy haniry ary hino fa afaka mahatratra izay rehetra azon' izy ireo trararina izy ireo eo amin' ny fanompoana ato amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

Tena feno fankasitrahana aho noho ny fahafahako handray anjara amin' ity fivoriana lehiben' ny fisoronana ity sy nihaino fampianarana sy fijoroana ho vavolombelona mahatalanjona toy izany. Nahatonga ahy hahatsiaro ny zavatra niainako manokana izany. Ny nahafahako nanatanteraka saika ny zavatra rehetra izay azoko notanterahana tamin' ny naha-mpihazona fisoronana ahy dia satria hitan' ireo olona izay nahafantatra ahy tato amiko ireo zavatra izay tsy hitako.

Fony aho raim-pianakaviana vao herotreron' dia nivavaka aho mba hahafantarana izay anjara biriky azon' ireo zanako atao ato amin' ny fanjakan' ny Tompo. Ho an' ireo zazalahy dia nahafantatra aho fa afaka manana fahafahana manao zavatra ao amin' ny fisoronana izy ireo. Ho an' ireo zazavavy dia nahafantatra aho fa hanolotra asa fanompoana isoana tena ny Tompo izy ireo. Hanao ny Asan' ny Tompo avokoa izy rehetra. Nahafantatra aho fa olona iray miavaka ny tsirairay amin' izy ireo ka noho izany dia nomen' ny Tompo

fanomezam-pahasoavana manokana ny tsirairay amin' ireo zaza ireo mba hampiasaina hanompoana Azy.

Ankehitriny dia tsy afaka milaza aminareo raim-pianakaviana rehetra sy ianareo mpitarika zatovo rehetra aho ny antsipirian'ny tsara indrindra tokony ho ataonareo. Saingy afaka mampanantena anareo aho fa hitondra fitahiana ho azy ireo ianareo mba hanampiana azy ireo hamantatra ireo fanomezam-pahasoavana izay ananan' izy ireo hatrany am-pahaterahana. Samy hafa avokoa ny olona tsirairay ary samy manana anjara biriky hatolotra. Tsy misy natao ho tsy hahomby. Rehefa mikatsaka fanambarana ianareo mba hahitanareo ireo fanomezam-pahasoavana izay hitan' Andriamanitra ao amin' ireo izay tarihanareo ao amin' ny fisoronana—indrindra indrindra ireo tanora, dia ho voatahy ianareo hitari-dalana azy ireo hahitany izay asa fanompoana azon' izy ireo atao. Ireo izay tarihanao, raha mitari-dalana azy ireo ianao, dia ho afaka hahita sy haniry ary hino fa afaka mahatratra izay rehetra azon' izy ireo trararina izy ireo eo amin'

ny fanompoana ato amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

Ho an' ireo zanako manokana, dia nivavaka aho hahazoana fanambarana hahafantarako ny fomba ahafahako manampy ny tsirairay amin' izy ireo hio-mana ho an' ireo tombontsoa manokana ahafahany manompo an' Andriamanitra. Avy eo aho dia niezaka hanampy azy ireo hahita sary an-tsaina sy hanantena ary hiasa ho an' io ho avy io. Nisokitra takelaka hazo iray ho an' ny zanako lahy tsirairay aho ka nasiako teny avy amin' ny soratra masina izay mamariparitra ny fanomezam-pahasoavana manokana nananany sy sary iray izay maneho io fanomezam-pahasoavana io. Nosokiriko teo ambanin' ilay sary sy ilay maribolana ny daty nanaovana batisa sy nanendrena ny zazalahy tsirairay tamin' ireo anjara fanompoana tao amin' ny fisoronana, miaraka amin' ny halavany voamarika mifanitsy amin' ny datin' ny zavatranga tsirairay.

Ho fariparitako ireo takelaka izay nosokiriko ho an' ny zanako lahy tsirairay mba hanampiana azy hahita ireo fanomezam-pahasoavana ananany sy izay anjara biriky azony atolotra ho an' ny asan' ny Tompo. Afaka mahazo fitaomam-panahy ianao hamantatra, tahaka ahy, ireo fanomezam-pahasoavana manokana sy ireo tombontsoa tsy manam-paharoa ahafahana manao zavatra ho an' ny zatovo tsirairay izay tianao sy tarihanao.

Tamin' ny zanako lahimatoa lasa diakona sy Skoto Voromahery dia sarin' ny voromahery iray no tonga tato an-tsaiko raha nieritreritra azy sy ny hoaviny aho. Nipetraka tany Idaho izahay tamin' izany teo am-pototry ny tendrombohitra Teton Atsimo, izay niarahanay nihanika ary tany izahay no nitazana ireo voromahery mihiaka. Io sary tao an-tsaiko io no nahazoako ny hevitr' ireo tenin' i Isaia manao hoe:

“Mampahatanjaka ny reraka Izy, ary izay kely hery dia omeny hery be.

“Na dia ny tanora fanahy aza dia ho reraka sy ho sasatra, ary na dia ny zatovo aza dia mety ho tafintohina mafy;

“Fa izay miandry an' i Jehovah dia mandroso hery kosa; Elatra no hiakarakany tahaka ny voromahery; Hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; Handeha izy, nefa tsy ho reraka.”¹

Raha ny marina, niaraka tamin' io zanako lahimatoa io, dia voatery nijanona nihanika ny tendrombohitr'

i South Teton izahay satria reraka ny zanako lahy. Te-hijanona izy. Hoy izy hoe: “Halahelo foana ve aho hoe tsy nahavita nihanika hatreny an-tampony isika? Manohiza ianao ry Dada—tsy tiako ho diso fanantenana ianao.”

Namaly aho hoe: “Tsy ho diso fanantenana izany mihitsy aho, ary tsy halahelo izany mihitsy ianao. Ho tsaroantsika foana hoe niara-nihanika isika.” Nosokiriko teo amin' ny faritra ambony indrindra tamin' ilay takelany ny sary voromahery iray miaraka amin' ny soratra hoe: “Ao ambony elatr' ireo Voromahery.”

Rehefa nandeha ireo taona, dia namiratra kokoa noho izay neritreretiko tao anatin' ireo zavatra mamy indrindra nantenaiko ny zanako lahy nandritra ny naha-misiõnera azy. Nandritra ireo fanamby tany amin' ny sahan' ny asa fitoriana dia toa mihoatra noho izay azony natao ny sasantsasany tamin' ireo zavatra niainany tany. Ho an' ilay zazalahy izay amporisihanao, toy ny tamin' ny zanako lahy, dia angamba mety hoe nakarin' ny Tompo ho ambony kokoa izy teo amin' ny fitoriana ny filazantsara amin' ny fiteny sarotra iray, mihoatra noho izay noeritreretiko ho azony tanterahina. Raha manandrana ianao, miaraka amin' ny zatovolahy iray na iza izy na iza, ny hahatsapa ny zavatra rehetra azony tratarina ao amin' ny fisoronana, dia mampanantena anao aho fa hilaza zavatra betsaka araka izay ilainao ny Tompo. Ary mety hanana fahafahana hahatratra mihoatra an' izay ho ambaran'ny Tompo aminao aza ilay zazalahy. Ampio izy hametraka tanjona avo.

Mety ho toa saro-kenatra loatra ilay zazalahy izay amporisihanao ka tsy afaka ny ho mpanompo mahery ao amin' ny fisoronana. Ny zanako lahy iray hafa dia saro-kenatra loatra fony izy zazalahy kely ka tsy nety niditra tao amin' ny fivarotana iray sy hiresaka tamin' ny mpivarotra. Natahotra loatra izy. Niasa saina aho raha nivavaka momba izay hoaviny ao amin' ny fisoronana. Nieritreritra azy ho any amin' ny sahan' ny fitoriana filazantsara aho—toa tsy naha-velom-panantenana izany. Voasarika aho hijery soratra masina iray ao amin' ny Ohabolana: “Ny ratsy fanahy mandositra, na dia tsy misy manenjika aza; Fa ny marina kosa dia matoky toy ny liona tanora.”²

Nosokiriko teo amin' ny takelany ny hoe: “Matoky toy ny Liona,” teo

ambanin' ny sarin' ny lohan' ny liona iray izay mitrerona. Nandritra ny asa fitoriana nataony sy ireo taona taorian' izany, dia notanterahany ilay fanantenana izay nosokiriko. Ilay zanako lahy izay saro-kenatra fahiny dia nitory ny filazantsara tamin' ny faharesendahatra lehibe dia lehibe ary niatrika loza maro tamin' ny fo mahery tokoa. Natanjahana izy teo amin' ny andraikiny nisoloany tena ny Tompo.

Afaka mitranga izany ho an' ilay zatovolahy izay tarihinao. Mila manorina ny finoany ianao mba hahafahan' ny Tompo manova azy ho mpanompo iray mahery fo fa tsy ilay zazalahy saro-kenatra izay hitanao amin' izao fotoana izao.

Fantatsika fa ataon' ny Tompo ho lasa sahy ireo mpanompony. Niova ho olona manana haavo ara-panahy lehibe ilay zazalahy Joseph izay nahita an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy Zanany lahy tao amin' ny alakely iray. Hitan' i Parley P. Pratt izany tamin' ny Mpaminany Joseph Smith nanameloka ireo mpiambina ratsy fanahy izay nitazona azy ireo ho gadra. Izao no voarakitry ny Loholona Pratt:

“Tampoka teo dia nitsangana izy ary niteny toy ny feon' ny kotrobaratra, na toy ny liona mitrerona, ary nanonona, araka ny fitadidiavako azy, ireto teny manaraka ireto:

“*MANGINA, ianareo ry devolin' ny helo. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy no hanamelohako anareo, ary handidiako anareo mba hangina; tsy haharitra minitra iray fanampiny intsony aho hiharitra ny fomba fiteny toy izany. Atsaharo izany resaka izany, raha tsy izany dia na ianareo na izaho no ho faty IZAO ANKEHITRINY IZAO!*”

Izao no nosoratan' ny Loholona Pratt mikasika io zava-nitranga io: “*Sambany* no nahitako olona hentitra sy feno fahefana toy izany, raha nitsangana teo izy, voafatotry ny rojo, tamin' ny misasak' alina, tao anatin' ny fonja iray tany amin' ny tanàna iray tany Missouri.”³

Omen' ny Tompo fahafahana ireo mpanompony izay marina mba ho matoky toy ny liona rehefa miteny amin' ny Anarany sy amin' ny mahavavolombelona azy ireo ao amin' ny Fisoronany.

Ny zanako lahy iray hafa indray, fony kely, dia nanana namana maro izay matetika no te-hiaraka aminy. Mora aminy ny mifandray aman' olona.

Raha nivavaka aho sy niezaka hijery izay anjara biriky azony ho entina ato amin' ny fanjakan' Andriamanitra, dia nahatsapa fa hanana hery izy ham-pitambatra ny olona ao anatin' ny fitiavana sy ny firaisan-kina.

Izany no nitondra ahy ho any amin' ilay tantara ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izay mamariparitra ireo ezaka nataon' ireo loholona ao amin' ny fisoronana mba hanorenana an' i Ziona tao Missouri teo anatrehan' ny fiderana nataon' ireo anjely izay nahita ny ezaka nataon' izy ireo sy ny fandraisan' izy ireo anjara. Nitaky fahafoizana lehibe izany. Iza no voalazan' ny fanambarana ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana: "Na dia eo aza izany, dia sambatra ianareo fa ny tenivolom-belona izay efa nambaranareo dia voasoratra any an-danitra mba hojeren' ireo anjely; ary mifaly aminareo ireo, ary voavela ny fahotanareo."⁴

Nosokiriko teo amin' ny takelaky ny zanakalahiko ny hoe: "Mifaly aminao ireo Anjely."

Niitatra nihoatra lavitra noho ireo taona tany an-tsekoly ny fahaizana lehibe nananan' ity zanako lahy ity hanangona sy hitaona ny olona. Namolavola fiaraha-mientan' ny tsatòka izy, niaraka tamin' ireo mpihazona fisoronana namany, fiaraha-mientana izay nanome finoana an' ireo zatovo teo amin' ny faritra misy azy nahafahan' izy ireo naharitra ary nandresy mihitsy aza tamin' ny fotoan-tsarotra. Rehefa nampiorina ny finoana tao amin' ireo zatovolohy sy zatovovavy ireo izy dia nanampy nanangana vondrona mpikambana mafy orina vitsivitsy ao Ziona tany amin' ireo faritra an-tanandehibe eto Amerika. Teo amin' ilay asa sokitra dia nataoko nitsoka trompetra ireo anjely, izay mety tsy tena izany no fomba nanaovan' izy ireo azy, saingy mora kokoa ny misokitra trompetra toy izay hoe anjely mihiaka.

Mifaly ireo anjely rehefa manorina an' i Ziona ireo mpitarika ao amin' ny fisoronana maneran-tany any amin' ireo paroasy sy tsatòka ary misiôna misy azy. Ary hifaly izy ireo noho ireo zatovolohy sy zatovovavy izay ampianao mba hanorina an' i Ziona na aiza na aiza misy azy ireo ary na inona na inona toe-javatra misy azy ireo. I Ziona no vokatry ny olona izay tafaray noho ny fanekempihavanana sy ny fitiavana.

Manasa anao aho hanampy ireo zatovo-nao hiditra amin' izany.

Ho an' ny iray amin' ireo zanako lahy dia notaomin' ny Fanahy aho hisokitra masoandro—io masoandro eny amin' ny habakabaka io—sy ireo tenin' ny Mpamonjy ao amin' ilay vavaka fanalalanana nataony manao hoe: "Iza no Fiainana Mandrakizay." Tany akaikin' ny faramparan' ny fanompoan' ny Mpamonjy teto an-tany dia niva-vaka tamin' ny Rainy Izy hoe:

"Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, izay efa nirahinao.

"Izaho efa nankalaza Anao tety ambonin' ny tany; vitako ny asa nomenao Ahy hataoko."⁵

Io zanako lahy io dia nanao asa fanompoan' ny fisoronana tany amin' ny kaontinanta telo, fa ny manan-danja indrindra dia tao an-tranony, teo anivon' ny fianakaviany. Nanorina ny fiainany manodidina azy ireo izy. Tsy lavitry ny tranony izy no miasa, ary matetika izy no mody mba ho tafaraka amin' ny vadiny sy ireo zanany izay mbola kely amin' ny ora fisakafoanana atoandro. Akaiky kely anay mivady no mipetraka ny ankohonany. Mikarakara ny tokontaninay izy ireo toy ireny hoe azy ireny. Io zanakalahy io dia miaina tsy hoe mba ho mendrika ny fiainana mandrakizay fotsiny, fa mba hiaina ihany koa mandrakizay voahodidin' ireo olona ao amin' ny fianakaviany feno fankasitrahana izay atambany manodidina azy.

Ny fiainana mandrakizay dia ny miaina amim-piraisan-kina eo amin' ny mpianakavy, miaraka amin' ny Ray, sy ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina. Tsy azo tanterahina ny fiainana mandrakizay raha tsy amin' ny alalan' ireo fanalahidin' ny fisoronan' Andriamanitra, izay naverina tamin' ny laoniny tamin' ny alalan' ny Mpaminany Joseph Smith. Ny famporisihana ireo zatovo izay tarihanao mba hanana an' io fiainana mandrakizay io ho tanjona mandrakizay no fanomezana lehibe indrindra azonao omena azy ireo. Ny fomba tena hanaovanao izany dia amin' ny alalan' ny ohatra ao amin' ny tokantranonao manokana. Mety tsy manana fianakaviany ato amin' ny Fiangonana ireo izay tarihinareo, saingy omeko fanamby ianareo ny mba hanampianareo azy ireny hahatsapa sy haniry ny fitiavan' ny fianakaviany avy eo andaniny sy avy eo ankilan' ny voaly.

Ireo takelaka maneho ny halavana izay nofariparitako ireo dia fomba iray fotsiny hanampiana ireo zatovo hahita sombintsombiny amin' ilay halehibe izay hitan' Andriamanitra ao amin' izy ireo sy ao amin' ny ho avin' izy ireo ary ilay asa fanompoana tsy manam-paharoa izay nanomanany azy ireo mba ho atolony. Hanampy anao Izy hahita ny fomba hanaovana izany amin' ny zanaka sy ireo zatovo hafa. Fa raha mikatsaka amimbavaka ianao mba hahatakaranao an' io hoavy io ho an' ny tenanao manokana, ary hampita izany amin' ireo zatovo tsirairay, dia ho fantatrao fa tia an' ireo zanany tsirairay Andriamanitra ary mahita fanomezampahasoavana lehibe sy miavaka ao amin' ny tsirairay amin' izy ireo.

Amin' ny maha-ray ahy, dia voatahy manokana aho hahita hoavy lehibe ato amin' ny fanjakan' Andriamanitra ho an' ireo zanako vavy toy ny amin' ireo zanako lahy ihany koa. Rehefa mikatsaka fitarihana amimbavaka aho dia nampisehoana fomba hanampiana ireo zanako vavy hamantatra ny fitokisana izay nomen' Andriamanitra azy ireo amin' ny maha-mpanompo azy ireo izay afaka manangana ny Fanjakany.

Fony mbola kely ireo zanako vavy dia hitako fa afaka nanampy ny hafa izahay hahatsapa ny fitiavana an' ireo izay any ambadiky ny voaly nandritra ireo taranaka maro nifandimby. Nahafantatra aho fa io fitiavana io dia tonga avy amin' ny asa fanompoana ary mitondra manantenana ho amin' ny fiainana mandrakizay.

Koa dia nisokitra akalana fitetehana mofa izahay ka nasianany mofa vita tao an-trano teo amboniny ary niaranandeha izahay hizara ny fanatitray tamin' ireo maty vady sy ireo fianakaviany. Toy izao no vakin' ny soratra nosokiriko teo amin' ny akalana tsirairay: "J'aime et J'espère," izay dikanten' frantsay ho an' ny hoe: "Tia aho ary manantena." Tsy teo amin' ireo akalana nosokiriko fotsiny no nahitana soritra ny porofon' ireo fanomezampahasoavana manokana nananan' izy ireo fa nazava kokoa izany rehefa nizara ireo akalana izahay ho an' ireo izay nahatsapa fahoriana na fahaverezana ka nila fanomezan-toky indray fa afaka mamokatra fanantenana mamariparitra tanteraka ny fitiavan' ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotany. Izany asa



Manampahafana Ambony ato amin' Nty Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

6 Ôktiôbra 2012

NY FIADIDIANA VOALOHANY



Henry B. Eyring
Mpanolotsaina Voalohany



Thomas S. Monson
Filoha



Dieter F. Uchtdorf
Mpanolotsaina Faharaoa

NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO



Boyd K. Packard



L. Tom Perry



Russell M. Nelson



Dallin H. Oaks



M. Russell Ballard



Richard G. Scott



Robert D. Hales



Jeffrey R. Holland



David A. Bednar



Quentin L. Cook



D. Todd Christofferson



Neil L. Andersen

NY FIADIDIAN'NY FITOPOLOLAHY



Ronald A. Rosband



Walter F. González



L. Whitney Clayton



Donald L. Halstead



Tad R. Callister



Richard J. Maynes



Craig C. Christensen

NY KÔLEJY VOALOHANY AO AMIN'NY FITOPOLOLAHY

(manaraka ny abidia)



Marcos A. Alcubuerbis



Jose L. Alonso



Carlos H. Amado



Ian S. Ardern



Meyvyn B. Arnold



David S. Boster



Shayne M. Bowen



Craig A. Cardon



Yoon Hwan Choi



Don R. Clarke



Carl B. Cook



Lawrence E. Colbridge



Claudio R. M. Costa



Leonard R. Curtis Jr.



Benjamin De Hoyos



John B. Dickson



Kevin R. Duncan



Larry Echo Hawk



Stanley G. Ellis



David F. Evans



Enrique R. Faubella



Eduardo Gavaret



Robert C. Gay



Carlos A. Gadoy



Christoffer Golden Jr.



Gerrit W. Gong



C. Scott Grow



James J. Hamula



Daniel L. Johnson



Paul V. Johnson



Patrick Kearon



Paul E. Koelliker



Erich W. Kopischke



Marcus B. Nash



Brent H. Nielson



Allan F. Packer



Kevin W. Pearson



Anthony D. Perkins



Paul B. Pieper



Rafael E. Pino



Bruce D. Porter



Dale G. Renlund



Michael T. Ringwood



Lynn G. Robbins



Joseph W. Sironi



Steven E. Snow



Ulisses Soares



Michael John U. Teh



José A. Teixeira



Juan A. Uceda



Willard W. Andersen



Kóichi Aoyagi



Randall K. Bennett



Bruce A. Carlson



J. Devin Cornish



Bradley D. Foster



O. Vincent Hildeck



Larry R. Lawrence



Pei G. Mahn



James B. Martino



Jorio Mazzingardi



Kent F. Richards



Gregory A. Schwitzer



Kent D. Watson



Larry Y. Wilson

NY EPISKÔPÀ MPIAHY



Gérard Coussé
Mpanobisaina Voalohany



Gary E. Stevenson
Evela Mpiady



Deep M. Dwyer
Mpanobisaina Fianara



Francisco J. Vinas



W. Christopher Woodell



William R. Walker



F. Michael Watson



Scott D. Whiting



Kazuhiko Yamashita



Jorge F. Zaballos



Claudio D. Zivic



W. Craig Zurich



Noho ny "fampitana tsy manam-paharoa" araka ny fiantsoan'ny Filoha Thomas S. Monson azy dia nigoka ny fitahiana avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana ireo Olomasina manerana an'izao tontolo izao. Aseho sary manaraka ny fihodim-pamantaranandro manomboka avy eny amin'ny farany ambony havia ireo mpikambana sy misiônera tany Quelimane; Mozambique; Tallinn, Estonie; Varsovie, Pologne; Mexico City, Mexique; Edinburgh, Ecosse; Taipei, Taiwan; ary Gaborone, Botswana.



fanompoana izany no fiainana mandrakizay ho an' ireo zanako vavy sy ho antsika tsirairay.

Ankehitriny dia mety hihevitra ianao hoe: "Ry Rahalahy Eyring, moa ve izany ianao milaza hoe tsy maintsy mianatra manao asa sokitra aho?" Tsia no valiny. Tsy nahay nanao asa sokitra aho raha tsy teo ny fanampian' ny mpampianatra iray tsara fanahy sy nanan-talenta, dia ny Loholona Boyd K. Packer tamin' izany fotoana izany. Izay mba fahaiza-manao kely nananako dia azo lazaina fa azoko noho ny talenta lehibe izay nananany tamin' ny maha-mpanao asa sokitra azy sy noho ny faharetany tamin' ny nahampampianatra azy. Ny lanitra ihany no afaka manome karazana mpampianatra toy ny Filoha Packer. Fa misy fomba maro ahafahanao mampisy fiantraikany amin' ny fon' ireo zanaka fa tsy voatery misokitra takelaka hazo na takelaka fandrefesana halavana ho azy ireo.

Ohatra, ireo teknolôjia vaovao' ny fifandraisana dia ahafahana mizara hafatra mifono finoana sy fanantenana mamakivaky ireo kilaometatra maro izay manasaraka antsika, sy eo no ho eo ary amin' ny sarany mirary dia mirary na maimaimpoana. Manampy ahy hanao izany ny vadiko. Atombokay izany amin' ny firesahana an-telefaonina amin' ireo zafikelinay na ireo zanakay. Asainay izy ireo hizara ny tantaran' ireo zavatra tsara vitany sy ny asa fanompoana natolony. Asainay koa izy ireo handefa ny sary tamin' ireny zavatra natao ireny. Ampiasainay ireo sary ireo mba hanaingoana andalan-tsoratra vitsivitsy. Ampianay andininy iray na roa avy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna izany. Angamba mety tsy dia hanaitra firy an' i Nefa sy i Môrmôna ny kalitao ara-panahin' ny zavatra voasoratra na ny tsy nilana ezaka firy loatra teo amin' ny namoronanay ilay zavatra izay antsoinay hoe: "Ny Diarim-pianakaviana: Ireo Takelaka Madinika." Saingy voatahy izaho sy Rahavavy Eyring noho ny ezaka natao. Mahatsapa ho taomin' ny Fanahy izahay eo am-pisafidianana ireo andinin-tsoratra masina sy ireo hafatra fohy mifono fijoroana ho vavolombelona izay soratanay. Ary mahita porofo izahay eo amin' ny fiainan' izy ireo mikasika ny fitodihan' ny fon' izy ireo aty aminay sy any amin' ny Mpamonjy ary mankany ambony.

Misy fomba maro ahafahana miantraika amin' ny hafa; efa miroso amin' ny maro amin' izy ireny ianareo.

Ny fahazaranareo manao vavaka sy famakiana soratra masina iarahan' ny mpianakavy dia hiteraka fahatsiarovana maharitra kokoa sy fiovana lehibe kokoa ao am-po mihoatra noho izay mety tsapanao amin' izao fotoana izao. Na dia ireo zavatra atao izay toa miendrika arabatana toy ny fanatrehana fifaninanana atletisma na ny fijerena sarimihetsika aza dia afaka miantraika amin' ny fon' ny zaza iray. Tsy ilay karazana zavatra atao no zava-dehibe fa ny fahatsapana izay tonga rehefa manao azy ianareo. Nahita fomba tsara iray aho hamantarana ireo zavatra atao izay afaka manova zavatra be eo amin' ny fiainan' ny ankizy iray. Izany dia hoe avy amin' ny zavamahaliana iray izay tsapany hoe tonga ao aminy toy ny fanomezana avy amin' Andriamanitra no hanolorany sosokevitra mikasika ilay zavatra atao. Fantatro tamin' ny zavatra niainako manokana fa azo atao izany.

Fony aho lasa diakona tamin' izaho feno 12 taona, dia tany New Jersey no nipetraka izahay, 80 kilaometatra miala an' i New York City. Nanofinofy ny ho tonga mpilalao baseball malaza aho. Nanaiky hitondra ahy ny raiko hijery lalao iray izay natao tao amin' ny kianja iray efa antitra sy manan-tantara hoe Yankee Stadium, any Bronx. Mbola tsaroako hatramin' izao raha nanodina ny fikapohana baseball i Joe DiMaggio ka nahavita "home run" nampipitika ny baolina ho eny amin' ny faritry ny lampihazo afovoany izay nisy ahy sy ny raiko tamin' izany, tamin' ilay hany fotoana nandehananay niaraka hijery lalao baseball tao amin' ny ligy ambony.

Fa andro iray hafa niarahako tamin' ny raiko no nanova mandrakizay ny fiainako. Nentiny avy tany New Jersey aho ho any an-tranon' ny patriarika iray voatendry, tany Salt Lake City. Mbola tsy nahita io lehilahy io aho hatramin' izay. Teo an-tokonam-baravarana aho no navelan' ny raiko. Nentin' ilay patriarika aho ho eo amin' ny seza iray, nametraka ny tanany teo ambonin' ny lohako izy ary nanonona tsodrano ho toy ny fanomezana avy amin' Andriamanitra izay nahitana ny fanambarana izay mikasika ilay faniriana lehibe tao am-poko.

Hoy izy hoe izaho dia anisan' ireo izay voalaza hoe: "Sambatra ny mpampihavana."⁶ Taitra loatra aho hoe nisy olon-kafa tanteraka izay tsy fantatro afaka nahafantatra ny tao am-poko ka dia nosokafako ny masoko mba

hahitana ilay efitrano izay nitrangan' ny fahagagana toy izany. Io tsodrano io izay nanambara ireo zavatra azoko trararina no namolavola ny fiainako, sy ny fanambadiako ary ny asa fanompoana nataoko tato amin' ny fisoronana.

Avy tamin' io zavatra niainako io sy ny zavatra nitranga taorian' io no ahafahako mijoro ho vavolombelona hoe: "Fa ny tsirairay dia tsy manana ny fanomezam-pahasoavana rehetra tsirairay omena azy; fa misy maro ireo fanomezam-pahasoavana, ary ny olona tsirairay dia omen' ny Fanahin' Andriamanitra fanomezam-pahasoavana iray."⁷

Tamin' ny nanambaran' ny Tompo ahy ny fanomezam-pahasoavana iray no nahafahako namantatra sy niomana ho amin' ny fotoana hampiasako izany mba hitahiana ireo izay tiako sy tompoiko.

Mahafantatra ireo fanomezam-pahasoavana ananantsika Andriamanitra. Ny fanamby ataoko aminareo sy amin' ny tenako dia ny mivavaka mba hahafantarantsika ny fanomezam-pahasoavana izay nomena antsika, sy hahafantarana ny fomba ahafahana mampivelatra azy ireny, ary hamantatra ny fotoana ahafahana manompo ireo hafa izay nomen' Andriamanitra antsika. Fa ny zava-dehibe indrindra dia mivavaka aho mba ho taomin' ny Fanahy ianareo hanampy ny hafa mba hahafantarany ireo fanomezam-pahasoavana manokana avy amin' Andriamanitra entiny hanompo.

Mampanantena ianao aho fa raha mangataka ianao dia hahazo fitahiana hahafahanao manampy sy mampiakatra ny hafa hahatratrany izay rehetra mety ho tratrany eo amin' ny fanompoana an' ireo izay tarihany sy tiany. Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa velona Andriamanitra, i Jesoa no Kristy, ity no fisoronan' Andriamanitra, izay hazonintsika, ary efa nomanin' Andriamanitra isika nomeny fanomezam-pahasoavana manokana mba hanompoana Azy mihoatra noho izay azontsika antenaina. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Isaia 40:29-31.
2. Ohabolana 28:1.
3. *Autobiography of Parley P. Pratt*, ed. Parley P. Pratt Jr. (1938), 211.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 62:3.
5. Jaona 17:3-4.
6. Matio 5:9.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:11.



Nataon' ny Filoha Thomas S. Monson

Mijery ny Hafa Araka Izay Mety ho Ahatongavany

Tokony hampitombo ny fahaizantsika mijery ireo lehilahy tsy amin' ny endriny amin' izao fotoana izao isika fa amin' ny zavatra mety ho vitany.

Ry rahalahiko malala, rakotra mpihazona ny fisoronan' Andriamanitra ity Foiben' ny Fihaonambe ity indroa isan-taona eo am-pivoriantika miaraka mba hihaino ireo hafatra manentana fanahy. Misy fahatsapana arapanahy mahafinaritra izay mameno ny fivoriamben' ny fisoronana ato amin' ny Fiangonana. Misandrahaka avy eto amin' ny Foiben' ny Fihaonambe izany fahatsapana ara-panahy izany ary mipaka any amin' ny trano fivoriana tsirairay izay iangonan' ireo zanakalahin' Andriamanitra. Azo antoka fa nahatsapa tanteraka izany fanahy izany isika androany hariva.

Taona maro lasa izay, talohan' ny nanorenana ity Foiben' ny Fihaonambe mahafinaritra ity, dia nisy mpivahiny iray nitsidika ny Temple Square eto Salt Lake City ka nanatrika fivoriana iray tamin' ny fihaonamben' ny Fiangonana natao tao amin' ny Tabernakely. Nihaino ireo hafatra avy amin' ireo Rahalahy izy ary nampandry sofina tsara tamin' ireo vakava. Nankafy ny hira mahafinaritra nataon' ny Amboarampeon' ny Tabernakely izy

ary nitolagaga tamin' ny firentin' ny ôrga tsara tarehin' ny Tabernakely. Rehefa tapitra ny fotoana dia nisy olona naheno azy niteny hoe: "Hamoizako ny fananako rehetra raha toa ka fantatro fa marina ny zavatra nolazain' ireo mpandahateny androany." Ny tiany ho tenenina raha ny marina dia hoe: "Inay aho mba nanana fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara."

Tsy misy zavatra hafa eto amin' ity izao tontolo izao ity izay hanome toky sy fiadanana bebe kokoa mihoatra ny fananana fijoroana ho vavolombelona mikasika ny fahamarinana. Mino aho fa manana fijoroana ho vavolombelona daholo ireo lehilahy na zatovolahy tsirairay eto anio hariva, na dia samy hafa aza ny tanjak' izany. Raha misy aminareo mahatsapa fa mbola tsy manana fijoroana ho vavolombelona miorim-paka araka izay irianareo dia mamporisika anareo aho hanao asa mba hanaanana fijoroana ho vavolombelona toy izany. Raha matanjaka sy mafy orina ny fijoroana ho vavolombelona anananareo dia manaova zavatra mba hitohizan' izany. Endrey ny

fitahiana raisintsika noho ny fananana fahalalana ny fahamarinana.

Ny hafatro anio hariva ry rahalahy dia izao: maro ireo olona izay tsy manana fijoroana ho vavolombelona na manana fa kely, ankehitriny, izay afaka sy maniry ny handray ny fijoroana ho vavolombelona toy izany raha toa isika ka manao ezaka mizara ny fijoroantsika ho vavolombelona ary manampy azy ireo hiova. Amin' ny toe-javatra sasantsasany dia *isika* no afaka manome antony tokony hiovan' izy ireo. Ny horesahako voalohany aloha dia momba ireo olona izay mpikambana kanefa tsy manolo-tena feno amin' ny filazantsara ankehitriny.

Taona maro lasa izay no nandrenesako hafatra mahery vaika, tsy hay adinoina ary mifono antony manosika hanao zavatra, nandritra ny fivorian' ireo reny sy zanakavavy, tamin' ny fihaonambem-paritra natao tany Helsinki, Finlande. Na dia efa ho 40 taona aza izay no lasa hatramin' ny fotoana nandrenesako izany dia tsy hadinoko io hafatra io. Nilaza ilay mpandahateny, tao anatin'ireo fahamarinana maro novelabelariny, fa ilain' ny vehivavy iray ny ilazana aminy hoe tsara tarehy izy. Ilainy ny ilazana aminy hoe ankasitrahana ny zavatra ataony. Ary ilainy ny ilazana aminy hoe manana ny lanjany izy.

Ry rahalahy, hitako fa mitovy amin' ny vehivavy koa ny lehilahy raha amin' izay lafiny izay. Ilaintsika ny ampahafantarana antsika hoe ilaina ny zavatra ataontsika, ary hoe mahavita azy sy manana ny lanjany isika. Tokony homena fahafahana hanompo isika. Azontsika katsahana amim-bavaka ireo fomba hanampiantsika ireo mpikambana izay lasa malaina na misalasala hirotsaka amin' ny fahazotoana feno. Ny fangatahana azy ireo hanompo amin' ny anjara asa sasany mihitsy no mety ho tena antony aharisika azy ireo hiverina amin' ny fahazotoana tanteraka. Kanefa toa miahotra ny hanao izany ireo mpitarika izay afaka manampy azy ireo amin' izany lafiny izany. Mila mahatadidy isika fa afaka miova ny olona. Afaka miala amin' ireo fahazaran-dratsiny izy ireo. Afaka mibebaka tamin' ny fandikan-dalany izy ireo. Afaka mihaonana amim-pahamendrehana ny fisoronana izy ireo. Ary afaka manompo ny Tompo amim-pahazotoana. Ndeha hizarako ohatra vitsivitsy ianareo.

Nanana fahafahana aho niaraka tamin' ny Filoha N. Eldon Tanner, mpanolotsain' ny Filoha David O. McKay, nanatrika fihaonamben' ny tsatòka tany Alberta, Canada fony vao voantso mpikambana ato amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo. Novakian' ny filohan' ny tsatòka nandritra ilay fivoriana ny anaran' ireo rahalahy efatra izay hotohanana amin' ny fanendrena azy ho loholona. Fantatry ny Filoha Tanner ireo lehilahy ireo satria efa nisy fotoana nipetraka tamin' izany faritra izany izy. Kanefa fantany sy tadidin' ny Filoha Tanner izy ireo tamin' ny toetrany taloha ary tsy fantany fa efa nanova ny fiainany ary mendrika tanteraka ny ho tonga loholona.

Namaky ny anaran' ilay lehilahy voalohany ny filohan' ny tsatòka ary nangataka azy mba hitsangana. Nibitsibitsika tamiko ny Filoha Tanner hoe: "Jereo anie izy e! Tena tsy nieritreritra mihitsy aho hoe handray ny Fisoronana Melkizedeka izy." Namaky ny anarana faharoa ilay filohan' ny tsatòka ary dia nitsangana izany lehilahy izany. Nodomin' ny Filoha Tanner indray aho ary nozarainy tamiko ny fahatairany. Ary dia toy izany hatrany tamin' ireo rahalahy efatra.

Nanana fahafahana hiarahaba ireo lehilahy efatra ireo izaho sy ny Filoha Tanner taorian' ny fivoriana. Nasehon' izy ireo fa afaka miova ny olona.

Fanta-daza tamin' ny ezaka nataony hanova ny toetran' ireo lehilahy tao amin' ny fonjany i Clinton Duffy, izay lehilahy lehiben' ny fonja taty Amerika, nandritra ireo taona faha-40 sy faha-50. Nilaza ny olona mpitsikera iray hoe: "Tokony ho fantatrao fa tsy manova ireo teboteboka eo amin' ny volony ny leoparda!"

Namaly ilay lehiben' ny fonja Duffy hoe: "Tokony ho fantatrao fa tsy leoparda no hiarahako miasa. Olombelona no hiarahako miasa ary ny olona dia afaka miova isan' andro."¹

Taona maro lasa izay dia andraikitra ny ho filohan' ny Misiônan' i Canada. aNanana sampana iray izay izahay tany, izay nanana mpihazona fisoronana vitsy dia vitsy. Misiônera foana no niahy io sampana io hatrizay. Nandray fahatsapana mahery vaika aho fa ilaina ny hoe mpikambana ao amin' ny sampana ihany no miahly izany.

Nanana olon-dehibe iray izay izahay, izay mpikambana ao amin' ny sampana



ary diakona ao amin' ny Fisoronana Aharôna saingy tsy manatrika na mandray anjara feno izy ka tsy azo naroso tao amin' ny fisoronana. Nahatsapa ho notaomin' ny Fanahy aho hiantso azy ho filohan' ny sampana. Hotsaroako hatrany ilay andro izay nanaovako tafa sy dinika niaraka taminy. Nolazaiko taminy fa nanentana ny fanahiko ny Tompo mba hiantso azy ho filohan' ny sampana. Rehefa avy nanda im-betsaka izy, ary rehefa avy nahazo fankaherezana maro avy tamin' ny vadiny, dia naneho ny fanekenany hanompo izy. Notendreko ho mpisorona izy.

Fiantombohan' ny fiainam-baovao ho an' ity lehilahy ity izany. Novainy haingana ny lamim-piainany ary nanome toky ahy izy fa hiaina ireo didy araka ny nantenaina ho ataony. Tao anatin' ny volana vitsivitsy dia naroso ho loholona izy. Nankany amin' ny tempoly sy nofehezina tany izy sy ny vadiny ary ny fianakaviany taty afara. Nandeha nanao misiôna ireo zanany ary nanambady tany amin' ny tranon' ny Tompo.

Indraindray afaka manampy ireo rahalahy handray ilay dingana mankany amin' ny fanoloran-tena sy

ny fahazotoana tanteraka ny fame-lana azy ireo hahafantatra fa ilaina sy manan-danja izy ireo. Marina izany ho an' ireo mpihazona ny fisoronana na firy taona na firy taona. Andraikitsika ny manome azy ireo fahafahana hiaina araka izay tokony ho fomba iainany. Afaka manampy azy ireo handresy ny fahalemeny isika. Tokony hampitombo ny fahaizantsika mijery ireo lehilahy tsy amin' ny endriny amin' izao fotoana izao isika fa amin' ny zavatra mety ho vitany rehefa mandray ny fijoroana ho vavolombelon' ny filazantsaran' i Kristy izy ireo.

Indray mandeha izay aho nanatrika fivoriana tany Leadville, Colorado. I Leadville dia tanàna iray hita amin' ny toerana izay any amin' ny 3.000 m no haamboniny. Tsaroako izany fivoriana manokana izany tsy noho ny haambon' ny toerana nitrangany, fa indrindra koa noho ny zavatra izay nitranga tamin' io hariva io. Vitsy ny mpihazona ny fisoronana nanatrika teo tamin' izay. Teo ambany fiahian' ny misiônera hatrany koa izany tahaka ilay sampana tany amin' ny Misiônan' i Canada.

Nahafinaritra ny fivorianany io takariva io kanefa teo am-pihirana ny hira

famaranana izahay no tonga tamiko ny fientanam-panahy fa tokony ho mpikambana ao amin' ny sampana no hiahny izany sampana izany. Nitodika tamin' ilay filohan' ny misiôna aho ary nanontany hoe: "Moa tsy misy olona afaka miahy ity sampana ity ve eto—olona avy eto an-toerana?"

Namaly izy hoe: "Tsy mahalala aho na dia iray aza."

Nodinihako tsara ireo lehilahy ni-petraka teo amin' ny laharan-tseza telo voalohany nandritra ny fihirana. Toa niantefa tamin' ny iray tamin'ireo rahalahy ny saiko. Hoy aho tamin' ilay filohan' ny misiôna hoe: "Afaka manompo ho filohan' ny sampana ve izy?"

Namaly izy hoe: "Tsy fantatro. Mety ho afaka angamba."

Hoy aho hoe: "Filoha a! Asaiko hiaraka amiko any amin' ny efitrano ilany izy ary ho ataoko dinidinika. Manaova lahateny aorian' ny hira famaranana mandrapiverinay."

Namarana ny fijoroany ho vavolombelona ilay filohan' ny misiôna rehefa niverina niditra ny efitrano izahay roa. Nanolotra ny anaran' ilay rahalahy aho mba ho filoha vaovaon' ny sampana. Nanomboka tamin' io andro io ka hatramin' izao dia notarihan' ny mpikambana eo an-toerana hatrany io vondrona ao Leadville, Colorado, io.

Azo ampiharina amin' ireo tsy mpikambana koa izany fitsipika izany ry rahalahy. Tokony hampitombo ny fahaizantsika mijery ireo lehilahy tsy araka ny maha-izy azy isika fa amin' ny zavatra mety ho vitany rehefa tonga mpikamban' ny Fiangonana izy ireo, rehefa manana fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara ary rehefa miaina mifanaraka amin' ny fampianarana ao anatin' izany.

Tamin' ny taona 1961 dia nisy fihao-nambe maneran-tany iray izay natao ho an' ny filohan' ny misiôna, ary nentina taty Salt Lake City ny filohan' ny misiôna rehefa mba hanatrika ireo fivoriana ireo. Tonga taty Salt Lake City aho avy any Toronto, Canada, izay misiôna nisy ahy.

Nandritra ny fivoriana iray, i N. Eldon Tanner, izay Mpanampy ny Kôlejin' ny Roambinifololahy tamin' izany, dia vao avy niverina tamin' ny traikefa voalohany niahiany ireo misiôna Britanika sy Eorôpa andrefana. Nitantara momba ny misiônera iray izay misiônera nahita fahombiazana indrindra tamin' ireo

rehetra izay nataony tafa sy dinika izy. Nilaza izy fa rehefa nanao tafa sy dinika an' io misiônera io, dia nilaza taminy hoe: "Ataoko angamba fa anaran' olona avy amin' ny mpikambana daholo ireo olona izay nataonao batisa tonga ato am-piangonana e?"


Namaly ilay tovolahy hoe: "Tsia, tamin' ny alalan' ny fikarohanay manokana no nahitanay azy rehetra."

Nanontanian-dRahalahy Tanner taminy izay zavatra nampivavaka ny fomba fiasany—nahoa na nahita fahombiazana mahatalanjona toy izany izy nefa ireo hafa tsy mahita fahombiazana. Nilaza ilay zatovolahy fa niezaka nanandrana nanao batisa ny olona tsirairay izay nihaona taminy izy. Nolazainy fa raha mandondona varavarana izy ka nahita lehilahy iray nifoka sigara sy nitafy akanjo tonga ary toa tsy liana amin' ny na inona na inona—indrindra fa ny fivavahana—dia alain' ilay misiônera sary ao an-tsaina izany lehilahy izany amin' ny lafi-toe-javatra

hafa. Jereny ao an-tsainy izany lehilahy izany miaratra tsara, manao akanjo fotsy sy pataloha fotsy. Ary azon' ilay misiônera sary an-tsaina ny tenany mitarika izany lehilahy izany ho ao amin' ny ranon' ny batisa. Hoy izy: "Rehefa toy izany no fomba hijereko ny olona iray dia manana hery aho hizarana ny fijoroako ho vavolombelona aminy amin' ny fomba izay hahakitika ny fony."

Manana andraikitra isika hijery amin' io fomba io ireo namantsika, sy mpiara-miasa amintsika ary mpiaramonina amintsika. Averiko indray, andraikitsika ny manana fomba fijery mifantoka amin' ny olona tsirairay tsy amin' ny maha-izy azy ankehitriny fa kosa amin' ny mety ho zava-bitany amin' ny hoavy. Miangavy anareo aho mba ho amin' io fomba io no handrasanareo azy ireo.

Ry rahalahy, nilaza zavatra ny Tompo mikasika ny maha-manandanja ity fisoronana hazonintsika ity. Nolazainy tamintsika fa mandray



izany isika niaraka tamin' ny fianianana sy fanekempihavanana. Nanome torolalana ho antsika Izy fa tokony ho mahatoky sy marina isika amin' ireo zavatra rehetra raisintsika, ary manana andraikitra hitandrina ity fanekempihavavana ity hatramin' ny farany. Ary amin' izany dia homena antsika izay rehetra ananan' ny Ray.²

Ny *herim-po* no teny ilaintsika ho re sy hazonina ao am-po—herim-po hitodi-damosina amin' ireo fakampanahy, herim-po hanandratra ny feontsika hijoro ho vavolombelona amin' ireo izay rehetra mihaona amintsika, ary mahatsiaro fa tokony hanana fahafahana handre ilay hafatra ny olon-drehetra. Tsy mora ho an' ny ankamaroantsika ny manao izany, kanefa afaka mino ny tenin' i Paoly ho an' i Timoty isika:

“Fa tsy nomen' Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena.

“Koa aza menatra ny ho vavolombelon' ny Tompontosika.”³

Niaraka tamin' ny Rahalahy John H. Groberg tany amin' ny nosikely Tonga aho ny volana Mey 1974. Nihaona tamin' ny mpanjakan' i Tonga izahay ary tamin' ny fihaonana manana endriny ôfisialy no nihaonanay taminy. Ni-fampizara ireo zavatra mahafinaritra izahay. Na izany aza, talohan' ny niainganay dia nilaza zavatra tsy dia mahazatra loatra i John Groberg. Hoy izy: “Ry Mpanjaka, tena tokony ho tonga Môrmôna ianao sy ny vahoakanao, amin' izay dia ho voavaha ireo olanao sy ny olana atrehin' izy ireo.”

Nitsiky ilay mpanjaka ary namaly hoe: “Mety ho marina ny voalazanao ry John Groberg.”

Azoko an-tsaina ny Apôstôly Paoly nanoloana an' i Agripa. Toa reko ny valintenin' i Agripa tamin' ny fijoroana ho vavolombelon' i Paoly hoe: “Ataonao fa mora toy izany no hampanekenao ahy ho Kristiana.”⁴ Nanana herim-po hizara ny fijoroany ho vavolombelona tamin' ny mpanjaka iray ny Rahalahy Groberg.

An' arivony maro ny eo anivontsika anio hariva no misiôneran' ny Tompo manompo amin' ny fotoana feno. Nandao ny tokantranony, ny fianakaviany, ny namany ary ny fianarany izy ireo, mba hamaliana ilay antso, ary nandeha nanompo. Ireo izay tsy mahatakatra izany dia manontany

hoe: “Nahoana no manaiky ny antso amim-pahazotoana sy vonona ny hanolotra be an-tsitrato toy izany izy ireny?”

Afaka mamaly izy ireo, araka ny tenin' i Paoly, ilay misiônera lehibe tamin' ny andro fahiny, manao hoe: “Fa raha mitoro ny filazantsara aho, dia tsy misy ho rehehako, satria tsy maintsy manao izany; fa lozako, raha tsy mitoro ny filazantsara aho!”⁵

Ny soratra masina dia ahitana ny fanambarana manan-danja indrindra, ny andraikitra manan-kery indrindra, ary ny didy mazava indrindra izay nomen' ny Tompo efa nitsangana tamin' ny maty tamin' izy niseho tamin' ireo Galiliana mpianany iraika ambin' ny folo. Hoy izy:

“Efa nomena Ahy ny fahefana reheatra any an-danitra sy ety an-tany.

“koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin' ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina:

“sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan' ny fahataperan' izao tontolo izao.”⁶

Izany didy masina izany, miaraka amin' ny fampanantenana be voninahitra, no teny filamatra ho antsika ankehitriny, toy ny tamin' ny mitaovovonan' ny fotoana ihany koa. Ampahany fototra amin' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ny asa fitoriana ny filazantsara. Efa toy izany hatrany ary mbola ho izany hatrany. Araka ny nambaran' ny Mpaminany Joseph Smith hoe: “Rehefa nodinihana ny zavatra rehetra izay voalaza, dia ny mitoro ny filazantsara no andraikitra lehibe sy manan-danja indrindra.”⁷

Ao anatin' ny roa taona dia haramana ny asany amin' ny fotoana feno ary hody any an-tokantranony sy eo anivon' ireo tiany ireo misiônera amin' ny fotoana feno rehetra izay manompo ato amin' ny tafika masin' Andriamanitra. Eto anivon' ireo Fisoronana Aharôna an' ny Fiangonana ny solon' izy ireo anio hariva. Ry zatovolahy, moa ve vonona ianareo? Moa ve vonona hiasa ianareo? Moa ve vonona hanompo ianareo?

Nazavain' ny Filoha John Taylor toy izao izany fangatahana izany: “Ny

karazan-dehilahy tianay ho mpizara ity hafatry ny filazantsara ity dia lehilahy izay manam-pinoana an' Andriamanitra. Lehilahy izay manam-pinoana amin' ny fivavahany. Lehilahy izay manaja ny fisoronany; . . . lehilahy heniky ny Fanahy Masina sy ny herin' Andriamanitra . . . lehilahy manan-kaja, marin-toetra, masina ary madio.”⁸

Ry rahalahy, nodidiana hizara ny filazantsaran' i Kristy isika tsirairay avy. Tsy hiteny velively ny fitarainana manao hoe: “Lasa ny fararano, tapitra ny taom-piotazana, nefa tsy voavonjy isika”⁹ ireo izay manodidina antsika raha toa ka miaina mifanaraka amin' ny fenitra atolotr' Andriamanitra isika.

Nanome toky antsika ilay Mpiandry Ondry marin' ny fanahy, ilay misiônera izay nanavotra ny zanak' olombelona:

“Ary raha toa aza ka miasa amin' ny andronareo rehetra ianareo hitory fibebahana amin' ity vahoaka ity ary mitondra olona iray monja ho Ahy, akory ny halehiben' ny fifalianareo miaraka aminy ao amin' ny fanjakan' ny Raiko!

“Ary ankehitriny, raha lehibe ny fifalianareo miaraka amin' ny fanahy iray izay nentinareo ho Ahy ho ao amin' ny fanjakan' ny Raiko, akory ny ho halehiben' ny fifalianareo raha mitondra fanahy maro ho Ahy!”¹⁰

Momba Ilay niteny izany teny izany no hanambarako ny fijoroako ho vavolombelona manokana. Zanak' Andriamanitra, sy Mpanavotra ary Mpamonjy antsika Izy.

Mivavaka aho mba hananantsika herim-po ho tonga naman' ireo hafa, mba hananantsika fahasahiana hanandrana hatrany, ary hanana ilay fanetren-tena ilaina hikatsahana fitarihana avy amin' ny Ray eo ampanatanterahantsika ny didy ny hitory ny filazantsara. Eto am-pelantanantsika ny andraikitra ry rahalahy. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Ao amin' ny Bill Sands, *The Seventh Step* (1967), 9.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33–39.
3. 2 Timoty 1:7–8.
4. Asan' ny Apôstôly 26:28.
5. 1 Korintiana 9:16.
6. Matio 28:18–20.
7. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 330.
8. *Enseignements des Présidents de l'Église: John Taylor* (2001), 73.
9. Jeremia 8:20.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:15–16.



Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany Ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Aiza no Misy ny Lay?

Ilay lay izay toa manakana ireo fanampiana avy any amin'Andriamanitra dia tsy mandrakotra an'Andriamanitra saingy mandrakotra antsika kosa indraindray. Tsy miafina na oviana na oviana Andriamanitra, kanefa isika dia miafina indraindray.

Tao anatin'ny fahoriana lalina tao amin'ny fonjan'i Liberty, dia nihiaka i Joseph Smith Mpaminany hoe: "Andriamanitra ô, aiza no misy Anao? Ary aiza no misy ny lay izay mandrakotra ny toerana fiafenanao?"¹ Maro amintsika rehefa ao anatin'ny fahorian'ny tenantsika manokana, no mahatsapa fa lavitra antsika Andriamanitra. Ilay lay izay toa manakana ireo fanampiana avy any amin'Andriamanitra dia tsy mandrakotra an'Andriamanitra saingy mandrakotra antsika kosa indraindray. Tsy miafina na oviana na oviana Andriamanitra, kanefa isika dia miafina indraindray, rakotry ny lain'ireo famporisihina izay mitarika antsika hanalavitra an'Andriamanitra ary mahatonga azy ho toa lavitra sy tsy azo atonina. Ny fanirian'ny tenantsika manokana fa tsy ilay fahatsapana hoe: "Hatao anie ny sitraponao,"² dia miteraka ny fahatsapana fa misy lay manakona an'Andriamanitra. Afaka mahita antsika sy mifandray amintsika foana Andriamanitra, saingy mety tsy vonona ny hihaino na hanaiky ny sitrapony sy ny fotoany isika.

Ny fahatsapantsika ho tafasaraka amin'Andriamanitra dia hihena rehefa mihalasa toy ny zazakely eo anatrehany

isika. Tsy mora izany rehefa manana fiantraikany toy izany eo amin'ny fahavononantsika ireo hevitra ny olombelona hafa eto amin'ity tontolo ity. Saingy hanampy antsika hahafantatra ity fahamarinana ity izany, manao hoe: Akaiky antsika sy mahalala ny fisiansika Andriamanitra ary tsy miafina velively amin'ireo zanany mahatoky.

Ny zafikeliko vavy telo taona dia naneho ny herin'ny tsy fananan-tsiny sy ny fanetren-tena mba hampifandray antsika amin'Andriamanitra. Nandeha niaraka tamin'ny fianakaviany hamonjy ny varavarana misokatra tao amin'ny Tempolin'i Brigham City ao Utah izy. Nijery ny manodidina izy tao amin'ny iray tamin'ireo efitra tao amin'izany trano tsara tarehy izany ary nanontany hoe: "Neny a, aiza i Jesoa?" Nazavain'ny reniny taminy fa tsy hahita an'i Jesoa tao amin'ny tempoly izy, fa ho afaka kosa hahatsapa ny fitaomam-panahiny ao am-pony. Nandray tsara tamim-pitandremana ny valintenin'ny reniny i Eliza ary toa afa-po tamin'izany. Dia nofaranany tamin'ny hoe: "Lasa nandeha nanampy olona hafa i Jesoa."

Tsy nisy lay nandrakotra ny fahatakaran'i Eliza na nanohintohina ny fahitany ny zava-misy marina. Akaiky

azy Andriamanitra, ary nahatsapa ho akaiky an'Andriamanitra izy. Fantany fa tranon'ny Tompo ny tempoly ary nahatakatra ihany koa izy fa i Jesoa Kristy izay nitsangana tamin'ny maty sy feno voninahitra dia manana vatana ary tsy afaka mandeha afa-tsy amin'ny toerana iray ihany amin'ny fotoana iray.³ Raha tsy ao an-tranony Izy, dia fantatr'ilay zafikeliko fa tsy maintsy any amin'ny toeran-kafa. Ary araka izay fantany momba ny Mpamonjy, dia fantany fa tsy maintsy any rehetra any manao soa amin'ny zanaky ny Rainy i Jesoa. Mazava tsara fa nanantena ny hahita an'i Jesoa izy, tsy noho ny fitadiavany porofo mahagaga ny amin'ny fisiany fa satria tia Azy tsotra izao ilay zafikeliko.

Afaka nanambara ny fampiononana izay ilaintsika sy tadiavintsika rehetra tamin'ilay sainy sy fony mbola zaza-kely ny Fanahy. Velona i Jesoa Kristy, mahafantatra antsika Izy, miahia antsika, ary mikarakara antsika. Tsy mila mahita an'i Jesoa Kristy isika ao anatin'ny fotoan'ny fanaintainana, ny maha irery, na fisavorovoroan-kevitra mba hahafantarantsika fa mahafantatra ny toe-javatra iainantsika Izy, ary mahafantatra ny iraka izay nampanaovina Azy dia ny hitahy.

Fantatro avy tamin'ny zavatra niainako manokana fa ny zavatra niainan'i Eliza dia afaka hiainantsika, na dia aty aoriana lavitry ny nandaozantsika ny fahazazana aza. Nandritra ireo taona voalohany nanombohako niasa, dia niezaka mafy aho mba hahazo asa maharitra mandra-pisotro ronono amin'ny maha-mpampianatra ahy ao amin'ny Oniversite an'i Stanford. Nieritritra aho fa nanome fiainana tsara ho an'ny tenako sy ho an'ny fianakaviako. Nonina akaikin'ireo ray aman-drenin'ny vadiko teo anivon'ny manodidina maha-te honina izahay. Raha araka ny fenitra eto amin'izao tontolo izao, dia tena nahita fahombiazana aho. Saingy nomen'ny Fianganona fahafahana handao an'i Californie aho ary handeha tao amin'ny Ricks College ao Rexburg, Idaho. Ireo tanjoko teo amin'ny lafiny arak'asa nandritra ny fiainako dia mety ho lay nampisaraka ahy tamin'ny Ray be fitiavana izay nahalala bebe kokoa mihoatra noho ny tenako izay hoentiny ny hoaviko. Saingy notahiana aho mba hahalala fa na inona na inona fahombiazako teo amin'ny asako sy teo amin'ny fiainam-pianakaviako

hatreo amin'izay fotoana izay dia fano-
mezana avy amin'Andriamanitra. Ary
noho izany, dia nandohalika nivavaka
toy ny zazakely aho mba hangataka
izay tokony nataoko. Afaka nandre
feo malefaka tao an-tsaiko aho izay
niteny hoe: "Sekoliko ity." Tsy nisy lay
nanasaraka ahy tamin'Andriamanitra.
Nampifanarahako tamim-pinoana sy
fanetren-tena tamin'ny sitrapony ny
ahy, ary nahatsapa ny fiahiany sy ny
maha-akaiky Azy aho.

Ireo taona niasako tao Ricks
College, izay niezahako hikatsaka ny
sitrapon'Andriamanitra ary ny hanao
izany, dia nihazona ny lay tsy han-
drakotra ahy na hanakantsakana ilay
anjara andraikit'Andriamanitra izay
ataony hatrany eo amin'ny fiainako.
Rehefa nikatsaka ny hanao ny asany
aho, dia nahatsapa ho akaiky Azy sy
nahatsapa fahatokian-tena fa fantany
ny zavatra iainako ary tena nitsinjo ahy
lalina mba hahazoako fifaliana Izy. Koa
satria nanana zavatra azo natolotra ny
tao Standford, dia nanomboka tonga
teo anoloako ireo famporisihana araka
izao tontolo izao. Tolotr'asa iray izay
tena nahasarika tokoa ny iray, izay
natolotra raha vao nahavita ny faha-
dimy taona naha-filoha ahy tao Ricks
College aho. Nieritreritra mikasika ilay
tolotr'asa aho sy nivavaka mikasika
izany ary nifanakalo hevitra mikasika
izany tamin'ny Fiadidiana Voalohany
mihitsy aza. Namaly tamim-pitiavana
sy tamim-pihomehezana kely izy ireo
fa tsy nanome torolalana velively. Ni-
haino ahy nanazava ilay tolotr'asa voa-
raiko avy tamin'ny orin'asa goavana
iray teo ny Filoha Spencer W. Kimball
ary niteny hoe: "Ry Hal a! Toa tena
zavatra tsara izany! Ary raha sendra
mila anao izahay dia fantatray hoe aiza
no ahitanay anao." Ho fantatr'izy ireo
ny toerana ahitana ahy, saingy ireo fa-
niriako mba hahazo fahombiazana teo
amin'ny lafiny arak'asa dia nanorina
lay izay ho nanasarotra ny fitadiavako
an'Andriamanitra sy ho nanasarotra
ny fihainoako ary ny fanarahako ireo
fanasany.

Rehefa namakafaka izany ny va-
diko, dia nanana fahatsapana mahery
fa tsy tokony hiala any Ricks College
izahay. Dia hoy aho hoe: "Mety tsara
amiko izany." Saingy nisisika mafy
niteny tamim-pahendrena izy fa tsy
maintsy mahazo ny fanambarana ho
ahy manokana aho. Ary noho izany



dia nivavaka indray aho. Tamin'izay
fotoana izay dia nahazo fanambarana
aho, tamin'ny endrika feo tao an-tsaiko
izay nilaza hoe: "Mbola *avelako* hij-
nona elaela ao Ricks College ianao."
Ny fanirian'ny tenako manokana dia
mety nanakorontana ny fahitako ny
zava-misy marina ary nanasarotra ny
fahazoako fanambarana.

Telopolo andro taorian'ny nita-
hiana ahy tamin'ny fanapahan-kevitra
nentanim-panahy mba handa ilay to-
lotr'asa ary hijanona tao Ricks College,
dia vaky ilay Toho-drano Lehiben'i Te-
ton teo akaiky teo. Fantatr'Andriamani-
tra fa ho vaky ilay toho-drano ary hila
fanampiana ny olona an-jatony maro.
Navelany hikatsaka torohevitra sy ha-
hazo alalana avy Aminy hijanonana ao
Ricks College aho. Fantany ireo antony
rehetra izay mety maha-sarobidy ny
hiasako tao amin'ilay sekoly sy tao
Rexburg. Ka dia nangataka matetika
tamin'ny Ray any an-danitra tamin'ny
alalan'ny vavaka aho mba hanirahany
ahy hanao ireo zavatra izay hanampy
ireo olona izay nanana fananana sy
fiainana potika. Nandany ora maro nia-
rahana niasa tamin'ireo maro hafa aho
nanaisotra ny fotaka sy rano tamin'ireo
trano. Ny faniriako te-hahafantatra sy
hanao ny sitrapony dia nanome ahy
fahafahana hivelatra ara-panahy.

Maneho fomba iray hafa izay
ahafahantsika mametraka sakana
amin'ny fahafantarana ny sitrapo-
n'Andriamanitra na ny fahatsapana ny
fitiavany antsika izany zava-nitranga
izany: tsy afaka misisika hanaraka ny
fandaharam-potoan *tsika* isika rehefa

manana ny Azy manokana ny Tompo.
Nieritreritra aho fa efa ampy ny fo-
toana niasako tao Rexburg ka maika
ny hifindra aho. Indraindray dia mana-
maizina ny fahitantsika ny sitrapony ho
antsika ny fisisihantsika hanao zavatra
araka ny fandaharam-potoantsika.

Nangataka ny hamaizan'ny Tompo
ireo izay nanenjika ny mpikamban'ny
Fiangonana tao Missouri i Joseph Mpa-
minany fony izy tao amin'ny Fonjan'i
Liberty. Izany vavaka izany dia nataony
mba hangatahana kapoka azo antoka
fa hisy ary eo noho eo. Saingy namaly
ny Tompo fa "tsy [ho ao anatin'ny]
taona maro,"⁴ no hamaliany ireo
fahavalon'ny Fiangonana. Hoy izy ao
amin'ny andininy faha-24 sy faha-25 ao
amin'ny Fotopampianarana sy Fane-
kempihavanana fizarana faha-121:

"Indro, mahita sy mahalala ny asany
rehetra ny masoko, ary efa notehiriziko
ho azy rehetra ny famaliana faingana
amin'ny fotoany;

"Fa efa voatendry ny fotoana ho
an'ny olona tsirairay, araka ny asany
avy."⁵

Manaisotra ny lay isika rehefa ma-
hatsapa sy mivavaka hoe: "Atao anie
ny sitraponao" sy "amin'ny fotoanao."
Tokony ho haingana tokoa amintsika
ny fotoany satria fantatsika fa ny tsara
indrindra ihany no tiany ho azontsika.

Nandany taona maro ny iray ta-
min'ireo vinanto vaviko nahatsapana
fa nametraka lay nandrakofana azy
Andriamanitra. Izy dia reny tanora
nanan-janaka telo kanefa mbola naniry
zanaka hafa. Taorian'ny fahafahan-jaza
in-droa, dia nanjary lasa alahelo be
ilay vavaka fitalahoany. Raha mbola
niampy ireo taona tsy nahazoany zaza
dia nahatsapa ho nalaim-panahy ho te-
zitra izy. Rehefa niditra nianatra ilay za-
nany farany indrindra, dia toa naneso
ny fifantohany tamin'ny maha-reny azy
ny fahabangana tao an-tranony ary to-
rak'izay ihany koa ireo fitondrana vo-
hoka tsy noheverina ary tsy nilain'ireo
olom-pantany mihitsy aza. Nahatsapa
ho nanolo-tena sy nanokan-tena toa
an'i Maria izy, izay nilaza hoe: "Inty ny
ankizivavin'ny Tompo."⁶ Fa saingy na
niteny ireo teny ireo tao am-pony aza
izy, dia tsy nahare na inona na inona
ho valin'izany.

Tamin'ny fanantenana hampitraka
ny fanahiny no nanasan'ny vadiny ilay
vinantovaviko handeha hanao dia eo
amin'ny lafin'ny asa miaraka aminy

ho any Californie. Rehefa nanatrika fivoriana ilay zanako lahy, dia nandehana nanaraka ilay morontsiraka tsara tarehy sy tsy nisy na inona na inona izy. Nivavaka tamin'ny feo mafy tamin'ilay fony efa ho tresaka izy. Izay no fotoana voalohany indrindra tsy nangatahany zaza iray hafa, fa nangatahany tanjona masina iray. "Ray any an-danitra ô!" hoy izy nitomany, "Homeko anao ny fotoanako rehetra; ampahafantaro ahy ny fomba hampiasako izany." Naneho ny fahavononany hitondra ny fianakaviany na aiza na aiza hangatahana mba handehanan'izy ireo izy. Nitondra fahatsapana feno fiadanana tsy nampoizina izany vavaka izany. Tsy hisalasalana fa tsy nanome fahafaham-po ny fanirian'ny sainy izany, saingy izay no fotoana voalohany indrindra tao anatin'ireo taona maro nampitontan'ilay vavaka ny fony.

Nanaisotra ny lay ilay vavaka ary nanokatra ny varavarankelin'ny lanitra. Tao anatin'ny roa herinandro dia nahafantatra izy fa nanan'anaka. Vao feno herin-taona monja ilay zazakely vaovao raha naharay antso handeha hanao iraka ny zanako lahy sy ny vinanto vaviko. Noho izy nampanantena ny handeha ary hanao ny zavadrehetra na aiza na aiza, dia nanala ny tahotra tao anatin'ny ilay vinantovaviko ary nitondra ny zanany tany am-pitandranomasina. Nahazo zaza iray hafa izy tany amin'ny sahan'ny misiôna, nandritra ny andro iray famindrana toerana ny misiônera.

Ny fanoloran-tena tanteraka amin'ny sitrapon'ny lanitra, toa izay nataon'ity reny tanora ity, dia tena ilaina amin'ny fanaisorana ireo lay arapanahy izay apetratsika indraindray eo ambonin'ny lohantsika. Saingy tsy manome antoka izany fa ho azontsika eo no ho eo ny valin'ny vavaka ataontsika.

Toa marina hatrany ny fon'i Abrahama efa hatramin'ny ela talohan'ny nananan'i Saraha an'i Isaka ary talohan'ny nahazoan'izy ireo ny tany nampanantenaina azy. Nanana tanjona hafa hotanterahina mialoha izany ny lanitra. Tsy ny fanorenana ny finoan'i Abrahama sy i Saraha ihany no tafiditra tao anatin'ireo tanjona ireo fa ny fampianarana azy ireo ihany koa ireo fahamarinana mandrakizay izay nozarain'izy ireo tamin'ny hafa teny amin'ny lalan-davitra sy miolikolika

nalehan'izy ireo ho any amin'ilay tany nomanina ho azy ireo. Mazàna dia toa an'ny maharitra be ireo fotoana ampiandrasan'ny Tompo, ary maharitra mandritra ny fiainana iray manontolo ny sasany. Saingy natao mandrakariva izy ireny mba hahazoana fitahiana. Tokony tsy ho raisina ho fotoana maha ireny sy rakotr'alahelo ary tsy hisian'ny faharetana ny fotoana hiandrasana.

Na dia tsy fotoantsika foana aza ny fotoany, dia afaka mahazo toky isika fa mihazona ny toky nomeny ny Tompo. Ho an'ny sasany aminareo izay mahatsapa fa sarotra atonina izy, dia mijoro ho vavolombelona aho fa ho avy ny andro izay hifanatrehantsika Aminy. Toy ny tsy hisian'ny zavatra manakantsakana ny fijereny antsika ankehitriny, dia tsy hisy na inona na inona hanakantsakana antsika tsy ahita Azy. Hijoro tsirairay eo anatrehany avokoa isika rehetra. Tahaka ilay zafikeliko vavy, dia te-hahita an'i Jesoa Kristy isika amin'izao fotoana izao, saingy ho mahafinaritra kokoa ilay fihaonantsika Aminy izay tena hitranga tokoa eo amin'ny toeram-pitsarana raha manao ho laharana voalohany ireo zavatra izay mahatonga Azy hanana fifandraisana akaiky amintsika isika. Rehefa manompo azy isika, dia tonga tahaka Azy, ary mahatsapa ho akaiky Azy rehefa manakaiky ilay andro izay tsy hisy na inona na inona hanakona antsika tsy sahita.



Azo atao mitohy ny fanatonana an'Andriamanitra. Nampianatra ny Mpamonjy hoe: "Avia hianareo izay notahian'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo izao."⁷ Ary avy eo dia niteny tamintsika Izy hoe amin'ny fomba ahoana:

"Fa noana Aho, dia nomenareo hanina; nangetaheta aho, dia nampisotroinareo; nivahiny Aho, dia nampiantranoinareo;

"Tsy nanan-kitafy [Aho], dia notafianareo; narary Aho, dia notsaboinareo; tao an-trano-maizina Aho, dia novangianareo.

"Ary dia hamaly Azy ny marina ka hanao hoe: Tompoko, oviana no hitanay noana Hianao ka nomenay hanina? Na nangetaheta ka nampisotroinay?

"Ary oviana no hitanay nivahiny Hianao ka nampiantranoinay; na tsy nanankitafy ka notafianay?

"Ary oviana no hitanay narary Hianao, na tao an-trano-maizina, ka novangianay?

"Dia hamaly ny Mpanjaka ka hanao aminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko."⁸

Rehefa manao izay tiany ho ataontsika ho an'ny zanaky ny Rainy isika, dia raisin'ny Tompo ho hatsarampanahy atao Aminy izany, ary hatsapa ho akaiky kokoa Azy isika rehefa mahatsapa ny fitiavany sy ny fankasitrahany. Ho tonga tahaka Azy isika rehefa mandeha ny fotoana ary hieritreritra ny Andron'ny Fitsarana amin-kafaliana sy fanantenana.

Ilay lay izay toa nanafina anareo tsy ho hitan'Andriamanitra dia mety ho ny tahotra noho ny olona, fa tsy ilay faniriana hanompo ny hafa. Ny hany fanirian'ny Tompo dia ny hanampy ny olona. Maro aminareo, tahaka ahy koa, no nahatsapa tahotra tamin'ny fanatonana olona iray izay tohina noho ianareo na nandratra ny fonareo. Na izany aza anefa dia efa nahita ny Tompo nanalefaka fo maro im-betsaka aho, ao anatin'izany ny ahy. Noho izany dia mametraka fanamby ho anareo aho ny handeha any amin'ny olona iray ho an'ny Tompo, na dia eo aza ny tahotra izay mety hanananareo, mba hanolotra fitiavana sy fahaizana mamela heloka.

Mampanantena anareo aho fa rehefa manao izany ianareo, dia hahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy an'izany olona izany sy ny fitiavany anareo, ary tsy ho toy ny hoe tonga avy lavitra be izany. Ho anareo, dia mety ho ao amin'ny fianakaviana no hisy izany fanamby izany, mety ho eo anivon'ny fiarahamonina iray na mety ho manerana ny firenena iray.

Saingy rehefa mandeha ho an'ny Tompo ianareo mba hitahy ny hafa, dia hahatsikaritra sy hamaly soa izany Izy. Raha manao izany matetika na maharitra araka ny tokony ho izy ianareo, dia hahatsapa fiovana eo amin'ny toetranareo manokana, avy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Tsy hahatsapa ho akaiky Azy fotsiny ianareo, fa hahatsapa bebe kokoa ihany koa fa mihalasa tahaka Azy. Ary aorian'izay, rehefa mahita Azy ianareo, izay ho hitantsika rehetra, dia ho toy ny nahitan'i Môrônia izany no habitanao azy ihany koa rehefa niteny izy hoe: "Ary ankehitriny aho dia manao veloma anareo rehetra. Handeha tsy ho ela aho hiala sasatra ao am-paradisana'Andriamanitra, ambarapikamban'ny fanahiko sy ny vatako indray, ka hitondrana ahy mpandresy eny amin'ny habakabaka, hihaona aminareo eo anoloan'ny toeram-pitsarana mahafinaritr'Ilay Jehovah Lehibe, ny Mpitsara Mandrakizain'ny velona sy ny maty. Amena."⁹

Raha manompo amim-pinoana, sy amim-panetren-tena, ary amin'ny faniriana hanao ny sitrapon'Andriamanitra isika, dia mijoro ho vavolombelona aho fa hahafinaritra ny toeram-pitsaran'Ilay Jehovah Lehibe. Hahita Ilay Raintsika be fitiavana sy ny Zanany tahaka ny hahitany antsika amin'izao fotoana izao isika—amin'ny fahatakarana sy fitiavana tonga lafatra. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 121:1.
2. Jereo ny Matio 6:10; Lioka 11:2; 3 Nefia 13:10; Etera 12:29; Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 109:44; Mosesy 4:2.
3. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 130:22.
4. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 121:15.
5. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 121:24–25.
6. Lioka 1:38.
7. Matio 25:34.
8. Matio 25:35–40.
9. Môrônia 10:34.



Nataon'ny Filoha Boyd K. Packer

Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Ny Sorompanavotana

Na aiza na aiza mety alehan'ny mpikambana sy ny misiônera ato amintsika, ilay hafatra zaraintsika dia ny finoana sy fanantenana ao amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy.

Ny hafatro dia mitodika any amin'ireo olona eo anivontsika izay mijaly, vesaran'ny fahatsapana fahamelohana, fahalemena, tsy fahombiazana, ary alahelo sy hakiviana.

Tamin'ny 1971 dia notendrena aho hiantraikitra fihaonamben'ny tsatôka vitsivitsy tany Samoa Andrefana ka tao anatin'izany ny fanorenana tsatôka vaovao tany amin'ny nosy Upolo. Taorian'ny fanaovana dinidinika dia nanofa fiaramanidina kely izahay handehanana any amin'ny nosy Savaii mba hiatrehana fihaonamben'ny tsatôka iray tany. Nipetraka teo amin'ny toerana feno bozaka iray tany Faala ilay fiaramanidina ary tsy maintsy miverina ny ampitso tolakandro mba hitondra anay hiverina any amin'ny nosy Upolo.

Rehefa tonga ny andro tokony hiverenanay avy any Savaii dia avy ny orana. Fantatray fa tsy ho afaka hipetraka eo amin'ilay toerana mando ilay fiaramanidina ka dia nandeha niondra fiara tany amin'ny faritra farany andrefan'ilay nosy izahay izay nahitana karazana lalam-piaramanidina teo an-tampon'ny faritra iray misy akorandriaka. Niandry mandrapahamaizin'ny andro izahay saingy tsy nisy fiaramanidina tonga. Farany, henonay tamin'ny radiô fa nisy oram-baratra ka tsy afaka niainga ilay fiaramanidina. Namaly tamin'ny alalan'ny radiô izahay fa ho avy

amin'ny sambo. Misy olona hihaona aminay any Mulifanua.

Rehefa niala teo amin'ilay seranantsambon'i Savaii izahay dia nanontany ny filohan'ny misiôna ny kapitenin'ilay sambo (mirefy 12 m) raha nanana fanilo elektrika izy. Soa ihany fa nanana izy ary nataony fanomezana ho an'ilay kapiteny izany. Nandeha (21 km) niampita ilay ranomasina mahery nankany amin'ny nosy Upolo izahay. Tsy nisy nahafantatra izahay hoe nisy oram-baratra mahery vaika namely an'ilay nosy ary hiditra mivantana ao anatin'izany izahay.

Tonga teo amin'ny seranantsambon'i Mulifanua izahay. Misy faritra tery kely tsy maintsy andalovanay manaraka an'ilay harambato. Mampahafantatra ny fisian'ilay faritra tery ny jiro iray eny amin'ilay havoana eo ambonin'ny moron-dranomasina sy ny jiro faharoa izay ambanimbany kokoa. Rehefa ahodina amin'ny fomba izay mba hampifandrify ho ambony sy ambany an'ireo jiro roa ny sambo iray, dia mahitsy araka ny tokony ho izy izay ilay sambo mba handalo ilay harambato mampidi-doza mitandahatra ao amin'ilay lalana.

Saingy tsy nisy afa-tsy jiro iray ihany tamin'izay alina izay. Nisy elder roa niandry tany am-piantsonana mba hitsena anazy; saingy ela kokoa noho ny mahazatra ny fandalovana



izany. Rehefa niandry nandritra ny ora maro mba hahita famantarana an'ilay sambonay ireo elder ireo dia vizana ka resin-tory ary dia nanadino ny nandrehitra ilay jiro faharoa, dia ilay jiro izay ambany kokoa izany. Tsy nazava vokatr'izany ny lalana nandalovana an'ilay harambato.

Nentin'ilay kapiteny araka izay vitany nifanitsy tamin'ilay jiro ambony teny amin'ny morony ilay sambo ary nisy mpiasa iray teny an-tsambo izay nihazona teny amin'ny lohan'ny sambo ilay jiro elektrika nindramina mba hitadiavana an'ireo vato mitranga eo anoloana. Henonay ireo onja midona amin'ilay harambato. Rehefa nanakaiky izahay ka nahita azy ireo tsara niaraka tamin'ilay jiro elektrika, dia nitroatra nihiaka hoe tsy maintsy miverin-dalana ny kapiteny ary dia lasa nihemotra mba hanandrana hitady indray ilay lalana izahay.

Taorian'ny fanandramana maro dia fantany fa tsy ho hita mihitsy ilay lalana. Ny hany azonay atao dia manao izay hahatongavana any amin'ny toeram-piantsonana iray tany Apia izay 64 km lavitra avy teo. Tsy nanan-kery izahay teo anatrehan'ilay oram-baratra mahery vaika. Mbola tsy tsaroako hoe tany amin'ny toerana tena maizim-be noho izany aho hatramin'izay.

Tsy nandroso lavitra izahay nandritra ny adiny iray voalohany, na dia efa nampiasa ny heriny iray manontolo aza ilay maotera. Nitolona mafy teny ambonin'ny onja avo ilay sambo ary dia nijanona noho ny harerahana teo an-tampon'izany miaraka amin'ireo tangolimihodina any ivelan'ny rano.

Nanozongozona mafy an'ilay sambo toy ireny ho potipotika ireny ny fihovitrovitr'ilay tangolimihodina talohan'ny nigorisany teny amin'ny faritra ilany.

Nandry miaraka amin'ny tanana sy ny tongotra mivelatra izahay tao ambanin'ny saron'ny fitoeran'entana, ka nitazona ny sisiny teny amin'ny ilany ny tananay ary ny rantsantongotray mifaraingoka amin'ilany iray hafa mba tsy hipitihanay any ivelan'ny sambo. Tsy nahafikitra tsara Rahalahy Mark Littleford ka nipitika teny amin'ilay arofanintsambo ambany izay vy. Naratra ny lohany saingy nihazona azy tsy ho tafavoaka ny arofanintsambo.

Nandroso ihany izahay ary tonga teo amin'ny toeram-piantsonana tany Apia tamin'ny farany rehefa hadiva ho maraina ny andro. Nampifamatorana ireo sambo mba hiarovana azy. Voabahan'ireo sambo ireo tanteraka ny fefilohan-tseranana. Nandroso tsimoramora teny amin'izy ireo izahay ary niezaka ny tsy nanaitra an'ireo natory teo amin'ny tokontanin-tsambo. Lasa nandeha tany Pesega izahay ary nana-maina ny akanjonay dia lasa tany Vailutai mba hanorina tsatoka vaovao.

Tsy fantatro hoe iza no niandry anay teo amoron-dranomasin'i Mulfanua. Nolaviko ny hilazan'izy ireo tamiko hoe iza izy ireo. Saingy marina fa raha tsy nisy ilay jiro ambany kokoa dia mety efa maty izahay.

Ao amin'ny fihirantsika dia misy hira efa tena ela iray ary tsy dia hiraina matetika izay tena manan-danja ho ahy.

Mamirapiratra ery ilay famindrampon'ny Ray

Ary ho toy izany foana avy eny amin'ilay tranony misy jiro mpitsilo lalana,

Saingy nasainy nikarakara

Ireo jiro eny amin'ny morondrano isika.

Avelao ireo jiro ambany kokoa hirehitra;

Ka handefa hazavana manerana ny onja.

Misy tantsambo be fanetren-tena sy vizana ary sahirana

Mety azonao avotana sy vonjena.

Maizina ilay alin'ny fahotana;

Mitrema mafy ireo onja masiaka.

Ireo maso efa tsindrindaona mitady sy maniry

An'ireo jiro eny amin'ny morondrano.

Karakarao tsara ny fanilonao rahalahy;

Misy tantsambo sasantsasany ratsy

vintana sy nasian'ny rivotra mafy,

Miezaka ny hamonjy ny toeram-piantsonana amin'izao fotoana izao,

Mety very ao anatin'ny haizina.¹

Androany aho dia hiresaka amin'ireo izay mety very ary mitady ilay jiro ambany kokoa mba hitarika azy ireo hiverina.

Efa takatsika tany am-piandohana fa tsy ho afaka ny ho tonga lafatra isika eto amin'ny fiainana an-tany. Tsy nantenaina tamintsika ny hoe hiaina ka tsy handika lalana sasantsasany.

"Fa ny olona araka ny nofo dia fahavalon'Andriamanitra ary efa toy izany hatramin'ny fahalavoan'i Adama ary mbola ho toy izany mandrakizay mandrakizay raha tsy manaiiky ny fitaoman'ny Fanahy Masina izy ary manaisotra ny maha olona araka ny nofo azy sy tonga olomasina amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Kristy Tompo."²

Fantatsika avy ao amin'ny Voahangy Lafo Vidy fa "tsy misy zavatra tsy madio afaka mitoetra [ao amin'ny fanjaka-n'Andriamanitra],"³ ary noho izany dia nisy fomba iray nomena an'ireo rehetra izay manota mba hibebeba sy ho lasa mendrika ny ho eo anatrehan'ny Raintsika any an-danitra indray.

Nisy ny fisafidianana Mpanalalana sy Mpamonjy iray izay hanana fiainana tonga lafatra sy tsy hanota ary hanolotra "ny tenany ho sorona noho ny fahotana mba hanefana ny

fitakian'ny lalàna ho an'ireo rehetra izay manana fo torotoro sy fanahy manenina; ary tsy ho azo efaina amin'olon-kafa-afa-tsy Aminy ny fitakian'ny lalàna.”⁴

Nianatra mikasika ny maha-zava-dehibe ny Sorompanavotana isika ao amin'i Almà, “Fa ilaina ny hanaovana sorompanavotana; . . . fa raha tsy izany dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy hahafaty ny olombelona rehetra.”⁵

Raha tsy nanao hadisoana ianao dia tsy mila ny Sorompanavotana. Raha nanao hadisoana ianao, isika rehetra dia nanao izany, na kely izany na lehibe, dia tena mila mitady mafy ny fomba hahafana azy ireo ianao mba tsy hijanonanao ao amin'ny haizina intsony.

“I [Jesoa Kristy] no fahazavana sy fiainan'izao tontolo izao.”⁶ Rehefa mampifantoka ny saintsika Aminy sy amin'ny fampianarany isika dia hotarihina any amin'ny toeram-piantsonan'ny fiarovana ara-panahy.

Manambara an'izao ny fanekempinoana fahatelo: “Mino isika fa noho ny Sorompanavotana nataon'i Kristy, dia azo vonjena ny olombelona rehetra amin'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara.”⁷

Nampianatra ny Filoha Joseph F. Smith hoe: “Tsy afaka mamela ny fahotany manokana ny olona. Tsy afaka manadio ny tenany vokat'ireo fahotany izy ireo. Afaka mijanona tsy manota intsony ny olona sy afaka manao ny marina amin'ny hoavy ary hatreo aloha, noho ny fihetsiny izay azo ekena eo anatrehan'ny Tompo dia lasa mendrika ny ho heverina ny amin'izy ireo. Saingy iza no hanitsy ny tsy mety nataon'izy ireo tamin'ny tenany sy tamin'ny hafa, izay toa tsy ho vitan'ny tenan'izy ireo velively ny hanitsy azy? Ho vadio amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny fahotan'ireo izay nibebaka, na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza dia ho tahaka ny volon'ondry fotsy [jereo ny Isaia 1:18]. Izany no fampianantennana omena anao.”⁸

Tsy fantatsika mazava tsara ny fomba nanatanterahan'ny Tompo ny Sorompanavotana. Saingy fantatsika fa ilay fampijalialiana tsy misy antra tao anatin'ny fanomboana dia ampahany fotsiny tamin'ilay fanaintainana mahatsiravina izay nanomboka tao Getsemane—izay toerana masin'ny fijaliana—ary nifarana tany Golgota.



I Lioka dia nirakitra hoe:

“Ary Izy nihataka tamin'ny tokony ho indray mitora-bato, dia nandohalika ka nivavaka hoe:

“Raiko ô, raha sitrakao, dia esory amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao.

“Ary nisy anjely avy tany an-danitra niseho teo aminy ka nampahery Azy.

“Ary fadiranovana Izy, ka dia nivavaka mafimafy kokoa; ary ny dininy dia tahaka ny ra nipotrapotraka tamin'ny tany.”⁹

Hatreto aloha raha araka izay azoko nolazaina dia tsy nisy afa-tsy fitantarana iray izay avy amin'ny tenin'ny Mpamonjy manokana no mamaritra ny zavatra nozakainy tao amin'ny Sahan'i Getsemane. Ny fanambarana dia mirakitra hoe:

“Fa indro, Izaho Andriamanitra dia efa nijaly tamin'ireo zavatra ireo ho an'ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo hijaly raha mibebaka;

“Nefa raha tsy mety mibebaka izy ireo dia tsy maintsy mijaly tahaka Ahy;

“Fijaliana izay nahatonga ny Tenako, Ilay Andriamanitra, Ilay lehibe indrindra noho ny rehetra, hangovitra noho ny fangirifiriana sy hivoa-dra.”¹⁰

Nandritra ny fiainanareo dia mety nisy fotoana izay nandehananareo tany amin'ny toerana tsy tokony ho nandehananareo velively na nanaovanareo zavatra izay tsy tokony ho nataonareo velively. Raha manalavitra ny fahotana ianareo dia ho afaka indray andro any hahafantatra ilay fiadanana izay azo

avy amin'ny fanarahana ilay lalan'ny fibebahana tanteraka.

Na inona na inona fandikan-dalàna nataontsika ary na dia tena nanafintohina ny hafa aza ny zavatra nataontsika dia azo esorina izany fahatsapana fahamelohana izany. Ho ahy, ny fehezanteny tsara indrindra ao amin'ny soratra masina rehetra angamba dia tamin'ny Tompo nilaza hoe: “Indro, izay efa nibebaka tamin'ny fahotany dia izy no voavela, ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony.”¹¹

Izany no fampianantenan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotana: Maka izay tonga sy izay hiditra ary mampiana zavatra iray azy ireo, ka any amin'ny fiakaran'ny fiainany izy ireo dia afaka hiampita ny voaly ary efa nibebaka tamin'ny fahotany sy vadio tamin'ny alalan'ny ran'i Kristy.¹²

Izany no ataon'ny Olomasin'ny Andro Farany manerana an'izao tontolo izao. Izany ilay Hazavana izay atolotsika an'ireo ao anatin'ny haizina ary tsy mahita ny lalany. Na aiza na aiza mety alehan'ny mpikambana sy ny misiônera ato amintsika, ilay hafatra zaraintsika dia ny finoana sy fanantenana ao amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy.

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanoratra ny tonon'ilay fihirana hoe “Moa ve lava ny dia?” Namako akaiky izy. Ahitana fampaherezana sy fampianantenana ho an'ireo izay mikasa ny hanaraka ny fampianaran'ny Mpamonjy izany:

*Moa ve lava ny dia,
Sarotra sy mideza ve ny lalana?
Misy zavamaniry misy tsilo ve eny
an-dalana?
Misy vato maranitra mandratra ny
tongotrao ve
Rehefa miezaka mafy ny hitsangana
ianao?
Rehefa eny amin'ny tampony in-
drindra ianao sy ao anatin'ilay
fotoana tena mampafana ny
andro,*

*Moa ve trotraka sy malahelo ny
fonao?
Moa ve osa ilay fanahy ao anatin'ao
Rehefa miasa mafy ao ambanin'ilay
enta-mavesatra lanjainao ianao?
Moa ve mavesatra ny entana?
Moa ve ianao voatery tsy maintsy
hitondra izany ankehitriny?
Moa ve tsy misy olona azo izarana
ilay enta-mavesatra?*

*Aza avela ho trotraka ny fonao
Amin'izao nanombohanao ilay
dia izao;
Dia misy Olona iray izay mbola
miantso anao.
Noho izany mitrakà amim-pifaliana
Ary tazony ny tanany;
Hitarika anao any amin'ny toerana
ambony izay vaovao Izy—*

*Tany masina madio iray,
Izay ifaranan'ny fijaliana rehetra,
Ary tsy hisy fahotana intsony ny
fiainanao,
Tsy hisy hitomany intsony any,
Satria tsy hisy alahelo ho tavela.
Raiso ny tanany ary midira miaraka
aminy.¹⁵*

Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy,
amena. ■

FANAMARIHANA

1. "Brightly Beams Our Father's Mercy," *Hymns*, no. 335.
2. Mòsià 3:19.
3. Mosesy 6:57.
4. 2 Nefia 2:7.
5. Almà 34:9.
6. Mòsià 16:9.
7. Fanekem-pinoana 1:3.
8. *Enseignement des Présidents de l'Église: Joseph F. Smith* (1998), 99–100.
9. Lioka 22:41–44.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–18.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42.
12. Jereo ny Apokalypsy 1:5.
13. "Does the Journey Seem Long?" *Hymns*, no. 127.



Nataon'i Linda K. Burton

Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

Mijere aloha, ary avy eo dia manompoa

Miaraka amin'ny fampiharana, dia afaka ny ho tonga bebe kokoa tahaka ny Mpamonjy ny tsirairay avy amintsika rehefa manompo ny zanak'Andriamanitra isika.

Ny iray amin'ireo porofo lehibe ananantsika fa ny mpaminany mamintsika, ny Filoha Thomas S. Monson, dia mpanompo voafidin'ny Tompo, dia ny nianarany nanaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy—izay ny fanompoana ny isam-batan'olona, ny tsirairay avy. Isika izay nirotsaka tao amin'ny ranon'ny batisa dia nanao fanekempihavanana ny hanao toy izany koa. Isika dia nanao fanekempihavanana ny "hahatsiaro [ny Mpamonjy] mandrakariva ary hitandrina ny didiny,"¹ ary hoy Izy hoe: "Izao no didiko, dia ny mba hifankatia-vanareo tahaka ny nitiavako anareo."²

Jereo fa hita ao anatin'ity tenin'ny Filoha Monson manaraka ity io fana-sana io: "Voahodidin'ireo olona mila ny fikarakarantsika, ny famporisihan-tsika, ny fanohanantsika, ny fankahe-rezantsika sy ny hatsaram-panahintsika isika. . . . Isika no tanan'ny Tompo ety an-tany, ary nodidiana mba hanompo sy hampitraka ireo zanany. Miantehitra amintsika tsirairay Izy."³

Moa ve renao ilay izy—ilay fana-sana mba hifankatia? Tsy mora ho an'ny olona sasany ny manompo ny tsirairay, araka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy. Saingy rehefa miaraka amin'ny fampiharana, dia afaka ny

ho tonga bebe kokoa tahaka ny Mpamonjy ny tsirairay avy amintsika rehefa manompo ny zanak'Andriamanitra isika. Mba hanampiana antsika hifankatia bebe kokoa, dia te-hanolotra ity fehezan-teny ity mba ho tadidiana aho: "Mijere aloha, ary avy eo dia manompoa."

Efa ho 40 taona lasa izay no nandehananay sy ny vadiko tany amin'ny tempoly tamin'ilay zoma hariva fampiarahanay. Vao haingana izahay no nivady, ary natahotra aho satria vao fanandroany tamin'izay no nandehanako tao amin'ny maha-olona vao avy nanambady ahy. Tsy maintsy ho nahatsikaritra izany ilay rahavavy nipetraka teo akaikiko. Nitongilana nanakatra ahy izy sady nibitsibitsika moramora hoe: "Aza manahy. Hanampy anao aho." Nitony ny tahotro, ary afaka nankafy ny fotoana sisa tamin'ny fianarana tao amin'ny tempoly aho. Nijery izy aloha, ary avy eo dia nanompo.

Asaina avokoa isika rehetra hanaraka ny fampianaran'i Jesoa sy hanompo ny hafa. Tsy voafetra ho an'ireo rahavavy manana toetran'anjely izany fanasana izany. Eto ampizarako ireo ohatra fahita isan'andro momba ireo mpikambana izay

nianatra nijery aloha ary avy eo dia nanompo, dia henoy ireo fampianaran'i Jesoa asehon'izy ireo.

Hoy ny Kilonga enin-taona iray hoe: "Fony aho voafidy ho mpanampy tao an-dakilasy, dia afaka nisafidy namana iray hiara-hiasa tamiko aho. Nisafidy [zazalahy izay nampijaly ahy tao am-pianarana] aho satria tsy nisy olona hafa nisafidy azy mihitsy. Tiako ho faly izy."⁴

Inona no nojeren'ity ankizy ity? Tsikariny fa tsy nisy nifidy mihitsy ilay mpampahory tao an-dakilasy. Inona no nataony mba hanompoany? Nofidiany fotsiny ho namany toy ny mpanampy tao an-dakilasy izy. Nampianatra i Jesoa hoe: "Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo."⁵

Tao amin'ny paroasy iray, dia nisy mpihazona ny Fisoronana Aharôna izay nijery aloha ary nanompo amin'ny fomba tena manan-danja ankehitriny. Tonga aloha ireo zatovolavy isan-kerinandro ary mijoro eo ivelan'ny Fiangonana ao anatin'ny orana, na ranomandry na hafanana mandoro, miandry ny fahatongavan'ireo olona antitra maro izay mpikambana ao amin'ny paroasin'izy ireo. Mibata ireo seza misy kodiarana sy ireo déambulateurs avy ao anatin'ireo fiara izy ireo, manolotra sandry matanjaka hifikirana, ary miaraka amim-paharetana amin'ireo olon-dehibe fotsy volo miditra ao am-piangonana. Tena manao ny adidiny amin'Andriamanitra tokoa izy ireo. Rehefa mijery ary avy eo nanompo izy ireo dia miaina ireo ohatra avy amin'ny fampianaran'ny Mpamonjy manao hoe: "Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko."⁶ Rehefa ampianarina ilay fandaharam-pianarana vaovao ho an'ny zatovo, dia tsy hisalasalana fa mbola hahita fahafahana maro kokoa hanaovana asa fanompoana araka ny fomban'i Kristy ny mason'ireo zatovolavy ireo.

Indraindray dia mitaky ezaka lehibe ny mijery sy ny manompo. I Alexandria, izay tovovavy nentanin-panahy, dia nahatsikaritra fa ny zanaky ny iray tampo amin'ny ray aman-dreniny, izay i Madison no anarany, dia tsy afaka namita ireo zavatra takiana ataony ao amin'ny Mon Progrès Personnel satria tratran'ny autisme mahery vaika izy.



Niara-nivory tamin'ireo zatovovavy tao amin'ny paroasiny i Alexandria, sy naka torohevitra tamin'ireo mpitarika azy, ary tapa-kevitra ny hanao zavatra ho an'i Maddy izay tsy vitany samirery. Samy nanao ampahany tamin'ireo zavatra tokony hatao tao amin'ny Mon Progrès Personnel, nisolo tena an'i Maddy, ireo zatovovavy tsirairay mba hanampiana azy hahazo ny medaliny.⁷

Hivoatra tsara amin'ny anjara andraikitr'izy ireo amin'ny maha-reny sy rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana ireo zatovovavy ireo satria mianatra ny mijery aloha ary avy eo dia nanompo amin'ny fomba feno fiantrana izy ireo.

Nampahatsiahy antsika ny Filoha Monson fa ny fiantrana izay "ny fitiavana madion'i Kristy"⁸—na amin'ny teny hafa, ny mijery sy manompo—"dia hita mibaribary rehefa tsaroana sy entina manatrika ireo fivoriana ao amin'ny paroasy ny vehivavy iray mananotena efa antitra" sy "rehefa mahazo fanasana manao hoe 'Aviamipetraha eto akaikinay' ny rahavavy iray mipetra-drery ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana."⁹ Azo ampiharina eto ilay fitsipika volamena manao hoe: "Ny zavatra rehetra na inona na inona ka tianareo mba hataon'ny [lehilahy na vehivavy] aminareo, dia ataovy toy izany aminy koa."¹⁰

Nanompo tamin'ny fomba roa manan-danja ny lehilahy iray izay

mahay mijery, ary efa manambady. Hoy izy hoe:

"Nanampy ny vadiko aho indray Alahady tao amin'ny kilasin'ny Kilonga nampianarany ankizy fito taona mavitrika tokoa. Rehefa nanomboka ny fotoana ifanakalozana fanaon'ny Kilonga, dia tsikaritra fa nitampify teo amin'ny sezany ny iray tamin'ireo mpianatra ary hita mazava tsara fa tsy nahazo aina. Nibitsika tamiko ny Fanahy fa nila fankaherezana ilay zazavavy kely, ka dia nipetraka teo anilany aho ary nanontany azy moramora hoe inona no olona nananany. Tsy namaly izy . . . , noho izany dia nanomboka nihira moramora taminy aho.

"Nianatra hira vaovao ny Kilonga tamin'izay, ary rehefa nihira hoe: 'Si j'écoute avec mon Coeur Jésus parle je sais' izahay, dia nanomboka nahatsapa ny hazavana sy hafanana tena mampitolagaga nameno ny fanahiko aho. . . . Nahazo fijoroana ho vavolombelona manokana mikasika ny fitiavan'ny Mpamonjy antsika ilay zazavavy kely . . . sy ny tenako aho. . . . Nianatra aho fa tanan' [ny Tompo] isika rehefa manompo ny iray amintsika."¹¹

Tsy ny ilana ny hanampiany ny vadiny izay ao amin'ilay kilasy feno ankizy fito taona mavitrika dia mavitrika ihany no tsikaritr'ity rahalahy manana ny toetran'i Kristy ity; fa nanao asa fanompoana manokana ho an'ilay zaza nila fanampiana ihany koa izy.

Nanaraka ny Mpamonjy izy, izay nampianatra hoe: “Ny asa izay efa hitanareo nataoko dia izany no hataonareo koa.”¹²

Vao haingana izay, dia nanome fahafahana ireo mpanara-dia an'i Jesoa Kristy hijery aloha ary avy eo dia hanompo ny tondra-drano iray. Nahita ireo orinasa sy trano rava ireo lehilahy, vehivavy, sy zatovo, ary ankizy ka dia namela ny zava-drehetra mba hanampy hanadio sy hanarina ireo foto-drafitr'asa simba. Ny sasany dia nahita ny filana fanampiana teo amin'ny fanasan-damba izay nandrera tokoa. Ny sasany dia niezaka mafy tamim-paharetana nandio ireo sary, ireo taratasim-panjakana, sy ireo taratasy, ary ireo taratasy hafa manan-danja, ary avy eo dia nanantona azy ireny tamim-pitandremana mba ho maina mba hahafahany mitahiry izay azony notehirizina. Ny mijery ary avy eo manompo dia tsy voatery hifanaraka sy ho mety amin'ny fandaharam-potoantsika foana.

Aiza moa no toerana tsara indrindra hijerena aloha ary avy eo dia hanompoana raha tsy ao an-trano? Maneho izany ny ohatra avy amin'ny tantarampiainan'ny Loholona Richard G. Scott:

“Indray alina ilay zanakay lahy kely, Richard, izay nanana olana tamin'ny fo dia taitra sady nitomany. . . . Raha ny mahazatra dia ny vadiko foana no mitsangana mandeha mikarakara ny zazakely mitomany, saingy tamin'izay fotoana izay dia niteny aho hoe: ‘Aleo fa hokarakaraiko izy.’

“Noho ny olana mahazo azy, raha vao manomboka mitomany izy dia midobodoboka be ny fony. Mandoa izy avy eo ary mandoto ny lambampandriana. Tamin'izay alina izay dia nofihiniko mafy izy mba hampitoniana ilay fony midobodoboka haingana sy hampitsaharana ny tomaniny rehefa nanolo ny akanjony aho sy nametaka lambampandriana vaovao. Notro-troiko izy mandrapatoriny. Tsy nahafantatra aho tamin'izay hoe ho faty izy afaka volana vitsivitsy monja. Hotsaroako foana ilay famihinako azy teo an-tsandriko tamin'izany alina izany.”¹³

Hoy i Jesoa hoe: “Fa izay te ho lehibe aminareo dia ho mpanompo anareo.”¹⁴

Indraindray isika dia alaim-panahy hanompo amin'ny fomba tiantsika hanaovana izany fa tsy araka izay ilaina amin'io fotoana io. Rehefa nampianatra ny fitsipiky ny fitsiansiana ny loholona



Robert D. Hales, dia nizara ohatra mikasika ny nividianany fanomezana ho an'ny vadiny izy. Nanontany ny vadiny hoe: “Ho ahy ve sa ho anao no hividiananao ity?”¹⁵ Raha ampiharintsika amin'ny tenantsika izany fanontaniana izany rehefa manompo isika ary manontany hoe: “Ho an'ny Mpamonjy ve sa ho ahy no hanaovako ity? dia hitovy bebe kokoa amin'ny asa fanompoana nataon'ny Mpamonjy ny fanompoana ataontsika. Ny Mpamonjy dia nanontany an'izao ary tokony hanao toy izany koa isika, “Inona no tianareo hataoko aminareo?”¹⁶

Herinandro vitsivitsy lasa izay, dia taitaitra sy nikorontan-tsaina aho, satria nanana zavatra maro be hatao. Nanantena ny ho any amin'ny tempoly aho tamin'izay andro izay saingy nahatsapa ho be asa be loatra. Raha vao tonga tao an-tsaiko izany eritreritra hoe be atao loatra ka tsy afaka ny handeha ho any amin'ny tempoly izany dia nampahatsiahy ahy ny zavatra tena tokony hataoko izany. Nandao ny toeram-piasako aho mba ho any amin'ny Tempolin'i Salt Lake, sady nanontany tena hoe rahoviana aho no hanenjika ireo fotoana izay nariako. Soa ihany fa manam-paharetana sy mpamindra fo ny Tompo ary nampianatra ahy lesona tsara Izy tamin'izay andro izay.

Rehefa nipetraka tao amin'ny trano fivoriana aho, dia nisy rahavavy tanora iray nitongilana nanakatra ahy ary nibitsibitsika moramora hoe: “Tena matahotra aho. Vao fanindroany izao no nankanesako tato amin'ny tempoly.

Afaka manampy ahy ve ianao azafady?” Ahoana moa no nahafantarany fa ireo teny ireo mihitsy no nilaiko mba ho heno? Tsy nahafantatra izy, fa ny Ray any an-danitra kosa nahalala. Nozahany ny zavatra tena nilaiko indrindra. Nila nanompo aho. Notaominy ny fanahin'ilay rahavavy tanora feno fanetren-tena mba hanompo ahy amin'ny alalan'ny fanasana ahy hanompo azy. Manome antoka anareo aho fa izaho no nahazo tombony be indrindra.

Ankasitrahako amin'ny fisaorana lalina ireo olona maro manana ny toetra-n'i Kristy izay nanompo ny fianakaviako tao anatin'ny taona maro. Maneho fankasitrahana avy amin'ny fo ho an'ny vadiko sy ny fianakaviako aho, izay nanompo ka nanadino ny tenany sy nanao izany tamim-pitiavana lehibe.

Enga anie isika rehetra ka hikatsaka ny hijery aloha, ary avy eo dia hanompo. Rehefa manao izany isika, dia mitandrana ny fanekempihavanana ary ho lasa porofon'ny maha-mpanara-dia antsika toy ny an'ny Filoha Monson ny asa fanompoana ataontsika. Fantatro fa velona ny Mpamonjy. Ahafahantsika miaina ny fampianarany ny Sorompanavotany. Fantatro fa ny Filoha Monson no mpaminantsika amin'izao fotoana izao. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
2. Jaona 15:12.
3. Thomas S. Monson, “Inona no Zavatra Nataoko ho an'ny Hafa Androany?” *Liahona*, Nôv. 2009, 86.
4. Canyon H., “A Good Choice,” *Friend*, Jan. 2012, 31.
5. Matio 5:44.
6. Matio 25:40.
7. Jereo ny “For Madison,” [lds.org/youth/video/for-madison](https://www.lds.org/youth/video/for-madison).
8. Jereo ny Môrônia 7:47.
9. Thomas S. Monson, “Ny Fiantrana Tsy ho Levona Mandrakizay,” *Liahona*, Nov. 2010, 125; Jereo ihany koa ny *Filles dans mon royaume: L'Histoire et l'Oeuvre de la Société de Secours* (2011), 101.
10. 3 Nefia 14:12.
11. Al VanLeeuwen, “Servir Chacun,” *Liahona*, Aog. 2012, 19; jereo ihany koa ny Sally DeFord, “Si j'écoute avec mon coeur,” *2011 Outline for Sharing Time*, 28.
12. 3 Nefia 27:21.
13. Richard G. Scott, “Ireo Fitahiana Mandrakizain'ny Fanambadiana,” *Liahona*, Mey 2011, 96.
14. Matio 20:26.
15. Robert D. Hales, “Ho Lasa Mpanome Manana ny Ampy: Ara-nofy sy Ara-panahy,” *Liahona*, Mey 2009, 9.
16. Matio 20:32.



Nataon'ny Loholona Walter F. González
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

Mianatra amin'ny Fontsika

Fomba iray hanatonana an'i Kristy ny fikatsahana ny hianatra ireo fahamarinana tena manan-danja amin'ny alalan'ny fontsika.

“**M**ankanesa] aty Amiko [mba] hahazoanareo mitsapa sy mahita.”¹ Didy nomen'ny Mpamonjy ireo mponina tao Amerika fahiny izany. Nahatsapa tamin'ny tanany sy nahita tamin'ny masony izy ireo fa i Jesoa no Kristy. Manan-danja amintsika amin'izao androntsika izao tahaka ny naha-nanan-danja izany tamin'izy ireo tamin'ny androny ity didy ity. Rehefa manatona an'i Kristy isika, dia afaka mahatsapa sy “mahafantatra marina tokoa”²—tsy amin'ny tanantsika sy ny masontsika—fa amin'ny fontsika sy ny saintsika manontolo kosa fa i Jesoa no Kristy.

Fomba iray hanatonana an'i Kristy ny fikatsahana ny hianatra ireo fahamarinana tena manan-danja amin'ny alalan'ny fontsika. Raha manao izany isika, dia hanome antsika fahalalana izay tsy ho azontsika avy amin'ny alalan'ny fomba hafa, na manao ahoana izany na manao ahoana, ireo fahatsapana avy amin'Andriamanitra ireo. I Petera Apôstôly dia nahafantatra marina fa i Jesoa no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona. Nanazava ny Mpamonjy fa tsy “nofo aman-drà . . . fa [ny] Ray izay any an-danitra”³ no loharanon'ny fahalalan'i Petera.

Nanazava ny anjara asan'izany fahatsapana izany izay avy amin'Andriamanitra tonga ao am-pontsika ny

mpaminany Abinadia. Nampianatra izy fa tsy afaka ny hahatakatra tanteraka ny soratra masina isika raha tsy mam-pihatra ny fontsika araka ny zavatra takatsika.⁴

Voalaza amin'ny fomba mahafinaitra tokoa ao anatin'ny bokin'ankizy malaza iray ity fahamarinana ity, dia ny *Le Petit Prince* izay nosoratan'i Antoine de Saint-Exupéry. Lasa naman'ny amboahaolo iray ilay printsy kely ao anatin'ilay tantara. Talohan'ny nandehanany, dia nizara tsiambaratelo tamin'ilay printsy kely ilay amboahaolo. Hoy izy hoe: “Izao no tsiambaratelo . . . : Amin'ny alalan'ny fo ihany no ahafahana mahita mazava tsara; tsy afaka ho hitan'ny maso ny zavatra tena manan-danja.”⁵

Ny Rahalahy Thomas Coelho, izay valo amby valopolo taona dia ohatra tsara iray izay nahatsapa tamin'ny fony ireo zavatra manan-danja. Mpikambana mahatoky tao amin'ny filankevitra avo ao Paysandú, Uruguay izy. Talohan'ny nidirany ho mpikamban'ny Fiangonana, dia niharan-doza izy teo am-pitaingenana ny môto-ny. Raha iny mbola nitsilany teo amin'ny tany iny izy ka tsy afaka nitsangana, dia nanampy azy hitsangana sy hiverina hody any an-tranony ny roa amin'ireo misiônerantsika. Nilaza izy fa

nahatsapa zavatra miavaka rehefa tonga nanampy azy ireo misiônera. Nahatsapa fahatsapana mahery indray izy taty aoriana rehefa nampianatra azy ny misiônera. Ny famakiany ny Bokin'i Môrmôna hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany tao anatin'ny andro vitsy monja no fiantraikan'ireo fahatsapana ireo. Natao batisa izy ary nanompo tamim-pahatokiana sy tsy nitandro hasasarana nanomboka tamin'izay andro izay. Tsaroako izy mitaingina ny môto-ny miakatra sy midina ireo lalana ao amin'ny tanànanay, eny fa na dia ao anatin'ny ririnina mangatsiaka sy manorana aza, mba hitaona ny hafa ho ao am-piangonana mba hahafahan'izy ireo mahatsapa sy mahita, ary mahafantatra marina tokoa tahaka azy.

Noho isika hodidinin'ny fampahalalana maro be amin'izao fotoana izao, dia mety hihevitra isika fa ny fanaovana fikarohana ao anatin'ny pejina-tranonkala an-tapitrisany no hanome antsika izay tokony ho fantatsika. Afaka mahita fampahalalana tsara sy ratsy ao amin'ny tranonkala isika, saingy tsy ampy raha fampahalalana fotsiny ihany. Nanome antsika loharano hafa ahazoana fahalalana bebe kokoa Andriamanitra,⁶ izay fahalalana avy any an-danitra. Afaka manome antsika fahalalana toy izany ny Raintsika any an-danitra rehefa manao fikarohana ao amin'ny tranonkalan'ny lanitra ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika isika. Nilaza i Joseph Smith Mpaminany fa nanana “ny boky antitra indrindra tao am-po[ny] izy, dia ny fanomezan'ny Fanahy Masina.”⁷

Mahazo izany loharano selestialy izany isika rehefa manao zavatra toy ny mamaky ny soratra masina, sy mihaino ny mpaminany velona, ary mivavaka. Zava-dehibe ihany koa ny maka fotoana hitoniana⁸ ary hahatsapana sy hanarahana ireo bitsika avy any an-danitra. Rehefa manao izany isika, dia “hahatsapa sy hahita” ireo zavatra izay tsy afaka ianarana avy amin'ny teknôlôjia maoderina. Raha vao manana traikefa misimisy kokoa amin'ny fanaovana fikarohana ao amin'io tranonkalan'ny lanitra io isika, dia hahay hanavaka ny fahamarinana, eny fa na dia rehefa mamaky tantara tsy mahakasika ny fivavahana na lohahevitra hafa aza. Ireo mpikatsaka marina ny fahamarinana dia ahafantatra ny



Barcelone, Espagne

fahamarinan'ny zava-drehetra amin'ny herin'ny Fanahy Masina.⁹

Ankehitriny dia misy teny fananarana ity. Mihena amin'ny alalan'ny heloka sy ny fanadinoana ny Tompo ny fahafahana miditra ao amin'io tranonkalan'ny lanitra io. Nilaza i Nefia fa tsy afaka “nahatsapa ny teni[n'ny Tompo]” ireo rahalahiny satria “mailaka amin'ny fanaovana heloka [ary] mitaredretra kosa amin'ny fahatsiarovana ny Tompo.”¹⁰ Mampihena ny fahaizantsika mijery, sy mahatsapa, ary mitia ny hafa ny heloka. Ny fahakingàna amin'ny fahatsiarovana ny Tompo amin'ny alalan'ny fivavahana “amin' ny herin' ny fo manontolo”¹¹ sy ny fahatsiarovana ireo traikefa ara-panahintsika dia mampitombo ny fahaiza-manaontsika hahita sy hahatsapa ireo zavatra ny Tompo. Manontany anao aho ankehitriny:

- Tadiidinao ve ny fiadanam-po tsapanao rehefa nitalaho tamin'ny Ray tamin'ny vavaka mahery ianao, taorian'ny fahoriana maro?
- Moa ve tadiidinao raha efa nanova ny lisitr'ireo zavatra nalaminao mba hatao hanarahana ny bitsika tao amponao ianao?

Nampitombo ny fahafahany nahazo fahalalana bebe kokoa ireo lehilahy malaza ao amin'ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny alalan'ny fahatsiarovan'izy ireo ireo traikefa manan-danja ara-panahy nananany. Nankahery sy nampahatanjaka ireo zanany tamin'ny fampahatsiahivana azy ireo mikasika ny traikefan'ny fiovam-pony i Almà.¹² Nampianatra an'i Nefia sy i Leahia i Helamàna ny hahatsiaro—ny hahatsiaro fa teo amin'ny vatolampin'i Kristy izy ireo no tsy maintsy nanorina ny fototr'izy ireo ka tsy

hanan-kery amin'izy ireo ny devoly.¹³ Tsy maintsy manao izany koa isika. Ny fahatsiarovana an'Andriamanitra dia manampy antsika hahatsapa sy hiaina. Mampisy heviny lalina ny tenin'ny Mpanjaka Benjamina izany, izay niteny hoe: “Ary ankehitriny, Rey olona ô, tsarovy, ary aoka tsy ho faty.”¹⁴

Iray amin'ireo fahatsiarovana masina lalaiko fatratra ny fahatsapana azoko rehefa nahafantatra aho fa tenin'Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna. Nahatsapa aho ary nahafantatra, marina tokoa, tamin'izay andro izay indrindra, ny zavatra izay tsy ho azoko nianarana tamin'ny alalan'ny fomba hafa na inona izany na inona. Nianatra aho fa afaka mahatsapa hafaliana izay tsy hay lazaina isika. Antony hananako fanakasitrahana tsy misy fetra eo amin'ny fiainako ny fahatsiarovana toy izany. Mankahery ahy mandritra ny fotoan-tsarotra izany.

Ireo izany mahazo fahalalana, tsy avy amin'ny nofo aman-drà fa avy amin'ny Raintsika any an-danitra, dia mahafantatra marina tokoa fa i Jesoa no Kristy ary ity no Fiangonany. Izany fahalalana izany indrindra no manome ny hery izay ilaina mba hiovana hanatonana an'i Kristy. Noho izany antony izany indrindra no hanasanay ny olona tsirairay mba ho atao batisa, hibebaka, ary hiverina Aminy ankehitriny.¹⁵

Afaka mahita, sy mahatsapa, ary mahafantatra marina tokoa, amin'ny alalan'ny fanatonana an'i Kristy ny fanahy tsirairay, fa i Kristy dia nijaly ary nisolo vaika ny fahotantsika, mba hahazoantsika ny fiainana mandrakizay. Tsy ilaina ny hijaliantsika, raha mibebaka isika.¹⁶ Noho i Kristy, dia azo sitranina ireo fanahy feno fery ary azo sitranina ireo fo maratra. Tsy misy

enta-mavesatra tsy hainy hamaivanina na esorina. Fantany ny kilemantsika sy ny aretintsika. Mampanantena aho ary mijoro ho vavolombelona fa raha toy ny hoe tsy hitanao intsony ny lalan-kaleha, raha toy ny hoe tsy misy manjary ireo zavatra hafa rehetra, dia tsy hamela anao amin'izao Izy. Hanampy i Kristy ary Izy no lalana hivoahana na amin'ny fiankinan-doha, na alahelo, na zavatra hafa izany izay hitoloman-tsika. Fantany ny “fomba hanampiany ny vahoakany.”¹⁷ Ireo fanambadiana na fianakaviana izay ao anatin'ny ady mafy na inona na inona no antony—olana ara-toekarena, fitaoman-dratsy avy amin'ny haino aman-jery, na ireo toe-javatra hiainan'ny fianakaviana—dia hahatsapa fitaomana mampitony avy any an-danitra. Mankahery ny “mahatsapa sy mahita” fa nitsangana tamin'ny maty “niaraka tamin'ny fanasitranana tao amin'ny elany,”¹⁸ Izy, ary noho Izy, dia hihaona sy hifamihina indray amin'ireo olon-tiana izay no-dimandry isika. Tsy hisalasalana fa ny fahasitranantsika no valisoa azontsika avy amin'ny fiovantsika fo ho Azy.¹⁹

Fantatro amin'ny foko manontolo fa marina ireo rehetra ireo. Noho izany antony izany dia miombom-peo amin'ireo mponina taloha tao Amerika fahiny aho, izay nihiaka hoe: “Hosana! Hotahiana anie ny anaran'Andriamanitra Avo Indrindra!”²⁰ Namonjy antsika Izy. Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa no Kristy, Ilay Mesia masina. Ny Tompon'ny maro, ny Mpanonjy sy Mpanavotra antsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. 3 Nefia 18:25.
2. 3 Nefia 11:15.
3. Jereo ny Matio 16:16–17.
4. Jereo ny Môsià 12:27.
5. Antoine de Saint-Exupéry, *The Little Prince*, nadikan'i. Katherine Woods (1971), 87.
6. Jereo ny Etera 4:13.
7. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* (2007), 132.
8. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:16.
9. Jereo ny Môrônia 10:3–5.
10. 1 Nefia 17:45.
11. Môrônia 7:48.
12. Jereo ny Almà 36:5–24; 38:6–9.
13. Jereo ny Helamàna 5:12.
14. Môsià 4:30.
15. Jereo ny 3 Nefia 9:13.
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16.
17. Almà 7:12.
18. 2 Nefia 25:13; jereo ihany koa ny 3 Nefia 25:2.
19. Jereo ny 2 Nefia 16:10; 3 Nefia 9:13.
20. Jereo ny 3 Nefia 11:15–17.



Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Ny Didy Lehibe Voalohany

Manana fiainana amin'ny maha-mpianatra manolo-tena antsika isika mba ho atolotra ho fanehoana ny fitiavantsika ny Tompo.

Tsy misy vondron'olona teo amin'ny tantara izay mampangoraka ahy be tokoa mihoatra noho ireo Apôstôly iraika ambin'ny folo tavela taorian'ny fahafatesan'ny Mpamonjy an'izao ton-tolo izao. Mihevitra aho fa indraindray dia hadinontsika fa mbola tsy nanana traikefa izy ireo ary tsy maintsy niantehitra tanteraka tamin'i Jesoa. Niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Izay ela izay no efa nitoerako teto aminareo, ka tsy mbola fantatrao ihany va Aho . . . ?"¹

Kanefa ho azy ireo, mazava ho azy, dia tsy niaraka tamin'izy ireo nandritra ny fotoana ela Izy. Tsy ampy ny telo taona mba hiantsoana Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo iray manontolo avy amin'ireo niova fo vitsivitsy, sy hanesorana ao anatin'izy ireo ny fahadisoana avy tamin'ny fomba nahazatra taloha, hampianarana azy ireo ny fahagagana entin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, ary avy eo hamelana azy ireo hanohy ny asa mandrapahatonga ny famonoana azy ireo ho faty koa. Ho sarotra ho an'ireo vondron-dehilahy vao notendrena ho loholona ireo ny hanaiky izany hoavy izany.

Tena sarotra tokoa ilay hoe navela irery izy ireo. Niezaka namerimberina niteny tamin'izy ireo i Jesoa fa tsy hiara-hitoetra amin'izy ireo foana Izy, kanefa na izy ireo tsy afaka na mody

tsy nahatakatra izany toe-javatra mamalahelo izany. Nanoratra i Marka hoe:

"Fa nampianatra ny mpianany Izy ka nanao taminy hoe: Ny Zanak'olona dia hatolotra eo an-tànan'ny olona ka hovonoiny, ary rehefa voavono Izy, dia hitsangana rehefa afaka hateloana.

"Fa izy ireo tsy nahafantatra izany teny izany sady natahotra hanontany Azy."²

Avy eo taorian'ny fotoana fohy nianarana avy Taminy sy fotoana raha zara nisy niomanana, dia nitranga ilay tsy noeritretina na ninoana hitranga. Nohomboana ilay Tompony sy Mpampianany, ilay Mpanolotsainy sy Mpanjakany. Tapitra ny asa fanompoany teto an-tany, ary ilay Fiangonana kely tena sahirana vao naoriny dia toa efa voalahatra ho enjehina sy ho fongorana. Nahita maso Azy ireo Apôstôly tamin'izy efa nitsangana tamin'ny maty kanefa vao maika koa nanampy ny fikorontanan-tsain'izy ireo izany. Noho izy ireo azo antoka fa tsy maintsy nanontany tena hoe: "Inona ary no ho ataontsika izao?" dia nitodika tany amin'i Petera, ilay Apôstôly zokiny indrindra izy ireo mba hahazo valiny.

Mamela ahy ianareo hampiasa teny tsy hita ao amin'ny soratra masina mba hamaritana ny zavatra nifampiresahan'izy ireo. Toy izao no mety ho

teny nolazain'i Petera ireo mpiara-dia taminy: "Ry rahalahy, telo taona nahafinaritra no nolalovantsika. Tsy nisy iray tamintsika nieritretitra fa tao anatin'ny volana vitsivitsy lasa izay dia hahita fahagagana sy hiaina zavatra masina isika. Niresaka, niara-nivavaka, niara-niasa tamin'ilay Zanakalahin'Andriamanitra isika. Niara-nandeha sy niara-nitomany Taminy isika, ary tamin'ilay alina izay nitrangan'ilay fiakaran-javatra mahatsiravina dia tsy nisy nitomany mafy noho izaho ianareo. Kanefa efa vita izany. Nahavita ny Asany Izy ary efa nitsangana avy tao am-pasana. Niasa ho an'ny famonjena ny Tenany sy ny tenantsika Izy. Ka raha manontany ianareo hoe: 'Inona ary no ho ataontsika izao?' Tsy misy azoko lazaina anareo ankoatra ny hoe miverina amin'ny fiainanareo teo aloha dia mifaly. Mikasa ny 'handeha hanarato'" aho. Farafahakeliny enina tamin'ireo Apôstôly folo ambiny no nanaiky sy nilaza hoe: "Handeha hiaraka aminao koa izahay." Nanoratra i Jaona, izay iray tamin'izy ireo hoe: "Dia nandeha izy ka niditra an-tsambokely."³

Indrisy anefa fa tsy nihinana ny trondro. Ny alina voalohany nivere-nan'izy ireo avy teny amin'ny farihy dia tsy nahazo na inona na inona izy ireo, na dia tamingan-trondro iray aza. Rehefa tonga ny mangiran-dratsy dia nampitodika ny sambony teny amoron-drano tamim-pahadisoampantantenana izy ireo izay nahatazanany endrik'olona tery lavidavitra niantso azy ireo no nanao hoe: "Anaka, manan-kanina va hianareo?" Tamin'ny fomba mahonena no namalian'ireto Apôstôly niverina ho mpanarato ireto ny valiny izay tsy tian'ny mpanarato indrindra. "Tsia," hoy izy ireo nimomonona, ary nanampy trotraka izany ny niantsoana azy ireo hoe: "anaka."⁴

"Alatsaho eo amin'ny sisiny ankavanan'ny sambokely ny haratonareo, dia hahazo hianareo,"⁵ hoy ny nolazain'ilay olon-tsy fantatra—ary niaraka tamin'ireo teny tsootra ireo no nanombohan'izy ireo nahafantatra hoe iza ity miteny ity. Vao telo taona lasa izay no nanjonoan'ireto lehilahy resahina ireto teo amin'ity ranomasina ity. Tamin'izay koa dia nanarato "nandritra ny alina [izy ireo] . . . , nefa tsy nahazo na inona na inona,"⁶ hoy ny soratra masina. Fa nisy lehilahy iray Galiliana tery amorony niteny tamin'izy ireo ny mba handatsahany ny haratony, ary dia "nahazo

hazandrano be dia be izy,⁷ ka triatra ny haratony, ary nanomboka nilentika ny sambony satria feno loatra.

Nitranga indray izany tamin'izay fotoana izay. Nandatsaka tamim-pahavitrihana ny haratony ireo “zanaka,” izay anarana tena niantsoana azy ireo, ary “tsy zakany nakarina noho ny habetsahan'ny hazandrano.”⁸ Teo i Jaona no niaiky hoe: “Ny tompo iry.”⁹ Ary nitsambikina tsy hay nosakanana avy teny amin'ny sisin'ny sambo i Petera.

Taorian'ny fihonana tamim-pifaliana tamin'i Jesoa efa nitsangana tamin'ny maty dia niresaka tamin'ny Mpamonjy i Petera izay azoko ambara fa fotoana lehibe teo amin'ny asa fanompoana tamin'ny naha-apôstôly an'i Petera amin'ny ankapobeny ary azo antoka fa nisy fiantraikany teo amin'ny tenany manokana koa, ka nanentana ny fanahin'ity lehilahy matanjaka toy ny vatolampy ity hanana fiainana mendrikaja izay hanaovana asa fanompoana sy hitarihana amim-panoloran-tena. Rehefa nanopy maso tany amin'ny sambokelin'izy ireo efa antitra, sy ny haratony rovidrovitra ary ireo trondro 153 mivangongo i Jesoa dia nilaza tamin'ilay Apôstôly zokiny indrindra hoe: “Petera, zanak'i Jaona, moa ny fitiavanao Ahy mihoatra noho ny fitiavan'ireto?” Hoy i Petera hoe: “Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho.”¹⁰

Nohenoin'ny Mpamonjy izany valinteny izany, kanefa mbola nijery ny mason'ilay mpianatra izy ary niteny indray hoe: “Petera, moa tia Ahy va hianao?” Tsy isalasalana fa tao anatin'ilay fikorontanan-tsaina kely noho ny fivere-nan'ilay fanontaniana no namalian'ilay mpanarato lehibe hoe: “Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho.”¹¹

Dia mbola nanome valinteny fohy ny Mpamonjy, saingy tao anatin'ny fandinihana lalina tsy an-kijanona no mbola nanontaniana fanintelony hoe: “Simona [Petera], zanak'i Jaona, moa tia Ahy va hianao?” Teto dia efa tsy nahazo aina intsony i Petera. Mety tsaroany tao am-pony ny nametrahana taminy in-telo fanontaniana iray hafa andro vitsivitsy lasa izay novaliany tamim-pahazotoana ihany koa—saingy fandavana no navaliny tamin'izay. Na mety nanomboka nanontany tena izy hoe sao dia tsy takany ny fanontaniana'ilay Mpampianatra Lehibe. Na mety nikaroka ny tao am-pony izy,


niandry fanamafisana mazava mikasika ny valinteny efa nomeny tamim-pahavitrihana, toy ireny mandeha ho azy ireny mihitsy aza. Na inona na inona fahatsapana nananany dia mbola namaly fanintelony i Petera hoe: “Tompoko, . . . fantatrao fa tia Anao aho.”¹²


Izay novalian'i Jesoa (ary eto indray aho dia mampiasa teny tsy ao amin'ny soratra masina) ka mety nilaza zavatra toy izao Izy: “Koa maninona eto ary ianao ry Petera? Nahoana isika no niverina ety amoron-dranomasina ity indray, miaraka amin'ireto harato ireto ihany, ary mbola manao ilay resaka efa natao taloha? Moa ve tsy nazava be tamin'izany ary tsy mazava be ankehitriny fa raha te-hahazo trondro aho dia afaka mahazo izany? Ny ilaiko ry Petera dia mpianatra—ary mila azy ireo mandrakizay aho. Mila olona hamahana ny ondriko aho ary hanavotra ny zanak'ondriko. Mila olona hitory ny filazantsaraka aho ary hiaro ny fivavahako. Mila olona tena tia ahy aho, tena tia ahy, ary tia ny asa nampanaoviny Raintsika any an-danitra ahy. Tsy maivana akory ny hafatra ananantsika. Tsy mandritra ny fotoana fohy ny andraikitra nomena antsika. Ny asantsika dia tsy hitondra vintandratsy na fahadisoam-panantenana na entina hanafoanana ny fizotran'ny tantara akory. Asan'ilay Andriamanitra Tsihoa izany ary natao hanova izao tontolo izao. Koa dia miangavy anao fanindroany aho ry Petera, ary mety ho farany, mba handao ireto zavatra ireto, ary handeha hampianatra sy hijoro ho vavolombelona, hiasa sy hanompo

amim-pahatokiana, mandrapatongan'ilay andro hanaovan'izy ireo aminao ny zavatra izay nataony tamiko.”

Avy eo, rehefa nitodika tamin'ireo Apôstôly rehetra izy, dia mety nilaza zavatra toy izao: “Moa ve ianareo manabohamaty toy ireo mpanora-dalana sy Fariseo? na i Heroda sy Pilato? Moa ve ianareo mieritreritra, tahaka azy ireo, fa ity asa ity dia azo vonoina tamin'ny alalan'ny namonoany ahy tso-tra fotsiny? Moa ve ianareo mieritreritra, tahaka azy ireo, fa ny hazofijaliana sy ny fantsika sy ny fasana no faran'ity zavatra rehetra ity ary samy afaka hody amim-pifaliana any amin'ny zavatra nosahaniny teo aloha ny tsirairay avy eo? Anaka, moa tsy nahakasika lalina ny fonareo mihoatra noho izany ve ny fiainako sy ny fitiavako?”

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, tsy fantaro izay zavatra mety hitranga amin'ny Andro Fitsarana, kanefa ho gaga ihany aho raha toa ka tsy hanontany ilay fanontaniana napetrak'i Kristy tamin'i Petera Andriamanitra izay manao hoe: “Moa tia ahy ve ianao?” Mivevitra aho fa ho tiany ny hahafantatra ao anatin'ilay fahatakarana ananantsika amin'ny maha-tena olona mety maty sy ao anatin'ilay fahatakarana ananantsika izay tena tsy ampy ary indraindray mitovy amin'ny an'ny zaza hoe moa ve isika farafaharatsiny mahatakatra didy iray, ny didy voalohany sy lehibe amin'izy rehetra—“Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny tanjakao rehetra, ary ny sainao rehetra.”¹³ Ary raha amin'izay fotoana izay isika mba





afaka mamaly hoe: “Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho,” dia mety ho hampahatsiahiviny antsika fa ny endrika tsara indrindran’ny fitiavana dia ny fahatokiana foana.

Hoy i Jesoa hoe: “Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko.”¹⁴ Noho izany dia manana namana tokony hampiana isika, zanaka tokony harovana, mahantra tokony hatraka ary fahamarinana tokony harovana. Ao ny hadisoana tokony hahitsy, ny fahamarinana tokony hozaraina, ary soa tokony hatao. Raha bangoina dia manana fiainana amin’ny maha-mpianatra manolotena antsika isika mba ho atolotra ho fanehoana ny fitiavantsika ny Tompo. Tsy afaka ny hiala kely isika dia hiverrina indray avy eo. Tsy ho toy ny teo aloha intsony ny zava-drehetra tao-rian’ny nahafantarana ilay Zanakalahy velona an’Andriamanitra velona. Manamarika ny fiantombohan’ny fiainana maha-Kristianina ny Fanomboana, ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy ary ny Fitsanganana amin’ny maty fa tsy hoe fiatarana akory. Izany fahamarinana

izany, izany zava-nitranga izany, no nahafahan’ireo Galiliana mpanarato vitsivitsy izay niverina niasa tamin’ny naha-Apôstôly azy na dia tsy nanana “toeram-pivavahana iray aza na sabatra”¹⁵ nanary indray ny haratony fanindroany ary nanohy namolavola ny tantaran’ity izao tontolo izao izay iainantsika ankehitriny ity.

Mijoro ho vavolombelona avy any amin’ny foko lalina miaraka amin’ny herin’ny fanahiko amin’ny olona rehetra afaka mandre ny feoko aho fa naverina amin’ny laoniny eto an-tany ireo fanalahidy hazonin’ny apôstôly ireo ary ato amin’Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany. Ho an’ireo izay tsy mbola tsy miaraka amintsika ao amin’ity asa lehibe farany an’i Kristy ity dia manasa izahay hoe: “Tongava.” Ho an’ireo izay efa niaraka taminay nefa niala an-daharana fa nisafidy ny tsy handray anjara afa-tsy amin’ireo lafiny ara-kolontsaina ato amin’ny Fiangonana fa tsy hianoka an’ily fitahiana feno avy amin’ny famerenana amin’ny laoniny, dia hoy aho

hoe, matahatotra aho fa mety miatrika alina lava maro sy harato foana ianareo. Ny antso atao dia ny hoe miverena, mijanona ho mahatoky, tiavo Andriamanitra ary manolara tanana. Ny antsoko mba hitoetra ho mahatoky dia natao koa ho an’ireo misiôniera efa niverina izay nijoro teo amin’ny fitoeran-drano fanaovana batisa ary nanangana ny tanany sady niteny hoe: “Rehefa nomen’i Jesoa Kristy fahefana aho.”¹⁶ Izany iraka izany dia tokony ho nampiova mandrakizay izany olona niova fo izany ary azo antoka fa tokony ho nampiova anao mandrakizay koa. Ho an’ireo tanora vao misondrotry ny Fiangonana hanao asa fitoriana, ho any amin’ny tempoly ary hanambady dia hoy izahay hoe: “Tiavo Andriamanitra ary mitoera ho madio amin’ny rà sy ny fahotan’ity taranaka ity. Manana asa goavana hatao ianareo, izay nantitranterin’ny Filoha Thomas S. Monson tamin’ily fanambarana mahatalanjona omaly maraina.” Miandrindra ny fitiavanareo sy ny fahatokianareo eo amin’ny dingana tsirairay eo amin’ny fiainanareo ny Rainareo any an-danitra.

Ho anareo izay mandre ahy, dia heno amin’ny fotoana rehetra ny feon’i Kristy izay manontany antsika tsirairay avy raha mbola misy ny fotoana hoe: “Moa tia ahy va ianao?” Hovaliako amim-panehoako haja sy amin’ny foko ho antsika tsirairay avy rehetra izany hoe: “Eny, Tompo, tia anao izahay.” Ary rehefa mandray “ny angady eny antanantsika,”¹⁷ isika dia tsy hierika mandrapahavita ity asa ity ary hitantana an’izao tontolo izao ny fitiavan’Andriamanitra marina sy ny namana. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jaona 14:9.
2. Marka 9:31–32.
3. Jaona 21:3.
4. Jereo ny Jaona 21:5.
5. Jaona 21:6.
6. Lioka 5:5.
7. Lioka 5:6.
8. Jaona 21:6.
9. Jaona 21:7.
10. Jaona 21:15.
11. Jaona 21:16.
12. Jaona 21:17.
13. Lioka 10:27; jereo koa ny Matio 22:37–38.
14. Jaona 14:15.
15. Frederic W. Farrar, *The Life of Christ* (1994), 656; mba hahitana bebe kokoa mikasika ilay toe-javatra mampalahelo nianjady tamin’izany Fiangonana vao niorina izany dia jereo ny toko faha-62.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:73.
17. Lioka 9:62.



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

Eritrere-to Ireo Fitahiana

Mahafantatra ny zavatra ilaintsika ny Raintsika any an-danitra ary hanampy antsika izy rehefa mangataka fanampiana Aminy isika.

Ry rahalahy sy anabavy malalako, ity fihaonambe ity dia manamarika ny faha-49 taona nitsingerenan'ny nanohana ahy ho mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ny 4 Ôktôbra 1963. Fotoana lava izany hoe sivy amby efapolo taona izany. Kanefa toa tena fohy ihany ny fotoana amin'ny lafiny maro hatramin'ilay nijoroako teto amin'ny polpitra ary nanaovako ny lahateniko voalohany indrindra nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana.

Zavatra maro no niova hatramin'izay 4 Ôktôbra 1963 izay. Miaina ao anatin'ny fotoana miavaka eo amin'ny tantaran'izao tontolo izao isika. Nahazo fitahiana tena maro isika. Kanefa sarotra indraindray ny mijery ireo olana sy fanomezana vahana ny fahotana manodidina antsika ka tsy ho lasa kivy. Nahita aho fa raha maka bahana kely isika sy mieritreritra an'ireo fitahiana eo amin'ny fiainantsika, ary ao anatin'izany ireo fitahiana izay toa kely sy matetika tsy tsikaritra dia hahita fifaliana bebe kokoa isika, toy izay tsy hanao afa-tsy ny hieritreritra ny lafy ratsin'ny fiainana.

Rehefa nanao tamberina an'izay 49 taona izay aho dia nahita zavatra vitsivitsy. Ny iray dia hoe, maro be ireo zavatra niainako izay tsy voatery hoe ho eritreretin'ny olona ho mahatalanjona. Matetika no toa tsy tsikaritra ary toy ny zavatra mahazatra mihitsy aza izy ireo raha ny marina rehefa nitranga. Kanefa

rehefa averina jerena dia nampivelatra sy nitahy fiainan'olona izy ireo—ka tafiditra ao anatin'izany ny ahy. Manoro hevitra ny mba hanaovanareo izany koa aho—izany hoe, manao jery todika amin'ny antsipiriany ny fiainanao ianao ary mitady manokana an'ireo fitahiana, lehibe sy kely izay azonao.

Ny fanaovako jery todika manokana an'ireo taona maro ireo dia namerina nanamafy tsy tapaka ny fahalalako fa heno sy valiana ny vavaka ataontsika. Fantatsika tsara ilay fahamarinana hita ao amin'ny 2 Nefia ao amin'ny Bokin'i Môrmôna: “Misy ny olona mba hahazo fifaliana.”¹ Mijoro ho vavolombelona aho fa ny ankamaroan'izany fifaliana izany dia tonga rehefa miaiky isika fa afaka mifandray amin'ny Raintsika any an-danitra amin'ny alalan'ny vavaka ary ho heno sy ho valiana ireo vavaka ireo—angamba mety tsy hovaliana amin'ny fomba sy ny fotoana itiavantsika azy izany, saingy tsy maintsy ho valiana izany ary hovalian'ilay Ray any an-danitra izay mahafantatra sy tia antsika tanteraka ary maniry ny hahazoantsika fifaliana. Moa ve Izy tsy nampanantena antsika hoe: “Aoka ianao hanetry tena ary ny Tompo Andriamanitra dia hitarika anao amin'ny tanana sy hanome anao ny valin'ny fivavakao.”²

Mandritra ireo minitra vitsy manaraka nomena ahy mba handraisako fitenenana, dia te-hizara sombiny kely tamin'ireo zavatra niainako aho izay

nahitana vavaka heno sy novaliana ary rehefa averina jerena dia nitondra fitahiana teo amin'ny fiainako ary teo amin'ny fiainan'ny hafa koa. Ilay dia-riko isan'andro izay nanoratako nandritra ireo taona maro ireo dia nanome ahy zavatra sasantsasany amin'ny antsipiriany, raha tsy izany dia tsy ho afaka ny hitantara izany mihitsy aho.

Tany am-piandohan'ny taona 1965 tany dia nasaina nanatrika fihaonamben'ny tsatôka vitsivitsy sy niandraikitra fivoriana hafa manerana ny faritra Atsimon'i Pasifika aho. Izay no fitsidihako voalohany tany amin'izany faritra teto amin'izao tontolo izao izany ary fotoana tsy hohadinioiko velively. Toe-javatra ara-panahy maro no niseho nandritra izany asa nampiandraiketana ahy izany rehefa nihaona tamin'ireo mpitarika sy mpikambana ary misiônera aho.

Ny Sabotsy sy Alahady, 20 sy 21 Febroary izay faran'ny herinandro, dia tany Brisbane, Australie izahay nanao ireo fivoriana nandritra ny fihaonamben'ny Tsatôkan'i Brisbane. Nandritra ireo fivoriana natao ny Sabotsy dia nampahafantarina ahy ny filohan'ny distrika avy amin'ny faritra iray nifanila eo ihany. Rehefa namihina ny tanany aho dia nahatsapa mafy fa mila miresaka aminy sy manome torohevitra azy, ka nanontany azy aho raha toa ka afaka miaraka amiko izy mandritra ny fivoriana Alahady maraina izay ny ampitson'izany mba hahafahana manatanteraka izany.

Nanana fahafahana niarahana niresaka izahay taorian'ny fivoriana Alahady. Niresaka mikasika ireo andraikiny maro amin'ny mahafilohan'ny distrika azy izahay. Rehefa nanao izany izahay dia nisy nanosika ahy hanome azy torohevitra manokana mikasika ny asa fivoriana sy ny fomba ahafahan'izy sy ny mpikambana ao aminy manampy ireo misiônera mandritra ny fotoana maharitra amin'ny asan'izy ireo eo amin'ny faritra misy azy. Nahafantatra aho taty aoriana fa efa nivavaka mba hahazo fitarihana momba izany zavatra izany io lehilahy io. Ho azy, ny fifampiresahanay dia vavolombelona manokana fa heno ny vavaka nataony ary voavaly. Fivoriana toa tsy dia niavaka loatra izany saingy miaiky aho fa fivoriana iray izay notarihan'ny Fanahy ary nitondra fiovana teo amin'ny fiainan'izany filohan'ny distrika izany sy teo



amin'ny fitantanan-draharahany ary teo amin'ny fiainan'ireo mpikambana tao aminy sy teo amin'ny fahombiazan'ireo misiônera tany.

Ry rahalahiko sy anabaviko, mate-tika ireo tanjon'ny Tompo dia tante-raka rehefa manaraka ny fitarihan'ny Fanahy isika. Mino aho fa rehefa mandray andraikitra bebe kokoa eo anatrehan'ny fanentanam-panahy sy ny fahatsapan-javatra tonga eo amintsika isika dia hanana fahatokiana bebe kokoa antsika ny Tompo mba hanatanteraka ny asany.

Nianatra aho, toy ny nolazaiko tany amin'ireo hafatro tany aloha, hoe aza atao velively ny manemotra ny fanarahana ny bitsika iray. Indray mandeha, taona maro lasa izay, nilo-mano tao amin'ny Trano Fanaovana Fanatanjahan-tena Deseret fahiny teto Salt Lake City aho ary nahatsapa fitaomana handeha ho any amin'ny Hopitalin'ny Oniversite mba hamangy namana akaiky iray izay tsy afaka nampiasa ny tongony ambany noho ny fivontosana

iray sy ny fandidiana natao taorian'izany. Nivoaka teo no ho eo ihany tao amin'ilay dobo filomanosana aho, dia niakanjo ary vetivety dia teny an-dalana hijery izany lehilahy mahafinaritra izany.

Rehefa tonga tao amin'ny efitranony aho dia tsy nisy olona tao. Rehefa nantony aho dia nahafantatra fa hahita azy any amin'ny faritry ny toerana filomanosana ao amin'ny hopitaly angamba, izay faritra nampiasaina ho an'ny fanaovana kinésithérapie. Tena izay tokoa no nitranga. Nentiny irery tany ny sezabeny misy kodiarana ary izy irery no nampiasa ilay efitrano. Teny amin'ny faritra ilan'ilay dobo filomanosana izy, teny akaikin'ny faritra faran'ny lalina. Nantsoiko izy ary nampanatoniny ny sezabeny misy kodiarana mba hiarahaba ahy. Nahafinaritra ny fifampiresahanay ary niaraka taminy niverina tany amin'ny efitranon'ny hopitaly aho, ka nomeko tsodrano izy tao.

Fantatro tamin'ny alalan'ny namako iray taty aoriana fa tena tratran'ny

harerahan-tsaina amam-panahy mafy izy ka nieritreritra ny hamono tena. Nivavaka mba hahazo fahamaivanana izy saingy nanomboka nahatsapa fa tsy nisy valiny ireo vavaka nataony. Nandeha tany amin'ny dobo filomanosana izy niaraka tamin'ny eritreritra fa izay no fomba hanaperana ny fahoriany—amin'ny alalan'ny familiana ny sezabeny misy kodiarana any anatin'ny faritra tena lalin'ilay dobo filomanosana. Tonga tao anatin'ny fotoana iray saika nahitan-doza aho noho ny fandraisako andraikitra teo anatrehan'ilay zavatra fantatro fa fanentanam-panahy avy any ambony.

Afaka niaina nandritra ny taona maro fanampiny ilay namako—taona feno fifaliana sy fankasitrahana. Tena faly aho fa fitaovana teo ampelatanan'ny Tompo tamin'izany andro iray saika nahitan-doza izany tao amin'ilay toeram-pilomanosana.

Tao anatin'ny fotoana iray hafa, raha nitondra fiara handeha hody iny izaho sy Rahavavy Monson rehefa avy namangy namana, dia nisy zavatra nanosika ahy mba handeha any an-tanan-dehibe—izay lalana ankilaometatra maro—mba hamangy vehivavy mananotena efa lehibe iray izay efa nipetraka tao amin'ny faritry ny paroasinay. I Zella Thomas no anarany. Nipetraka tao amin'ny foibe fikarakarana ny olona antitra na olona marary izy tamin'izany fotoana izany. Hitanay ho tena marefo izy tamin'izany fiandohan'ny tolakandro izany, saingy nandry tamim-piadanana teo amin'ny fandriany.

Efa jamba nandritra ny fotoana ela i Zella, saingy tonga dia fantany ny feonay. Nanontaniany aho raha afaka manome tsodrano azy ary nampiany hoe efa vonona ny ho faty izy raha toa ka tian'ny Tompo hiverina hody any Aminy. Nisy fahatsapana fahatoniana sy fiadanana tao anatin'ilay efitrano ary fantatray rehetra fa ho fohy ny fotoana sisa hiainany eto an-tany. Noraisin'i Zella ny tanako ary nilaza izy fa nivavaka mafy mba hahatongavako hijery azy sy hanome tsodrano azy. Nolazaiko taminy fa tonga izahay noho ny fanentanam-panahy mivantana avy amin'ny Ray any an-danitra. Norohako teo amin'ny handrina izy noho ny fahafantarako fa mety tsy ho hitako intsony eto amin'ity fiainana ity izy. Izany tokoa no zava-nitranga satria maty ny

ampitson'iny izy. Ny fahafahana n-
nome fampaherezana sy fiadanana ho
an'i Zella namanay maha-te ho tia dia
fitahiana ho ahy sy ho azy.

Tonga amin'ny fomba tsy ampoi-
zina ny fahafahana ho fitahiana eo
amin'ny fiainan'ny olona iray hafa.
Indray Sabotsy alina tena namirifiry
nandritra ny ririniny taona 1983–84,
dia nitondra fiara an-kilaometatra maro
tany amin'ny lohasahan'ny tendrom-
bohitra tany Midway, Utah izaho sy
Rahavavy Monson, izay toerana nisy
tranonay anankiray. Miiba 24 mari-
pana Fahrenheit (–31°C) ny maripana
tamin'izany alina izany, ary tianay ny
haka antoka fa milamina ny zava-
drehetra tao amin'io tranonay tany io.
Nanao fizahana izahay ary hitanay fa
tsy nisy ny olana ka dia lasa nandeha
niverina tany Salt Lake City izahay.
Vao nandeha kilaometra vitsivitsy teo
amin'ny lalambe izahay dia nikitso ny
fiaranay. Tsy afa-nihetsika tanteraka
izahay. Nahalana angamba, raha nisy,
ny nahatsapako nangatsiaka be toy ny
tamin'izany alina izany.

Nanomboka nandeha an-tongotra
tsy fidiny nankany amin'ilay tanàna
faran'izay akaiky indrindra izahay ary
nandeha mafy ireo fiara nandalo anay.
Nisy fiara iray nijanona ihany tamin'ny
farany ary nisy tovolahy nanampy
anay. Hitanay ihany tamin'ny farany
fa nivaingana noho ny hatsiaka ny
gazoala tao anatin'ny fitoerany ka
niteraka ny tsy nahafahanay namily
ilay fiara izany. Nitondra anay niverina
tany amin'ilay tranonay tany Midway
io tovolahy tsara fanahy io. Nanao
izay hanomezana vola azy noho ny
zavatra nataony aho, saingy nanda
tamin-katsaram-panahy izy. Nolazainy
fa Tovolahy Skoto izy ary te-hanao asa
fanompoana. Nampahafantariko azy
ny tenako ary naneho fankasitrahana
izy noho ny fahafahany nanampy.
Noho ny fiheverako fa eo amin'ny
taona tokony hanaovany asa fitoriana
izy dia nanontany azy aho raha nanana
drafitra ny handeha hanao asa fitoriana
izy. Nolazainy fa tsy tena fantany loatra
ny zavatra tiany hatao.

Ny Alatsinainy maraina taorian'i-
zany dia nanoratra taratasy ho an'io
tovolahy io aho ary nisaotra azy noho
ny hatsaram-panahiny. Namporisika
azy mba handeha hanao asa fitoriana
mandritra ny fotoana maharitra aho
tao anatin'ilay taratasy. Nampiarahako

tamin'izany ny iray tamin'ireo bokiko
ary nasiako marika ireo toko mikasika
ny asa fitoriana.

Herinandro taty aoriana teo ho eo
dia niantso tamin'ny telefaonina ny
renin'io tovolahy io ary nilaza tamiko
fa tovolahy manana ny maha-izy azy
ny zanany lahy, saingy noho ireo
zavatra sasantsasany misaritsarika
azy eo amin'ny fiainana dia nihena
ilay faniriana hatry ny ela hanao asa
fitoriana. Nolazainy fa nifady hanina
sy nivavaka izy sy ny vadiny mba
hiovan'ny fony. Nosoratan'izy ireo tao
amin'ny taratasy hanoratana anaran'o-
lona entina am-bavaka tao amin'ny
Tempolin'i Provo Utah ny anarany.
Nanantena izy ireo fa na amin'ny
fomba ahoana na amin'ny fomba
ahoana dia ho lasa tsara kokoa ny
fony ary hiverina any amin'ilay fani-
riany hanao asa fitoriana sy hanompo
ny Tompo amim-pahatokiana izy. Tia-
n'ilay reny ho fantatro fa noraisiny ho
toy ny valin'ireo vavaka natao ho azy
ilay zava-niseho nandritra izany alina
nangatsiaka izany. Niteny aho hoe:
“Miombon-kevitra aminao aho.”

Taorian'ny volana maromaro sy
fifandraisana imbetsaka tamin'izany
tovolahy izany, dia diboky ny hafaliana
izaho sy Rahavavy Monson rehefa
nanatrika ny fanaovam-beloman'ny
misiõnera izay natao ho azy talohan'ny
nandehany tany amin'ny Misionan'i
Canada Vancouver.

Moa ve fifanojoan-javatra ny nihao-
nanay tamin'ilay alina irain'ny volana
Desambra izay nangatsiaka iny? Tsy
mino izany aho na dia iray minitra aza.
Fa mino kosa aho fa valin'ny vavaka
tamin-kitsimpo nataon'ny ray sy
reny iray ho an'ilay zanany tiany ilay
fifaonany.

Averina indray ry rahalahiko sy
anabaviko fa mahafantatra ny zavatra
ilaintsika ny Raintsika any an-danitra
ary hanampy antsika izy rehefa man-
gataka fanampiana Aminy isika. Mino
aho fa tsy misy izany hoe kely loatra
na tsy manan-danja ny olana ananant-
sika. Ao anatin'ny antsipiriany rehetra
eo amin'ny fiainantsika ny Tompo.

Te-hamarana amin'ny alalan'ny
fitantarako zavatra niseho iray vao
haingana izay nisy fiantraikany
tamin'ny olona an-jatony maro aho.
Niseho nandritra ny fampisehoana
ara-kolontsaina ho an'ny Tempolin'i
Kansas City izany, vao dimy volana

lasa izay. Toy ireo zavatra maro dia
maro miseho eo amin'ny fiainantsika,
dia toy ny zavatra iray hafa niseho
tsootra fotsiny izy ity ary nilamina ho
azy ny zava-drehetra. Kanefa raha ny
fahafantarako ireo toe-javatra niseho
nifandray tamin'izany fampisehoana
ara-kolontsaina izany izay natao ny ha-
riva talohan'ny fitokanana ny tempoly,
dia tsapako fa tsy toy ny mahazatra ny
fampisehoana tamin'izany alina izany.
Niavaka mihitsy aza izany.

Toy ny miseho amin'ireo fampi-
sehoana ara-kolontsaina mifandray
amin'ny fitokanana tempoly, dia nanao
famerenana ny fampisehoana tao
anatin'ny vondrona misaratsaraka tany
amin'ny faritra nisy azy ireo manokana
ireo zatovo tany amin'ny Distrikan'i
Tempolin'i Kansas City Missouri. Ny
lamina natao dia hoe hihaona da-
holo ao amin'ilay tranom-panjakanana
lehibe izay nofaina izy ireo ny Sabo-
tsy marainan'ilay fampisehoana mba
hahafahan'izy ireo mahafantatra hoe
rahoviana sy aiza no tokony hiditra,
aiza no tokony hijoroan'izy ireo, firy
ny haben'ny elanelan'izy ireo ami-
n'izay olona eo akaikin'izy ireo, ary
ahoana no fomba ivoahana ny sehatra
sy ny sisa—antsipirian-javatra izay tsy
maintsy azon'izy ireo izany mandritra
ny fanambaran'ireo tompon'andraikitra
ireo seho samihafa mba hirindra sy ho
matihanina ilay fampisehoana farany.

Saingy nisy olana iray lehibe tami-
n'izany andro izany. Niankina tami-
n'ireo fizarana izay efa noraisina sary
sy feo mialoha ny fampisehoana iray
manontolo ary ho aseho eo amin'ny
fikandrantsary lehibe izay antsoina
hoe Jumbotron. Ireo fizarana izay
noraisina sary sy feo ireo dia tena
zava-dehibe ho an'ilay fampisehoana
iray manontolo. Tsy hoe mifandray
daholo fotsiny izy ireo fa ny fizarana
iray aseho amin'ny fahitalavitra dia
mampahafantatra ny seho manaraka.
Ilay horonantsary ahitana fizarana
maro dia tena ilaina mba hahatonga
ilay fampisehoana iray manontolo ho
toy ny fampisehoana anankiray. Saingy
tsy nandeha ilay Jumbotron.

Niasa mafy ireo teknisiana mba
hamahana ilay olana ary niandry ireo
tanora an-jatony, sady nihalany ny
fotoana sarobidy tokony hanaovana
famerenana. Nanomboka ho toy ny tsy
nisy intsony ny azo natao mikasika ilay
toe-javatra.



Nanazava taty aoriana i Susan Cooper, mpanoratra sy talen'ny fampisehoana hoe: "Rehefa niroso nampiasa ny drafitra A nankany amin'ny B ka hatrany amin'ny Z izahay dia nahafantatra fa tsy nisy nety izany. . . . Rehefa nijery ny fandaharam-potoana izahay dia fantatray fa tsy ho afaka ny hanao izany intsony, saingy fantatray fa nanana ny iray amin'ireo hery lehibe indrindra izahay tao amin'ilay toerana tao ambany—zatovo 3.000. Nila nidina tany izahay ary nilaza tamin'[izy ireo] ny zava-nitranga sy nampiasa ny finoany."³

Adiny iray monja talohan'ny nanombohan'ny mpijery hiditra ilay

tranobe dia nandohalika sy niaranivavaka ireo zatovo 3.000. Nivavaka izy ireo mba ho entanin'ny fanahy nahafantatra ny fomba hampandehanana ilay Jumbotron ireo olona izay manamboatra izany. Nangataka ny Rainy any an-danitra izy ireo mba hamita izay zavatra tsy vitan'ny tenan'izy ireo noho ny hafohin'ny fotoana.

Hoy ny olona anankiray nanoratra mikasika an'izany taty aoriana hoe: "Vavaka tsy ho hadinoin'ny zatovo velively izany, tsy hoe noho ny hamafin'ny gorodona fa noho ny fahatsapana mahery vaika ny Fanahy."⁴

Fotoana fohy taorian'izay dia tonga ny iray tamin'ireo teknisiana nilaza

tamin'izy ireo fa hita ilay olana ary efa namboarina. Nolazainy fa tsara vintana izy ireo fa hita ilay vahaolana, saingy nahafantatra zavatra bebe kokoa noho izany ireo zatovo.

Rehefa niditra ilay tranom-panjakana izahay tamin'izany hariva izany dia tsy nahafantatra velively mikasika ireo olana nitranga nandritra ilay andro. Efa taty aoriana izahay vao nahafantatra mikasika izany. Ny zavatra hitanay anefa dia fampisehoana nahafanaritry sy nirindra—iray amin'ireo tsara indrindra hitako. Hita taratra teny amin'ireo zatovo ilay fanahy lehibe sy mahery vaika izay tsapan'ireo reheotra nanatrika tao. Toa fantatr'izy ireo hoe aiza no miditra, aiza no mijoro ary ahoana no fomba fifandraisana amin'ireo mpanoratra anjara nanodidina azy ireo. Rehefa nahafantatra aho fa nahohezina ny famerenan'izy ireo ary maro tamin'ireo seho no tsy naverin'ilay vondrona iray manontolo dia variana aho. Tsy nisy olona afaka nahafantatra izany. Tena nameno ny banga tokoa ny Tompo.

Tsy mitsahatra velively ny mitolagaga amin'ny fomba ahafahan'ny Tompo mampivelatra sy mitantana ny lafiny rehetra ao amin'ny fanjakany aho, kanefa mbola manana fotoana ihany hanomezana fitaomam-panahy mikasika ny olona iray—na mikasika ny fampisehoana ara-kolontsaina iray na ny Jumbotron iray Izy. Fijoroana ho vavolombelona ho ahy ny fahitana fa afaka manao izany Izy ary manao izany Izy.

Ry rahalahiko sy anabaviko, ao anatin'ny fiainantsika ny Tompo. Tia antsika Izy. Te-hitahy antsika Izy. Tiany ny hikatsahantsika ny fanampiany. Rehefa mitarika sy mitantana antsika Izy sy rehefa mihaino sy mamaly ny vavaka ataontsika dia tena hahita ilay fifaliana izay iriany ho antsika isika. Enga anie isika ka hahafantatra an'ireo fitahiana nomeny teo amin'ny fiainantsika. Izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika, amena. ■

FANAMARIHANA

1. 2 Nefia 2:25.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112:10.
3. Susan Cooper, in Maurine Proctor, "Nothing's Too Hard for the Lord: The Kansas City Cultural Celebration," *Meridian Magazine*, 9 Mey 2012, ldsmag.com.
4. Proctor, *Meridian Magazine*, May 9, 2012.



Nataon'ny Loholona Robert D. Hales
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Ho Kristianina izay Mitovy Kokoa amin'i Kristy

*Izao no antson'i Kristy amin'ny Kristianina rehetra ankehitriny:
"Fahano ny [zanak]ondriko. . . . Fahano ny ondriko."*

lona no hevitra ny hoe Kristianina? Ny Kristianina dia manana finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, fa Izy dia Zanak'Andriamanitra ara-bakiteny, izay nalefan'ny Rainy mba hijaly noho ny fahotantsika tamin'ny alalan'ny fihetsika faratampon'ny fitiavana izay fantatsika amin'ny hoe ny Sorompanavotana.

Ny Kristianina dia mino fa amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny an'ny Zanany, Jesoa Kristy dia afaka mibebaka, sy mamela heloka ny hafa, sy mitandrana ireo didy, ary mandova ny fiainana mandrakizay isika.

Ny teny hoe *Kristianina* dia midika hoe ny fitondrantsika eo amintsika ny anaran'i Kristy. Izany dia ataontsika amin'ny alalan'ny fanaovana batisa sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina, amin'ny alalan'ny fametrahan-tanana ataon'ireo izay mihazona ny fahefan'ny Fisoronany.

Fantatry ny Kristianina fa teo amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona, dia nijoro ho vavolombelona mandrakariva momba an'i Jesoa

Kristy ireo mpaminanin'Andriamanitra. Io Jesoa Kristy io ihany, niaraka tamin'ny Ray any an-danitra no niseho tamin'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny taona 1820, ary namerina ny filazantsara tamin'ny laoniny sy ny firafit'ilay Fiangonany izay nisy tany am-piandohana.

Amin'ny alalan'ny soratra masina sy ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Joseph Smith, no ahafantarantsika fa Andriamanitra, izay Raintsika any An-danitra dia manana vatana nofo sy taolana izay be voninahitra sy tonga lafatra. I Jesoa Kristy no Zanany Lahitokana tao amin'ny nofo. Ny Fanahy Masina dia olona fanahy, ary ny asany dia ny mijoro ho vavolombelona ny amin'ny Ray sy ny Zanaka. Ny Andriamanitra dia olona telo miavaka tsara, ary miray tanjona.

Raha ireo fotopampianarana ireo no fototry ny finoantsika, dia mbola hisy ahiahy sy ady hevitra ihany ve ny hoe isika, amin'ny maha mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika,

dia Kristianina? Kanefa ho an'ny Kristianina rehetra dia misy fanontaniana tsotra iray mipetraka manao hoe: karazana kristianina toy inona moa isika? Na amin'ny teny hafa, manao ahoana ny fanarahantsika an'i Kristy eo amin'ny fiainantsika andavanandro?

Andao hiara-handinika amiko ny zavatra niainan'ny mpianatra Kristianina anankiroa:

"Ary nony nitsangantsangana teny amoron'ny ranomasin'i Galilia Jesosy, dia nahita olona mirahalaha, dia Simona izay atao hoe Petera, sy Andrea rahalahiny, nanarato teny amin'ny ranomasina, fa mpanarato izy.

"Dia hoy Jesosy taminy: Andeha hanaraka ahy, fa hataoko mpanarato olona hianareo.

"Dia nandao ny harato niaraka tamin'izay izy ka nanaraka Azy."¹

Amin'ny maha Kristianina antsika amin'izao vaninandro izao, dia manana fahafahana isika hanaovana asa avy hatrany, tsy misy hatak'andro, ary feno fahatapahan-kevitra tahaka izay nataon'i Petera sy Andrea: "nandao ny haratony izy, ka nanaraka azy."² Isika ihany koa dia antsoina mba handao ny haratontsika, mba hanary ireo fahazaran-dratsin'izao tontolo izao, sy ireo fombafomban-drazana. Nantsoina ihany koa isika mba handao ireo fahotantsika. "Ary [Jesosy] niantso ny vahoakany hanatona Azy . . . , dia hoy izy taminy, Raha misy ta hanaraka ahy, dia aoka izy handa ny tenany, sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka ahy."³ Ny fandavana ny tenantsika sy ireo fitondrantena tsy mendrika no fiandohan'ny fibebahana, izay mahatonga fiovam-po mahery vaika mandrapahatonga antsika "tsy [h]anana fironana hanao ratsy intsony."⁴

Io fiovana io izay antsoina hoe fiovam-po, dia tsy tanteraka raha tsy amin'ny alalan'ny Mpamonjy irery ihany. Nampanantena i Jesoa hoe: "Raha manatona Ahy ny olona dia asehoko azy ny fahalemeny . . . Ary ampy ho an'ny olon-drehetra ny fahasoavako mba hanetreny tena eo anoloako; fa raha manetry tena eo anoloako izy, ary manam-pinoana Ahy, amin'izany *ny zavatra malemy dia ataoko tonga matanjakaho azy*."⁵ Rehefa tonga vaovao ao amin'i Kristy isika, dia ny maha-izy antsika mihitsy no hiova, ary tsy te hanana fironana hiverina amin'ny fombantsika teo aloha intsony isika.

Na izany aza, ny Kristianina mahatoky dia hotahiana mandrakariva amin'ny fiatrehana ireo fahasarotana sy fahadisoam-panantenana. Rehefa mitranga ireo olana mpanadio ireo dia mety ho alaim-panahy isika hiverina amin'ireo fombantsika teo aloha. Tao-rian'ny nanomboana ny Mpamonjy teo amin'ny hazo fijaliana, dia niseho tamin'ireo vehivavy Izy ary niangavy azy ireo hilaza tamin'ireo rahalahy mba hitady Azy any Galilia. Rehefa niverina tany Galilia i Petera izay Apôstôly ela indrindra, dia niverina tamin'ny zavatra fanaony—tamin'ny zavatra izay tsapany fa mahafinaritra azy ny mana azy. “Handeha hanarato aho,”⁶ hoy izy, ary nitondra mpianatra maromaro niaraka taminy izy.

Tena nanarato marina tokoa i Petera sy ireo namany hafa nandritry ny alina manontolo, saingy tsy nahazo na trondro iray aza. Ny ampitsion'io dia niseho teo amoron'ny ranomasina i Jesoa ary niantso azy ireo avy ery ampita nanao hoe: “Alatsaho eo amin'ny sisiny ankavanana ny haratonareo.” Nanaraka ny baikon'ny Mpamonjy ireo mpianatra teo ambony sambo ary nahita vetivety foana fa feno mitafotafotamin'ny fomba mahagaga ny haraton'izy ireo. Nahafantatra avy hatrany ny feon'ny Mpamonjy i Jaona, ary i Petera dia niroboka avy hatrany tao amin'ny ranomasina ka nilomano nankeny amin'ny morony.⁷

Ho an'ireo Kristianina izay niverina amin'ny fombany taloha sy tsy maneho finoana, dia diniho ny ohatra feno finoana nasehon'ny Petera. Aza mangatak'andro. Henoy sy fantaro ny feon'ny Mpampianatra izay miantso. Ary avy eo dia miverena Aminy avy hatrany ka raiso indray ireo fitahiana mihoapampana avy any Aminy.

Rehefa niverina teny amorondrano ireo rahalahy, dia nahita mofosy hazandrano betsaka izy ireo. “Avia hisakafo,”⁸ hoy ny Mpamonjy nanasa azy ireo. Ary rehefa nanome sakafo azy ireo Izy dia nanontany in-telo an'i Petera nanao hoe, “Simona zanak'i Jaona, moa tia Ahy va ianao?” Rehefa nanambara ny fitiavany i Petera dia nitalaho taminy ny Mpamonjy nanao hoe: “Fahano ny [zanak']ondriko. . . Fahano ny ondriko.”⁹

Izao no antson'i Kristy amin'ny Kristianina rehetra ankehitriny: “Fahano ny [zanak']ondriko. . . Fahano



ny ondriko”—zarao na amin'ny tanora na amin'ny antitra ny filazantsarako, ary ampioreno izy ireo, omeo fitahiana, ankaherezo, ary hatsangano, indrindra ireo izay manana fomba fisainana sy finoana samy hafa amin'ny antsika. Mamahana ny Ondriny isika ao an-tokantrano amin'ny alalan'ny fiainana ny filazantsara: dia ny fitandremana ireo didiny, ny fivavahana, ny fianarana ny soratra masina, sy ny fanarahana ny ohatra izay nasehony teo amin'ny fomba fanehoana fitiavana. Mamahana ny Ondriny isika ao am-piangonana rehefa manompo ao amin'ny kôlejin'ny Fisoronana sy ireo vondrona fanampiny. Ary mamahana ny ondriky manerana an'izao tontolo izao isika amin'ny fetezana ho mpiray vadirindrina Kristianina tsara, izay mampihatra fivavahana madio dia ny famangiana sy fanompoana ireo mananotena sy ny kamboty, ny mahantra, ary ireo rehetra izay mila fanampiana.

Ho an'ny ankamaroan'ny olona izany hoe antso mba ho Kristianina izany dia toa ohatry ny mitaky zavatra sarotra sy mavesatra mihitsy aza. Kanefa dia tsy mila matahotra na mahatsiaro ho tsy mahavita akory isika. Nampanantena ny Mpamonjy fa hataony ho mahavita ny Asany isika. “Andeha hanaraka Ahy,” Hoy Izy, “fa atao *ko* mpanarato olona ianao.”¹⁰ Rehefa manaraka Azy isika, dia hanome antsika ny fanomezampahasoavana, sy ny talenta ary ny hery mba hanaovana ny sitrapony Izy, ary ireo zavatra ireo no ahafahantsika hitombo amin'ny fanaovana betsaka kokoa mihoatra noho izay maha afa-po antsika, sy hanao ireo zavatra izay tsy mbola neritreretintsika mihitsy hoe azo tanterahana. Izany dia mety mitaky ny fizarantsika ny filazantsara amin'ireo namantsika, sy ny

famonjena ireo izay very ara-panahy, ny fanaovana asa fitoriana amin'ny fotoana feno, ny fiasana any amin'ny tempoly, ny fitaizana zaza iray izay manana kilema ara-pihetseham-po, na ara-batana, na ara-tsaina, ny fitiavana ireo mania, ny fanompoana ny vady izay marary, ny faharetana amin'ny tsy fifankahazoana, na fizakana ny fijaliana. Midika ho fanomanana ny tenantsika hamaly ny Antsony izany amin'ny filazantsika hoe: “Handeha any amin'izay toerana tianao halehako aho; Hanambara izay tianao ho ambarako; Hanao izay tianao ho ataoko; Ho tonga toa izay tianao hahatongavako.”¹¹

Manaraka an'i Jesoa Kristy isika mba hahafahana ho tonga toa izay tian'ny Ray any An-danitra hahatongavantsika. Mijoro ho vavolombelona aho fa manohy miantso antsika hatrany Izy mba hanaraka Azy. Raha toa ianao ka izao vao nianatra fa ny Olomasin'ny Andro Farany dia Kristianina feno fanoloran-tena na raha toa ianao ka tsy nandray anjara feno tato amin'ny Fiangonana ary maniry ny hanaraka ny Mpamonjy indray—dia aza matahotra! Ireo mpianatry ny Tompo voalohany dia mpikambana vaovao avokoa tamin'izany, ary vao niova fo ho amin'ny Filazantsarany. Fa nampianarin'i Jesoa tamim-paharetana izy tsirairay. Nampiany izy ireo mba hahatanteraka ny andraikitra napetraka tamin'izy ireo. Nantsoiny hoe namany izy ireo, ary namoy ny ainy Izy mba ho azy ireo. Ary toy izany ihany koa no efa nataony ho anao sy ho ahy.

Mijoro ho vavolombelona aho fa amin'ny alalan'ny fitiavany sy ny famindram-pony tsy misy fetra no ahafahantsika ho lasa Kristianina izay mitovy kokoa amin'i Kristy. Eritrereto ireto toetran'i Kristy manaraka ireto.



Aiza ho aiza isika eo amin'ny fampivoarana azy ireo anatintsika?

Fitiavana Kristianina. Nanome lanja ny tsirairay ny Mpamonjy. Tsara fanahy sy manana fangorahana ho an'ny olondrehetra Izy, ka namela ny sivy amby sivy olo mba hitadiavana ny anankiray,¹² fa “na dia ny volondohan[tsika] aza dia . . . voaisa”¹³ avokoa ho Azy.

Finoana Kristianina. Na dia teo aza ny fakam-panahy, sy ny fitsapana ary ny fanenjehana dia nahatoky ny Raintsika any An-danitra ny Mpamonjy ary nisafidy ny ho mahatoky sy ho mpankato ny Didiny.

Fahafoizan-tena Kristianina. Nandritra ny androm-piainany ny Mpamonjy dia nahafoy fotoana sy hery, ary tamin'ny farany dia nahafoy ny Tenany manontolo tamin'ny alalan'ny Sorompanavotana mba hahafahan'ny zanak'Andriamanitra rehetra hahazo ny fitsanganana amin'ny maty sy hanana fahafahana handova ny fiainana mandrakizay.

Fikarakarana Kristianina. Tahaka ilay Samaritana tsara fanahy, dia nanohy naninjitra ny tanany hatrany ny Mpamonjy mba hanavotra sy hitia ary hikarakara ny olona manodidina Azy, na inona na inona kolontsainy sy ny finoany na ny toe-javatra niainany.

Asa fanompoana Kristianina. Nandany ny androm-piainany tamin'ny fanompoana ny hafa ny Mpamonjy, na izany tamin'ny fanovozana rano avy tao am-patsakana, na tamin'ny fahandroana sakafo sy trondro na tamin'ny fanasana ny tongotra maloto—nanampy ny reraka sy nampatanjaka ny osa.

Faharetana Kristianina. Tao anatin'ny alahelony sy ny fahoriany dia niandry fanampiana tamim-paharetana avy tamin'ny Rainy ny Mpamonjy. Miaritra ihany koa izy ho antsika, ary miandry antsika amim-paharetana mba hahafantarantsika ny tena marina sy ny hiverenantsika hody any Aminy.

Fiadanana Kristianina. Nandritra ny asa fanompoany teto an-tany dia naneho fahatakarana sy nitondra fiadanana Izy. Nampianatra Izy, indrindra teo amin'ireo mpianany, fa ny Kristianina dia tsy tokony hifanditra amin'ny Kristianina hafa, na dia eo aza ny fahasamihafana.

Famelan-keloka Kristianina. Nampianatra antsika Izy mba hivavaka ho an'izay manenjika antsika. Nasehony tamintsika ny fomba hanaovana izany tamin'ny alalan'ny fivavahana mba ho voavela heloka ireo izay nanombo Azy teo amin'ny hazo fijaliana.

Fiovam-po Kristianina. Toa an'i Petera sy Andrea dia betsaka ny olona mahafantatra ny fahamarinan'ny filazantsara raha vantany vao mandre izany. Miova fo avy hatrany izy ireo. Ho an'ny hafa kosa dia mety ho fotoana lavalava izany. Tao amin'ny fanambarana nomena an'i Joseph Smith, dia nampianatra an'izao ny Mpamonjy, “Izay avy amin'Andriamanitra dia hazavana, ary izay mandray hazavana sy mitoetra ao amin'Andriamanitra, dia handray hazavana misimisy kokoa, ary izany hazavana izany dia mihamamiratra hatrany hatrany mandra-pitataovovonan'ny andro,”¹⁴ mitataovovonan'ny andron'ny fiovampontsika. I Jesoa Kristy no “fahazavana sy Mpanavotra izao tontolo izao; ny Fanahin'ny fahamarinana.”¹⁵

Faharetan'ny Kristianina hatramin'ny farany. Nandritra ny fiainany iray manontolo ny Mpamonjy dia tsy mba niala an-daharana tamin'ny fanaovana ny sitrapon'ny Rainy fa nanohy naneho fahitsiana sy hatsaran-toetra, famindram-po, ary fahamarinana mandrapahatapitry ny Fiainany teto an-tany.

Ireo no sasantsasany amin'ireo toetran'ireo izay maheno sy manaraka ny feon'ny Mpamonjy. Amin'ny maha vavolombelony iray manokana ahy eto an-tany no hanomezako ny fijoroana ho vavolombelona kristianina fa miantso anao Izy anio hoe, “Andao hanaraka Ahy.”¹⁶ Andao handeha amin'ilay lalana izay mitondra mankany amin'ny fahasambarana sy fifaliana mandrakizay, sy mankany amin'ny fiainana tsy manam-petra ao amin'ny fanjakan'ny Raintsika any An-danitra. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, ilay Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Matio 4:18–20.
2. Marka 1:18.
3. Marka 8:34.
4. Môsîa 5:2.
5. Etera 12:27; nampiana fanamafisana.
6. Jaona 21:3.
7. Jereo ny Jaona 21:3–8.
8. Jaona 21:12.
9. Jereo ny Jaona 21:15–17.
10. Matio 4:19; nampiana fanamafisana.
11. Jereo ny “J'irai où tu veux,” *Cantiques*, no. 174.
12. Jereo ny Matio 18:12–14.
13. Lioka 12:7.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:9.
16. Lioka 18:22.



Nataon'ny Loholona Richard G. Scott

Avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Ny Fifaliana avy amin'ny Fanavotana ny Maty

“Ary hamboleny ao am-pon'ny zanaka ny fampanantenana natao tamin'ny ray, ary hitodika amin'ny rainy ny fon'ny zanaka.”

Nanambara fotopampianarana ambony dia ambony mikasika ny ôrdônansy masin'ny batisa tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ny Tompo. Tonga izany fanambarana izany tamin'ny fotoana nampianaran'ireo fiangonana Kristianina hafa fa ny toe-panahinao amin'ny fotoana ahafatesanao no mamaritra tanteraka sy mandrakizay izay hiafaran'ny fanahy. Nampianatra izy ireo fa izay vita batisa dia hahazo fifaliana mandrakizay ary ireo hafa rehetra kosa dia hiaina fijaliana mandrakizay ka tsy hanana fanantenana ny hahazo fanavotana.

Ilay fanambaran'ny Tompo hoe ny batisa dia azo tanterahana amin'ny alalan'ny fisoloana tena ny maty, amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana mifanaraka amin'izany, dia niaro ny fahamari-nan'ilay fanambarany manao hoe: “Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy.”¹ Ny batisa isolohana tena dia afaka manome amim-pamindram-po izany ôrdônansy tena ilaina izany ho an'ireo olona mendrika efa maty izay tsy nahazo izany nandritra ny fiainana tety an-tany.

Vavolombelona iray hafa mikasika ny maha-tonga lafatra sy tsy manampetra ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izany fotopampianarana lehibe izany. Nanao izay ahafahan'ny olona mibebaka rehetra hahazo famonjena Izy. Nandresy ny fahafatesana ny Sorompanavotany ary nataony izay ahafahan'ny olona mendrika efa nodimandry mandray ireo ôrdônansin'ny famonjena amin'ny alalan'ny fisoloana tena azy ireo.

Tao anatin'ny taratasy iray izay nosoratana efa maherin'ny 150 taona lasa izay no nilazan'i Joseph Smith hoe: “Ireo Olomasina dia manana tombontsoa hatao batisa ho an'ireo . . . havany efa maty . . . izay nandray ny Filazantsara tany amin'ny tontolon'ny fanahy . . . tamin'ny alalan'ireo . . . izay nirahina mba hitory any amin'izy ireo.”² Nanampy izy taty aoriana hoe: “Ireo olomasina izay tsy miraharaha ny hanao izany ho an'ireo havany efa maty dia mampidi-doza ny famonjena ny tenany manokana.”³

Nomen'ny mpampianany Elia an'i Joseph Smith tao amin'ny Tempolin'i Kirtland ireo fanalahidin'ny fanaovana

asa isolohana tena⁴ mba hanatanterahana ny fampanantenan'ny Tompo hoe: “Ary hamboleny ao am-pon'ny zanaka ny fampanantenana natao tamin'ny ray, ary hitodika amin'ny rainy ny fon'ny zanaka.”⁵

Tamin'ny alalan'ny fanambarana fanampiny nomena an'i Joseph Smith sy ireo mpaminany taty aoriana dia lasa nisy ny fahatakarana sy ny fanaovana ny asa any amin'ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana izay manohana izany. Nanantitrantitra ny ilana hain-gana ny hanaovana ireo ôrdônansy ho an'ny tenantsika sy ho an'ireo razambentsika ny mpaminany rehetra nanomboka tamin'i Joseph Smith.

Asa iray mizara roa ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny asa fanaovana tantaram-pianakaviana. Mifandray izy roa ireo tahaka ireo ôrdônansin'ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina. Mety tsy afaka hanao ireo asa roa ireo ny mpikambana sasany noho ny olana ara-pahasalamana na ny halaviran'ny tempoly.

Nampianatra ny Filoha Howard W. Hunter hoe:

“Tsy maintsy tanterahantsika ny asa fanaovana ôrdônansin'ny fisoronana any amin'ny tempoly izay ilaina ho an'ny fisandran'ny tenantsika; avy eo dia tsy maintsy ataontsika izay asa ilaina ho an'ireo izay tsy nanana fahafahana hanaiky izany teto an-tany. Misy dingana roa ny fomba fanaovana asa ho an'ny hafa: voalohany, amin'ny alalan'ny fikarohana ny tantaram-pianakaviana mba hahafantarana hoe iza ireo razambentsika, ary faharoa, amin'ny alalan'ny fanatanterahana ireo ôrdônansin'ny tempoly mba hanomezana azy ireo ilay tombontsoa mitovy amin'izay nomena ny velona.

“Kanefa maro amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana no voafetra ny fahafahany mankany amin'ny tempoly. Manao izay vitany izy ireo. Manao fikarohana mikasika ny tantaram-pianakaviana izy ireo ary mangataka olona hafa hanao ny ôrdônansin'ny tempoly. Etsy ankilany kosa, misy mpikambana sasany izay manao ny asa any amin'ny tempoly saingy tsy mahavita manao fikarohana mikasika ny tantaram-pianakaviana miompana amin'ny razambeny manokana. Na dia manao asa fanompoana masina aza izy ireo eo amin'ny fanampiana ny hafa dia manary fitahiana noho ny tsy

fikarohany ireo havany nodimandry araka ny torolalana masina nomena tamin'ny alalan'ireo mpaminanin'ny andro farany. . .

“ . . . Nianatra aho fa ireo izay mirotsaka amin'ny fanaovana fikarohana mikasika ny tantaram-pianakaviana ary avy eo manatanteraka ny fanaovana ôrdônansin'ny tempoly ho an'ireo olona izay hitan'izy ireo ny anarany dia hahazo fifaliana fanampiny amin'ny fahazoana ny ampahany roa amin'ilay fitahiana.”⁶

Tian'ny Ray any an-danitra isika handray ny ampahany roa amin'ilay fitahiana azo avy amin'izany asa isoloana tena izay manan-danja izany. Nitarika ny hafa Izy mba hampiseho antsika hoe ahoana no ahafahana mahazo izany. Miankina aminao sy amiko ny fakana ireo fitahiana ireo.

Ho fotoana nolaniana tamin'ny zavatra tsara ny fanaovanao asa any amin'ny tempoly na inona izany na inona, fa ny fanaovanao ôrdônansy isoloanao tena ny iray amin'ireo razambenao dia hahatonga ny fotoana lany any amin'ny tempoly ho masina kokoa, ary vao mainka ho lehibe kokoa aza ireo fitahiana ho azo. Nanambara ny Fiadidiana Voalohany hoe: “Ny mitady sy mamantatra ireo razambentsika manokana no adidy faran'izay lehibe tsy maintsy ataontsika.”⁷

Moa ve ianareo tanora maniry ny hanana fomba azo antoka hamongorana ny fitarihan'ilay fahavalo eo amin'ny fiainanareo? Mirotsaha lalina amin'ny fikarohana ireo razambenareo, omano ny anarany hanaovana ireo ôrdônansy masina isoloana tena any amin'ny tempoly ary avy eo mandehana any amin'ny tempoly mba hijoro eo amin'ny toerany sy hisolo tena azy ireo handray ireo ôrdônansin'ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina. Rehefa mihalehibe ianareo dia ho afaka ny handray anjara amin'ny fandraisana ireo ôrdônansy hafa koa. Tsy mahita fiarovana lehibe kokoa hafa noho izany aho eo anatrehan'ny fitarihan'ilay fahavalo eo amin'ny fiainanareo.

Tany amin'ny Misionan'i Rosia Rostov-na-Donu, dia nahazo fanasana ireo zatovo mba hiraikitra anarana miisa 2.000 ary hanomana farafahakeliny anarana iray avy amin'ny fianakaviany manokana handray ireo ôrdônansin'ny tempoly. Nahazo

fanasana handeha hanao dia lavitra nankany amin'ny Tempolin'i Kiev Ukraine izay vao naorina ireo izay nahatanteraka an'io tanjona io. Nizara ny zavatra niainany ny zatovolahy iray: “Nandany fotoana maro nilalaovana jeu vidéo aho. Tsy nanana fotoana nilalaovana intsony aho rehefa nanomboka nirakitra anarana. Nieritritra aho tamin'ny voalohany hoe: ‘Andray! Nahoana aho no tsy afaka hilalao mihi-tsy!’ Rehefa tapitra ilay fandaharan'asa dia very hatramin'ilay fahalianako hilalao aza. . . . Zavatra azontsika atao eto an-tany ny fanaovana tetiarana ary hitoetra any an-danitra izany.”

Olomasina mahatoky maro no manao asa fikarohana mikasika ny razambeny ary mampiasa ilay fomba ahafahana mamandrika anarana ao amin'ny FamilySearch mba ho ireo olona ao amin'ny fianakaviany ihany no hisolo tena hanatanteraka ireo ôrdônansy. Ny fanapahan-kevitra hoe hamandrika anarana dia hanomezana fotoana ampy nefa tsy lava loatra mba hahafahan'ny olona tsirairay manatanteraka ôrdônansy ho an'ny razambeny sy izay olona misy rohim-pihavanana akaiky aminy. Misy anarana 12 tapitrisa ankehitriny ary ôrdônansy antapitrisany mifanaraka amin'izany izay nofandrihana. Anarana maro no efa voafandrika nandritra ny taona maro. Tsy isalasalana fa efa tsindrindaona

ireo razambe izay efa hita ary mientanentana rehefa nahazoana lalana ny ahafahana manatanteraka ireo ôrdônansy ho an'ny anarany. Kanefa mety tsy ho tena faly izy ireo rehefa voatery manohy miandry ny fotoana hanatanterahana ireo ôrdônansiny.

Mamporisika anareo izay manana anarana maro dia maro efa nanaovana famandrihana izahay mba hizara azy ireny mba hahafahan'ireo olona izay fianakavianareo lavitra na ireo mpikambana ao amin'ny paroasy sy tsatòka manampy anareo hamita ilay asa. Azonareo atao izany amin'ny alalan'ny fizarana ireo karatry ny tempoly misy ny anaran'ireo izay nodimandry amin'ireo mpikambana ao amin'ny paroasy sy tsatòka izay vonona ny hanampy, na koa amin'ny alalan'ny fampiasana ilay rafitra ho an'ny solosaina hoe FamilySearch mba handefasana mivantana ireo anarana any amin'ny tempoly. Io safidy farany io dia zavatra iray efa fanaon'i Cindy Blevins avy any Casper, Wyoming nandritra ny taona maro.


Natao batisa fony izy mbola zatovo Rahavavy Blevins ary izy irery no hany olona tao amin'ny fianakaviany lasa mpikamban'ny Fianganana. Nahavita asa tetiarana goavana izy. Saingy be loatra ireo anarana tokony ho sahanina raha ho azy sy ny fianakaviany mivantana. Noho izany dia nandefa ireo anarana ireo tany amin'ny tempoly



Rahavavy Blevins, izay lazainy fa mate-tika vita ao anatin'ny herinandro vitsivitsy ary raha ny mahazatra dia ataon'ny any amin'ny iray amin'ireo tempoly roa izay akaiky indrindra avy eo amin'ny tranony izany. Nilaza izy fa tiany ny mieritreritra hoe mety anisan'ireo izay manampy amin'ny famitana ilay asa ho an'ny razambeny ny namany sy ny mpi-fanolobodirindrina aminy ao amin'ny paroasiny sy ny tsatòkany. Mankasitraka ny fanaovan'izy ireo izany izy.

Tian'i Jeanene vady malalako ny manao fikarohana momba ny tantaram-pianakaviana. Fony mbola kely ny zanakay dia mandrindra fotoana izy mba hitaizany ny zanakay ny namany ary avy eo mba hitaizan'ny namany ny zanany mba hahafahany manana ora vitsy ao anatin'ny herinandro vitsivitsy manao fikarohana mikasika ny razambenay. Taorian'ny nandaozan'ilay zanakay farany ny tokantranonay dia nirakitra an'izao tao anatin'ny diariny i Jeanene: "Vao avy nandray fanapahan-kevitra iray aho ary te hitsangana sy hikiakiaka mafy momba izany. Lasa efitrano fanaovako tetiarana ny efitrano fatorian'i Mike teo aloha. Hary fitaovana ao anatin'izany sady ahafahana mandamina ireo firaketana no azo hiasana. Ankehitriny ny fiainako dia hifantoka amin'ny fanaovana fikarohana manandanja momba ny fianakaviana sy ny fandefasana anarana any amin'ny tempoly. Tena faly aho ary tsy andriko izay hanombohana izany."⁸

Toy izao indray ny zavatra iray hafa voasoratra tao anatin'izany diary izany: "Niseho tamiko ny fahagagana tao amin'ny birao misahana ny Tantaram-pianakaviana hiasan'i Mel Olsen izay nampiseho ahy tamin'ny taratasy vita printy ny firafitry ny tetiarako rehetra izay fantatra ary nalaina avy tamin' ireo firaketana amin'ny alalan'ny solosaina ao amin'ny Ancestral File (firaketana ireo razambe) izay vao navaozina ary nalefa tany amin'ny vondrona mpanao asa tetiarana. Ny ankamaroan'izy ireo dia avy amin'ny firaketana naterak'ilay fandaharan'asan'ny Fiangonana nampiasaina nandritra ny taona maro izay namporisihana ireo mpikambana hanangona ny tantaran'ny fianakaviany ahitana taranaka efatra nifamdimby amin'ny razambeny. Sahiran-tsaina aho rehefa nieritreritra ilay asa lehibe izay niandry ahy, dia ny hanangona ireo firaketana rehetra mikasika ny



fikarohana nataoko momba ny razambeko avy amin'ireo fikambanan'ny fianakaviana mba hampidirana azy rehetra ao amin'ny solosaina ka ho tafiditra ao anatin'ilay fanaparahana voalohany an'ny Ancestral File azo ampiasaina amin'ny solosaina. Ary indreo izy ireo, mahafinaritra, voalamina sy natao printy tamin'ny laser ary nipetraka teo amin'ilay latabatra teo anoloako. Tena faly sady sahiran-tsaina aho ka dia nipetraka fotsiny teo, talanjona, ary nanomboka nitomany satria faly loatra. . . . Ho an'ny olona iray izay nanao fikarohana tsy tapaka ary nifofotra nandritra ny telopolo taona dia tena mahafaly ny fampidirana ao amin'ny solosaina ireo firaketana ireo. Tena faly aho rehefa mieritreritra an'ireo olona an-tapitrisany izay ankehitriny na atsy ho atsy hampiditra ao amin'ny solosaina ireo firaketana matevina dia matevina azo tamin'ireo fanisambahoaka sy avy amin'ireo firaketana amin'ny kapila nataon'ny fikambanana tsy miankina. Tena asan'ny Tompo ity ary izy no mitantana izany."⁹

Efa nahita tsara ny vokatr'ity asa tena lehibe ity aho ka fantatro fa ireo fanalahidy izay nomen'i Elia an'i Joseph Smith dia manome fahafahana ny fonsika ho voafatotra ary ahafahantsika tsirairay ho voafatotra amin'ireo razambentsika izay miandry ny fanampiantsika. Handray ireo ôrdônansin'ny famonjena izay ahafahan'izy ireo hahazo fifaliana mandrakizay ny razambentsika amin'ny alalan'ireo ezaka ataontsika any amin'ny tempoly eto an-tany, amin'ny alalan'ny fampiasana ilay fahefana nomen'ny Mpamonjy.

Taloha ireo olona izay nentanin'ny faharesen-dahatra lalina mikasika ny fahamasinan'ity asa ity dia niatrika tamim-pahatokiana ilay fanamby, izay toy ireny hoe ny tenany samirery no

tsy maintsy hijinja ny vokatra rehetra niakatra any Nebraska. Ankehitriny dia, fitaovana fijinjana maro no miasa. Afaka miaraka manatanteraka ary hiaraka hanatanteraka ilay asa takiana isika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa mikasika ny fon'ny maro amin'ireo zanakay ny Ray ny Fanahin'i Elia, izay mahatonga ny asa ho an'ny maty handeha haingana kokoa noho ny hatramin'izay.

Saingy ahoana ny aminao? Moa ve efa nivavaka momba ny asa ho an'ireo razambenao ianao? Avelao ireo zavatra izay tsy dia manan-danja loatra eo amin'ny fiainanao. Manapaha hevitra hanao zavatra izay hisy vokany mandrakizay. Angamba efa nahazo bitsika ianao mba hanao fikarohana momba ireo razambenao saingy mahatsapa fa tsy mpahay tetiarana ianao. Hita-nao ve izao fa tsy ilaina hoe mpahay tetiarana izany intsony ianao? Izany rehetra izany dia manomboka amin'ny fitiavana sy ny faniriana amin-kitsimpo hanampy ireo izay any ankoatry ny voaly izay tsy afaka manampy ny tenany. Manaova fikarohana etsy sy eroa. Hisy olona ao amin'ny faritra misy anao izay afaka manampy anao hahita fahombiazana.

Asa ara-panahy ity asa ity, asa goavana iarahan'ireo avy ao amin'ny lafiny roa amin'ny voaly manao, ka misy fanampiana omena avy amin'ireo faritra roa ireo. Afaka mitondra anjara biriky mafonja ianao na aiza na aiza misy anao eto an-tany rehefa miaraka amin'ny vavaka, ny finoana, ny fahavononana, ny fahavitrihana, ary ny fahafoizan-tena. Manomboha dieny izao. Mampanantena anao aho fa hanampy anao hahita lalana ny Tompo. Ary hitondra fahatsapana fifaliana ao aminao izany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jaona 3:5.
2. *History of the Church*, 4:231.
3. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 471–72.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepimihanana 110:13–16.
5. Fotopampianarana sy Fanekepimihanana 2:2; nampiana fanamafisana.
6. Howard W. Hunter, "A Temple-Motivated People," *Liahona*, Mey 1995, 5–6.
7. Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 29 Feb. 2012; nampiana fanamafisana.
8. Jeanene Watkins Scott, diary manokana, Apr. 1988.
9. Jeanene Watkins Scott, diary manokana, Sept. 23, 1989.



Nataon' i Russell T. Osguthorpe
Filohan' ny Sekoly Alahady Manerantany

Dingana Iray Akaikikaiky Kokoa ny Mpamonjy

Ny fiovam-po no tanjon' ny fianarana sy fampianarana rehetra ny filazantsara. Tsy vita indray mandeha ny fiovam-po. Ezaka mandritra ny fiainana manontolo ho tonga bebe kokoa tahaka ny Mpamonjy izany.

Nivoaka tamin' ny *Liahona* sy *Ensign* tamin' ny fotoam-pahavaratra lasa teo ny lahatso-ratra fohy izay nosoratako. Nanoratra e-mail tamiko ny zanako lahy hoe: “Dada a! Tokony mba hilazanao izahay rehefa misy lahatsoratra nosoratao hivoaka.” Hoy aho namaly hoe: “Tiako ho hita raha mamaky ny gazetibokin' ny Fiangonana ianareo.” Nanazava tamiko izy avy eo fa ny zanany vavy 10 taona dia “azo antoka amin' izany. Nalainy avy tao amin' ny fitoerantaratsy avy any amin' ny paositra ny *Ensign*, nentiny niditra ny trano ary novakiany. Avy eo dia nankao amin' ny efitranonay izy ary nasehony anay ilay lahatso-ratra.”

Namaky ny *Ensign* ny zafikeliko vavy satria te-handalina izy. Nanao izany irery izy tamin' ny fampiharany ny fahafahany misafidy. Vao haingana no nanome lalana fitaovana vaovao fandalinana ho an' ny tanora ny Fiadidiana Voalohany izay hanampy ny faniriana voajanahary an' ireo tanora handalina, hiaina ary hizara

ny filazantsara. Efa hita sy azo jerena ao amin' ny tranonkala ireo fitaovana ireo amin' izao. Hanomboka hampiasa azy ireo any amin' ny kilasy fianarana isika amin' ny Janoary. (Raha handalina bebe kokoa mikasika ny fitaovampandalinana vaovao ho an' ny tanora dia tsidiho ny lds.org/youth/learn.)

Zava-dehibe ny fahafahan' ireo mpianatra misafidy rehefa nampianatra ny Mpamonjy. Tsy nampiseho antsika ny zavatra ho ampianarina fotsiny Izy fa nampiseho koa ny fomba fampianarana. Nifantoka tamin' ireo zavatra nilain' ny mpianatra Izy. Nanampy ny olona tsirairay hahita ny fahamarinana amin' ny alalan' ny tenany manokana Izy.¹ Nihaino ny fanontanian' izy ireo hatrany Izy.²

Hanampy antsika rehetra handalina sy hampianatra araka ny fomban' ny Mpamonjy ao an-tokantranontsika sy ao amin' ny kilasintsika ireo fitaovana fandalinana vaovao ireo.³ Rehefa manao izany isika dia manaiky ilay fanasany hoe: “avia, manaraha Ahy”⁴ araka ny nampianaran' ny Loholona

Robert D. Hales tamin' ny fomba mazava tsara azy. Nandritra ny famolavolana ireo fitaovana vaovao ireo dia nahita ireo mpitarika sy mpampianatra ao amin' ny vondrona fanampiny sy seminera niara-nikaondoha tamin' ireo ray aman-dreny mba hahafantarana ny zavatra ilain' ireo mpianatra. Nahita ireo zatovovavy tao amin' ny kilasiny, zatovolahy tao amin' ny kôlejin' ny Fisoronana Aharôna ary tanora tao amin' ny Sekoly Alahady nianatra nampihatra ny fahafahany misafidy sy manatantearaka araka ny nahim-pony aho.

Nanontany tena ny mpampianatra iray ao amin' ny Sekoly Alahady ho an' ny tanora amin' ny fomba hanampiany ireo zatovolahy autiste roa hampiasa ny fahafahany misafidy sy hanao zavatra araka ny nahim-pony. Natahotra izy fa mety handà ny fanasany hizara ny zavatra nianarany ireto zatovolahy roa ireto rehefa nanasa ny mpianatra hizara izany izy. Kanefa tsy nandà izy ireo. Nitsangana mba hampianatra ny zavatra nianarany ny iray ary avy eo nanasa ilay autiste mpiara-mianatra aminy hanampy azy. Rehefa sahirankirana ilay voalohany dia niara-nipetraka taminy ny mpiara-mianatra aminy ary nibitsibitsika teo an-tsofiny mba hahafahany nahatsapa fa mety ny nataony. Samy nampianatra izy roalahy tamin' izany andro izany. Nampianatra ny zavatra izay nampianarin' ny Mpamonjy izy ireo, ary koa nampianatra ny *fomba* fampianaran' ny Mpamonjy. Naneho fitiavana ho an' ilay olona izay ampianarin' ny Mpamonjy rehefa nampianatra, tahaka ny nataon' ity mpiara-mianatra ity tamin' ity namany.⁵


Manaiky ilay fanasana “avia, manaraha Ahy” isika rehefa mianatra sy mampianatra ny Teniny araka ny Fombany. Manaraka azy tsikelikely isika. Manatona akaiky kokoa ny Mpamonjy isaky ny dingana tsirairay isika ary miova. Fantatry ny Tompo fa tsy mitranga ao anatin' ny fotoana iray ny fivoarana ara-panahy. Mandeha tsikelikely izany. Mandroso ao amin' ny lalan' ny fiovam-po feno isika isaky ny manaiky ny fanasany sy misafidy ny hanaraka Azy.

Ny fiovam-po no tanjon' ny fianarana sy fampianarana rehetra ny filazantsara. Tsy vita indray mandeha ny fiovam-po. Ezaka mandritra ny fiainana manontolo ho tonga bebe kokoa tahaka ny Mpamonjy izany.

Nampahatsiahy antsika ny Loholona Dallin H. Oaks fa “ny *mahafantatra*” dia tsy ampy. “Ny hoe ‘miova fo’ . . . dia mitaky antsika *hanao* zavatra sy ho *tonga* olona iray vaovao.”⁶ Noho izany ny fandalinana ho amin’ ny fiovam-po dia zavatra atao tsy tapaka mba hahafantarana, sy hanaovana ary hahatongavana ho olona iray. Ary toy izany koa dia mitaky fotopampianarana fototra, sy fanasana mba hanao zavatra ary fitahiana nampanantenaina ny fampianarana ho amin’ ny fiovam-po.⁷ Manampy ireo mpianatra mba hahafantatra zavatra isika rehefa mampianatra ny fotopampianarana marina. Manampy azy ireo hanao na hiaina ny fotopampianarana isika rehefa manasa azy ireo hanao zavatra. Miova isika rehefa tonga ireo fitahiana nampanantenain’ ny Tompo. Ho tonga olom-baovao isika, toa an’ i Almà.⁸

Manana tanjona iray ifantohana ireo fitaovana fandalinana vaovao ho an’ny tanora ireo: mba hanampy ireo tanora hiova fo amin’ ny filazantsaran’ i Jesoa Kristy. Vao haingana aho no nahita zatovolahy iray tao amin’ ny kilasin’ny Sekoly Alahady ho an’ ny tanora, izay nahita ny fahamarinana tamin’ ny ezaka nataony manokana. Nanontany azy aho raha efa nisy fotoana nahatsapany ho voavela heloka, rehefa tsikarotro fa nanana fahasarotana izy nieritritra zavatra nitranga teo amin’ ny fiainany izay misy ifandraisany amin’ ny Sorompanavotana. Hoy ny valinteniny hoe: “Eny, ohatra izao tamin’ ilay fotoana namelezako totohondry ny oron’ ilay tovolahy izay tamin’ izahay nilalao baolina. Tena nahatsiaro ho meloka aho ka dia lasa saina amin’ izay tokony ho ataoko mba hananako fahatsapana tsara. Ka dia nankany an-tranony aho ary nangataka azy mba hamela ahy, kanefa fantatro fa tokony hanao zavatra bebe kokoa aho, ka dia nivavaka aho ary avy eo nahatsapa fa namela heloka ahy koa ny Ray any an-danitra. Izany no lanjan’ ny Sorompanavotana ho ahy.”

Rehefa nizara izany zavatra niainany tao am-pianarana izy tamin’ izay andro izay dia namaky tao amin’ ny Jaona 3:16—“Fa toy izao no nitia-van’ Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana”—ary avy eo nijoro ho vavolombelona mikasika ny herin’ ny Sorompanavotana. Tsy toe-pisainana tsy hay takarina



intsony ho an’ ity zatovolahy ity izany fotopampianarana izany. Lasa ampahan’ ny fiainany izany satria nanontany tena izy ary nampihatra ny fahafahany misafidy hanao zavatra avy eo.⁹

Nihaniova fo kokoa ity zatovolahy ity, ary torak’ izany koa ireo mpiaramianatra taminy. Nifantoka tamin’ ny fotopampianarana fototra izy ireo tamin’ ny alalan’ ny fandalinana ny soratra masina. Nampihariny izy ireo teo amin’ ny fiainan’ izy ireo ireo teny masina ireo ary avy eo nijoro ho vavolombelona ny amin’ ireo fitahiana izay azo avy amin’ izany izy ireo ho vokatry ny fiainana mifanaraka amin’ ny fotopampianarana. Mifantoka amin’ ny soratra masina sy ny tenin’ ireo mpaminany amin’ izao andro izao isika rehefa mampianatra ny filazantsaran’ i Jesoa Kristy. Miantehitra amin’ ireo lahatsoratra masina isika mba hanampy hampahatanjaka ny finoana, hanorina fijoroana ho vavolombelona ary hanampy ny tsirairay ho niova fo bebe kokoa. Hanampy ny rehetra izay mampiasa azy hahatakatra sy hiaina ny tenin’ Andriamanitra ilay fitaovana fandalinana vaovao ho an’ ny tanora.

Nasehoko ambony ny boky *L’Enseignement, Pas de Plus Grand Appel* tamin’ izaho nampianatra ireo Olomansina tany Costa Rica, ary nanontany aho hoe: “Ka firy aminareo no manana ity boky fampianarana ity?” Saika nanangan-tanana daholo ny olondrehetra. Nitsiky aho sady niteny hoe:

“Manantena aho fa mamaky izany isan’ andro ianareo.” Gaga aho fa rahavavy iray teo anoloana ihany no nanangana ny tanany, izay nilaza fa mamaky izany isan’ andro. Niangavy azy aho mba hiakatra teny aloha ary hanazava ny anton’ izany. Hoy izy hoe: “Mamaky ny Bokin’ i Môrmôna isa-maraina aho. Mamaky ampahan-javatra ao amin’ ny *L’Enseignement, Pas de Plus Grand Appel* aho avy eo mba hahafahako mampianatra ny zavatra nianarako amin’ ny zanako araka ny fomba tsara indrindra.”

Te-hianatra sy hampianatra ny Teniny araka ny Fombany izy, ka dia nandalina ny Teniny tao amin’ ny soratra masina ary avy eo nandalina ny fomba hampianarana ny Teniny mba hahafahan’ ireo zanany hiova fo tantaraka. Tsy vitany tao anatin’ ny indray mandeha izany lamim-pandalinana ny fianarana sy fampianarana ny filazantsara izany raha ny hevitra. Nandray fanapahan-kevitra hanao zavatra izy. Arakaraka ny nanaovany bebe kokoa ny zavatra izay fantany fa tokony hataony no nampahatanjahan’ ny Tompo azy bebe kokoa amin’ ny fanarahana ny Fombany.

Indraindray dia mety ho lava sy sarotra ny lalana mankany amin’ ny fiovam-po. Tsy nazoto tato ampiangonana nandritra ny 50 taona ny zaodahiko. Rehefa feno 60 taona izy vao nanomboka nanaiky ilay fanasan’ ny Mpamonjy mba hiverina. Maro ireo olona nanampy azy tamin’ izany. Nandefa carte postale taminy isam-bolana nandritra ny 22 taona ny mpampianatra isan-tokantrano iray. Kanefa nila nanapa-kevitra irery izy raha te-hiverina na tsia. Nila nampihatra ny fahafahany misafidy izy. Tsy maintsy nanao ilay dingana voalohany izy—dia avy eo dingana iray hafa indray ary toy izany hatrany. Ankehitriny dia vita famehezana izy mivady ary manompo ao amin’ ny episkôpà izy.

Nampiseho azy horonantsary izay novolavolaina hanampy ireo mpitarika sy mpampianatra amin’ ny fampiasana ilay fitaovana fandalinana vaovao izahay vao haingana. Taorian’ ny nijereny ilay horonantsary dia naka toerana teo amin’ ny sezany ilay zaodahiko sady niteny, tamin’ny fo somary feno ihany, hoe: “Angamba raha nahita izany aho tamin’ ny mbola tovolahy dia tsy ho lasa nalainaina.”



Athènes, Grèce

Nihaona tamin' ny zatovolahy iray izay nanana olana aho herinandro maromaro lasa izay. Nanontany azy aho raha mpikamban' ny Fiangonana izy. Nolazainy tamiko fa olona tsy mino ny fisian' Andriamanitra izy kanefa nisy fotoana teo amin' ny andrompiainany efa nianarany mahakasika ny Fiangonana. Rehefa nilaza taminy ny antsoko ao amin' ny Sekoly Alahady aho sy nolazaiko fa hanao lahateny amin' ny fihaonamben' ny Fiangonana dia hoy izy hoe: "Raha hiteny ianao dia hanaraka izany fivoriana izany aho." Manantena aho hoe mijery izy androany. Fantatro fa raha mijery izy dia hianatra zavatra avy amin' izany. Toerana miavaka hianarana sy hampianarana hitondra fiovam-po ity Foiben' ny Fihaonambe ity.

Mianatra araka ny fomban' ny Mpamonjy isika rehefa miaina ireo fitsipika nampianarin' ireo izay tohanantsika ho

mpaminany, mpahita ary mpanambara ireo.¹⁰ Manao dingana iray hanatona Azy kokoa isika. Amin' izao fiafaran' ny fihaonambe izao dia manasa ny tsirairay izay mandre ahy aho mba hanao io dingana io. Toy ny nataon' ireo Nefita fahiny dia afaka miverina "any an-tranon[tsika isika], ary [misaintsaina] ny zavatra izay efa nolazaiko, ary [manontany ny Ray] amin' ny Anara[n'] i Kristy, mba hahatakarant[tsika]."¹¹

Tianay hahatakatra zavatra ireo zatovo tsirairay. Tianay izy ireo handalina, hampianatra ary hiaina isan' andro ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Izany no tian' ny Tompo ho an' ny Zanany rehetra. Manasa anao aho mba ho avy sy hanaraka ny Diany, na ianao ankizy, na tanora, na olon-dehibe. Mijoro ho vavolombelona aho fa hampahatanjaka antsika ny Tompo, isaky ny dingana ataontsika. Hanampy antsika amin' ny diantsika ambiny Izy. Handroso hatrany

isika na dia hisy aza ireo sakana. Handroso hatrany isika na dia hitranga aza ny fisalasalana. Tsy hiverin-dalana isika ary tsy hihemotra velively.

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra Ray sy ny Zanakalahiny, Jesoa Kristy. Mijoro ho vavolombelona aho fa mbola miantso antsika tahaka ny nataony tamin' ny andro fahiny ny Mpamonjy mba hanatonantsika Azy. Afaka manaiky ny fanasany isika rehetra. Afaka mianatra, mampianatra ary miaina ny Teniny araka ny Fombany amin' ny alalan' ny fanaovana dingana iray akaikikaiky ny Mpamonjy kokoa. Hiova fo tanteraka isika raha manao izany. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Jaona 3:1-7. Ao amin' ity andalana ity dia namaly ny fanontaniana napetrak' i Nikodemosy ny Mpamonjy. Nampianatra ny zavatra nilain' i Nikodemosy Izy. Namela an' i Nikodemosy hanana fahafahana hampihatra ny fahafahany misafidy ny hianatra Izy. Nanampy an' i Nikodemosy hahita ny valiny tamin' ny alalan' ny tenany manokana Izy.
2. Jereo ny Jaona 3:4; Joseph Smith—Tantara 1:18.
3. Jereo ny "Teaching the Gospel in the Savior's Way," lds.org/youth/learn/guidebook/teaching.
4. Jereo ny Lioka 18:18-22.
5. Jereo ny 1 Jaona 4:19.
6. Dallin H. Oaks, "The Challenge to Become," *Liahona*, Jan. 2001, 41: "Ny hoe mijoro ho vavolombelona dia mahafantatrasy manambara. Mametraka fanamby ho antsika mba ho lasa 'niova fo' ny filazantsara, izay mitaky antsika hanao zavatra sy ho tonga olona iray vaovao. Ho tonga amin' ny toerana nisy ireo Apôstôly nandray fitahiana kanefa mbola tsy niova fo tsara, izay nametrahana' i Jesoa fanamby mba 'hiova fo' isika raha toa ka miantehitra amin' ny fahalalantsika sy ny fijoroantsika ho vavolombelona amin' ny filazantsara. Mahafantatra olona izay manana fijoroana ho vavolombelona matanjaka isika rehetra kanefa tsy miezaka manaraka izany mba ho lasa niova fo."
7. Jereo ny Abrahama 2:11.
8. Jereo ny Môsia 27:24-26; 2 Korintiana 5:17.
9. Jereo ny David A. Bednar, "Watching with All Perseverance," *Liahona*, Mey 2010, 43: "Moa ve izaho sy ianao manampy ny zanatsika ho lasa tompon' andraikitra amin' ny asa ataony sy ny fikatsahany fahalalana amin' ny alalan' ny fandalinana sy finoana, sa nanofana ireo zanatsika hiandry hampianarina sy hohetsehina ve isika? Moa ve isika amin' ny maha-ray aman-dreny antsika manome an' ireo zanatsika zavatra mitovy amin' ny trondro hohaniny, sa manampy azy ireo tsy tapaka ny hihetsika, hianatra amin' ny ezaky ny tenany, ary hiorina mafy sady tsy hiova? Moa ve isika manampy ireo zanatsika hazoto hirotsaka amin' ny fangatahana, fikatsahana ary fandononana?"
10. Jereo ny Dennis B. Neuenschwander, "Living Prophets, Seers, and Revelators," *Liahona*, Jan. 2001, 49-51.
11. 3 Nefia 17:3.



Nataon'ny Loholona Marcus B. Nash
Ao amin'ny Fitopololahy

Tanterahina amin'ny Finoana ny Zava-drehetra

Ny finoana dia hanampy antsika hihanika soa aman-tsara ilay lalan'ny filazantsara sy handresy ireo olana rehetra eto amin'ny fiainana an-tany ary hanampy antsika hiverina eo anatrehan'ny Raintsika any an-danitra feno voninahitra.

Vao tsy ela akory izay no nihan'ny ankamaroanay tao amin'ny fianakaviana Nash teny an-tampon'i Huayna Picchu, izay tampon-tendrombohitra lehibe eo akaikin'ny zavatra sisa tavela tamin'ny lasan'ireo Incan fahiny any Machu Picchu any amin'ireo tendrombohitr'i Pérou. Tena nideza ny lalana nihaniana sady nahatazanan-javatra nampitolagaga ary nisy lalana nitsotrika tampoka koa. Ny nampalahelo dia nisy mpihanika sasantsasany namoy ny ainy noho ny fianjerana teny amin'izany lalana ety sy mideza izany. Mba hisorohana ny zava-doza toy izany dia nasiana randrantady vy naraikitra amin'ilay vatolampy mafy ka manaraka ny lafiny ilan'ny tendrombohitr'i Huayna Picchu. Nihazona izany randrantady vy izany izahay rehefa nihanika ary n'no me fahafahana anay ho tonga teny amin'ny tampony ka nahatalanjona ny zavatra tazana avy teny!

Mideza sy sarotra ihanihana toy ny lalana nankeny Huayna Picchu ny diantsika eto an-tany, izay mitaky

ny fanampian'ny Raintsika any an-danitra mba hamitana azy. Noho izany antony izany dia nametraka fitsipika sy ôrdônansin'ny filazantsara Izy mba hitondra antsika any amin'ny Mpamonjy sy hahazoantsika ilay heriny mitondra famonjena.¹ Ny voalohany amin'ireo fitsipika ireo, ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo,² dia toy ireo randrantady vy teny amin'i Huayna Picchu: Raha toa ka mafy orina sy mifatotra tsara amin'ny "vatolampin'ilay Mpanavotra" antsika³ ny finoana, dia hanampy antsika hihanika soa aman-tsara ilay lalan'ny filazantsara izany sy handresy ireo olana rehetra eto amin'ny fiainana an-tany⁴ ary hanampy antsika hiverina eo anatrehan'ny Raintsika any an-danitra feno voninahitra. Tanterahina amin'ny Finoana ny Zava-drehetra.⁵

Fitsipika sady mifono asa no mifono hery ny finoana.⁶ "Tsy fananana fahalalana tomombana ny zavatra [izany]; noho izany, raha manam-pinoana [sika], dia manatanteraka ny zavatra izay tsy hitan[tsika] kanefa marina."⁷

Fahatokiana⁸ azo avy amin'ny fandalinantsika izay mitondra antsika hanao asa⁹ mba hanaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy izany ary hitandrina ombam-bavaka ny didiny na dia mandritra ny fotoana mitaky fahafoizan-tena sy fotoam-pisedrana aza.¹⁰ Mitondra ny herin'ny Tompo eo amintsika ny finoana izay—raha ankoatra ny zavatra hafa rehetra—dia miseho amin'ny alalan'ny fanantenana ny fahatongavan'ireo zavatra tsara¹¹ amin'ny alalan'ireo fahagagana izay manamafy ny finoantsika¹² ary amin'ny alalan'ny fiarovan'Andriamanitra eo amin'ny lafiny ara-panahy sy ara-nofo.¹³

Ny fiainan'i Ann Rowley, izay vehivavy iray mpisava lalana tany ampiandohan'ny Fiangonana dia mam-piseho ny ahafahan'ny finoana hisy fiantraikany mandrakizay eo amin'ny fiainantsika. Nampihatra ny finoany ka namaly ilay antson'ny mpaminany mba hivondrona any Ziona Rahavavy Rowley izay vehivavy mananotena avy any Angletera. Anisan'ny olona tao anatin'ny vondron-tsaretin-dry Willie izay nifanehatra tamin'ireo vongan-dranomandry lehibe nangonin'ny rivotra teny an-dalana teny tamin'ny fotoam-pararanon'ny taona 1856 izy. Tonga teo amin'ny fotoana iray izy ireo tao anatin'ilay dia izay nahamatiny hanoanana tanteraka ny zanany fito. Nanoratra izy hoe: "Nankarary ny foko ny nahita ny zanako noana. . . . Nanakaiky ny alina ary tsy nisy sakafo hariva nohanina. Nangataka ny fanampian'Andriamanitra aho toy ny fanaoko mahazatra. Nandohalika nivavaka aho ary nahatsiaro ilay mofomamy roa mafy be tany an-dranomasina izay . . . sisa tsy lany nandritra ny dia teny an-dranomasina. Tsy lehibe izy ireo ary mafy be ka tsy azo notapahina intsony. Azo antoka fa tsy ho ampy hamahanana olona 8 izany, saingy tsy ampy namahanana olona 5.000 koa ireo mofo 5 sy trondro 2, nefa vitan'i Jesoa izany tamin'ny alalan'ny fahagagana. Noho izany dia tsy misy zavatra tsy azo tanterahana izany miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra. Hitako ireo mofomamy ary nataoko tao anaty vilany mihiboka dia nasiako rano nandifotra azy ireo ary nangataka ny fitahian'Andriamanitra aho. Dia nosaronako ilay vilany ary napetrako teo ambonin'ny arin-tany. Rehefa nesoriko ilay sarom-bilany fotoana fohy taty aoriana

dia hitako fa feno sakafo ilay vilany. Nandohalika niaraka tamin'ny fianakaviako aho ary nisaotra an'Andriamanitra noho ny hatsaram-panahiny. Nanana sakafo ampy azy tsara ny fianakaviako tamin'izay alina izay.”¹⁴

Niaina ny filazantsara tao anatin'ny fahafoizan-tena lehibe manokana i Ann Rowley. Nila fanampiana izy ka dia nangataka izany tao anatin'ny vavaka. Feno fanantenana izy noho ny finoany ary nahazo sakafo tamin'ny fomba mahagaga ho an'ireo zanany. Nomen'Andriamanitra tamin'ny fomba mahagaga fahafahana araka an'Andriamanitra mba “haharitra am-pinoana koa izy.”¹⁵ Na dia teo aza ilay hoavy tsy fantatra dia tsy nanontany ny hahafantatra ny fomba hamahanany ny zanany ny ampitson'izany izy fa kosa “niandry tamim-paharetana an'i Jehovah”¹⁶ ary nandroso tamim-panantenana—toy ny ambaran'ilay hira mahafinaritra ao amin'ny fihirana hoe:

*Tariho aho ry hazavana tsara
fanahy ao anatin'izao haizina
manodidina ahy izao; Tariho
aho handroso!*

*Maizina ny alina ary lavitra ny fone-
nako aho ka tariho aho handroso!*

*Tariho ny tongotro fa tsy mangataka
ny hahita ny hoavy aho*

*Ampy ho ahy ny mahita ny dingana
manaraka horaisina.*¹⁷

Afaka mampihatra finoana ny Tompo toy izany koa isika, ka mino sy matoky fa ilay Andriamanintsika tsara fanahy sy tsy miova¹⁸ dia hanome antsika ilay heriny mahagaga izay mifanaraka amin'ny toe-javatra iainantsika ary hanome izany amin'ny fotoana fantany fa mahamety azy. Rehefa manao izany isika dia hahita ny tanan'Andriamanitra manampy antsika ao anatin'ireo olantsika rehetra.

Nandidy antsika ny Tompo mba handray “ny ampingan'ny finoana, izay hahazo[ntsika] mamono ny zana-tsipika mirehitra *rehetra* alefan'ilay ratsy.”¹⁹ I Satana dia hampiasa zavatra toy ny ahiahy, na tahotra, na fahotana mba hakana fanahy antsika hanaisotra ilay finoana ary tsy hanana ny fiarovana omeny. Ndeha isika handinika fohifohy ireo fanambin'ny finoana tsirairay ireo mba hahafahantsika mamantatra ilay fakan'ny fahavalo fanahy ary tsy hihaino izany.²⁰



Voalohany, hahatonga antsika hanohitra ny Fanahin'Andriamanitra ny tsy finoana ny Tompo sy ny filazantsarany.²¹ Ny vahaolan'ny Tompo mikasika ny ahiahy dia tsotra. Nanambara ny Mpanjaka Benjamina hoe: “Minoa an'Andriamanitra; minoa fa misy Izy, ary Izy no nahary ny zava-drehetra, na any an-danitra na etỳ an-tany; minoa fa Izy dia manana ny fahendrena rehetra sy ny fahefana rehetra, na any an-danitra na ety an-tany; minoa fa ny olona dia tsy mahatakatra ny zava-drehetra izay azon'ny Tompo takarina.”²²

Raha toa ka hitanao fa mihozongozona ny finoanao noho ny tsy finoana na ahiahy, dia tsarovy fa na ireo Apôstôly fahiny aza nitalaho tamin'ny Tompo hoe mba “ampitomboy ny finoanay.”²³ Diniho ity fanahafana manaraka ity miaraka amin'ny fahatsiarovana fa tena ilaina ny irarahan'ny finoana sy ny saina: toy ny elatra roan'ny fiaramanidina iray ny finoana sy ny saina. Samy ilaina izy ireo mba handrindrana ny sidina. Raha hitanao fa toa mifanohitra amin'ny finoana ny saina dia mijanonà kely aloha ary tsarovy fa ny fomba fijerintsika dia tena voafetra raha oharina amin'ny an'ny Tompo.²⁴ Tsy tokony hailika ny finoana toy ny tsy tokony hanesorana ihany koa ny elatra iray eo amin'ny fiaramanidina mandritra ny sidina iray. Fa kolokoloy kosa ny ampahany kely iray avy amin'ny finoana ary avelao ilay fanantenana izay aterak'izany mba ho toy ny vatofantsiky ny fanahinao—sy ny sainao.²⁵ Izany no antony handidiana antsika mba “hikatsaka ny fianarana . . . amin'ny alalan'ny fandinihana *ary koa* amin'ny alalan'ny finoana.”²⁶ Tsarovy fa ny finoana dia mandeha mialohan'ny fahagagana ary miteraka fahagagana, izay tsy azontsika hazavaina amin'ny alalan'ny fahalalana izay azontsika amin'ny zavatra iainantsika, toy ny fanomezana vilany mihiboka feno sakafo avy amin'ireo mofomamy roa na faharetana fotsiny

ao anatin'ny finoana na inona na inona mitranga.²⁷

Faharoa, ny tahotra dia manemban-tsembana ny finoana ny Mpamonjy ary mamparefo izany. Ny Apôstôly Petera dia niantehitra tamin'ny Tompo ary nandeha tao anaty rano—saingy rehefa nanova ny fijeriny izy ary “nahita ny rivotra dia natahotra” ary nilentika tao anatin'ilay ranomasina mitrahotraho.²⁸ Afaka nanohy nandeha izy raha tsy natahotra! Manasa antsika ny Tompo hoe: “banjino Aho amin'ny eritreritra rehetra; aza miroanàhana, aza matahotra,”²⁹ toy izay hifantoka amin'ilay rivotra mifofofy sy ireo onja eo amin'ny fiainantsika ary hatahotra azy ireo.

Fahatelo, ny fahotana dia mam-pihena ny fanatrehan'ny Fanahy eo amin'ny fiainantsika ary tsy hanana hery ara-panahy hifikirina sy hampiharana ny finoana isika rehefa tsy misy Fanahy Masina. Tena tsara ny fampiharana ny finoantsika mba tsy “[hikasika] ny fanomezana ny ratsy na ny zavatra tsy madio”³⁰ ary mba “[hazoto hitan-drina] ny didy rehetra, fandrao . . . ho levona ny finoanareo ary handresy anareo ny fahavalo.”³¹ Raha toa ka nanimba ny fiainanao ny fahotana ary nanaisotra teo aminao ny Fanahy, dia mitalaho aminao aho mba hampihatra “finoana ho amin'ny fibebahana,”³² ary hanadio sy hanasitrana ny fiainanao ny Mpamonjy.

Ry rahalahy sy rahavavy, hanatanteraka ny fampanantenany arakaraka ny finoantsika ny Tompo ary hiaraka hiasa amintsika mba handresy ny olana rehetra atrehintsika.³³ Nanao izany ho an'i Ann Rowley izy ary nanao izany ho an'ireo olony manerana ny firenany rehetra sy nandritra ny vanimpotoana rehetra ary tao anatin'ireo taranaka nifandimby. Noho izy “Andriamanitra ny fahagagana” ary “tsy miova,” dia hanome antsika tsirairay fanantenana sy fiarovana toy izany koa Izy arakaraka ny finoantsika Azy.³⁴ Ilay finoana mafy orina ao amin'i Jesoa Kristy Tompo—toy ireo randrantady vy teny amin'ny lalan'i Huayna Picchu—dia hanohana anao sy ireo olon-tianao eo amin'ny vatolampin'ilay Mpanavotra antsika ary hanome ilay heriny manavotra izay tsy manam-paharoa.³⁵

Nilaza ny Filoha Thomas S. Monson hoe: “Mamirapiratra mitovy amin'ny finoanareo ny hoavinareo.”³⁶ Mijoro ho vavolombelona mikasika izany

fahamarinana lehibe izany aho ary manasa antsika tsirairay mba handroso amin-pahavitrihana miaraka amin'ny finoana ny Tompo, “tsy miroa saina.”³⁷ Fantatro fa velona ny Mpamonjy ary Izy no “tompony sy mpanefa ny finoan[tsika]”³⁸ ary “mpamaly soa an'izay mazoto mitady azy.”³⁹ Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19–21.
2. Jereo ny Fanekem-pinoana 1:4.
3. Helamàna 5:12.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:53.
5. Jereo ny Etera 12:3.
6. Jereo ny *Lectures on Faith* (1985), 3; Jereo koa ny Jakôba 4:6; Etera 12:7–22; Hebreo 11:4–40.
7. Almà 32:21.
8. Jereo ny Dikantenin'i Joseph Smith, Hebreo 11:1 (ao amin'ny Hebreo 11:1, fanovazan-kevitra eny ambanin'ny pejy b).
9. Jereo ny 2 Nefia 25:23; Almà 34:15–17; Etera 12:6; Jakôba 2:17–26.
10. Jereo ny Etera 12:4–6; *Lectures on Faith*, 69.
11. Jereo ny Môrônia 7:40–42.
12. Jereo ny Torolalana ho an'ny soratra masina, “Finoana”; Jereo koa ny Môrmôna 9:8–21; Môrônia 7:33–37.
13. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:17; Almà 57:19–27; 58:10–13.
14. Ann Rowley, ao amin'ny Andrew D. Olsen, *The Price We Paid: The Extraordinary Story of the Willie and Martin Handcart Pioneers* (2006), 113.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:25.
16. Isaia 40:31.
17. “Lead, Kindly Light,” *Hymns*, no. 97.
18. Jereo ny Jakôba 4:10; Môrmôna 9:9.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:17; nampiana fanamafisana.
20. Jereo ny 1 Nefia 8:33–34; Almà 37:33; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:22.
21. Jereo ny Almà 32:28.
22. Mosià 4:9.
23. Lioka 17:5.
24. Jereo ny Môsià 4:9–10; Ohabolana 3:5–7; Isaia 55:8–9.
25. Jereo ny Etera 12:4.
26. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:118; nampiana fanamafisana.
27. Jereo ny Môrônia 7:33–38; Etera 12:19.
28. Jereo ny Matio 14:25–31.
29. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36.
30. Môrônia 10:30.
31. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:42.
32. Jereo ny Almà 34:15–17; Jereo koa ny Etera 12:3.
33. Jereo ny Etera 12:29; Almà 7:27.
34. Jereo ny Môrmôna 9:18–21; Jereo koa ny Môrônia 7:33–38; Almà 37:16–17.
35. Helamàna 5:12.
36. Thomas S. Monson, “Be of Good Cheer,” *Liahona*, Mey 2009, 92.
37. Jereo ny Jakôba 1:6–8.
38. Môrônia 6:4; Jereo koa ny Hebreo 12:2.
39. Hebreo 11:6; Jereo koa ny Etera 12:41.



Nataon'ny Loholona Daniel L. Johnson

Avy ao amin'ny Fitopololahy

Lasa Mpianatra Marina

Lasa mpianatr'i Jesoa Kristy tsaratsara kokoa isika rehefa mankato ny didiny sy manompo ny namantsika.

sika izay efa niditra ny ranon'ny batisa sy nandray ny fanomezana ny Fanahy masina dia nanao fanekempihavanana fa vonona ny hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika, na amin'ny teny hafa dia hoe manambara ny tenantsika ho mpianatr'i Jesoa Kristy isika. Manavao izany fanekempihavanana izany isika isan-kerinandro rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo, ary asehontsika amin'ny fomba fiainantsika izany maha-mpianatra antsika izany. Naseho tamin'ny endriny maha-finaritra tokoa izany maha-mpianatra izany tao anatin'ny zava-nitranga vao haingana tany Mexique.

Lohataona tena tsara ho an'ireo tanàna mpamboly voankazo tany amin'ny faritra avaratr'i Mexique tamin'izay. Namony tanteraka ireo hazo mamoa ary tena lehibe ny fanantenana hioty vokatry be. Efa vita ny lamina entina handoavana ireo vola nindramina, hanoloana ireo fitaovana ilaina sy ireo sahan-kazo fihinam-boa efa miha antitra, ary hanatanterahana ireo tanjona ho an'ny tena manokana toy ny sarampianarana ho an'ireo mpikambana ao amin'ny fianakaviana. Nisy mihitsy aza ny fanaovana drafitra ny handehanan'ny fianakaviana hiala sasatra. Nisy ny fiheverana tamin'ny ankapobeny fa handeha tsara ny zava-drehetra. Avy

eo, indray Alatsinainy tolakandro tany amin'ny faramparan'ny volana Marsa tany, dia niditra ny oram-baratry ny ririnina iray ary nanomboka nirotsaka ny ranomandry. Nirotsaka hatramin'ny telo maraina teo ny ranomandry. Avy eo dia nilatsaka haingana be ny mari-pana rehefa nisava ny rahona. Natao daholo izay azo natao rehetra ny alina hatramin'ny vao maraina be mba hamonjena farafaharatsiny ny ampahan'ny voankazo. Saingy very maina izany. Lasa nangatsiaka loatra fotsiny ny andro, ka dia nivaingana tanteraka ny vokatry. Tsy hisy voankazo hotazana sy hamidy amin'ity taona ity. Niposaka ny talata, niaraka tamin'ny faharavan'ireo drafitra nahafinaritra sy fanantenana ary nofinonify vao natao ny andro nialohan'izany, izay nankarary sy nahakivy.

Naharay email nikasika izany Talata maraina nahatsiravina izany avy tamin'i Sandra Hatch vadin'i John Hatch aho, izay mpanolotsaina voalohany tao amin'ny fiadidian'ny Tempolin'i Colonia Juárez Chihuahua tamin'izany. Vakiako ny ampahan'izany email izany: “Nifoha maraina tamin'ny—6:30—teo i John nihazakazaka nankany amin'ny tempoly mba hijery raha tokony ho foananay ny fivoriana androany maraina. Niverina

izy mba hilaza fa tsy feno ranomandry ny fitobiam-piarakodia sy ny lalana, ka dia nanapa-kevitra ny handeha izahay. Nihevitra izahay fa angamba ireo mpiasa sasany izay tsy nanana sahan-kazo fihinam-boa no ho avy ary ho afaka hampivondrona ireo mpiasa rehetra ao anatin'ilay fivoriana izahay. —Tena nanentana ny fanahy ny nahita ireo lehilahy niditra tsirairay. Indreo fa tonga izy ireo rehefa tsy natory mihitsy ary nahafantatra fa simba ny vokany. —Nandinika azy ireo aho nandritra ny fotoana fiomananay fa dia sahirana izy ireo teo amin'ny fiezahana mba tsy hatory—Saingy raha tokony nieritreritra fa nanana antony tsara tsy tokony nahatongavana aza izy ireo, dia tonga ihany. Ary olona 38 no tao amin'ilay fivoriana (fivoriana feno olona)! Maraina nanentana ny fanahy izany ho anay ary nisaotra ny Ray any an-danitra izahay noho ireo olona tsara izay manao ny andraikiny na inona na inona mitranga. Nahatsapa fanahy niavaka aho tao tamin'izany maraina izany. Azoko antoka fa faly Izy noho ny fahafantarany fa tianay ny tranony ary tsapanay fa toerana tsara tokony handehanana izany tamin'izany maraina mafy dia mafy izany.”

Tsy nifarana hatreo akory ilay tantara fa raha ny marina dia nitohy izany.

Nanana tany azo nampiasaina nanaovana voly avotra nandritra ilay tonontaona ny ankamaroan'ireo izay namoy ny voankazony, toy ny sakay na tsaramaso. Afaka nampidi-bola ampy fahafaharatsiny mba hivelomana mandrapahatonga ny vokatry

ny voankazo amin'ny herintaona ireo vokatra ireo. Kanefa nisy rahalahy tsara iray izay nanana fianakaviana vao haingana tsy mba nanana tany fanampiny ary teo am-piatrehana taona iray tsy hisy fidiram-bola mihitsy. Rehefa nahita izany toe-javatra nampalahelo nianjady tamin'ity rahalahy ity izany ireo olon-kafa tao amin'ilay tanàna sy rehefa nampiasa ny herin'ny tenan'izy ireo manokana, dia nanome ampahantany ary nampiasa ny fitaovan'izy ireo manokana mba hanomanana ny tany ary nanome zana-tsakay mba hovoleny.

Fantatro ireo lehilahy vao noresahiko teo ireo. Tsy nanaitra ahy loatra ny zavatra nataony noho ny fahafantarako azy ireo. Saingy mety tena hametraka fanontaniana roa ireo izay tsy mahafantatra azy ireo, izay samy manomboka amin'ny teny hoe *nahoana*. Nahoana izy ireo no tonga tany amin'ny tempoly mba hanatanteraka ny andraikiny sy hanompo rehefa tsy natory nandritra ny alina iray manontolo, nefa avy eo dia nahita fa very ny ampahany lehibe tamin'ny vola miditra amin'izy ireo mandritra ny taona iray manontolo? Nahoana no nampiasa ilay loharano efa zara raha misy sy tena sarobidy izy ireo mba hanampiana olona iray hafa izay sahirana mafy nefa izy ireo aza tamin'izay tao anatin'ny olana mafy ara-bola?

Raha takatrao ny dikan'ny hoe mpianatr'i Jesoa Kristy, dia ho fantatrao ny valin'ireo fanontaniana roa ireo.

Fiantombohan'ny dingana iray arahana mandritra ny fiainana ny

fanaovana fanekempihavanana ho mpianatr'i Kristy ary tsy mora foana ny lalana. Tsy azo ihodivirana fa hitovy bebe kokoa Aminy isika rehefa mibebaka amin'ny fahotantsika sy miezaka manao izay tiany hataontsika ary manompo ny namantsika toy ny hanompoany azy ireo. Ny hitovy Aminy ary ho ao Aminy no tanjona faratampony—ary izay indrindra no tena famaritana ny hoe mpianatra marina.

Hoy ny Mpamonjy raha nanontany ny mpianany rehefa namangy ny kaontinanta Amerikana hoe: “Koa, tokony ho karazana olona toa inona moa ianareo?” Ary rehefa novaliany ihany ilay fanontaniana dia hoy izy hoe: “Lazaiko marina aminareo tokoa, ho toa Ahy” (3 Nefia 27:27).

Tsy asa mora ny hoe ho lasa tahaka ny Mpamonjy, indrindra ao anatin'ity izao tontolo izao izay iainantsika ity. Miatrika sakana sy olana ao an-tsaina isan'andro eo amin'ny fiainantsika isika. Misy antony iray mahatonga izany, ary iray amin'ireo tanjona voalohan'ny fiainana eto an-tany izany. Hitantsika ao amin'ny Abrahama 3:25, ny hoe: “Dia hosedraintsika amin'izany izy ireo, hahitana raha toa izy ireo ka hanao ny zava-drehetra izay handidian'ny Tompo Andriamaniny azy ireo.”

Misy fahasamihafana eo amin'ny endriny sy ny halehibeny ireo fise-drana sy fitsapana. Saingy tsy hisy na iza na iza hiala eto amin'ity fiainana an-tany ity ka tsy handalo amin'izy ireo. Amin'ny ankabeazany, dia alaintsika sary an-tsaina ho toy ny fahaverezan'ny vokatra na asa, na fahafatesan'olon-tiana iray, na aretina, na olana ara-batana na ara-tsaina na arapihetsehampo, na fahantrana, na famoizana namana ny fitsapana. Kanefa na dia ny fahatratrarana tanjona izay azo atao hoe mendri-piderana aza dia mety hitondra miaraka aminy ireo loza mitatao avy amin'ny fieboeboana izay tsy manampy, izay hiandrantsika bebe kokoa ny voninahitry ny olona noho ny fankasitrahana ny lanitra. Mety tafiditra ao anatin'izany ny fananana laza araka izao tontolo izao, ny fankasitrahana avy amin'ny besinimaro, ny fananana fahaiza-manao lehibe ara-batana, ny fananana talenta arakolotsaina na ara-panatanjahantena, ny fahombiazana, ary ny harena. Mety misy manana fahatsapana mitovy



amin'ny zavatra nambaran'i Tevye ao amin'ny *Fiddler on the Roof*: ny sasany amintsika mikasika ireo fitsapana ireo: “Raha ozona ny harena dia aoka hikapoka ahy amin'ny alalan'izany [Andriamanitra]. Ary aoka aho tsy ho sitrana intsony.”¹

Saingy mety mampitahotra kokoa sy sarotra resena kokoa noho ny tamin'ny taloha aza ireo karazana fitsapana aty aoriana ireo. Tsy amin'ny alalan'ireo karazana fitsapana izay atrehantsika no hampivoarana sy hitsapana ny maha-mpianatra antsika fa amin'ny alalan'ny fomba hahare-tantsika ao anatin'izy ireo. Mitovy amin'izany ny nampianarin'ny Filoha Henry B. Eyring antsika manao hoe: “Noho izany ny fisedrana lehibe eo amin'ny fiainana dia ny fijerena raha toa isika ka mihaino sy mankato ny didin'Andriamanitra eo anivon'ny orambaratry ny fiainana. Tsy hoe maharitra ny oram-baratra ilay izy fa misafidy ny tsara rehefa mamely mafy izany. Ary ny tena zava-doza eo amin'ny fiainana dia ny tsy fahombiazana amin'izany fisedrana izany ka noho izany dia tsy afaka ny hiverina amim-boninahitra any amin'ny fonenantsika any andanitra ihany koa.” (“Spiritual Preparedness: Start Early and Be Steady,” *Liahona*, Nôv. 2005, 38).

Raibe mirehareha amin'ny zafikely miisa 23 aho. Tsy mitsahatra velively mampitolagaga ahy izy ireo eo amin'ny fahatakarany ireo fahamarinana mandrakizay na dia ao anatin'ny fahazazany aza. Rehefa nanomana ity lahateny ity aho dia nangataka azy tsirairay mba handefa any amiko ny famaritana fohy ny dikan'ny hoe mpianatra na mpanaradia an'i Jesoa Kristy ho azy ireo. Nahazo valiny mahafinaritra avy amin'izy rehetra aho. Saingy te hizara aminareo ity valinteny avy tamin'i Benjamin izay valo taona ity aho: “Ny dikan'ny hoe mpianatr'i Jesoa Kristy dia hoe mijoro ho ohatra. Midika izany hoe misiônera ary miomana ny ho misiônera. Midika izany hoe manompo ny hafa. Midika izany hoe mamaky ny soratra masina ianao ary mivavaka. Midika izany hoe mitandrana ny andro Sabata ho masina ianao. Midika izany hoe mihaino ny bitsiky ny Fanahy Masina ianao. Midika izany hoe mandeha miangona sy mandeha any amin'ny tempoly.”

Mitovy hevitra amin'i Benjamin aho. Mikasika ny zavatra ataontsika sy ny



hoe lasa toy ny ahoana isika ny hoe maha-mpianatra. Lasa mpianatr'i Jesoa Kristy tsaratsara kokoa isika rehefa mankato ny didiny sy manompo ny namantsika. Ny fankatoavana sy ny fanekena ny sitrapony dia mitondra ny fananana ny Fanahy Masina ho namana, miaraka amin'ireo fitahiana toy ny fiadanana, sy ny fifaliana ary ny fiarovana izay miaraka foana amin'io mpikambana fahatelo ao amin'Ny Andriamanitra io. Ary tsy afaka ny ho tonga amin'ny fomba hafa izy ireo. Farany, ny fanekena tanteraka ny sitrapony no manampy antsika ho lasa tahaka ny Mpamonjy. Averina indray fa ny hitovy Aminy ary ho ao Aminy no tanjona faratampony—ary izay indrindra no tena famaritana ny hoe mpianatra marina.

Ny maha-mpianatra no zavatra hitako nampiharina tao amin'ny Tempolin'i Colonia Juárez ary tany amin'ireo saha nanakaiky azy rehefa nanamafy ny fanoloran-tenany tamin'Andriamanitra sy teo amin'ny izy samy izy ireo rahalahy sy rahavavy ao amin'ny finoana na dia teo aza ny fahoriana faran'izay nahakivy.

Mijoro ho vavolombelona aho fa tena lasa mpianany marina isika rehefa mankato ny didiny, manompo ny hafa ary mampandefitra ny sitrapontsika mba hanekena ny sitrapony. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

NOTE

1. Jereo ny Joseph Stein, Jerry Bock, Sheldon Harnick, *Fiddler on the Roof* (1964), 61.



Nataon'ny Loholona Don R. Clarke
Ao amin'ny Fitopololahy

Ireo Fitahiana avy amin'ny Fanasan'ny Tompo

Hotahiana isika raha mahatsapa fankasitrahana noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, raha manavao ny fanekempihavanana izay nataontsika tamin'ny batista, raha mahatsapa famelaneloka, ary mandray fitarihana avy amin'ny Fanahy Masina.

Tao Rexburg, Idaho, no nahalehibe ahy, toerana izay nandraisako fitarihana sy fampianarana avy amin'ny fianakaviana iray mahafinaritra, sy ireo namana, mpampianatra ary mpitarika. Misy traikefa miavaka eo amin'ny fiainantsika rehetra izay miantraika amin'ny fanahintsika amin'ny fomba mampihetsi-po ary manova mandrakizay ny fiainantsika. Nitranga teo amin'ny androm-pahatanorako ny toy izany. Nanova ny fiainako izany zavainitranga izany.

Nazoto tato am-piangonana foana aho hatrizay ary nandalo ireo dingana ao amin'ny Fisoronana Aharôna. Fony aho mbola zatovo dia nangataka ahy ny Rahalahy Jacob, izay mpampianatra ahy, hanoratra eo amin'ny baoritra kely ny eritreritra niserana tao an-tsaiko nandritra ny fanasan'ny Tompo. Noraisiko ny baoritra keliko ary nanomboka nanoratra aho. Nosoratako voalohany tao amin'ny lisitra ilay lalao baolina basket izay azonay ny hariva talohan'io, ary avy eo ny fiarahana tamin'ny tovo-vavy iray taorian'ny lalao ary dia nisy

zavatra hafa maromaro mitovy amin'izany voatanisa tao. Tany amin'ny farany indrindra ary tsy mba niavaka akory ny anaran'i Jesoa Kristy.

Nameno lisitra tamin'ny baoritra kely toy izany izahay isaky ny Alahady. Ho an'ny mpihazona ny Fisoronana Aharôna toa ahy dia nanana lanjany vaovao, manan-danja ary ara-panahy ny fanasan'ny Tompo sy ny fivoriana fanasan'ny Tompo. Tsy andriko foana ny ahatongavan'ny andro Alahady sy ny fahafahako mandray ny fanasan'ny Tompo, satria nanova ahy ny fahatakarana ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Isaky ny Alahady mandrak'androany, rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo aho dia afaka mijery ilay baoritra ary manatsara ny lisitra izay voatanisa ao. Hita hatrany ao anatin'ny lisitro ankehitriny, ary voalohany amin'ny zava-drehetra izay voatanisa ao, ilay Mpamonjy ny Zanak'olombelona.

Vakiantsika ao amin'ny Testamenta Vaovao ny fotoana izay niarahany Mpamonjy sy ny Apôstôliny tao amin'ny rihana ambony iray mba

hiara-hihinana amin'ny Andro firavoravoana amin'ny Paska.

“Ary nandray mofo Izy, ary rehefa nisaotra, dia novakiny ka natolony azy sady nataony hoe: Ity no tenako izay omena ho anareo; *izao no ataovinareo ho fahatsiarovana Ahy.*”

“Ary araka izany koa ny kapoaka, rehefa vita ny sakafo, dia hoy Izy: Ity kapoaka ity no fanekena vaovao amin'ny rako, *izay aidina ho anareo.*”¹

Nampiorina ny ôrdônansin'ny Fanasan'ny Tompo koa i Jesoa nandritra ny fidsidihany an'ireo Nefita.² Lasa nahafantatra ny lanjan'ireo tranga anankiroa ireo aho.

Nilaza ny Filoha David O. McKay hoe: “Mahatsapa aho fa tokony hanantitrantitra ny zavatra izay nofaritan'ny Tompo ho fivoriana manan-danja indrindra ato am-piangonana ary tsy inona izany fa ny fivoriana fanasan'ny Tompo.”³ Raha toa ka miomana araky ny tokony ho izy ho amin'izany fivoriana izany isika dia afaka manova ny fiainantsika isika. Tiako ny handroso fitsipika dimy ho sosokevitra izay afaka hitahy ny fiainantsika eo am-pandraisana ny fanasan'ny Tompo amim-pahamendrehana.

I. Manàna Fahatsapana Fankasitrahana noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy

Ny fitsipika voalohany dia ny fananana fahatsapana fankasitrahana ny Ray any An-danitra mandritra ny fanasan'ny Tompo noho ny Sorompanavotan'ilay Zanany. Ity tantara manaraka ity dia nozaraina mikasika ny fizarana ny fanasan'ny Tompo:

“Tsy dia nanan-danja loatra tamiko hatramin'izay ny fanasan'ny Tompo raha tsy taorian' ny Alahady izay nandrenana ahy ho diakona. Sambany aho no nizara ny fanasan'ny Tompo tamin'io tolakandro io. Talohan'ilay fivoriana dia efa nampitandrina ahy ny diakona iray hoe: ‘Aoka ho malina tsara rehefa anjaran'ny Rahalahy Schmidt a! Mety ho voatery hamoha azy ianao!’ Tonga ihany ilay fotoana handraisako anjara amin'ny fizarana ny fanasan'ny Tompo. Voazarako tsara tsy nisy olana ny laharan-tseza enina voalohany. Nandray ny mofo tsy nisy fitarainana na olana ireo ankizy sy olon-dehibe. Tonga teo amin'ny laharan-tseza fahafito aho, laharana izay eo foana no misy an'ny Rahalahy Schmidt. Saingy gaga aho, satria tsy natory izy fa nihiratra tsara.

Nandray ny mofa tamim-pisaintsainana sy fanajanaalina izy fa tsy mba toy ireo hafa izay efa nizarako teo aloha.

“Minitra vitsy taty aoriana dia indro indray aho nanatona ny laharan-tseza fahafito niaraka tamin’ny rano. Marina ilay nolazain’ny namako tamin’ity indray mitoraka ity. Niondrika ny lohan’ny Rahalahy Schmidt ary nikatona ny masoben’ity teratany Alemana ity. Toa natory be mihitsy izy. Inona no azoko ho atao na lazaina? Nobanjiniko tao anatin’ny fotoana fohy ny handriny, izay efa mikentrona sy mikaikona noho ny asa mafy sy fahasahiranana an-taonany maro. Tonga mpikamban’ny Fiangonana nandritra ny fahatanorany izy ary nandalo fanenjehana goavana tao amin’ily tanana kely nisy azy tany Alemana. Reko im-betsaka nandritra ny fivoriana fijoroana ho vavolombelona izany tantara izany. Tapaka ny hevitra tamin’ny farany fa hodomiko kely ny sorony mba hanairana azy. Raha nandroso ny tanako hanao izany iny aho dia nitraka tsimoramora ny lohany. Nirotsaka teo amin’ny takolany ny ranomaso ary fitiavana sy fifaliana no hitako taratra teo amin’ny masonry. Narosony tamim-pitandremana ny tanany ary nandray ny rano izy. Na dia mbola roa ambin’ny folo taona aza aho tamin’izany dia mbola tsaroako tsara ilay fahatsapana nananako teo am-pijerena ity lehilahy antitra kaokan’ny taona ity nandray ny fanasan’ny Tompo. Fantatro tsy tamim-pisalasalana fa mahatsapa zavatra miavaka mikasika ny fanasan’ny Tompo izay tsy mbola tsapako izy. Tapa-kevitra aho tamin’izay fa te-hahatsapa toy izany koa.”⁴

Nifandray tamin’ny lanitra Rahalahy Schmidt ary ny lanitra koa nifandray taminy.

II. Tsarovy fa Manavao ny Fanekehampihavanana tamin’ny Batisa isika

Ny fitsipika faharoa dia ny fahatsiarovana fa manavao ny fanekehampihavanantsika tamin’ny batisa isika eo am-pandraisana ny fanasan’ny Tompo. Ahitana izao voarakitra ao amin’ny soratra masina manaraka izao ireo fampanantenana ataontsika:

“[Tonga] ao amin’ny valan’Andriamanitra sy hantsoina hoe vahoakany, . . . hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay, . . . hiara-malahelo amin’izay

malahelo . . . , ary hijoro ho vavolombelon’Andriamanitra.”⁵

“Manatona amin’ny fo torotoro sy ny fanahy manenina, . . . vonona ny hitondra ny anaran’i Jesoa Kristy, manana ny finjavana hanompo Azy hatramin’ny farany,”⁶ ary hitandrina ny didiny sy hahatsiaro Azy mandrakariva.⁷

Mampahatsiahy ireo fampanantenana ireo ny vavaka amin’ny fanasan’ny Tompo. Manavao ny fanolorantenantsika mba hiaina hifanaraka amin’ireo fanekehampihavanana ireo isika rehefa mandray ny fanasan’ny Tompo. Mino aho fa tsara raha atao tsianjery ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika ny vavaka amin’ny fanasan’ny Tompo. Hanampy antsika hifantoka amin’ny fanavaozana ireo fanekehampihavanana nataontsika tamin’ny batisa izany. Manantena aho fa tsy ho adinontsika ilay andro sy ireo fanekehampihavanana nataontsika, na 8 taona isika na 80 taona tamin’ny natao batisa.

III. Afaka Mahatsapa ho Voavela Heloka isika mandritra ny Fanasan’ny Tompo

Fahatelo, afaka mahatsapa ho voavela heloka isika mandritra ny fanasan’ny Tompo. Raha toa ka nanokana fotoana nibebahana tamin’ireo otantsika isika talohan’ny fanasan’ny Tompo dia afaka mahatsapa ho madio sy mendrika rehefa mivoaka izany fivoriana fanasan’ny Tompo izany. Hoy ny Filoha Boyd K. Packer hoe: “Manavao ny dingan’ny famelan-keloka ny fanasan’ny Tompo. . . . Isaky ny aroso ny fanasan’ny Tompo isaky ny Alahady dia toy ny fankalazana ny fanavaozana ny dingan’ny fibebahana izany. Manadio ny tenanao ianao isaky ny Alahady, ka rehefa tonga ny fotoana, raha ho faty ianao dia ho madio ny fanahinao.”⁸ Afaka manampy antsika ho toy ny vahoakan’ny Mpanjaka Benjamin koa ny fandraisana ny fanasan’ny Tompo amim-pahamendrehana, izay, “*feno fifaliana* [. . .] rehefa nandray ny *famelana ny fahotany sy nahazo fiadanan-tsaina*.”⁹

IV. Afaka Mandray Fitaomam-panahy isika amin’ireo Vahaolana amin’ny Olantsika

Ny fitsipika fahefatra dia hoe afaka mandray fitaomam-panahy isika mikasika ireo vahaolana amin’ny olantsika, mandritra ny fanasan’ny Tompo. Nanana tombontsoa nanatrika



fotoam-piofanana ho an’ny filohan’ny misiôna niaraka tamin’ny Filoha Henry B. Eyring izaho sy i Mary Anne vadiko fony aho filohan’ny misiôna tany Bolivie. Nampianatra izy tamin’izany fotoana izany fa misy fomba telo manan-danja hiomanana mba hahazoana tombontsoa avy amin’ny fivoriana iray. Tonga miaraka amin’ireo olantsika isika, manetry tena toy ny ankizy izay vonona ny hianatra, ary manam-paniriana hanampy ny zanak’Andriamanitra.

Raha manana ny fanahin’ny fanetren-tena isika mandritra ny fanasan’ny Tompo dia afaka ny handray fitahiana amin’ny fandraisana vahaolana amin’ireo olana iainantsika andavanandro. Tokony ho vonona isika rehefa tonga eo, hihaino an-tsitrabo ary tsy ho varimbariana. Hoy ny soratra masina hoe: “Nefa indro, lazaiko anao, fa tokony *handinika izany* ao an-tsainao ianao; rehefa izany dia tokony *hanontany Ahy ianao raha marina izany*, ary raha marina izany, dia *hahamay ny ao anatin’ny tratra* nao Aho; koa ho *tsapanao fa marina izany*.”¹⁰ Afaka mahafantatra ny tokony ho ataontsika isika mba hamahana ireo olantsika.

V. Hanampy Antsika Hanana ny Fanahy Masina ny Fandraisana Am-pahamendrehana ny Fanasan’ny Tompo

Ny fitsipika fahadimy, izay hoe fandraisana ny fanasan’ny Tompo amim-pahamendrehana dia hanampy antsika hanana ny Fanahy Masina. Nilaza i Jesoa, teo am-panorenana ny fanasan’ny Tompo nandritra ny fitsidihany ireo Nefita hoe: “Izay mihinana ity mofa ity dia mihinana amin’ny vatako ho

an' ny fanahiny; ary izay misotro amin' ity divay ity dia misotro amin' ny rako ho an' ny fanahiny; ary tsy ho noana na hangetaheta na oviana na oviana ny fanahiny, fa hovokisana kosa.”¹¹ Nandray fampanantenana izy ireo fa raha toa ka mikatsaka sy mangetaheta hiaina amim-pahamarinana dia hanana ny Fanahy Masina hiaraka amin'izy ireo. Mampanantena koa ny vavaka amin'ny fanasan'ny Tompo fa raha miaina ny fanekempihavanana nataontsika isika dia hanana lalandava ny Fanahiny miaraka amintsika.¹²

Nilaza ny Loholona Melvin J. Ballard hoe: “Izaho dia vavolombelona fa misy fanahy manatrika ny fanatanterahana ny fanasan'ny Tompo, izay manafana ny fanahy hatrany an-tampon-doha ka hatrany am-paladia. Ho tsapanao fa sitrana ny ratran'ny fanahy, ary nesorina ny enta-mavesatra. Ho tsapan'ny fanahy izay mendrika sy tena maniry marina handray izany sakafo ara-panahy izany ny fankaherezana sy ny fahasambarana.”¹³

Hotahiana isika raha mahatsapa fanakatrana noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, raha manavao ny fanekempihavanana izay nataontsika tamin'ny batisa, raha mahatsapa famelan-keloka, ary mandray fitarihana avy amin'ny Fanahy Masina rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro. Ho fotoan'ny fanasan'ny Tompo mampientanentana hatrany izany raha toa ka ataontsika ho ivon'ny fitsaohantsika ny fanasan'ny Tompo. Maneho ny fankasitrahako aho noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Fantatro fa velona Izy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Lioka 22:19–20; nampiana fanamafisana.
2. Jereo ny 3 Nefia 18.
3. David O. McKay, ao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1929, 11–15.
4. *Book of Mormon Student Manual* (Church Educational System Manual, 1979), 417.
5. Môsià 18:8–9.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
8. Boyd K. Packer, *Mine Errand from the Lord* (2008), 196.
9. Môsià 4:3; nampiana fanamafisana.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9:8; nampiana fanamafisana.
11. 3 Nefia 20:8.
12. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
13. Melvin J. Ballard, in Bryant S. Hinckley, *Sermons and Missionary Services of Melvin Joseph Ballard* (1949), 149.



Nataon'ny Loholona David A. Bednar
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Miova Fo ho an'ny Tompo

Ny fijoroana ho vavolombelona dia ny fahafantarana fa marina ny filazantsara. Ny fiovam-po dia ny mijanona ho mahatoky hatrany amin'ny filazantsara.

Ny hafatra ampitaiko anio dia mifantoka amin'ny fifandraisana misy eo amin'ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona fa i Jesoa no Kristy sy ny ahatongavana hiova fo ho Azy sy ho an'ny filazantsarany. Araka ny mahazatra, dia sarahantsika sy ataontsika tsy mifampiankina ny firesahantsika ny foto-kevitra hoe fijoroana ho vavolombelona sy ny hoe fiovam-po. Na izany aza, dia afaka mahazo fomba fijery sarobidy sy faharesen-dahatra bebe kokoa ara-panahy isika rehefa dinihintsika miaraka ireo foto-kevitra manan-danja roa ireo.

Mivavaka aho mba hampianatra sy hanazava antsika tsirairay avy ara-panahy ny Fanahy Masina.

Fa hianareo kosa manao Ahy ho iza?

Afaka mianatra zavatra betsaka mikasika ny fijoroana ho vavolombelona sy ny fiovam-po isika avy amin'ny asa fanompoana nataon'ny Apôstôly Petera.

Rehefa nandeha tany amin'ny faritanin' i Kaisaria-filipo i Jesoa, dia name-traka ity fanontaniana mampieritritra ity tamin'ireo mpianany nanao hoe: “Fa hianareo kosa manao Ahy ho iza?” Namaly avy hatrany i Petera hoe:

“Hianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra velona.

“Dia namaly Jesosy ka nanao tamin'ny hoe: Sambatra hianao, ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-dra no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra” (Matio 16:15–17).

Ny fijoroana ho vavolombelona dia fahalalana ho an'ny tena manokana momba ny fahamarinana ara-panahy azo avy amin'ny fanambarana, araka ny ohatra nasehon'ny valintenin' i Petera sy ny fampianaran'ny Mpanonjy. Fanomezana avy amin' Andriamanitra ny fijoroana ho vavolombelona ary natao ho an'ireo zanany rehetra. Na iza na iza mpikatsaka marina ny fahamarinana dia afaka mahazo fijoroana ho vavolombelona amin'ny alalan'ny fampiharana “sombiny amin'ny finoana”an' i Jesoa Kristy izay ilaina mba “ho fanandramana” (Almà 32:27) sy “hanandra[mana] ny herin'ny teny” (Almà 31:5), mba hanaiky “ny fitaoman'ny Fanahy Masina” (Môsià 3:19), ary mba hifoha ho an' Andriamanitra (jereo ny Almà 5:7). Mampitombo ny fandraisana andraikitry ny tena manokana ny fijoroana ho vavolombelona ary loharanon'ny tanjona, sy ny fahatokian-tena, ary ny hafaliana.

Ny fikatsahana sy ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinana ara-panahy dia mitaky fangatahana sy fikatsahana, ary fandondonana (jereo ny Matio 7:7; 3 Nefia 14:7) amin-kitsimpo, amin'ny tena finiavana, ary amin'ny finoana ny Mpamonjy (jereo ny Môrônia 10:4). Ireo zavatra fototra mandrafitra ny fijoroana vavolombelona dia ny fahafantarana fa velona ary tia antsika ny Ray any an-danitra, fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy antsika, ary naverina amin'ny laoniny eto ambonin'ny tany amin'izao andro farany izao ny fahafenoan'ny filazantsara.

Rehefa Miova Fo Ianao

Rehefa nampianatra ireo mpianany ny Mpamonjy nandritra ilay Sakafo Hariva Farany, dia hoy izy tamin' i Petera:

“Ry Simona, ry Simona, indro, Satana efa nilofo nitady anareo hokorokorohiny toy ny vary:

“Nefa Izaho nangataka ho anao, mba tsy ho levona ny finoanao; ary rehefa mibebaka hianao, dia ampaherezo ireo rahalahinao” (Lioka 22:31–32).

Mahaliana tokoa, fa ity Apôstôly mahery ity dia niresaka sy niaraka tamin'ny Mpampianatra, sy vavolombelona tamin'ny fahagagana maro, ary nanana fijoroana ho vavolombelona matanjaka mikasika ny maha Andriamanitra ny Mpamonjy. Kanefa na i Petera aza dia nila torolalana fanampiny avy amin' i Jesoa mikasika ny hery manova fo sy manamasina ananan'ny Fanahy Masina ary ny andrainy hanoampo amim-pahatokiana.

Ny toetra fototry ny filazantsaran' i Jesoa Kristy dia mitaky fiovana fototra sy maharitra amin'ny toetrantsika ifotony, izay tanteraka amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Ny fiovam-po tena marina dia mitondra fiovana eo amin'ny finoanao, sy ny fonao, ary ny fiainanao mba haneke-nao sy hankatoavanao ny sitrapon' Andriamanitra (jereo ny Asan'ny Apôstôly 3:19; 3 Nefia 9:20) ary mitaky fanoloran-tena avy amin'ny fo mba ho tonga mpanara-dia an' i Kristy.

Fampitomboana, sy fandalinana, ary fanitarana ny rafitra fototry ny fijoroana ho vavolombelona ny fiovam-po. Izany dia vokatry ny fanambarana avy amin' Andriamanitra, miaraka amin'ny fibebahana, sy ny



fankatoavana, ary ny fahazotoan'ny tsirairay. Afaka ny hiova fo amin'ny alalan'ny fiainana ny fiovam-po mahery vaika ary aterak' Andriamanitra ara-panahy ireo rehetra mpikatsaka marina ny fahamarinana (jereo ny Almà 5:12–14). Rehefa manaja ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny famonjena sy ny fisandratana isika (jereo ny F&F 20:25), ka “mibosesika handroso amin'ny fiorenana ao amin' i Kristy” (2 Nefia 31:20), ary maharitra hatramin'ny farany amin'ny finoana (jereo ny F&F 14:7), dia lasa olombaovao ao amin' i Kristy (jereo ny 2 Korintiana 5:17). Fanaovana fanatitra ny tenantsika, ny fitiavantsika, ary ny fahatokiantsika ho an' Andriamanitra ny fiovam-po ho fankasitrahana noho ny fanomezan'ny fijoroana ho vavolombelona.

Ohatra mikasika ny Fiovam-po ao amin'ny Bokin' i Môrmôna

Feno tantara manainga fanahy mikasika ny fiovam-po ao amin'ny Bokin' i Môrmôna. Nilaza i Amalekia, izay taranak' i Jakôba, hoe: “mba tiako ny hanatonanareo an' i Kristy, dia ny Iray Masin'ny Isiraely ary handraisanareo anjara amin'ny famonjeny sy ny herin'ny fanavotany. Eny, manatôna Azy ary atolory ho toy ny fanatitra ho Azy ny fanahinareo manontolo” (Ômnia 1:26).

Manan-danja ary ilaina ny fahafantarana amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina fa i Jesoa no Kristy. Saingy mitaky mihoatra noho ny

fahafantarana fotsiny ny fanatonana Azy marina tokoa sy ny fanolorana ho toy ny fanatitra ny fanahintsika manontolo. Mitaky ny fontsika, sy ny herintsika, ary ny saintsika sy ny tanjatsika rehetra ny fiovam-po (jereo ny F&F 4:2).

Namaly ny fampianaran'ny Mpanjaka Benjamina ireo olony tamin'ny fiarahana nihiaka hoe, “Eny, mino ny teny rehetra izay efa nolazainao taminay izahay; ary fantatray koa fa azo antoka sy marina ireny, noho ny amin'ny Fanahin' ny Tompo Tsihoza izay efa nahatonga fiovana mahery vaika tao aminay, na tao am-ponay, ka tsy manana fironana hanao ratsy intsony izahay fa ny hanao soa lalandava kosa” (Môsià 5:2). Nitondra fiovam-po mahery vaika sy fanapahan-kevitra matotra hivoatra sy ho tonga tsaratsara kokoa ny fanekena ny teny nolazaina, sy ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'izany, ary ny fampiharana ny finoana an' i Kristy.

Ireo Lamanita niova fo ao amin'ny bokin' i Helamàna dia nofaritana ho toy ny “mby eo amin'ny lalan'ny adidiny, ary mandeha amimpahamalinana tokoa eo anoloan' Andriamanitra, sy miezaka ny hitandrina ny didiny sy ny satany ary ny fitsarany. . . .

“ . . . Ary milofo izy miaraka amin'ny fahazotoana tsy mety sasatra mba hahazoany mitondra ny sisa tavela amin'ny rahalahiny ho amin'ny fahalalana ny marina” (Helamàna 15:5–6).



Araka izay namafisin'ireo ohatra ireo, dia ny fiainana fiovam-po mahery vaika ao am-pontsika, ny fahavononana hanao ny tsara mandrakariva, ny fanatanterahana ny adidy, ny fandehanana amim-pitandremana eo anatrehan' Andriamanitra, sy ny fitandremana ny didy, ary ny fanompoana amim-pahazotoana tsy hitandroana hasasarana no toetoetra fototra mifan-drainy amin'ny fiovam-po. Hita tokoa fa nanjary nanolo-tena lalina ho an'ny Tompo sy tamin'ny fampianarany ireo fanahy mahatoky ireo.

Lasa Niova Fo

Ho an'ny maro amintsika, ny fiovam-po dia dingana mitohy fa tsy zava-miseho amin'ny fotoana iray izay vokatry ny zavatra niainana mahery vaika na mampivarahontsana. Didy anampy didy ary fitsipika anampy fitsipika, mandeha tsikelikely ary mety tsy tsapa akory, ny fiovan'ny hery manosika antsika hanao zavatra, sy ny eritre-tsika, sy ny tenintsika, ary ireo zavatra ataontsika ho lasa mifanaraka amin'ny sitrapon' Andriamanitra. Mitaky fikirizana sy faharetana ny fiovam-po ho an'ny Tompo.

Nahita zavatra fototra dimy amin'ny fiovam-po ho an'ny Tompo i Samoela ilay Lamanita: (1) finoana ireo fampianarana sy faminanian'ireo mpaminany masina araka izay

voasoratra ao amin'ny soratra masina, (2) fampiharana ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo, (3) fibebahana, (4) fahatsapana fiovam-po mahery vaika, ary (5) lasa “miorina sy mifototra ao amin'ny finoana” (jereo ny Helamàna 15:7–8). Izany no maodely arahina izay mitondra mankany amin'ny fiovam-po.

Fijoroana ho Vavolombelona sy Fiovam-po

Ny fijoroana ho vavolombelona dia fiantombohana sy zavatra tena ilaina amin'ny fiovam-po maharitra. Toerana iray iaingana ny fijoroana ho vavolombelona fa tsy tanjona farany hahatongavana. Fototra hiorenan'ny fiovam-po ny fijoroana ho vavolombelona matanjaka.

Tsy ampy ary tsy ho ampy hiaro antsika amin'ny rivo-maherin'ny haizina sy ny faharatsiana amin'izao andro farany hiainantsika izao raha ny fijoroana ho vavolombelona fotsiny ihany. Zava-dehibe ary ilaina ny fijoroana ho vavolombelona saingy tsy ampy hahazoana ny hery ara-panahy sy ny fiarovana ilaintsika. Nihozongozona ireo mpikamban'ny Fiangonana sasany nanana fijoroana ho vavolombelona ary dia nihemotra. Tsy nifandanja tamin'ireo zava-tsarotra natrehin' izy ireo ny fahalalana ara-panahy nananany sy ny fanoloran-tenany.

Mazava ny lesona iray mikasika ny fifandraisana misy eo amin'ny fijoroana ho vavolombelona sy ny fiovam-po nandritra ny asa fitoriana nataon'ireo zanakalahin' i Môsià.

“Izay rehetra voatarika ho amin'ny fahalalana ny marina, tamin'ny alalan'ny fitorian' i Amôna sy ny rahalahiny, araka ny fanahin'ny fanambarana sy ny faminiana ary ny herin' Andriamanitra, izay nanao fahagagana tao amin'izy ireo—eny, . . . , raha velona koa ny Tompo, rehefa mety ho Lamanita ka nino ny fitoriany, sy niova fo ho an'ny Tompo, dia tsy nihemotra na oviana na oviana.

“Fa tonga vahoaka marina izy; napetrany ny fiadian'ny fikomiany ka tsy niady intsony tamin' Andriamanitra izy. . . .

“Ankehitriny, dia ireto no niova fo ho an'ny Tompo” (Almà 23:6–8).

Zavatra roa lehibe no faritana ao amin' ireo andininy ireo: (1) *ny fahalalana ny marina*, izay azo adika hoe fijoroana ho vavolombelona, ary (2) *miova fo ho an'ny Tompo*, izay araka ny fahatakarako azy, dia fiovam-po ho an'ny Tompo sy amin'ny filazantsarany. Araka izany, ilay fiarahana mahery vaika nisy teo amin'ny fijoroana ho vavolombelona sy ny fiovam-po ho an'ny Tompo no naha mafy orina sy nampifahatra tsara ary nitondra fiarovana ara-panahy.

Tsy nihemotra mihitsy izy ireo ary napetrany “ny fiadian’ny fikomiany, ary tsy niady intsony tamin’ Andriamanitra izy ireo.” Mitaky bebe kokoa mihoatra ny finoana sy ny fahalalana fotsiny ny fametrahana ireo “fiadian’ny fikomiana” izay ankamamiansika, toy ny fitiavan-tena, ny avonavona, ary ny tsy fankatoavana. Ny fananana finoana matanjaka, ny fanetren-tena, ny fibebahana, ary ny fankatoavana dia mandeha alohan’ny fametrahantsika ny fiadian’ny fikomiansika. Moa ve izaho sy ianao mbola manana fiadian’ny fikomiana izay manakana antsika tsy hiova fo ho an’ny Tompo? Raha izany, dia mila mi-bebaka isika izao ankehitriny izao.

Tadidio fa tsy niova fo ho an’ ireo misionera nampianatra azy ireo ny Lamanita na tamin’ny fandaharana tsara dia tsara ao am-piangonana. Tsy niova fo noho ny lazan’ ireo mpitarika azy izy ireo na mba hiarovana kolontsaina nentim-paharazana na ny fomban’ireo razany. Fa niova fo ho an’ny Tompo—ho Azy ilay Mpamonjy sy ho an’ny maha-Andriamanitra Azy ary ho amin’ny fotopampianarany—ary tsy nihemotra na oviana na oviana.

Fahalalana ny fahamarinana arapanahy azo avy amin’ny herin’ ny Fanahy Masina ny fijoroana ho vavolombelona. Ny fiovam-po maharitra dia fanoloran-tena tsy miovaova amin’ny fahamarinana nampahafantarina izay noraisintsika—tamin’ny fo feno fahavononana sy noho ny antony tsara. Ny fijoroana ho vavolombelona dia ny fahafantarana fa marina ny filazantsara. Ny fiovam-po dia ny mijanona ho mahatoky hatrany amin’ny filazantsara. Isika dia tokony ahafantatra fa marina ny filazantsara ary hijanona ho mahatoky amin’ny filazantsara ihany koa.

Fijoroana ho vavolombelona, sy Fiovam-po, ary ny Fanoharana ny amin’ireo Virijiny Folo

Ankehitriny dia tiako ny ampiasa ny iray amin’ ireo fanazavana ny hevitra ny fanoharana ny amin’ny virijiny folo mba hanamafisana ny fifandraisana misy eo amin’ny fijoroana ho vavolombelona sy ny fiovam-po. Nandray ny fanalany ireo virijiny folo, izay nahitana dimy hendry sy dimy adala, ary nandeha mba hitsena ny mpampakatra. Raiso ho toy ny fanalan’ny fijoroana ho vavolombelona ireo fanala nampiasain’ ireo virijiny. Nitondra ny fanalan’ny fijoroany ho vavolombelona ireo virijiny adala saingy tsy nitondra solika. Raiso ho toy ny soliky ny fiovam-po ilay solika.

“Ary ny hendry kosa nitondra solik[ny ny fiovam-po] tao anatin’ ny fitondrany sy ny fanala[n’ ny fijoroany ho vavolombelona].

“Ary raha naharitra ela ny mpampakatra, dia samy rendrehana avy izy rehetra, ka dia natory.

“Ary nony mamatonalina, dia nisy antso hoe: Indry ny mpampakatra! Mivoaha mba hitsena azy.

“Dia nitsangana ireo virijiny rehetra ireo, ka samy namboatra ny fanala[n’ ny fijoroany ho vavolombelona].

“Dia hoy ny adala tamin’ny hendry: mba omeo kely amin’ny solikareo [izay ny soliky ny fiovam-po]; izahay; fa ny fanala[n’ny fijoroany ho vavolombelona dia mitsilopilopy ary lefa ho faty.

“Fa ny hendry namaly ka nanao hoe: sao tsy ho ampy ho anay sy ho anareo, fa mandehana mankany amin’ny mpivarotra hianareo, ka mividian’ny anareo” (Matio 25:4–9).

Moa ve tia tena sy tsy te-hizara ireo virijiny dimy hendry, sa nanoro mazava

tsara izy ireo fa tsy azo indramina ny soliky ny fiovam-po? Azo omena olona hafa ve ny hery ara-panahy izay azo avy amin’ny fankatoavana hatrany ireo didy? Azo atolotra ny olona iray izay mila izany ve ny fahalalana azo avy amin’ny fandalinana sy fisaintsainana lalina amim-pahazotoana ny soratra masina? Azo afindra amin’ny olona iray miatrika zava-tsarotra sy fanamby ve ny fiadanam-po entin’ny filazantsara ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany iray mahatoky? Tsia no valiny mazava ho an’ny tsirairay amin’ ireo fanontaniana ireo.

Araka ny namafisin’ireo virijiny hendry ireo, dia mila “mividy ho an’ny tenantsika” ny tsirairay avy amintsika. Tsy niresaka fifanaovan-draharaha arabarotra ireo vehivavy nentanim-panahy ireo; fa nanindry kosa ny andraikitsika tsirairay avy mba hanao izay hampirehitra foana ny fanalan’ny fijoroantsika ho vavolombelona sy ahazo famatsiana ampy amin’ny soliky ny fiovam-po. Azo indray mitete isak’izay mandeha ity solika sarobidy ity—“andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra [sy] fitsipika anampy fitsipika” (2 Nefia 28:30), amim-paharetana sy tsy an-kijanona. Tsy misy fomba tsotsotra tsy mitaky ezaka; tsy misy fiomanana maimaika azo atao amin’ny fotoana farany.

“Koa aoka ho mahatoky, hivavaka mandrakariva, hanana ny fanalanareo voakarakara sy mirehitra ary solika miaraka aminareo, mba ho vonona ianareo amin’ny fiavian’ny Mpampakatra” (F&F 33:17).

Fijoroana ho Vavolombelona

Mampanantena aho fa rehefa mahalala ny fahamarinana isika ary miova fo ho an’ny Tompo, dia hitoetra ho mafy orina sy hifahatra tsara ary tsy hihemotra na oviana na oviana. Tsy ho andrintsika izay hametrahantsika ireo fiadian’ny fikomiansika. Hotahiana amin’ny hazavana bebe kokoa avy amin’ny fanalan’ny fijoroantsika ho vavolombelona isika ary hahazo vatsy ampy amin’ny soliky ny fiovam-po. Ary rehefa miha-feno kokoa ny fiovam-pontsika tsirairay avy, dia hampatanjaka ny fianakaviansika sy ireo namantsika ary ireo olona hifanerase-rantsika isika. Mijoro ho vavolombelona ny amin’ireo fahamarinana ireo aho amin’ny anarana masin’ i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■





Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

Homba Anao Hatrany Anie ny Ray

Hotahiana isika raha toa ka mandray ao am-pontsika sy eo amin'ny fiainantsika ireo hafatra nampitaina tao anatin'ny roa andro lasa izay.

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, mifarana indray ity ny fihaonamben'ny Fiangonana nentanimpanahy iray. Izaho manokana dia mahatsapa ho novokisana sy nankahe-rezina ara-panahy ary mahafantatra fa ianareo koa dia nahatsapa ny fanahy miavak'ity fihaonambe ity.

Manolotra fankasitrahana amin-kitsim-po ho an'ireo rehetra izay nandray anjara tamin'ny endriny rehetra isika. Nampianarina sy nohamafisina tamin'ny fomba kanto ireo fahamari-nan'ny filazantsara. Hotahiana isika raha toa ka mandray ao am-pontsika sy eo amin'ny fiainantsika ireo hafatra nampitaina tao anatin'ny roa andro lasa izay.

Toy ny mahazatra dia ho hita ao amin'ireo gazetibokin'ny Fiangonana *Ensign* sy ny *Liahona* ny fizotran'ity fihaonambe ity. Manentana anareo aho mba hamaky indray ireo lahateny ary hisaintsaina ny hafatra hoentiny. Tsapako teo amin'ny fiainako fa mahazo tombontsoa kokoa avy amin'ireo lahateny nentanim-panahy ireo aho rehefa mandalina azy ireo lalina kokoa.

Tsy manam-paharoa fomba nampitaina ity fihaonambe ity, ho an'ireo va-hoaka maneran-tany any am-pitan'ireo kaontinanta sy ranomasina. Tsapanay

ny fanahinareo ary mampita ny fitiavanay sy fankasitrahany izahay na dia lavitra ny ankamaroanareo aza.

Te-haneho fankasitrahana amin-kitsim-po avy amintsika rehetra ho an'ireo Rahalahy izay nisaorana tamin'ity fihaonambe ity aho noho ireo taona maro nanaovany asa fanompoana miaro fanoloran-tena. Tsy hita isa ireo izay voatahy noho ny fandraisanareo anjara teo amin'ny asan'ny Tompo.

Ry rahalahy sy anabavy, vao avy nankalaza ny faha-85 taonako aho, ary feno fankasitrahana ny Tompo aho amin'ireo taona nomeny ahy. Rehefa misaintsaina ireo zavanimitranga teo amin'ny fiainako aho dia misaotra Azy noho ireo fitahiana maro natolony ahy. Nahatsapa ny Tanany nitarika ny ezaka nataoko aho rehefa niezaka tamim-pahazotoana ny hanompo Azy sy hanompo ireo hafa, araka ny efa nolazaiko tamin'ny lahateniko anikeheo maraina.

Mitaky asa tsy tambo isaina ny anjara fanompoan'ny Filohan'ny Fiangonana. Velom-pankasitrahana aho noho izany amin'ireo mpanolotsaiko mahatoky roa, izay manompo eo anilako ary vonona hatrany sy mahavita zavatra amin'ny fomba mahavariana

amin'ny fanatanterahana ireo asa izay sahanin'ny Fiadidiana Voalohany. Maneho ny fankasitrahako an'ireo lehilahy mendri-kaja izay ahitana ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo aho. Tsy mitandro hasasarana izy ireo amin'ny tanjon'ny Tompo, miaraka amin'ireo Kôlejin'ny Fitopololahy izay manolotra fanampiana entanimpanahy ho azy ireo.

Te-hidera anareo koa aho, ry rahalahy sy anabavy, na aiza toerana misy anareo eto amin'izao tontolo izao, amin'ny zava-drehetra ataonareo any amin'ny paroasy sy sampana, tsatòka ary distrika misy anareo. Manampy amin'ny fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany ianareo rehefa manatanteraka an-tsitraro ireo antso nangatahina ho ataonareo.

Ndeha isika hifampiahy, hifanampy amin'ireo fotoana mahory. Aoka tsy hifampitsikera sy hifampitsaratsara isika, fa mba hifandefitra, haka tahaka ny ohatra amin'ny hatsaram-panahin'ny Mpamonjy. Aoka hifanompo araka



izany fomba izany isika. Ndeha hiva-
vaka isika mba ho entanin'ny fanahy
hahafantatra ny zavatra ilain'ireo ma-
nodidina antsika, ary avy eo hanao
sy hanolotra fanampiana.

Ndeha isika hifaly am-piadanana
eo am-panatrehana ny fiainantsika.
Tia sy miahy antsika ny Tompo, na dia
miaina ao anatin'ny fotoana mahory
tsy mitsaha-mitombo aza isika. Miaraka
amintsika foana Izy rehefa manao ny
tsara isika. Hanampy antsika amin'ny
fotoam-pahasahiranana Izy. Tonga eo
amin'ny fiainantsika ireo fahasahira-
nana, olana izay tsy nampozintsika ary
tsy nosafidiansika velively. Tsy misy
afa-bela amin'izany isika. Ny tanjon'ny
fiainana an-tany dia ny hianatra sy
hivoatra ho tonga bebe kokoa tahaka
ny Raintsika, ary matetika dia mandri-
tra ny fotoana sarotra no ianarantsika
izany bebe kokoa, eny fa na dia mam-
panaintaina aza ny lesona ianarana
mandritra izany. Afaka ho rakotry ny
fifaliana koa ny fiainantsika rehefa
manaraka ny fampianarana ao amin'ny
filazantsaran'i Jesoa Kristy isika.

Nanome toky ny Tompo hoe: “Ma-
tokia; Izaho efa naharesy izao tontolo
izao.”¹ Endrey ny fifaliana goavana
tokony ho entin'izany fahalalana izany
ho antsika. Niaina ho antsika Izy ary
maty ho antsika. Nanonitra ny saran'ny
otantsika Izy. Ndeha isika haka tahaka
ny ohatra nataony. Ndeha isika haneho
fankasitrahana lehibe Aminy amin'ny
alalan'ny fanekena ny sorona nataony
ary miaina fiainana izay mendrika ny
hahatonga antsika hiverina sy hiaina
hiaraka Aminy indray andro any.

Araka ny efa nolazaiko nandritra
ireo fihaonambe teo aloha dia mi-
saotra anareo aho noho ireo vavaka
ataonareo ho ahy. Ilaiko izany, tsapako
izany. Mahatsiaro anareo rehetra
izahay amin'ny maha-Manampahefana
Ambony anay ary mivavaka amin'ny
Raintsika any an-danitra handrotsaka
ireo fitahiana miavaka indrindra ho
anareo.

Ankehitriny, ry rahalahiko sy anaba-
viko, hitsahatra mandritra ny enim-
bolana ity fihaonambe ity. Homba
anareo hatrany anie Andriamanitra
mandrapihaonantsika indray amin'izay
fotoana izay. Amin'ny anaran'ny Mpa-
monjy sy Mpanavotra antsika, dia
i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jaona 16:33.



Nataon'i Linda K. Burton

Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

Moa ve Voasoratra ao Am-pontsika ny Finoana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?

*Ny fanaovantsika sy fitandremantsika ary ny fifaliansika amin'ny
fanekempihavanantsika dia ho porofo fa voasoratra marina ao
am-pontsika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.*

Ry rahavavy malalako, tao an-tsaiko
sy tao am-poko ianareo nandritra
ny volana maro rehefa nisaintsaina
ity andraikitra feno fanamby ity aho.
Na dia mahatsapa aza aho hoe toy ny
tsy ho vitako ity andraikitra napetraka
tamiko ity, dia fantatro fa avy amin'ny
Tompo ilay antso tamin'ny alalan'ilay
mpaminany voafidy ary ampy izany
raha ho an'ny ankehitriny. Mampiana-
tra ny soratra masina fa “na amin'ny
alalan'ny feon'ny [Tompo] na amin'ny
alalan'ny feon'ny mpanompo[ny], dia
iray ihany izany.”¹

Iray amin'ireo fanomezana sarobidy
hita ao anatin'ity antso ity ny fahato-
kiana fa tia ny zanany vavy rehetra ny
Ray an-danitra. Nahatsapa ny fitiavany
antsika tsirairay aho!

Tia ny soratra masina toa anareo
koa aho! Misy soratra masina
ao amin'ny bokin'i Jeremia izay tena
sarobidy ho ahy tokoa. Niaina tao ana-
tin'ny fotoana sarotra sy toerana na-
nahirana i Jeremia, saingy navelan'ny
Tompo izy mba “hahita mialoha ilay
fotoam-panantenana mandritra ny fa-
nangonana an'i Isiraely amin'ny andro
farany”²—ilay androntsika. Naminany i
Jeremia hoe:

“Rehefa afaka izany andro izany,
hoy Jehovah, dia hataoko ao an-tsainy
ny lalako, sady *hosoratako ao am-
pony*; ary Izaho ho Andriamaniny,
ary izy ho oloko. . . .

“ . . . Fa samy hahalala Ahy avokoa
izy rehetra. Hatramin'ny kely indrindra
ka hatramin'ny lehibe indrindra hoy



Jehovah. Fa havelako ny helony ary tsy ho tsarovako intsony ny fahotany.”³

Isika ilay vahoaka hitan’i Jeremia. Moa ve isika efa nanasa ny Tompo mba hanoratra ny lalana na fotopampianarana ao am-pontsika? Moa ve isika mino fa miantefa amintsika manokana ilay famelan-keloka azo avy amin’ny Sorompanavotana izay nolazain’i Jeremia?

Taona vitsy lasa izay ny Loholona Jeffrey R. Holland dia nizara ny zavatra tsapany mikasika an’ireo mpisava lalana izay nanana finoana lalim-paka ka nanosika azy ireo ho tonga tany amin’ny Lohasahan’i Salt Lake izany na dia taorian’ny fahafatesan’ireo zanany aza. Hoy izy hoe: “Tsy nanao izany ho an’ny fandaharan’asa iray izy ireo ary tsy nanao izany noho ny hetsika ara-tsôsialy iray, fa tena nataony izany satria tao anatin’ny fanahiny ny finoana ny filazantsarana’i Jesoa Kristy. Tao anatin’ny tsokan’ny taolany izany.”

Nanambara tamim-pihetsehampo malefaka izy hoe:

“Izany ihany no hany fomba nahafahan’ireo reny ireo nandevina [ny zanany] tao anatin’ny harona fitoeramofy ary nanohy sy nilaza hoe: ‘Any ho any ilay tany nampanantenaina. Tsy maintsy tonga any amin’ily lohasaha isika.’

“Afaka nilaza izany izy ireo noho ny fanekempihavanana sy ny fotopampianarana ary ny finoana sy ny fanahy.”

Nofaranany tamin’ireto teny manaitra ny saina ireto izany: “Raha toa ka afaka mihazona izany toe-tsaina izany ao amin’ny fianakaviansika sy ny Fiangonana isika, dia angamba mety hanomboka hilamina ho azy ireo zavatra

maro hafa. Angamba mety hianjera avy eny amin’ily sarety ireo zavatra maro izay tsy dia ilaina. Nolazaina aho fa voafetra ihany ireo zavatra zakan’ireo sarety tarihin-tanana ireo. Toy ny tsy maintsy nisafidianan’ireo razambentsika ny zavatra ho entina, angamba no hanosehan’ny taonjato faha-21 antsika hanapa-kevitra hoe: ‘Inona no azon-tsika ampidirina ao anatin’ity sarety tarihin-tanana ity?’ Ny entana ho an’ny fanahintsika no zava-dehibe. Ireo zavatra latsa-paka any amin’ny tsokan’ny taolantsika izany.”⁴ Na izay voasoratra ao am-pontsika izany raha lazaina amin’ny teny hafa!

Amin’ny maha-Fiadidian’ny Fikambanana Ifanampiana vaovao anay, dia nikatsaka mafy ny Tompo izahay mba hahafantarana hoe inona avy ireo zavatra tena ilaina tiany hampidirinay ao amin’ny sarety tarihin-tanana’ny Fikambanana Ifanampiana mba hano-hizana ny fampandrosoana ny asany. Tsapanay fa tian’ny Ray any an-danitra izahay mba hanampy voalohany indrindra ireo zanakavavy malalany hahatakatra ny fotopampianaran’ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy. Fantsika fa hitombo ny finoantsika ary torak’izany koa ny fanirantsika hiaina amim-pahamarinana rehefa mahatakatra izany fotopampianaran’ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy izany isika. Faharoa, tsapanay fa tian’ny Tompo izahay hamporisika ireo zanakavavy malalany mba hifikitra amim-pifaliana amin’ireo fanekempihavanany, rehefa nandinika ilay filana goavana ny fanamafisan’orina ny fianakaviana sy ny tokantrano. Lasa mafy orina ny fianakaviana rehefa tandremana ny

fanekempihavanana. Farany dia tiany izahay hiara-hiasa ao anatin’ny firaisankina miaraka amin’ireo vondrona fanampiny hafa sy ireo mpitarika antsika ao amin’ny fisoronana, ka hiezaka ny hitady sy hanampy ireo izay sahirana mba hivoatra eny amin’ily lalana. Ny vavaka mafy ataonay dia ny hanokafantsika tsirairay ny fontsika sy hamelantsika ny Tompo hanoratra ireo fotopampianaran’ny Sorompanavotana sy fanekempihavanana ary firaisankina ao anatin’izany.

Ahoana moa no ahafahantsika manantena ny hanamafy orina fianakaviana na hanampy ny hafa raha tsy efa misoratra ao anatin’ny fontsika mihitsy aloha ilay finoana lalina sy maharitra an’i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany tsy manam-petra? Te-hizara fitsipika telo momba ny Sorompanavotana aho anio hariva izay hampitombo ny finoantsika an’i Jesoa Kristy raha toa ka voasoratra ao am-pontsika izany. Manantena aho fa hitahy antsika tsirairay ny fahatakarana ireo fitsipika ireo na vaovao isika ao amin’ny Fiangonana na mpikambana efa ela.

Fitsipika 1: “Azo ahitsy amin’ny alalan’ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy ny zavatra rehetra tsy ara-drarinny eo amin’ny fiainana.”⁵

Mijoro ho vavolombelona mikasika ny Sorompanavotan’ny Mpamonjy antsika, Jesoa Kristy izahay, miaraka aminareo. Voasoratra tao am-ponay, toy ny anareo, ny fijoroanay ho vavolombelona rehefa niatrika olana sy fahoriana samihafa izay nampivoatra ny fanahy izahay. Ho toy ny tsy rariny ireo olana ireo raha tsy nisy ny fahatakarana ny drafitry ny fahasambaran’ny Ray any an-danitra izay tonga lafatra sy ny Sorompanavotan’ny Mpamonjy ho toy ny ivon’ily drafitra. Miaraka miatrika ireo fitsapana eo amin’ny fiainana isika rehetra. Saingy voasoratra ao amin’ny fon’ny mahatoky ny hoe: “Azo ahitsy amin’ny alalan’ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy ny zavatra rehetra tsy aradrarinny eo amin’ny fiainana.”

Nahoana no avelan’ny Tompo ho tonga eo amin’ny fiainantsika ny fijaliana sy ny fahoriana? Tafiditra ao anatin’ny drafitry ny fivoarantsika izany raha lazaina amin’ny fomba tsootra! “Nihobim-pifaliana”⁶ isika rehefa nahafantatra fa hanana fahafahana ho tonga ety an-tany ary hiaina ny

fiainana an-tany. Nampianatra ny Loholoha Dallin H. Oaks hoe: “Tanteraka mora kokoa amin’ny alalan’ny fijaliana sy fahoriana ilay fiovam-po ilaintsika noho ny amin’ny alalan’ny fiadanampianana sy ny filaminana.”⁷

Maneho izany fahamarinana izany ity ohatra mikasika ny rahavavy mpi-sava lalana iray ity. Nanambady an’i John T. Morris tany St. St. Louis, Missouri i Mary Lois Walker fony izy 17 taona. Namakivaky ireo tany lemaka niaraka tamin’ireo Olomasina izy ireo tamin’ny 1853, ary niditra ny Lohasahan’i Salt Lake fotoana fohy taorian’ny tsingerintaona voalohany nivadiany. Nizaka ny tsy fahampiana nahazo ireo Olomasina hafa izy ireo nandritra ny diany. Saingy tsy nifarana ny fijaliana sy ny fahorian’izy ireo rehefa tonga tao amin’ny Lohasahan’i Salt Lake izy ireo. Herintaona taorian’izay, dia nanoratra an’izao i Mary izay 19 taona tamin’izany: “Niteraka zazalahy kely izahay. . . . Indray hariva tamin’izy roa na telo volana teo . . . dia nisy zavatra nibitsika tamiko hoe: ‘Hamoy io zazakely io ianao.’”

Niharatsy ny fahasalaman’ily zazakely nandritra ilay ririnina. “Nanao izay azonay natao rehetra izahay, . . . saingy nihombo ny aretin’ily zazakely . . . Maty ny faharoan’ny volana Febroary izy . . . ary dia nigoka ilay kapoaka mangidin’ny fandoazan’ily avy amin’ny nofoko sy ny rako aho.” Kanefa tsy nitsahatra hatreo akory ny fitsapany. Narary koa ny vadin’i Mary ary maty telo herinandro taorian’ny nahafatesan’ny zanany.

Nanoratra i Ray hoe: “Noho izany, raha mbola vao roapolo taona latsaka aho dia nesorina tamiko tao anatin’ny fotoana fohy teo amin’ny 20 andro, ny vadiko sy ilay zanako tokana, ary tany amin’ny tany hafa iray izay an-jatony kilaometatra maro lavitra ny fianakaviako aho ary nanana olana maro teo anoloako . . . ka dia naniry koa ny mba hahafatesako sy hiarahako amin’ireo olon-tiako.”

Nanohy i Mary hoe: “Nandehandeha an-tongotra niaraka tamin’ny namako iray aho indray Alahady hariva. . . . Nahatsiaro ny tsy nahateo ny [vadiko] aho sy ilay fanirery lalina tsapako, ary rehefa nigogogogo nitomany aho dia afaka nahita toy ny fahitana tao an-tsaiko ilay havoana mi-deza tokony hianihako ary nahatsapa



ny fahamarinan’izany tamin’kery lehibe. Tratan’ny fikorontanan-tsaina lalina aho satria fantatr’ily fahavalo ny fotoana tokony hanafihana antsika, *saingy manana ny hery hamonjena antsika ilay [Mpamonjy antsika Jesoa Kristy]*. Afaka niady nanohitra ireo hery izay toa nanafika ahy aho tamin’izany fotoana izany tamin’ny alalan’ny . . . fanampiana nomen’ny Ray.”⁸

Vao 10 taona monja i Mary dia nianatra fa afaka manome fahatokiana antsika ny Sorompanavotana fa azo ahitsy ny zavatra tsy ara-drariny rehetra eo amin’ity fiainana ity—na ireo fahoriana tena lalina aza.

Fitsipika 2: Misy hery ao anatin’ny Sorompanavotana izay manome fahafahana antsika hanaisotra ny maha-lehilahy na vehivavy araka ny nofo antsika ary ho lasa mpianatra marin’i Jesoa Kristy.⁹

Misy fomba iray izay hahafantarana fa nianatra fotopampianarana na fitsipiky ny filazantsara iray isika. Misohe izany rehefa afaka mampianatra fotopampianarana na fitsipika iray amin’ny fomba iray ahafahan’ny ankizy mahatakatra izany isika. Fifanahafana

iray izay hita ao amin’ny leson’ny Kilonga no loharano sarobidy iray hampianarana ny ankizy hahatakatra ny Sorompanavotana. Angamba afaka manampy antsika izany amin’ny fampianarana ny zanatsika manokana na ny zafikelintsika na ireo namana avy any amin’ny finoana hafa izay maniry ny hahatakatra io fotopampianarana manan-danja io.

“Nisy [vehivavy] iray nandeha teny an-dalana ary nianjera tao anaty lavaka iray izay tena lalina ka tsy afaka nihanika nivoaka tao [izy]. Tsy afaka namoaka [irery] ny tenany tao [izy] na inona na inona zavatra natao[ny]. Niantso vonjy ilay [vehivavy] ary faly rehefa nisy mpandalo iray tsara fanahy nandre [azy] ka nampidina tohatra tao anatin’ily lavaka. Nanome [azy] fahafahana hivoaka ilay lavaka izany ary hahazo indray ilay fahafaha[ny].

“Toy io [vehivavy] tao anaty lavaka io isika. Toy ny mianjera ao anatin’ny lavaky ny fahotana isika ary tsy afaka mamoka ny tenantsika irery. Nandefa ny Zanany Lahitokana ny Ray any an-danitra mba hanome ireo fomba entina mivoaka, toy ilay mpandalo tsara fanahy izay naheno ny hiakiakan’ily

[vehivavy] nitady vonjy. Azo oharina amin'ilay tohatra ampudinina ao anatin'ny lavaka ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ary manome antsika ireo fomba hivoahana izany."¹⁰ Saingy manao zavatra mihoatra noho ny mampidina tohatra ny Mpamonjy. "Midina ao amin'ilay lavaka izy ary manao izay ahafahantsika mampiasa ilay tohatra mba hivoahana."¹¹ "Toy ny tsy maintsy niakaran'ilay [vehivavy] tamin'ilay tohatra dia tsy maintsy mibebaka amin'ny fahotantsika koa isika sy mankatò ireo fitsipika sy ôrdônansin'ny filazantsara mba hahatafavoahana ao amin'ilay lavaka misy antsika ary manao izay iasan'ny Sorompanavotana eo amin'ny fiainantsika. Noho izany, manao izay ahafahantsika ho lasa mendrika ny hiverina eo anatrehan'ny Ray any an-danitra ny Sorompanavotana rehefa avy nanao izay vitantsika rehetra isika."¹²

Vao haingana aho no nanana tom-bontsoa nihaona tamin' ny mpisava lalana iray amin'izao andro izao, izay zanakavavy malalan'Andriamanitra ary olona niova fo vao haingana ato amin'ny Fiangonana tany Chile. Reny tokan-tena izy ary nanan-janaka lahy anankiroa. Afaka namela ny lasany tany aoriany izy tamin'ny alalan'ny herin'ny Sorompanavotana ary miezaka mafy ankehitriny mba ho lasa mpianatra marin'i Jesoa Kristy. Tonga ato an-tsaiko ny fitsipika iray nampianaran'ny Loholona David A. Bednar rehefa mieritreritra azy aho: "Zava-dehibe ny mahafantatra fa tonga teto an-tany i Jesoa Kristy mba ho *faty* ho antsika—zavatra manan-danja sy fototra iorenan'ny fotopampianaran'i Kristy izany. Saingy mila koa isika mankasitraka ny hoe, irian'ny Tompo amin'ny alalan'ny Sorompanavotany sy ny herin'ny Fanahy Masina ny *hitoetra* ao anatintsika—tsy hoe mba hitarika antsika fotsiny fa mba hanome hery antsika."¹³

Nanome toky ahy tamimpientanentanana ilay rahavavy avy any Chile fa vonona ny hanohy ilay lalana izy rehefa nifanakalo hevitra mikasika ny fomba hijanonana eo amin'ny lalana mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay izahay. Tany ivelan'ny lalana izy ny ankamaroan'ny fotoana teo amin'ny fiainany, ary nambaran'ny fa tsy misy na inona na inona "any amin'ilay lalana ivelany" any izay tiany hananana indray eo amin'ny fiainany. Miaina ao



anatin'ny herin'ny Sorompanavotana ahafahana manao zavatra. Voasoratra ao am-pony izany.

Tsy hoe manome fahafahana ho antsika fotsiny mba hivoahana ilay lavaka izany hery izany fa manome hery antsika koa hanohy handeha eo amin'ilay lalana ety sy tery izay mitondra miverina eo anatrehan'ny Raintsika any an-danitra.

Fitsipika 3: Porofon'ny lehibe indrindra ananantsika mikasika ny fitiavan'ny Ray ny zanany ny Sorompanavotana.

Tsara isika raha misaintsaina an'ity hevitra mampihetsi-po avy amin'ny Loholona Oaks ity: "Eritrreto fa tsy maintsy tena mafy dia mafy ho an'ny Raintsika any an-danitra izany hoe nandefa ny Zanany Lahy hizaka fijaliana tsy takatry ny saina noho ny fahotantsika izany. Porofon'ny lehibe indrindra maneho ny fitiavany antsika tsirairay izany!"¹⁴

Izany fihetsika fanehoam-pitiavana lehibe izany dia tokony hampahatonga antsika tsirairay handohalika hivavaka amim-pantren-tena hisaotra ny Ray any an-danitra noho ny fitiavany lehibe antsika ka nanolorany ilay Zanany Lahitokana sy lavorary hijaly noho ny fahotantsika sy ny fahoriantantsika ary ireo zavatra izay toa tsy ara-drarin'ny rehetra eo amin'ny fiainantsika manokana.

Tsaroanareo ve ilay vehivavy norehahan'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf vao

haingana? Hoy izy hoe: "Nisy vehivavy iray izay nianjadian'ny fitsapana sy fahoriana nandritra ny taona maro nilaza tamin-dranomaso hoe: Tsapako fa toy ny vola taratasy 20 dôlara efa tranainy aho—miforiporitra, rovidrovitra, maloto, efa nampiasaina be loatra ary misy marika tsy mety miala. Saingy mbola vola taratasy 20 dôlara ihany aho. Manana ny maha-izy azy ahy aho. Na dia toy ny tsy manan-danja aza aho ary na dia efa ratsiratsy sy tonta dia mbola 20 dôlara feno ny sandako."¹⁵

Fantatr'io vehivavy io fa zanakavavy malalan'ilay Ray any an-danitra izy ary ny fananan'io vehivavy io lanja eo anatrehany dia ampy nandefasany an'ilay Zanany Lahy hanao sorona, ho azy manokana. Tokony hahafantatra ny zavatra fantatr'io vehivavy io ny rahavavy rehetra—fa zanakavavy malalan'Andriamanitra izy. Ahoana no hanovan'ilay fahafantarantsika ny fananantsika lanja eo anatrehany an'ilay fomba fitandremantsika ny fanekempihavanantsika? Inona no fiantraikan'ny fahafantarantsika ny fananantsika lanja eo anatrehany eo amin'ny fanirantsika hanompo ny hafa? Ahoana no fomba hampitomboan'ny fahafantarantsika ny fananantsika lanja eo anatrehany an'ilay fanirantsika hanampy ireo izay mila mahatakatra ny Sorompanavotana toy ny ahatakarantsika azy—tena latsa-paka? Rehefa voasoratra lalina ao am-pontsika ny fotopampianaran'ny Sorompanavotana, dia hanomboka ho tonga toy ilay karazan'olona tian'ny Tompo hahatongavantsika isika rehefa ho avy indray Izy. Ho ekeny ho toy ny mpianany marina isika.

Enga anie ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ka hiteraka "fiovana mahery vaika" hitranga ao am-pontsika.¹⁶ Rehefa mahatakatra ity fotopampianarana izay nambaran'ny anjelin'Andriamanitra iray ho toy ny "vaovao mahafaly sady fifaliana lehibe"¹⁷ ity isika dia mampanantena aho fa hahatsapa ny zavatra tsapan'ny vahoakan'ny Mpanjaka Benjamina isika. Taorian'ny nivavahan'izy ireo mba hampiharana ny Sorompanavotana eo amin'ny fiainany dia "feno fifaliana izy ireo"¹⁸ ary "vonona ny hanao fanekempihavanana amin' . . . Andriamanitra, hanao ny sitrapony sy hankatò ny didiny amin'ny zava-drehetra."¹⁹ Ny fanaovantsika sy fitandremantsika ary fifaliantantsika amin'ny fanekempihavanantsika dia ho porofon'ny

fa voasoratra marina ao am-pontsika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ry rahavavy, aoka ianareo hahatsiaro ireto fitsipika telo ireto:

1. "Azo ahitsy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny zavatra rehetra tsy ara-drarin'ny eo amin'ny fiainana."²⁰
2. Misy hery ao anatin'ny Sorompanavotana izay manome fahafahana antsika hanaisotra ny maha-lehilahy na vehivavy araka ny nofo antsika ary ho lasa mpianatra marin'i Jesoa Kristy.²¹
3. Porofo lehibe indrindra ananantsika mikasika ny fitiavan'ny Ray ny zanany ny Sorompanavotana.²²

"Rehefa afaka izany andro izany hoy Jehovah, dia hataoko ao an-tsainy ny lalàko sady *hosoratako ao am-pony*; ary izaho ho Andriamaniny ary izy ho oloko."²³ Manasa antsika aho mba hangataka ny Tompo hanoratra ireo fitsipiky ny Sorompanavotana ireo ao am-pontsika. Mijoro ho vavolombelona aho fa marina izy ireo. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38.
2. *Old Testament: Gospel Doctrine Teacher's Manual* (2001), 198.
3. Jeremia 31:33-34; nampiana famanamafisana.
4. Jeffrey R. Holland, "Fifanakalozan-kevitra an-databatra boribory, *Worldwide Leadership Training Meeting*, Feb. 9, 2008, 28.
5. *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera* (2004), 52.
6. Joba 38:7.
7. Dallin H. Oaks, "The Challenge to Become," *Liahona*, Jan. 2001, 42.
8. Tantaran'i Mary Lois Walker Morris (misy tahadikana izany any amin'i Linda Kjar Burton).
9. Jereo ny David A. Bednar, "The Atonement and the Journey of Mortality," *Liahona*, Apr. 2012, 12-19.
10. *Kilonga 7: Testamenta Vaovao* (1997), 104.
11. Joseph Fielding Smith, *Doctrines of Salvation*, natambatr'i Bruce R. McConkie, boky 3 (1954-56), 1:123.
12. *Kilonga 7*, 104.
13. David A. Bednar, *Liahona*, Apr. 2012, 14.
14. Dallin H. Oaks, "Love and Law," *Liahona*, Nôv. 2009, 26.
15. Dieter F. Uchtdorf, "You Are My Hands," *Liahona*, Mey 2010, 69.
16. Jereo ny Almà 5:12-14.
17. Môsîà 3:3.
18. Jereo ny Môsîà 4:1-3.
19. Jereo ny Môsîà 5:2-5.
20. *Torio ny Filazantsarako*, 52.
21. Jereo ny David A. Bednar, *Liahona*, Apr. 2012, 12-19.
22. Jereo ny Dallin H. Oaks, *Liahona*, Nôv. 2009, 26.
23. Jeremia 31:33; nampiana famanamafisana.



Nataon'i Carole M. Stephens

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

Fantaro Tsara ny Andraikitrareo

Tokony ho fantatsika tsara ny andraikitsika ary tokony hanohy amin-pinoana isika rehefa miantehitra amin'ilay herin'ny Sorompanavotana izay mampahery, mampatanjaka sy manome fahafahana hanao zavatra ary manasitrana.

Naniry ny hahafantatra bebe kokoa mikasika an'ireo vehivavy izay nanompo talohako taorian'ny niantsoana ahy ho ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany aho. Variana tamin'ny fampianarana nomen-drahavavy Zina D. Young aho, izay mpanolotsaina voalohany tao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany faharoa. Hoy izy hoe: "Ry rahavavy, tokony hahafantatra tsara ny andraikitsika isika."¹ Nisaintsaina mikasika ny teny hoe *misaintsaina tsara syandraikitra* aho ary nanao fikarohana fanampiny tao amin'ny soratra masina.

Nampianatra an'ireo Olomasina tamin'ny androny i Paoly ao amin'ny Testamenta Vaovao manao hoe:

"Fa ankehitriny izao dia ora tokony hifohazanareo amin'ny fatoriana; fa ankehitriny ny famonjena antsika dia akaiky. . . .

"Efa ho lasa ny alina, ka efa mby akaiky kokoa ny andro: koa aoka . . . hitafiantsika ny fiadian'ny mazava."²

Nampianatra ny vahoaka mikasika ireo andraikitra masin'ireo izay miditra manao fanekempihavanana amin'Andriamanitra i Almà ao amin'ny Bokin'i Môrmôna:

"Ary ankehitriny, satria maniry ianareo ny ho tonga ao amin'ny valan'Andriamanitra sy hantsoina hoe vahoakany ary te-hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hana-maivana izany;

"Eny ary te-hiara-malahelo amin'izay malahelo; eny, ary hampionona ireo izay mila fampiononana sy hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zava-drehetra, ary amin'ny toerana rehetra. . . .

"Ankehitriny, lazaiko aminareo, raha izany no fanirian'ny fonareo, inona no misakana ny tsy anaovana batisa anareo amin'ny anaran'ny Tompo ho vavolombelona eo anoloany fa efa nanao fanekempihavanana Taminy ianareo, fa hanompo Azy sy hitandrina ny didiny mba hahazoany mampidina bebe kokoa ny Fanahiny aminareo?

"Ary ankehitriny nony efa nandre izany teny izany ny vahoaka dia niteha-tànana noho ny fifaliana ary niantso hoe: Izany no fanirian'ny fonay."³

Nahatonga ahy hieritreritra mikasika ireo "andraikitra" izay tokony ho fantatsika tsara amin'izao androntsika izao

ny fanambarana nataon-drahavavy Young sy ireo soratra masina ireo.

Rehefa atao batisa isika dia miditra ao amin'ny fanekempihavanana iray. Nampianatra ny Loholona Robert D. Hales hoe: “Rehefa manao fanekempihavanana sy mitandrana izany isika dia miala amin'izao tontolo izao ary miditra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra.”⁴

Miova isika. Lasa olona hafa ary manao zavatra amin'ny fomba hafa isika. Lasa hafa ny zavatra henointsika sy vakiantsika ary lazaintsika, ary hafa ny zavatra hanaovantsika satria lasa zanakavavin'Andriamanitra isika izay voafatotra Aminy amin'ny alalan'ny fanekempihavanana.

Mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina isika rehefa raisina ho mpikambana, izany hoe manana zo hanana ny fitarihana tsy tapaka avy amin'ily mpikambana iray ao amin'ny Andriamanitra mba hitarika antsika sy hankahery antsika ary hiaro antsika. Mampitandrana antsika Izy rehefa alaim-panahy hanalavitra an'ireo fanekempihavanantsika isika ary hiverina any amin'izao tontolo izao. Nampianatra ny Filoha Boyd K. Packer fa tsy misy na iza na iza amintsika “hanao fahadisoana tena lehibe ka hoe tsy nahazo fampitandremana mialoha tamin'ny alalan'ny bitsiky ny Fanahy Masina.”⁵

Mba hahazoana izany fanomezana izany sy mba hananana ny Fanahy miaraka amintsika dia tsy maintsy mendrika isika sy malina eo amin'ny

fanaraha-maso ny toe-pontsika. Moa ve malefaka ny fonsika? Manana fo feno fanetren-tena sy manaiky ampiaraina ary feno fitiavana ve isika? Sa ve ilay fonsika lasa nihamafy tsikelikely rehefa navelantsika hanembantsembana antsika amin'ireo bitsika izay azo antoka fa avy amin'ny Fanahy ny sofintsika ireo tabataba maron'izao tontolo izao?

Lasa miova sy mahafantatra tsara an'Andriamanitra ny fonsika rehefa atao batisa isika. Eto amin'ily dintsika eto an-tany dia mila manontany tsy tapaka ny tenantsika hoe: “Raha efa nandalo fiovam-po [aho], . . . tsapa[ko] ve izany ankehitriny?”⁶ Ary raha mbola tsy tsapako izany dia maninona moa raha miezaka ny mahatsapa izany aho?

Maro tamin'ireo Olomasina tany am-piandohana no “nahatsapa fiovana mahery vaika tao am-po[ny].”⁷ Nanomana azy ireo handray ireo fitahian'ny tempoly mba hampatanjaka azy ireo eo amin'ny andraikiny izany. Ireo Olomasina fahiny tany Nauvoo dia nandeha “tany amin'ny tempoly andro aman'alina”⁸ mba handray ireo ôrdônansy sy hanao ireo fanekempihavanana alohan'ny nanombohany ny diany nankany andrefana.

Nilaza an'izao i Sarah Rich, izay rahavavy iray tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana tany Nauvoo: “Nandray fitahiana maro izahay tao amin'ny tranon'ny Tompo, izay nitondra fifaliana sy fampaherezana ho anay tao anatin'ireo fahorianay rehetra ary nanome

fahafahana anay mba hanana finoana an'Andriamanitra, noho ny fahafantarana fa hitarika sy hanohana anay Izy mandritra ilay dia any amin'ny tany tsy fantatra iray izay miandry anay.”⁹

Nifoha mba handray andraikitra izy ireo niaraka tamin'ily fo niova tamin'ny alalan'ny finoana ny Mpamonjy sy ny fianteherana tamin'ily herin'ny Sorompanavotany. Fantatr'izy ireo lalina tao am-pony fa nisy olona iray—ny Mpamonjy—izay nahatakatra ny fahorian'izy ireo manokana satria nozakainy ho azy ireo izany tao amin'ny Sahan'i Getsemane ary teo amin'ny hazo fijaliana. Tsapany ny tahotr'izy ireo, ny ahiahin'izy ireo, ny fanaintainan'izy ireo ary ny fahatsapan'izy ireo ho irery. Nozakainy ny fahorianana, ny fanenjehana, ny hanoanana, ny harerahana nianjady tamin'izy ireo ary ny famoizana olontiana. Ary satria nizaka ireo zavatra rehetra ireo Izy dia afaka niteny tamin'izy ireo hoe: “Mankanesa aty Amiko izay mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.”¹⁰

Dia tonga izy ireo. Natoky sy nanaraka ny mpaminany izy ireo. Fantatr'izy ireo fa ho lava ny dia ary ho sarotra ny andraikiny. Fantatr'izy ireo fa hitaky fahafoizan-tena izany, saingy voaomana ara-panahy izy ireo rehefa notohanany ny finoany sy nifikitra tamin'ireo fanekempihavanany.

Nanoratra hafatra teo amin'ny efitranon'ny mpivory tao amin'ily tempoly izay noterena mba hilaozan'izy ireo ny andian'Olomasina iray talohan'ny nandaozana an'i Nauvoo. Mivaky toy izao izany: “Nahita ny fahafoizan-tenany ny Tompo: avia manaraha anay.”¹¹

Vao haingana aho no nandray anjara tamin'ny fanaovana dian'ny mpisava lalana niaraka tamin'ny zatovolahy sy zatovovavy tao amin'ny paroasiko. Nanontany tena aho isamaraina hoe: “Inona no zavatra tokony hataoko hanehoako fahafoizan-tena? Ahoana no ahafahako manaraka ny ohatra nasehon'izy ireo?”

Ny andro faharoan'ily dia, dia nitarika an'ireo saretinay tao anatin'ny 13 km izahay ary tonga teo amin'ny toerana iray tao anatin'ily lalana aleha izay nantsoina hoe “the women's pull.” Nosarahana ny lehilahy sy ny vehivavy ary nasaina nandeha aloha niakatra ilay havoana ireo lehilahy. Rehefa nanomboka nitarika ireo saretinay izahay dia nitraka nijery ireo rahalahy



mpihazona ny fisoronana, tanora sy efa lehibe, nilahatra tamin'ny sisiny roan'ny lalana ary nanala satroka ho mari-panajana an'ireo vehivavy.

Mora ny nandeha tamin'ilay lalana tamin'ny voalohany saingy vetivety dia tafiditra tao anaty fasika lalina izahay ary lasa nideza be ilay havoana. Nanondrika ny lohako sy teo am-panosehana faran'izay heriko aho rehefa nahatsapa fa nisy nisintona ilay sarety, dia nitraka aho ary nahita an'i Lexi, iray amin'ireo zatovovavinay sy mpifanolo-bodirindrina amiko. Efa nahasintona ny saretiny hatreny amin'ny tampony izy ary rehefa nahita ny filanay fanampiana dia nihazakazaka niverina. Rehefa tonga teny amin'ny tampony izahay dia naniry mafy aho ny hiverina hihazakazaka hanampy ireo izay nanaraka ahy, saingy sempotra be aho ary nidobodoboka be ny foko ka tonga tao an-tsaiko nihotra ny indray mandeha ny teny hoe *aretim-po!* Nijery tamim-pankasitrahana an'ireo zatovovavy aho izay nametraka ny saretiny ary nihazakazaka nanampy.

Naka fotoana vitsivitsy izahay mba hiraketana ireo zavatra tsapanay tao amin'ny diarinay rehefa tonga teny amin'ny tampony daholo ny rehetra. Nanoratra aho hoe: "Tsy niomana tsara ara-batana aho ka tsy nanana tanjaka hanampiana ireo izay nanaraka ahy. Mety tsy mila mamerina mitarika sarety intsony aho, saingy tsy ho avelako halemy ara-panahy velively ny rahavaviko, tsia!"

Izany zavatra masina niainako izany dia nampifoha ahy ara-panahy amin'ireo andraikitra eo anatrehan'ny fianakaviako sy ny hafa. Nieritritra ny zavatra nianaraka aho nandritra ny dianay.

Voalohany, nieritritra an'ireo rahavavy izay *nisintona* irery ny saretiny aho ary *mbola manohy izany ankehitriny*. Saika ny 20 isan-jato teo ho eo tamin'ireo vehivavy tao amin'izany vondron-tsarety tany am-piandohana izany dia irery, na farafahakeliny teny amin'ny ampahan-dalana sasany. Ireo vehivavy ireo dia tsy nanambady ny sasany, na reny tokan-tena sy maty vady. Maro no reny tokan-tena.¹² Samy niaraka niasa izy ireo—zanakavavin'ny fanekempihavanana, tanora sy lehibe izay samy manana ny toe-javatra iainany ary iray lalana sy iray tanjona.

Ireo izay nihazakazaka nanampy ny rahavaviny sahirana dia nampahatsiaro



ahy ireo mpanavotra, izay hita sy tsy hita maso, izay mailaka mandininjavatra, dia mahita filana fanampiana ary mandeha manampy.

Nieritritra an'ity tenin'ny Tompo ity aho: "Ho eo ankavananareo sy eo ankavianareo Aho, ary ho ao amponareo ny Fanahiko, ary hanodidina anareo ny anjeliko mba hanohana anareo."¹³

Lehilahy mahatoky sy mpankatò ary nitandrina ny fanekempihavanany no nilahatra tamin'ny sisiny roan'ilay lalana. Ilay herin'ny fisoronany—izay hery ampiasain'Andriamanitra hitahiana ny zanany rehetra—dia nanentana ny fanahinay sy nampatanjaka anay ary nanohana anay. Mpampanahatsiahy izy ireo fa tsy irery velively isika. Afaka manana izany hery izany miaraka amintsika foana isika rehefa mitandrina ny fanekempihavanantsika.

Nieritritra an'ireo lehilahy izay nisarakana tamin'ny fianakaviana nandritra ilay dia aho, ka namela azy ireo hitarika irery an'ilay sarety. Maro ireo lehilahy no maty nandritra ilay dia. Ny zanany lahy sasany nandeha nitory ny filazantsara tany amin'ny toerana niaviany. Ny sasany nandeha nifindra monina mialoha mba hanomana ny fahatongavan'ny fianakaviany any amin'ny Lohasahan'i Salt Lake. Nisy lehilahy sasany tsy teo noho ny safidiny satria nisafidy ny tsy hitandrina ny fanekempihavanany izy ireo.

Maro ankehitriny, toy ireo izay efa nialoha lalana, no miaina ao anatin'ny toe-javatra izay tsy tena tsara. Manohy mampianatra sy miezaka ny manatratra ilay tena tsara isika noho ny fahafantarantsika fa ny fiezahana tsy tapaka dia hampivoatra antsika eny amin'ilay lalana ary hanomana antsika amin'ireo zava-mahasoa dia ny handray ireo fitahiana nampanantenaina rehefa "miandry an'i Jehovah."¹⁴

Samy efa nandalo fitsapana isika tsirairay teo amin'ny fiainantsika ary mbola handalo an'izany ihany. Fotoampisedrana ny fiainana eto an-tany ary hanohy hanana fahafahana hampiasa ny fahafahantsika misafidy ny zavatra hianarantsika avy amin'ilay fitsapana izay azo antoka fa ho avy isika.

Amin'ny mahanakavavin'Andriamanitra antsika, dia manohy amim-pinoana ilay lalana isika satria manaiky ny zavatra nampianarin'ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Mendrika ny hanaovana ny fahafoizan-tena sy ny ezaka rehetra ireo ôrdônansin'ny famonjena raisina any amin'ny tempoly izay ahafahantsika miverina any amin'ny Raintsika any an-danitra indray andro any ao anatin'ny fianakaviany miaraka mandrakizay ary ahafahantsika mahazo fitahiana sy hery avy any ambony."¹⁵

Tsy ampy ny hoe manao ilay dia fotsiny. Tokony ho fantatsika tsara ny andraikitsika ary tokony hanohy

amim-pinoana isika rehefa miantehitra amin'ilay herin'ny Sorompanavotana izay mampahery, mampatanjaka sy manome fahafahana hanao zavatra ary manasitrana.

Ry rahavavy! Tiako ianareo. Tsy fantatro manokana ny ankamaroanareo, kanefa tena fantatro hoe *iza* ianareo! Zanakavavy mitandrina ny fanekempihavanana ao amin'ny fanjakany isika ary vonona ny hanao ny andraikitsika isika rehefa nomena hery amin'ny alalan'ireo fanekempihavanantsika.

Ny Fikambanana Ifanampiana dia manomana ny vehivavy amin'ireo fitahian'ny fiainana mandrakizay amin'ny alalan'ny famohazana antsika arapanahy mba hampitombo ny finoana sy fahamarinan'ny tena manokana. Ndeha atombontsika amin'ny tenantsika izany. Ndeha atombontsika any amin'izay misy antsika izany. Ndeha atombontsika androany izany. Rehefa mifoha ara-panahy isika dia afaka manamafy orina tsara kokoa ireo fianakaviana sy tokantrano ary afaka manampy ny hafa.

Asa famonjena ity ary manao izay hahatanteraka izany ilay herin'ny Sorompanavotana izay mampatanjaka sy manome fahafahana hanao zavatra. Fantaro tsara hoe *iza* ianao. Fantaro tsara ny andraikitrao. Zanakavavin'ny Raintsika any an-danitra isika, izay tia antsika. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Zina D. Young, ao amin'ny *Woman's Exponent*, Ôkt. 15, 1877, 74.
2. Romana 13:11–12.
3. Môsîà 18:8–11.
4. Robert D. Hales, "Modesty: Reverence for the Lord," *Liahona*, Aog. 2008, 21.
5. Boyd K. Packer, "How to Survive in Enemy Territory," *Liahona*, Ôkt. 2012, 35.
6. Almà 5:26.
7. Almà 5:14.
8. *Filles dans mon royaume: L'histoire et l'oeuvre de la Société de Secours* (2011), 29.
9. Sarah Rich, ao amin'ny *Filles dans mon royaume*, 30.
10. Matio 11:28.
11. Ao amin'ny *Filles dans mon royaume*, 30.
12. Fanadihadiana notarihan'i Jolene S. Allphin, avy ao amin'ireo tantara sy firaketana ao amin'ny *Tell My Story, Too*, boky nivoaka faha-8 (2012).
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88.
14. Isaia 40:31.
15. Thomas S. Monson, "The Holy Temple—a Beacon to the World," *Liahona*, Mey 2011, 92.



Nataon'i Linda S. Reeves

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadian'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

Tsy Manadino Anao ny Tompo

Mahafantatra sy tia antsika ny Raintsika any an-danitra sy ny Mpamonjy antsika, Jesoa Kristy. . . . Afaka mahatsapa ny Fitiavany sy ny fangorahany antsika isika mandritra ilay fijaliantantsika.

Raha nihaona tamin'ireo rahavavy manerana izao tontolo izao izahay dia variana tamin'ny tanjaky ny fijoroanareo ho vavolombelona. Maro aminareo no taranaka voalohany mpi-kamban'ny Fiangonana na taranaka faharoa. Mahita rahavavy izahay izay manana antso maromaro, manao dia lavitra mba handehanana miangona ary manao fahafoizan-tena mba hanaovana sy hitandremana ireo fanekempihavanana masin'ny tempoly. Maneho haja anareo izahay. Mpisava lalan'ny Tompo amin'izao andro izao ianareo!

Vao haingana izay izaho sy ny vadiko, Mel no nihaona tamin'ny mpitondra mpitsidika miasa an-tsitraro antsoina hoe Mollie Lenthal rehefa nitsidika tranom-bakoka iray tany Australie izahay. Fantatray tamin'izany fa i Mollie izay vehivavy 70 taona mahery maha-te ho tia dia tsy manan-janaka ary tsy mba nanambady mihitsy. Vavy tokana izy ary efa maty taona maro lasa ny ray aman-dreniny. Ny fianakaviana tena akaiky azy dia olona roa zanaky ny iray tampo amin'ny ny iray amin'ny rainy na ny reniny izay mipetraka any amin'ny kaontinanta hafa. Tampoka teo dia nanenika ahy ny Fanahy nijoro ho vavolombelona tamiko, tahaka ireny hoe ny Ray any an-danitra ireny

mihitsy no niteny nanao hoe: "Tsy irery i Mollie! Zana *ko* vavy i Mollie! Rainy aho! Zanakavavy manan-danja ao amin'ny fianakavia *ko* izy ary tsy *ho irery na oviana na oviana!*"

Ny tantaran'i Lazarosy no iray amin'ireo tantara tiako indrindra avy amin'ny fiainan'ny Mpamonjy. Manambara amintsika ny soratra masina hoe "Jesosy tia an'i Marta . . . sy ny rahavaviny [Maria] ary [ny rahalahiny] Lazarosy."¹ Nampilazaina i Jesoa fa marary mafy i Lazarosy, kanefa tsy nandeha nankany avy hatrany i Jesoa. Mbola nijanona roa andro fanampiny Izy, sady nilaza hoe: "izany aretina izany, . . . [dia] hampisehoana ny voninahitr'Andriamanitra, mba hankalazana ny Zanak'Andriamanitra."²

Rehefa nandre i Marta fa ho avy i Jesoa dia "nandeha nitsena Azy"³ izy ary nilaza Taminy ny zava-nitranga. "Nilevina hefarana"⁴ i Lazarosy. Tao anatin'ny alahelo no nihazakazahan'i Marta nody tany an-trano mba hilaza amin'i Maria fa tonga ny Tompo.⁵ Nihazakazaka nanatona an'i Jesoa i Maria izay novesaran'ny alahelo ary niankohoka teo an-tongony sy nitomany.⁶

Nolazaina tamintsika hoe: "Ary Jesosy, nony nahita [an'i Maria] nito-many, . . . dia vonto ny fanahiny, ka

tora-kovitra Izy,” ary nanontany hoe aiza no nandevenan’ireo azy.

“Dia hoy ireo taminy: Tompoko, andeha hizaha.”⁷

Ary dia mamaky ireo teny izay anisan’ny maneho fangorahana sy fitiavana be tokoa ao amin’ny soratra masina isika hoe: “Jesosy nitomany.”⁸

Nanoratra ny Apôstôly James E. Talmage hoe: “Ny fahitana ireo vehivavy roa novesaran’ny alahelo, . . . dia nahatonga an’i Jesoa ho nalahelo [niaraka tamin’izy ireo], ka vonty ny fanahiny ary sahiran-tsaina lalina Izy.”⁹ Izany zava-niseho izany dia mijoro ho vavolombelona mikasika ny fangorahana, ny fahalalana ara-po ary ny fitiavan’ny Mpamonjy, sy ny Raintsika any an-danitra antsika tsirairay avy isaky ny vesaran’ny ahiahy, ny ota, ny fahoriana sy ny fijalian’ny fiainana isika.

Ry rahavavy malala, mahafantatra sy tia antsika ny Raintsika any an-danitra sy ny Mpamonjy antsika, Jesoa Kristy. Fantatr’izy ireo rehefa ory sy mijaly isika. Tsy miteny Izy ireo hoe: “Tsy maninona raha mijaly ianareo ankehitriny satria atsy ho atsy dia hirindra ny zava-drehetra. Ho sitrana ianareo, na hahita asa ny vadinareo, na hiverina hody ireo zanakareo adala.” Mahatsapa ny hamafin’ny fijaliansika izy ireo, ary afaka mahatsapa ny Fitiavany sy ny fangorahany antsika isika mandritra ilay fijaliansika.

Nijoro ho vavolombelona i Almà hoe:

“Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany; ary izany dia ny mba hahatanteraka ny teny izay milaza fa hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin’ny olony Izy.

“Ary haka ny . . . rofiny ho eo Aminy Izy mba hahatonga ny ao anatin’ny feno famindram-po, . . . mba hahafantarany . . . ny fomba hanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny.”¹⁰

Rehefa manontany tena isika hoe *moa ve* fantaty ny Mpamonjy antsika sy ny Raintsika any an-danitra isika na hoe *hatraiza ny tena* fahafantaran’Izy ireo antsika manokana, dia tokony hotsaroantsika ny tenin’ny Mpamonjy tamin’i Oliver Cowdery:

“Raha maniry vavolombelona fanampiny ianao, dia avereno ao an-tsainao ilay alina izany nitalahoanao Tamiko tao am-ponao, mba



hahafantaranao ny momba ny fahamarinan’ireto zavatra ireto.”¹¹

Talohan’io dia niteny taminy ny Mpamonjy hoe: “Fa tsy misy afa-tsy Andriamanitra ihany no mahalala ny eritreritrao sy ny fisaintsainan’ny fonoa.”¹²

Nampahatsiahivin’ny Mpamonjy an’i Oliver fa fantany ny antsipirian’izany vavaka feno fitalahoana izany—ary tsaroany—ilay fotoana marina nanaovana azy, tamin’izay alina izay mihitsy.

Taona maro lasa izay dia narin’ny aretina tsy mahazatra loatra ny vadiko. Rehefa nandalo ireo herinandro ary nihanarary mafy izy dia toa niharesy lahatra aho fa ho faty izy. Tsy nolazaiko na tamin’iza na tamin’iza ny tahotra. Nanana fianakaviana lehibe izahay izay fianakaviana mandrakizay mbola misy ankizy ary fanambadiana niaina tao anatin’ny fitiavana, ka ilay eritreritra hoe hamoy ny vadiko sy hamelona irery ny zanako dia nameno fahatsapana ho irery tao anatiko, sy fahakiviana ary hatezerana mihitsy aza. Menatra aho hilaza fa nanalavitra ny Raiko any an-danitra. Tsy nivavaka aho nandritra ny andro maromaro. Tsy nanao na inona na inona aho. Nitomany aho. Farany dia tonga saina aho fa tsy hahavita izany zavatra izany

irery.

Vao voalohany tao anatin’ny andro maromaro no nandohalihako sy namborahako ny tao am-poko tamin’ny Raiko any an-danitra, nangatahiko famelan-keloka tamin’ny fanalavirako Azy, nilazako Taminy ny zavatra tena tsapako lalina, ary farany dia nilaza aho fa raha izany no tena tiany hataoko dia hanao izany aho. Fantatro fa tsy maintsy nanana drafitra ho an’ny fiainanay Izy.

Raha mbola teo am-pandohalihana namboraka ny tao am-poko iny aho dia nisy fahatsapan-javatra faran’izay tsara, sy faran’izay tena mitondra fiadanana sy fitiavana nanenika ahy. Tahaka ireny nofonosin’ny lamba firakotry ny fitiavana ireny aho. Toy ireny hoe tsapako izany ny Ray any an-danitra miteny amiko hoe: “Izay ihany no tiako ho fantatra.” Nanapakevitra ny tsy hanalavitra Azy intsony aho. Nanomboka nihatsara tsikelikely sy tamim-pahagagana ny vadiko dia sitrany tanteraka avy eo.

Taona maro taty aoriana dia nandohalika teo anilan’ny zanakay vavy 17 taona izaho sy ny vadiko ary nitalaho hitsimbinana ny ainy. Tamin’ity fotoana ity dia tsia ny valiny, saingy ilay fahatsapana fitiavana sy fiadanana izay



ny miseho amin'ireny fotoana ireny. Tiany ianareo! Ary hanohana anareo Izy ao anatin'ireo fotoana ireo tahaka ny nataony tamin'i Maria sy Marta. Nanonitra ny sarany Izy mba hahafantarany ny fomba hamonjeny anareo. Atolory Azy ny enta-mavesatrarao. Lazao amin'ny Rainareo any an-danitra ny zavatra tsapanareo. Zarao Aminy ny fijalianareo sy ny fahorianareo ary atolory Azy izany. Halalino *isanandro ny soratra masina*. Hahazo fampiononana sy fanampiana goavana koa ianareo.

Nanontany ny Mpamonjy antsika hoe:

“Fa moa mety manadino ny zanany minono va ny vehivavy ka tsy hanana fangorahana ny zanakalahy naloaky ny kibony? Eny, mety manadino izy kanefa Izaho tsy hanadino anao. . . .

“ . . . Efa vitako tombokavatsa eo amin' ny felatanako ianao.”¹⁴

“Efa nandidy Aho mba *tsy hisy* aminareo handeha hiala, fa efa naleoko kosa nandidy ny hankanesanareo aty Amiko ka hahazoanareo mitsapa sy mahita; dia toy izany koa no hataonareo amin' izao tontolo izao.”¹⁵

Izany no andraikitsika. Tokony hahatsapa sy hahita ho an'ny tenantsika manokana isika ary avy eo hanampy ny zanaky ny Ray any an-danitra rehetra hahatsapa sy hahita ary hahafantatra fa tsy ny fahotantsika rehetra fotsiny no nentin'ny Mpamonjy antsika fa ny fanaintainantsika sy ny fijalian-tsika ary ny fahoriantantsika koa mba hahafantarany ny zavatra tsapantsika sy ny fomba hampaherezana antsika. Mijoro ho vavolombelona momba Azy aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jaona 11:5.
2. Jaona 11:4.
3. Jaona 11:20.
4. Jaona 11:17.
5. Jereo ny Jaona 11:28.
6. Jereo ny Jaona 11:32.
7. Jaona 11:33–34.
8. Jaona 11:35.
9. James E. Talmage, *Jésus le Christ*, 3 ème édit. (1916), 493.
10. Almà 7:11–12.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:22.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:16.
13. Jereo ny Almà 36:14–22; nampiana fanamafisana.
14. 1 Nefia 21:15–16.
15. 3 Nefia 18:25; nampiana fanamafisana.

nampanantenain'ny Mpamonjy anay dia mahery tokoa, ary dia fantatray fa hiamina ny zava-drehetra na dia nantsoin'ny Ray any an-danitra hody any Aminy aza izy. Lasa nahafantatra ny dikan'izany hoe manolotra ny enta-mavesatray any amin'ny Tompo izahay, ary nahafantatra fa tiany isika ary mahatsapa fangorahana ho antsika Izy ao anatin'ny fahoriantantsika sy ny fijalian-tsika.

Iray amin'ireo fotoana mamy nifampizaran'ny ray sy ny zanakalahy iray ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny fizaran'i Almà Zanany ny fijoroany ho vavolombelona tamin'i Helamàna. No-fariparitan'i Almà ny “horohoro tsy hay lazaina” izay tsapany teo am-pakana sary an-tsaina ny fanatrehany an'Andriamanitra mba hotsaraina amin'ireo fandikan-dalany maro. Taorian'ny fahatsapany ny havesatry ny otany rehetra nandritra ny telo andro sy telo alina dia nibebaka sy nangataka famindram-po tamin'ny Mpamonjy izy. Nolazainy tamin'i Helamàna avy eo ny fifaliana “mamy sy feno” noho ny tsy

fahatsiarovany “intsony” ny fijaliany. Nahazo fahitana “an' Andriamanitra mipetraka eo amin' ny seza fiandrianany” i Almà raha tokony hahatsapa “horohoro tsy hay lazaina” eo ampakana sary an-tsaina ny fandrosoana eo amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra ary nanambara izy hoe: “*Nirian'* ny fanahiko ny hankeo.”¹³

Tsy toy izany ve ry rahavavy malalako no tsapantsika rehefa mibebaka isika sy mandinika ny fitiavana sy ny famindram-po ary ny fankasitrahana izay tsapantsika amin'ny Raintsika any an-danitra sy ny Mpamonjy antsika—ka “maniry ny hankeo” koa isika, mba hofihinin'ilay sandrim-pitiavan'Izy ireo indray?

Tahaka ny nijoroan'ny Tompo ho vavolombelona tamiko fa tsy nandino ny zanakavaviny sarobidy Mollie Lenthal Izy no ijoroako ho vavolombelona aminareo fa tsy *manadino anareo Izy!* Na inona na inona fahotanareo na fahalemenareo na fijalianareo, na inona na inona fahasahiranana na fitsapana atrehanareo dia fantany sy takany



Nataon' ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

Ilay Mpikarakara

Ho hatanjahana ianareo ary koa hahazo fanentanam-panahy hamantarana ny fetra sy ny fahafahanareo manompo.

Feno fankasitrahana aho amin'ny fiarahako aminareo eto anio hariva. Nandroso lasa vondron' ny rahavavy, izay faritan'ny renin' ny Mpaminany Joseph Smith, i Lucy Mack Smith amin'ireto teny ireto, ireo vehivavin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy: "Tokony hifankatia isika, hifampiahy, hifanohana ary handray fampianarana, mba hahafahantsika rehetra hiara-hipetraka any an-danitra."¹

Misy lafin-javatra telo ao anatin'izany famaritana miavaka izany izay mikasika ireo zavatra takiana mifandray amin'ny toetry ny fahasambarana miaraka amin'Andriamanitra. Ny iray dia mifampiahy. Ny iray dia mifampianatra sy ampianarina. Ary ny fahatelo dia ny miara-mipetraka miaraka amin'Andriamanitra.

Ny tanjoko anio hariva dia ny hanampy anareo hahatsapa ny fiderana sy fankasitrahana avy amin' Andriamanitra noho ny zavatra izay efa nataonareo mba hifanampiana eo amin'ny fanatrarana izany tanjona ambony dia ambony izany. Ary, ny tanjoko faharoa dia ny hamariparitra ny sasantsasany amin' ireo zavatra izay mbola ho avy ao anatin'ny asa fanompoana iarahanao manao.

Nanaiky ny antson' ny Tompo mba hanamaivana ny fahorian' ny hafa ianareo tahaka ny nataon' ireo rahavavy tamin' ny andro taloha. Nangataka ireo Olomasina handeha hamonjy ireo andian-tsarety tarihin-tanana izay

nihitsoka tany amin' ny tendrom-bohitra rakotry ny ranomandry ny mpaminany Brigham Young tamin' ny 1856. Toy izao no nolazainy tamin'ny mpikambana nandritra ny filhaonamben' ny Fiangonana tao anatin'izany fotoam-pahasahiranana izany: "Tsy hamonjy na dia fanahy iray any amin' ny fanjakana selestialin' Andriamanitra ny finoanareo, ny fivavahanareo, sy ny asa fitorianareo, raha tsy manatanteraka ity fitsipika izay ampianariko anareo izao ity ianareo. Mandehana ary ento aty ireo olona any amin' ny lohasaha ireo, ary karakarao tsara ireo zavatra izay antsointsika hoe ara-nofo, . . . fa raha tsy izany dia zava-poana ny finoanareo."²

An-jatony maro ireo vehivavy teto Utah no namaly ny antso. Na dia tao anatin' ny fahantrany aza izy ireo dia nameno ireo sarety tamin' ny zavatra izay azony nangonina sy ireo zavatra rehetra azon'izy ireo nangonina avy tany amin'ny hafa mba hanampiana ireo tao anatin' ny fahasahiranana. Nanoratra toy izao ny iray tamin' ireo rahavavy mahery fo ireo: "Tsy mbola nahatsapa fahafahampo, na azoko lazaina hoe, fahafinaretana toy izany tany amin'izay mety ho asa efa nataoko teo amin' ny fiainako aho, satria tena misy ny firaisan-kina toy izany."³

Rehefa vita ny famonjena ary nitsonika ireo ranomandry dia nanoratra ity fanontaniana avy amin'ily fony feno fahatokiana io rahavavy io: "Inona

indray ny zavatra manaraka azon'ireo vonona ny hanao asa ho atao?"⁴

Amin' izao androntsika izao dia vondron' ny rahavavy mahery fo maro manerana ny tany no maneho ny finoany amin'ny alalan'ny asa any amin' ny toerana an-jatony maro. Ary dia manontany ao am-pony sy ao anatin'ny vavaka izany fanontaniana izany ihany koa izy ireo izay mikasika ny hoavin'ny fiainam-panompoany.

Miaina toe-javatra miavaka ianareo tsirairay ao anatin'ily dianareo mankany amin' ny fiainana mandrakizay. Manana traikefa an-taonany maro ny sasany, raha vao manomboka eo amin' ny dian' ny maha-mpianatra azy eto an-tany kosa ny hafa. Samy manana ny tantarany sy ny olany manokana ny tsirairay. Kanefa ianareo rehetra dia rahavavy sy zanakavavy malalan' ny Raintsika any an-danitra, izay mahafantatra sy miahy anareo tsirairay avy.

Ny zavatra miavaka izay niarahana-reo nanao dia ny mifankatia, mifampiahy ary mifankahery. Nanatri-maso izany fahagagana mifono zavatra telo izany aho vao iray volana monja izay tamin' ny alalan'ny fanompoana nataonareo ho an' ny rahavavy iray. Amin' ny maha-rain' izany rahavavy izany ahy dia misaotra anareo aho ary te-haneho koa aho fisaorana ilay Andriamanitra izay nitarika ny mpamangy isan-tokantrano iray.

Tao an-trano ny zanakay vavy Elizabeth sy ny zanany vavy telo taona, izay mipetraka any amin' ny faritany hafa ary lavitra anay. Vao nanomboka ny herinandrony voalohany nanatrika ny sekolin'ny zaza madinika ny zanany iray hafa. Bevohoka enim-bolana i Elizabeth, ary miandry ny fahaterahan' ny zanany fahatelo, izay mbola ho vavy ihany koa araka ny nolazain' ny mpitsabo. Tany am-piasana ny vadiny, Joshua, tamin' izay.

Rehefa nahita izy fa nandeha rà ary nitombo ny fandehanan'izany dia niantso an-tariby ny vadiny izy. Nasain'ny vadiny niantso fiaravonjimarary izy ary dia hovonjany any amin'ny hôpitaly avy eo, izay 20 minitra miala ny tranony. Naheno olona nandondona tao am-baravarany izy raha mbola tsy nahavita niantso akory.

Gaga izy raha nahita ny namany mpanao famangiana isan-tokantrano miaraka aminy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana. Tsy nanana fotoana



izy ireo tamin' izay maraina izay. Nahatsapa fotsiny ilay namany fa tokony handalo hitsidika an'i Elizabeth.

Nampiany hiditra ny fiarany izy. Tonga tany amin' ny hôpitaly minitra vitsy talohan' ny nahatongavan' i Joshua avy any am-piasany izy ireo. Nanapa-kevitra tao anatin' ny 20 minitra latsaka ilay mpitsabo fa hamoaka ilay zaza amin'ny alalan'ny fandidiana mba hanavotana ny ain' i Elizabeth sy ny an'ny zanany. Ka dia tonga teto antany ilay zazavavy kely izay nitomany mafy ary teraka 15 herinandro mialohan' ny fotoana. Nilanja 765 g izy. Fa dia velona soa aman-tsara izy, ary toy izany koa i Elizabeth.

Tanteraka ny ampahan'ny tenin' i Lucy Mack Smith tamin' izay andro izay. Niahy, nitia ary nankahery ny rahavaviny ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra ny rahavavy mpikamban' ny Fikambanana Ifanampiana mahatoky iray, rehefa nobitsihin' ny Fanahy Masina. Tsy mahazo fotsiny ny fisaoran' ireo izay nampian' izy ireo sy ny fisaoran'ireo olon-tiany izany vehivavy izany sy ireo an' arivony hafa izay nanao asa fanompoana tena lehibe toy izany nandritra ny fotoana maro nifandimby fa mahazo fisaorana avy amin' ny Tompo koa.

Tsaroanareo angamba ny teny fankasitrahany ho an' ireo izay mandray fankasitrahana kely noho ny asa antsitrapo nataon'izy ireo: "Dia hamaly ny Mpanjaka ka hanao aminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay efa nataonareo tamin' ny anankiray amin' ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko."⁵

Kanefa mitombo be dia be ilay fahagagana hoe rahavavin'ny Fikambanana Ifanampiana iray tonga hanampy amin'ny fotoana tena ilana azy amin' ny alalan' ny herin' ilay vondron' ny rahavavy miray hina. Ity ny ampahany ihany amin'ny hafatra nomen' ny evekan' i Elizabeth azy sy i Joshua tany amin' ny hôpitaly ora maromaro taorian' ny nahaterahan' ilay zaza: "Voafehin' ny filohan' ny Fikambanana Ifanampiana ny zava-drehetra. Mandrindra lamina ho an'ny hoavy sahady izahay mba hanampiana ny zanakareo vavy any an-trano ka ho afaka hivezivezy any amin'ny hôpitaly i Elizabeth raha mbola mijanona any ilay zazakely mahafatifaty mbola tsy manana anarana. Efa nanao toy izany izahay taloha, nandritra ny fotoana naharitra, ary dia nanao izany tamimpahazotoana tokoa ireo olon[tsika].

Hoy ilay eveka nanohy ny teniny, raha niresaka mikasika ny tenany sy ny paroasy: "Nandeha hatrany amin' ny hôpitaly mihitsy aza izahay ary nijanona niaraka tamin' ireo ankizy tao amin' ny efitrano filalaovana rehefa tsy tian' ny reniny ho apetraka any amin' ny toerana hafa izy ireo.

Ary hoy izy avy eo hoe: "Tsy hanao izany anefa izahay raha tsy efa nifampiraharaha sy nahazo lalana avy aminareo. Tianay fotsiny ianareo mba tsy hiahiahy amin'ny zavatra izay afaka sy [azonay] atao."

Ny zavatra nataon' izy ireo tamin' ny zanako vavy dia nahafahany nanana ilay fotoana sarobidy, izay nihazonany vao voalohany indrindra, ilay zanany vavikely.

Ary dia nofaranan'ilay eveka ny hafany ho an'i Joshua sy i Elizabeth tamin'ny taratasy iray nalefan'ny rahavavy amin' ny fanoloran-tena manerana izao tontolo izao mba hanompo ny hafa ho an' ny Tompo izany, manao hoe: "Tano ny finoana."

Afaka milaza zavatra mikasika izay zavatra miandry anareo amin' ny hoavy aho eo anatrehan'ireo fahasamihafana rehetra eo amin' ireo toe-javatra iainanareo manokana sy ireo zavatra niainanareo taloha. Rehefa mihazona ny finoana ianareo dia matetika ho angatahin' ny Tompo hanompo olona sahirana, indrindra amin' ny fotoana toa sarotra ny hanatanterahana izany. Mety toy ny andraikitra tsy dia mahafinaritra izany ary angamba toy ny tsy ho azo tanterahana mihitsy aza. Rehefa tonga ny fotoana hanaovan-javatra iray dia toy ireny hoe tsy dia ilaina loatra ireny ianareo na misy olona hafa afaka manolotra mora foana ilay fanampiana.

Tsarovy fa rehefa asain' ny Tompo mifanehatra amin' ny olona mila fanampiana isika dia mankasitraka ny zavatra tsy mba nataon' ilay Samaritana tsara fanahy sy ny zavatra tsara nataony koa. Tsy nandalo fotsiny izy na dia olon-tsy fantany ary mety ho fahavalo mihitsy aza ilay mpivahiny voavono teo an-dalana. Nataony izay rehetra azony natao hanampiana ilay lehilahy naratra ary avy eo nametraka lamina miavaka iray mba hanaovan'ny hafa bebe kokoa izy. Nataony izany satria takany fa mety hitaky zavatra bebe kokoa noho izay vitan' ny olona iray ny fanampiana.

Afaka mitarika anareo ao anatin'ny zava-drehetra izay hitranga any amin' ny hoavinareo ny lesona ao anatin'izany tantara izany. Ireo lesona ireo dia nisy nandritra ny fahazazanareo ary tao anatin'ny zavatra niainanareo vao haingana.

Farafahakeliny indray mandeha, ary angamba matetika mihitsy no tsy nanampoizanareo hifanena tamin'ny olona mila fanampiana. Mety ho ray aman-dreny izany, na ray amandrenibe, na rahavavy, na zanaka, na mararin' ny aretina na fahasembanana. Mandrakotra ilay fanirian' ny olombelona hanananareo ny fahatsapanareo fangorahana. Noho izany dia manolotra fanampiana ianareo.

Tahaka ilay mpivahiny ao amin' ny tantara ao amin' ny soratra masina

momba an' ilay Samaritana tsara fanahy dia mety tena hivadika ho fanampiana mandritra ny fotoana maharitra kokoa noho izay azonao atao irery ilay fanampiana ilaina. Tsy maintsy nam-pitain' ilay Samaritana tany amin' ilay tompon' ny tranom-bahiny ny fikarakarana an' ilay mpivahiny. Ny drafitry ny Tompo mikasika ny fanompoana olona sahirana dia mitaky fiarahan'ny vondron'olona miasa.

Manasa foana ireo olona ao amin'ny fianakaviana mba hifanampy ny eveka sy filohan'ny Fikambanana Ifanampiana rehefa misy ilana izany. Misy antony maro mahatonga izany fitsipika izany. Ny antony manandanja indrindra dia ny hanomezana olona maro kokoa ilay fitahian'ny fitiavana mitombo izay avy amin' ny fifanampoana.

Efa nahita sy nahatsapa izany fitahiana izany ianareo. Nahatsapa fitiavana ho an' ilay olona izay notompoinareo ianareo raha vantany vao nikarakara olona iray na dia tao anatin' ny fotoana fohy aza. Mihamitombo ny fahatsapana fitiavana rehefa mihalava kokoa ny fotoana hanomezana ilay fanampiana.

Amin' ny maha-olona mety maty antsika dia mety ho sembantsembanin'ny fahatsapana fahasorenana na harerahana izany fitomboan'ny fitiavana izany. Izany no antony iray hafa namelan' ny Tompo ny hafa hanampy antsika eo amin' ny fanompoana ireo mila fanampiana. Izany no antony namoronan' ny Tompo ireo vondron' ireo mpikarakara.

Herinandro vitsivitsy lasa izay dia nanatrika ny fitsanganan' ny vehivavy mbola tanora iray mba hotohanana ho mpandrindra mpanampy eo amin'ny fikarakarana ny famangiana isan-tokantrano nandritra ny fivoriana fanasan' ny Tompo aho, antso iray izay tsy fantatro ny fisiany. Nanontany tena aho raha mba fantany ny halehiben' ny fanehoam-pankasitranan'ny Tompo azy. Noho ny tsy nampitombona ny zanany teny an-tsandriny, dia tsy maintsy nandao ilay fivoriana izy talohan' ny nahafahako niteny taminy hoe ny Tompo dia tena ho tia sy hankasitrika tokoa ny fanampiana mandritra ny ezaka ataon'ireo mpianatr'i Kristy.

Mitaky fiarahan'olona miasa sy vondron'olona be fitiavana sy miray hina ny fikarakarana ireo izay mila

fanampiana. Izany no zavatra aorin' ny Tompo eo anivonareo. Tiany ianareo amin' izay anjara andraikitra sahaninareo.

Porofy iray maneho ny fankasitrahany ny famelan' Andriamanitra anareo hahatsapa ny fitiavana tsy mitsaha-mitombo amin'ireo izay tom-poinareo. Izany no antony mampitoman'ny anareo mandritra ny fahafatesan' ny olona iray izay notompoinareo nandritra ny fotoana maro. Tsapa ho toy ny fahaverezana lehibe kokoa aza ny tsy fahafahana mikarakara azy ireo noho ilay fisarahana mandritra ny fotoana voafetra. Izaho dia nandre vao haingana vehivavy iray—izay fantatro efa hatry ny ela—herinandro taorian' ny nahafatesan' ny vadiny, nijoro ho vavolombelona mifono fankasitrahana tamin'ny fananany fahafahana nampono azy hatrany amin'ny fiarafan'ny androm-piainany. Tsy nahitana ranomaso izy fa hita taratra kosa ny fitsikiny feno fifaliana.

Na dia mandray valisoa goavana aza ny fanaovana fanompoana maharitra sy feno fitiavana, dia nianatra isika fa misy fetra ny zavatra vita ara-batana, ara-pihetseham-po ary ara-bola. Mety ho ilay olona nanome hery nandritra ny fotoana maharitra indray no lasa mila fanampiana.

Nanome torohevitra tena tsara ho an' ireo mpikarakara torovana ny Tompo, izay Tompon' ny Mpikolo-kolo ireo olona mila fanampiana, ao anatin'ireto teny nolazain'ny Mpanjaka Benjamina izay voarakitra ao amin' ny Bokin' i Mörmöna ireto: “Noho ny amin' ny fitanana ny famelana ny fahotananareo . . . , dia mba tiako ny hizaranareo amin' ny fanananareo amin' ny mahantra, ny olona tsirairay dia araka izay ananany avy, toy ny famahanana ny noana, ny fanafiana ny mitanjaka, ny famangiana ny marary sy ny fiahiana ny fanampiana azy, na ara-panahy na ara-batana, araka ny filäny.”⁶

Kanefa dia notohizany tamin'ny fampitandremana ny sasany aminareo izany, izay mety tsy manaiky ilay zavamisy, dia ny hoe manohy ela loatra sy maharitra loatra ilay asa fanompoanareo feno fitiavana ianareo: “Ary ezaho izay hanaovanareo ireo zavatra rehetra ireo amin' ny fahendrena sy ny filaminana; fa tsy takiana ny hihazakazahan' ny olona iray [na mpikarakara iray]

haingana kokoa noho izay tratry ny heriny. Ary koa ilaina izy mba hazoto, fa amin' izany no mety hahazoany ny loka; noho izany, ny zava-drehetra dia tsy maintsy atao amim-pilaminana.”⁷

Mety ho sarotra ny mampihatra izany torohevitra izany rehefa tsy maintsy maneho safidy ianareo eo amin'ny fomba handanjalanjana ny faniriana hanao izay rehetra vitanareo hanampiana ny hafa miaraka amin'ny fananana fahendrena mba hikarakara ny zavatra ilain'ny tena manokana mba mbola hananana hery hanompoana. Mety efa nahita olona sahirana nanoloana ireo safidy sarotra ireo ianareo. Ohatra iray amin'izany ny safidy ny hikarakara olona iray izay efa manakaiky ny fahafatesana ao an-tranonareo na any amin'ny toeram-pikarakarana iray kanefa mety efa ho trotraka koa ianareo.

Afaka ny ho mpitari-dalana anareo amin'ny safidy manahirana toy izany ny zavatra fantatrareo momba ny drafitry ny famonjena. Izay no iray amin'ireo antony nilazan'i Lucy Mack Smith tamim-pahendrena fa tokony “handray torolalana” ireo rahavavy.

Manampy amin'ny fananana faharesen-dahatra azo antoka mikasika ny tanjon'ny Tompo ho an'ny zanak'Andriamanitra tsirairay ao anatin'ny fotoam-pahasahiranana eto an-tany izany. Nampianariny ny tena hevitra fototry ny drafitry ny famonjena ny Mpaminany Joseph araka izao fomba izao, rehefa nanana fahasahiranana tamin'ny fahatakarana ireo fitsapana izay toa tsy nisy fetra izy: “Ary rehefa izany, raha iaretanao tsara izany, dia hanandratra anao ho amin' ny avo Andriamanitra.”⁸

Ny safidy tsara indrindra hanampiantsika olona mandalo fitsapana dia ny fametrahana fanontaniana hoe: “Inona no fomba tokony harahako izay tena hanampy tsara ilay olona tiako sy tompoiko [haharitra] tsara?” Ny tanjontsika dia ny hanaovana izay tena mba hahafahany mampihatra ny finoana an'i Kristy, hihazona fanantenana mampirapiratra hahazo ny fiainana mandrakizay, hampihatra fiantrana sy ny fitiavana madion'i Kristy hatrany amin'ny fiafaran'ny fiainany.

Efa nahita ireo rahavavy ato amin'ny fanjakana nampifantoka ny zavatra ataony amin'ny Mpamonjy sy ny Tanjony aho. Eritrreto ireo fotoana



izay nidiranareo ny efitrano fianarana taorian'ny nihaonan'ny Fikambanana Ifanampiana na Kilonga na ny Zatovovavy.

Mety tsy hita taratra mivaingana ny sarin'ny Mpamonjy na ny teniny, kanefa fantatrarao fa tsapa nandritra izany ora izany ny fijoroana ho vavolombelona mikasika ny fisian'ny Sorompanavotana sy ny lanjany, toy ny nahatsapana izany tamin'ity hariva ity. Mety tsy misy sarin'ny tempoly masina ao na ireo teny hoe: “Afaka ny ho Mandrakizay ny Fianakaviana,” kanefa afaka mahita fanantenana eo amin'ny fitsikiny ianareo.

Ary efa nahita ianareo, tahaka ny efa nahitako, mpamangy isan-tokantrano feno fahendrena iray nampisy fahatokiana tao amin'ny rahavavy sahiran-tsaina iray, na dia tsy nahomby aza izy, fa ilaina sy sarobidy ny fanompoany olona iray hafa. Ireo filoha matanjaky ny Fikambanana Ifanampiana dia mahita fomba ahafahan'ireo izay mila fanampiana hanampy ny hafa. Mamorona fomba ahafahan'ireo rahavavy mba haharitra

tsara amin'ny fitsapany izy ireo rehefa mifampiahny ao anatin'ny fitiavana madiion'i Kristy. Tafiditra ao amin'izany ny fampitandremana am-pitiavana ireo mpikarakara torovana mba haka aina sy hanaiky handray fanampiana ataon'ny hafa.

Manao izay hitrangan'izany ireo rahavavy amin'ny alalan'ny tsy fitsaratsarana ireo olona izay mandalo fitsapana. Manomboka miahiahy ny amin'ny tenany sy ny lanjany ny ankamaroan'ireo olona mitondra enta-mavesatra. Manamaivana ny enta-mavesany isika rehefa manana faharetana amin'ireo fahalemeny sy midera izay mety hatsaran-toetra hitantsika eo amin'izy ireo. Manao toy izany ny Tompo. Ary afaka manaraka ny ohatra nasehony isika amin'ny maha-ilay mpikolokolo lehibe an'ireo izay mila fanampiana Azy.

Matetika isika miresaka ny tanjaka ao anatin'ny vondron'ireo rahavavy ato amin'ny Fianganon'i Jesoa Kristy. Hianatra hamantatra isika fa eo anivon'ilay vondrona hatrany ny Mpamonjy rehefa manasa Azy isika.

Hahita hatrany hatrany zanakavavin'Andriamanitra hanasa ireo rahavavy hiditra ao anatin'izany vondrona izany hiaraka amin'izy ireo isika. Rehefa miditra ao amin'ny fivoriana iray ireo rahavavy ary mitady seza ipetrahana dia haheno ireto teny malefaka ireto izy ireo, hoe: “Avia, miaraka mipetraka amiko eto.”

Haheno ireo teny ireo isika any amin'ilay andro ho avy izay hitan'i Lucy Mack Smith mialoha rehefa “hiara-hipetraka any an-danitra” ireo rahavavy. Tsy afaka miomana amin'izany andro izany ao anatin'ny fotoana fohy isika. Ho tonga avy amin'ny fifampikarakarana mandritra ny andro sy taona maharitra sy fitondrana ireo tenin'ny fiainana mandrakizay mitoetra lalina ao am-pontsika izany.

Maniry aho ny hiarahan'ny ankamaroantsika ao anatin'ilay fotoana lehibe izay mbola hoavy. Mijoro ho vavolombelona aho fa ho voamarina ny fanantenanareo an'ireo andro ireo. Nanao izay hahatanteraka izany ho anareo tsirairay avy ny Tompo Jesoa Kristy tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany tsy manam-petra. Mandre sy mamaly ny vavaka natao tamim-pinoana izay nangatahana fitarihana sy fanampiana mba haharetanareo ao amin'ny asa fanompoanareo Azy.

Nalefa ho any aminareo sy ireo izay karakarainareo ny Fanahy Masina. Ho hatanjahana ianareo ary koa hahazo fanentanam-panahy hamantarana ny fetra sy ny fahafahanareo manompo. Hankahery anareo ny Fanahy rehefa mety manontany tena ianareo hoe: “Moa ve ampy ny nataoko?”

Mijoro ho vavolombelona aho fa hiaraka aminareo ny Tompo ary homaniny sy hasiany marika ny lalanareo eo am-panompoanareo ireo olona tiany izay ao anatin'ireo fahasahiranana sy fitsapana. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Lucy Mack Smith, ao *Filles dans mon royaume: L'histoire et l'oeuvre de la Société de secours* (2011), 25.
2. Brigham Young, ao amin'ny *Filles dans mon royaume*, 36.
3. Lucy Meserve Smith, ao amin'ny *Filles dans mon royaume*, 37.
4. Lucy Meserve Smith, ao amin'ny *Filles dans mon royaume*, 37.
5. Matio 25:40.
6. Môsià 4:26.
7. Môsià 4:27.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:8.

Fanoroam-pejin'ireo Tantara nandritra ny Fihaonambe

Ity lisitra manaraka ity izay ahitana ireo zavatra niainana nofantenina avy tao amin'ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana dia azo ampiasaina amin'ny fandalinan'ny tena manokana sy ny takarivan'ny mpianakavy ary amin'ny fampianarana hafa. Nalahatra manaraka ny abidia ireo mpandahateny ary ny tarehimarika hita eto dia maneho ny pejy voalohan'ilay lahateny.

MPANDAHATENY TANTARA

Neil L. Andersen	(39) Tsy nihozongozona ny finoan'ny fianakaviana iray taorian'ny nahafatesan'ilay zanak'izy ireo vavy.
Shayne M. Bowen	(15) Nampianarin'i Shayne M. Bowen sy ilay misiônera mpiara-mitory aminy ilay fianakaviana fa tsy mila atao batisa ny ankizy kely.
Linda K. Burton	(78) Nampian'ny vehivavy iray i Linda K. Burton nandritra ny fitsidihany faharoa tany amin'ny tempoly fony izy vao avy nanambady. (111) Namoy ny vadiny sy ny zanany iray ilay mpisava lalana Mary Lois Walker nandritra ny famakivakiana ny lohasaha.
Craig C. Christensen	(12) Nahatsapa ny Fanahy Masina i Ben Christensen izay enin-taona rehefa nitsidika ny varavarana misokatry ny tempoly iray.
D. Todd Christofferson	(47) Niasa mafy ny tovolahy iray tany Inde mba hanampiana ny fianakaviany sy handrantoany fahalalana.
Quentin L. Cook	(6) Nanda tsy hihazakazaka mandritra ny Alahady ilay Anglisy mpanao fifaninanana Olimpika Eric Liddell.
Ann M. Dibb	(10) Nanao tamim-pahatokian-tena akanjo ambony ahitana ny fanambarana ny maha-mpikamban'ny Fiangonana azy ny zatovovavy iray.
Larry Echo Hawk	(32) Hitan'ilay mpanofana an'i Larry Echo Hawk ho miaramila ilay Bokin'i Môrmônany.
Henry B. Eyring	(60) Nisokitra takelaka hazo ho an'ny zanany lahy tsirairay i Henry B. Eyring mba hanehoana ireo fanomezam-pahasoavana nananany. (72) Nitady an'i Jesoa tany amin'ny varavarana misokatry ny tempoly iray ny zafikelivavin'i Henry B. Eyring. (72) Niala tany amin'ny Oniversiten'i Stanford i Henry Henry B. Eyring mba hiasa tany Ricks College. (72) Nivavaka teo amoron-dranomasina ny vinantovavin'i Henry B. Eyring ary nanokana ny fotoany ho an'ny Tompo.
Robert C. Gay	(34) Nanontanian-drainy i Robert C. Gay raha toa ka hivarotra ny fanahiny amin'ny 5 cents. (34) Nanaraka ny bitsika azony i Robert C. Gay mba hanampy ankizilahy iray nitomany teo amin'ny sisin-dalana.
Daniel L. Johnson	(101) Nandeha tany amin'ny tempoly ireo Olomasin'ny Andro Farany taorian'ny namotehan'ny oram-baratra ny voankazo vokatr'izy ireo.
Thomas S. Monson	(68) Taitra i N. Eldon Tanner nahita lehilahy efatra naroso handray fisoronana. (68) Nentanin'ny fanahy mba hiantso ireo filohan'ny sampana i Thomas S. Monson. (68) Nizara ny fijoroany ho vavolombelona tamin'ny mpanjakan'i Tonga i John H. Groberg. (86) Nanaraka ny bitsika iray azony mba hanome sosokevitra mikasika ny asa fitoriana i Thomas S. Monson. (86) Nanaraka bitsika iray izay azony mba hamangy namana iray any amin'ny hopitaly i Thomas S. Monson. (86) Namporisika tovolahy iray mba hanao asa fitoriana i Thomas S. Monson. (86) Voavaly ny vavaka nataon'ireo zatovo nandritra ny fampisehoana ara-kolontsaina ho an'ny tempoly iray.
Russell M. Nelson	(18) Nanaraka ny bitsika azony mba "hanakana ireo tovolahy nitaingina bisikileta" ny lehilahy iray.
Russell T. Ogusthorpe	(96) Nampian'ny zatovo nanatrika ny Sekoly Alahady ireo olona roa autiste mba hizara ny zavatra nianarany.
Boyd K. Packer	(75) Nifanehatra tamin'ny oram-baratra mahery vaika tany amin'ny faritra andrefan'i Samoa ny sambon'i Boyd K. Packer.
Linda S. Reeves	(118) Nitodika tany amin'Andriamanitra i Linda S. Reeves rehefa narary ny vadiny.
Richard G. Scott	(93) Nandamina anarana miisa 2.000 ny zatovo tany Russie ary samy nandefa anaran'ny razambeny anankiray mba hanaovana asa any amin'ny tempoly.
Carole M. Stephens	(115) Nifanampy ireo zatovovavy nandritra ny fanaovana dia iray izay nentina nampisehoana indray ny dia nataon'ireo mpisava lalana.
Gary E. Stevenson	(51) Nandao ilay fety ny mpianatry ny oniversite iray tany Japana rehefa nanda tsy hifoka ilay sigara misy marijuana.
Scott D. Whiting	(37) Nanamboatra zavatra roa tsy nety kely tao amin'ny Tempolin'i Laie Hawaii ireo tompon'andraikitra mpanao asa fanarenana ny tempoly.

Nampidinina ny Taona Takiana Ahafahana Mirotsaka ho Misiônera Amin'ny Fotoana Maharitra

Nataon'i Heather Whittle Wrigley

Vaovaom-piangonana sy Zava-niseho

Nanao fanambarana ny Filoha Thomas S. Monson tamin'ny fanokafana ny Fihaonamben'ny Fiangonana Fanao Isaky ny Tapa-taona faha-182 fa afaka manomboka manao asa fitoriana ny tovolahy rehefa feno 18 taona ary ny tovovavy rehefa feno 19. Tonga dia manan-kery nanomboka tamin'io fotoana io izany.

Taty aoriana nandritra ny valandresaka tamin'ny mpanao gazety, dia nohamafisin'ny Loholona Russell M. Nelson avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa safidy iray ilay fanovana: “Tsy tokony hanomboka ny asa fanompoany ny tovolahy sy ny tovovavy raha tsy efa vonona arapanahy sy ara-nofo,” hoy izy. Ireo zavatra toy ny fianarana, toe-javatra miseho eo amin'ny fianakaviana sy

ny lafiny ara-pahasalamana dia mbola mitoetra ho zavatra manan-danja tokony ho dinihina handrindrana ny fotoana hanaovana asa fitoriana.

Nanazava ny Loholona Jeffrey R. Holland avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa azon'ny evekan'ireo izay hirotsaka ho misiônera na ny filohan'ny tsatôkana alefa ilay fangatahana mikasika ny firosahana izy ireo hanao asa fitoriana amin'ny fotoana maharitra 120 andro alohan'ny handraisany 18 taona na alohan'ny daty ahafahan'izy ireo manompo. Afaka miditra ao amin'ny Foibe Fanofanana ny Misiônera ny tovolahy rehefa avy nahazo mari-pahazaizana avy amin'ny sekoly ambaratonga faharoa na ny mitovy amin'izany ary feno 18 taona. Afaka miditra any ny tovovavy rehefa feno 19 taona.

Ireo izay hirotsaka ho misiônera dia angatahina mba hanatsara ny

fiomanany hanao asa fitoriana alohan'ny fotoana hidirany any amin'ny Foibe Fanofanana ny Misiônera.

“Manafaingana ny asany Andriamanitra,” hoy ny Loholona Holland. “Ary mila misiônera vonona sy mendrika bebe kokoa izy mba hampielany ny hazavana, ny fahamarinana, ny fanantenana ary ny famonjena avy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy eto amin'ity izao tontolo izao izay matetika maizina sy mampatahotra ity.”

Tena hisy ireo misiôna fanampiny haorina hoy ny Loholona Holland.

Mba handrindrana ilay ho fitombon'ny misiônera any amin'ireo misiôna maneran-tany dia hahena ho iray ampahatelony ny fotoana hijanonana ao amin'ny Foibe Fanofanana ny Misiônera ho an'ny misiônera rehetra. Ilay fanofanana napetraka vao haingana mandritra ny 12 herinandro any amin'ny sahan'ny misiôna dia hanampy amin'ny fanomanana bebe kokoa ireo misiônera. ■

Vakio misimisy ny momba izany amin'ny alalan'ny fikarohana ny “missionary age requirement” ao amin'ny news.lds.org.

Ny Fampianarana ho an'izao Androntsika izao

Manomboka Ôktôbra 2012 ka hatramin'ny Marsa 2013, ny lesona ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy Fikambanana Ifanampiana isaky ny Alahady fahefatra dia tokony homanina avy amin'ny lahateny anankiray na mihoatra izay natao nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana volana Ôktôbra 2012. Amin'ny volana Aprily 2013 dia azo fidiana na avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana Ôktôbra 2012 ireo lahateny na avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana Aprily 2013. Tokony hifidy ireo lahateny izay ho ampiasaina any amin'ny faritra misy azy ireo ny filohan'ny tsatôka sy distrika.

Mahazoa fampahalalana bebe kokoa amin'ny alalan'ny fijerena ny fizarana “Teachings for Our Time” *Liahona* (lds.org/liahona). ■





Viens et Suis-moi dia boky vaovao izay hanampy ireo mpampianatra hampianatra araka ny fomban'ny Tompo ary hanampy ny zatovo hiova fo kokoa ao amin'ny filazantsara.

Nanambara mikasika Ilay Boky Fianarana Vaovao ho an'ny Zatovo ho an'ny taona 2013 ny Fiangonana

Ny Fiangonana dia nanambara mikasika ilay boky vaovao—*Viens et Suis-moi: Programme D'étude pour les Jeunes*—(Avia Manaraka Ahy: Boky Fianarana ho an'ny Zatovo) ho an'ny kilasin'ireo Kôlejin'ny Fisoronana Aharôna, ny kilasin'ny Zatovovavy, ary ny kilasin'ny Sekoly Alahadin'ny zatovo mandritra ny taona 2013.

Ny iray amin'ireo tanjona lehiben'ny *Viens et Suis-moi* dia ny hanampy ireo mpampianatra—any am-piangonana sy any an-tokantrano—hampianatra tahaka ny nataon'ny Mpamonjy, ka hanao izay hahatonga ny lesona ho toy ny fifanakalozan-kevitra mifantoka amin'ny filazantsara. Hanana anjara asa lehibe kokoa ny zatovo eo amin'ny fampianarana sy ny fianarana.

“Ny zavatra ifantohana dia ny fanamafisana sy ny fanorenana finoana ary ny fiovam-po sy ny fijoroana ho vavolombelona amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fampianarana nivoaka farany avy amin'ireo Manampahefana Ambony sy ireo fiadidian'ny vondrona fanampiny maneran-tany,” hoy ny tao anatin'ny taratasy iray izay avy tany amin'ny Fiadidiana Voalohany ny 12 Septambra.

Ny *Viens et Suis-moi* dia misy fizarana maro izay mifantoka amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana iray isam-bolana ary zaraina any amin'ny kilasin'ny Sekoly Alahady, sy ny kilasin'ny Zatovovavy ary ny kilasin'ny Fisoronana Aharôna.

Ahitana lesona maromaro izay azo ampianarina ao anatin'ny iray volana ny fizarana tsirairay, noho izany dia angatahina ny mpampianatra sy ny mpitarika mba hikatsaka fanentanampahy sy hiara-hiasa mba hanapahana izay hevi-dehibe ao anatin'ny lesona tokony ho ampiasaina.

Ny boky vaovao mifono torolalana, *Teaching the Gospel in the Savior's Way* (Mampianatra ny Filazantsara araka ny Fomban'ny Mpamonjy), dia hanampy ireo mpianatra sy mpampianatra hahatakatra tsara kokoa ny fomba handrindrana lesona mba hifanaraka amin'izay ilain'ny zatovony manokana sy ny fomba hanampiana ny zatovo mba hianatra ny filazantsara.

Azo sintonina avy amin'ny Internet ny lesona rehetra. Ho tonga amin'ny daty any aoriana any ihany ny boky *Viens et Suis-moi*. Ireo lohahevi-dehiben'ny lesona rehetra dia ho hita ao amin'ny internet amin'ny fiteny 23 alohan'ny faran'ny taona 2012.

Afaka mijery mikasika ilay boky vaovao ao amin'ny internet ao amin'ny lds.org/youth/learn ny mpikambana, ny mpitarika ary ny mpampianatra.

Hanome fanofanana ny mpitarika sy mpampianatra ireo mpitarika eo amin'ny vondrom-paritra sy eo an-toerana alohan'ny faran'ny taona 2012. ■

Vakio misimisy kokoa ao amin'ny news.lds.org izany. Jereo ny pejy 96 ao amin'ity laharana ity.

Fitaovana Vaovao Izay Manampy Ireo Mpikambana Hanomana Ireo Anaran'ny Fianakaviana

Tao anatin'ny taratasy iray tamin'ny 8 Ôktôbra 2012 dia nanasa ireo mpikambana ny Fiadidiana Voalohany—ny zatovo sy ireo tanora tokan-tena indrindra—mba handray ireo fitahiana feno any amin'ny tempoly amin'ny alalan'ny fanomanany ireo anaran'ny fianakaviany manokana mba ho entina any amin'ny tempoly.

Ankoatra izany, ireo izay manana “anaran'ny fianakaviana maro izay nanaovana famandrihana [dia entanina] mba handefa haingana ireo anarana ireo mba hahafahana manatanteraka ireo ôrdônansy ilaina.”

Mba hanampiana ireo mpikambana hanatanteraka ny antso nataon'ny Fiadidiana Voalohany dia namokatra loharano sy toe-javatra vaovao izay hita amin'ny fiteny 10 ny Fiangonana ao amin'ny familysearch.org.

Ny zavatra vaovao nampidirina vao haingana tao amin'ny new familysearch.org izay antsoina hoe Family Tree, ohatra, dia manome antsika fomba tsara kokoa hikarakarana ny tantaram-pianakaviantsika amin'ny alalan'ny fanomezana fahafahana an'ireo mpampiasa (1) hifandray sy hiara-hiasa eo amin'ny lafin'ny tetiarana ifampizarana, (2) hampiditra fampahalalana sy hanala izay diso, ary (3) hampiditra ny anaran'ireo razambe hanaovana ôrdônansy any amin'ny tempoly. Ireo mpampiasa koa dia afaka mahita horonantsary mikasika ny “Fandefasana Anarana any amin'ny Tempoly” ary fanofanana hafa ao amin'ny familysearch.org/tretraining. ■



Loholona Craig C. Christensen

*Ao amin'ny Fiadidian'ny
Fitopololahy*

Tamin'ny Aogôsitra 2012 no nanombohan'ny Loholona Craig C. Christensen nanompo tamin'ny naha-mpikambana azy tao aminy Fiadidian'ny Fitopololahy taorian'ny niantsoana azy ho eo amin'io toerana io tamin'ny Aprily 2012.

Naterak'i Sheron sy i Colleen Christensen tany Salt Lake City, Utah, Etazonia tamin'ny Martsa 1956 ny Loholona Christensen ary lehibe tany amin'ny faritra avaratr'i Californie "teo anivon'ny fianakaviana Olomasin'ny Andro Farany iray izay navitrika sy nika-rakara." Namafisiny fa izy dia nino foana fa marina ny filazantsara ary dia nihanatanjaka ny fijoroany ho vavolombelona nandritra ny asa fitoriana nataony tany Chile.

Hoy izy hoe: "Fony aho misiônera dia lasa tsy nitsahatra intsony ilay faniriako hahatsapa ny Fanahy Masina, ary lasa lalim-paka ilay fijoroako ho vavolombelona momba ny filazantsara ary lasa azo tsapain-tanana izany ho ahy." Lasa nanana fitiavana ny Bokin'i Môrmôna izy nandritra ny asa fitoriana nataony izay mitohy ao anatin'ny fampianarany ankehitriny.


Ny Loholona Christensen dia efa mpikambana tao amin'ny Kôlejy Voalohany sy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy nanomboka tamin'ny 2002. Vao haingana izy no Tale Mpanatanteraky ny Departemantan'ny Fisoronana. Toy izao ireo antsony taloha: filohan'ny Vondrom-paritr'i Mexique Atsimo, filohan'ny Misiônan'i Mexico City East Mission, eveka, filankevitra avo, ary filohan'ny tsatôka.

Ny Loholona Christensen dia manana mari-pahaizana licence mikasika ny haitoebola avy ao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young ary manana mari-pahaizana maîtrise momba ny fitantanandraharaha avy ao amin'ny Oniversiten'i Washington. Manana sy misahana orinasa mpaninjara fiara sy mi-varotra tany sy trano izy ary mpampianatra mpitsidika tany amin'ny oniversite maro.


Nanambady an'i Debora Jones tamin'ny 28 Martsa 1978 ny Loholona Christensen. Mipetraka ao Holladay, Utah izy ireo ary manan-janaka efatra sy zafikely dimy. ■

Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny Maneran-tany


FIKAMBANANA IFANAMPIANA



Carole M. Stephens
Mpanolotsaina Voalohany



Linda K. Burton
Filoha



Linda S. Reeves
Mpanolotsaina Faharoa


ZATOVAVAVY



Mary N. Cook
Mpanolotsaina Voalohany




Elaine S. Dalton
Filoha




Ann M. Dobb
Mpanolotsaina Faharoa


KILONGA



Jean A. Stevens
Mpanolotsaina Voalohany



Rosemary M. Wixom
Filoha



Cheryl A. Esplin
Mpanolotsaina Faharoa

ZATOVOLAHY



Larry M. Gibson
Mpanolotsaina Voalohany



David L. Beck
Filoha



Adrián Ochoa
Mpanolotsaina Faharoa

SEKOLY ALAHADY



David M. McConkie
Mpanolotsaina Voalohany



Russell T. Osguthorpe
Filoha



Matthew O. Richardson
Mpanolotsaina Faharoa



*Dingana irain'ny
Finoana, nataon'i
Michael T. Malm*

*“Ary nony nahita
an'i [Jesoa] nitsan-
gantsangana teny
ambonin'ny ranoma-
sina ny mpianatra dia
raiki-tahotra. . . .*

*“Ary Jesoa niteny
taminy niaraka tami-
n'izay hoe: Matokia,
fa Izaho ihany, aza
matahotra.*

*“Ary Petera namaly
Azy ka nanao hoe:
Tompoko, raha Hianao
ihany, dia asaovy
manatona Anao eny
ambonin'ny rano aho.*

*“Ary hoy Izy:
Manatòna. Dia nidina
tamin'ny sambokely
Petera ka nandeha
tambonin'ny rano
hanatona an'i Jesoa”
(Matio 14:26–29).*



“Fifaliana ho ahy ny manao fanambarana izay tonga dia manan-kery manomboka izao hoe ireo tovolahy mendrika sy mahavita azy rehetra izay nahavita ny fianarana avy ao amin’ny sekoly ambaratonga faharoa na sekoly mitovy amin’izany, na aiza na aiza toerana ipetrahan’izy ireo dia hanana safidy hirotsaka ho misiônera hanao asa fitoriana manomboka 18 taona fa tsy 19 taona,” hoy ny nambaran’ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny fivoriana fanokafana ny Fihaonamben’ny Fiangonana Fanao Isaky ny Tapa-taona faha-182. Nilaza koa izy hoe: “Faly aho androany manambara aminareo fa ireo tovovavy mahavita azy sy mendrika izay manana faniriana ny hanompo dia afaka hirotsaka ho misiônera hanao asa fitoriana manomboka 19 taona fa tsy 21 taona.”

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY